

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
FILIERE : LETTRES MALGACHES

*****∞*****

MEMOIRE POUR L'OBTENTION DU
CERTIFICAT D'APTITUDE PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE NORMALE
(C.A.P.E.N)

Présenté par: FANANTENANA Fanomezantsoa Tsirimalala

IRAKO AMMI
SY NY
FANABEAZANA

Boky I & II

DIRECTEUR DE RECHERCHE: Andriamatoa ANDRIAMANATSILAVO Seth
Maître de conférences à l'Université d'Antananarivo.

-Antananarivo-

21 Septembre 2011

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
ECOLE NORMALE SUPERIEURE
FILIERE : LETTRES MALGACHES

*****∞*****

MEMOIRE POUR L'OBTENTION DU
CERTIFICAT D'APTITUDE PEDAGOGIQUE DE L'ECOLE NORMALE
(C.A.P.E.N)

Présenté par: FANANTENANA Fanomezantsoa Tsirimalala

IRAKO AMMI
SY NY
FANABEAZANA

Boky I & II

DIRECTEUR DE RECHERCHE: Andriamatoa ANDRIAMANATSILAVO Seth
Maître de conférences à l'Université d'Antananarivo.

-Antananarivo-

2011

TENY FISAORANA

“Misaora an’i Jehovah ry fanahiko, ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny anarany masina”. Sal. 103:1

Ho anay, izao asa fikarohana izao no tanteraka sy tontosa, dia tsy noho ny herinay, na noho ny fahaizanay, fa noho ny herin’Andriamanitra, Ray Tsitoha, izay nitari-dalana lalandava sy nanolo-tsaina anay tamin’ny fomba mahagaga, ka izay no isaoranay Azy amin’ny fisaorana mendrika ny voninahiny ary tsy hainay tononina.

Isaoranay ihany koa ireo rehetra izay nanampy anay mivantana na an-kolaka tamin’ny fanatontosana ity asa fikarohana ity, ho vokatra azo aroso toy izao.

Tolorana fisaorana eram-po eran-tsaina eto Andriamatoa RATREMA William, izay nanaiky ho filoha mpitarika ny fanohanana, nahafoy ny adidy aman’andraikitra maro mba hanampy anay. Ho feno ny fahasoavana ilainao hatrany anie ny fiainanao.

Isaoranay feno sy mitafotafo toy izany koa Andriamatoa RAHARIJAONA Alphonse izay tsy nitandro hasasarana fa nahafoy tena sy fotoana, tsy nikely soroka fa nilanja fahazotoana hatrany nitsara ity asa ity ary nivimbina risi-po sy finiavana tamin’izany. Hambinin-java-manasatra anie ianao.

Tolorana fisaorana manokana eto Andriamatoa ANDRIAMANATSILAVO Seth izay nitarika anay tamin’ny fikarohana, nanoro lalana sy nanitsy ny dia ary nanampy anay, nitoto nahafotsy, nahandro nahamasaka izao asa izao. Hitombo ao aminao hatrany anie ilay harem-pahalalana efa nanananao ka nifampizaranao taminay.

Isaoranay indrindra koa ny Mpitandrina IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi, tamin’ny nanekeny handray sy hamaly ireo fanontaniana marobe napetrakay taminy, ary tamin’ny fanekeny hanantanterahana izao asa fikarohana momba ny asa sorany izao. Hisondrotra avo hatrany anie ianao eo amin’ireo asa maro loha sahaninao.

Toloranay fisaorana lehibe ireo ray aman-dreny nanohana anay, tsy nitandro vola aman-karena ka nahatrarany izao dingana izao. Tsy ho very maina anie ny fikelezanareo aina tamin’ny fampitana anay, ary Andriamanitra manan-karem-pahasoavana anie hampitombo avo zato heny izay laninareo.

Isaorana toraka izany koa ireo iray tam-po, ny havana sy ny fianakaviana tsy mahafoy, nanampy betsaka anay tamin'ny fanatontosana ny asa ary nankahery anay tsy ho kivy na hiraviravy tanana teo am-pihatrehana ny sedra aman'olana maro nifanehatra taminay. Samy ho ambinin'Andriamanitra amin'izay rehetra atao anie ianareo.

Isaorana etoana ny tompon'andraikitra rehetra eto amin'ny E.N.S, ny sampana Malagasy, ny mpampianatra namolavola sy nitaiza ary nampita fahalalana taminay nandritra ny 5 taona. Hamokatra olom-banona ilain'ny firenena tokoa anie ianareo.

Tsy hadino ny misaotra ny mpiara-mianatra rehetra eto amin'ny E.N.S., indrindra ny andiany T.A.F.I.T.A izay niara-nanavatsava taminay ny taona maromaro, eo koa ireo tapaka sy namana sy ireo olona izay nanampy anay, na mivantana izany na ankolaka, tamin'ny fanatontosana ny asa. Samia ho tafita amin'izay iriny avy.

Ho samy hahazo ny soa sy ny tsara anie isika ka hioty fahombiazana, higoka ny mamy, handidy hahita ny vaniny, hikapa hahita ny tonony, ho toy ilay nitady sakafo nahita ny mamy anie isika eo amin'ny fiainana ka sady hiloloha tantely no hivimbina akondro, no hisakelika fary ka izay entina mamy avokoa, izay atao mendrika avokoa, ary izay hitodihana lafatra avokoa.

FANANTENANA Fanomezantsoa Tsirimalala

FANOROAN-TAKILA

0	TENY FAMPIDIRANA.....	01
0.1.	Ny sehatra nirotsahana.....	01
0.2.	Ny lohahevitra.....	01
0.3.	Anton’ny safidy.....	01
0.4.	Ny fomba nanatanterahana ny asa.....	03
0.5.	Ny olana sy vahaolana.....	03
0.6.	Ny haitsikera nampiasaina.....	04
0.7.	Ny fetran’ny asa.....	05
0.8.	Ny drafitra ankapobeny.....	06

FIZARANA VOALOHANY: NY TANTARAM-PIAINAN’NY

	MPANORATRA.....	07
	TOKO I : I IRAKO AMMI OLON-TSOTRA.....	09
	1.1. Ny loharano nipoirany sy ny tanindrazany.....	09
	1.1.1 Ny loharano nipoirany.....	09
	1.1.2. Ny tanindrazany.....	10
	1.1.3. Ny iray tampo aminy.....	10
	1.2. Ny tokontanim-pahazazany.....	11
	1.2.1. Ny kilalao fanaony.....	11
	1.2.2. Ny fanabeazana azony.....	12
	1.2.3. Ny toetrany.....	13
	1.3. Ny fiainany nanomboka teo amin’ny fahatanorany.....	14
	1.3.1. Ny sekoly nianarany sy ny mari-pahaizana azony.....	14
	1.3. 1.1. Ireo sekoly nianarany.....	14
	1.3. 1.2. Ny mari-pahaizana azony.....	16
	1.3.2. Ny asa sy ny andraikitra sahaniny.....	16
	1.3.2.1. Ny asany.....	17
	1.3.2.2. Ny andraikiny teo anivon’ny fiangonana.....	18
	1.3.3 Ny fialam-boliny.....	19
	1.3.4. Ny tokatranony.....	19
	1.4. Ny zava-dehibe nisongadina teo amin’ny fiainany.....	21

1.4.1. Ny toe-javatra nampalahelo azy.....	21
1.4.2. Ny toe-javatra nahafaly azy.....	22
TOKO II: I IRAKO AMMI AMIN'NY MAHA MPANORATRA AZY.....	23
2.1. Ny antony nahatonga azy ho mpanoratra.....	23
2.1.1 Ny talenta.....	23
2.1.2. Ny fifaneraserana tamin'ny hafa.....	24
2.2. Ireo singa mifamatotra amin'ny asa soratra.....	24
2.2.1. Ny poêta.....	25
2.2.2. Ny poezia.....	26
2.2.3. Ny “aingam-panahy”.....	28
2.2. 3.1. Ny atao hoe “aingam-panahy”.....	28
2.2. 3.2. Ny loharanon'ny “aingam-panahy”.....	29
2.3. I IRAKO AMMI sy ny asa sorany.....	33
2.3.1. Ankapoben'ny asa soratr'i IRAKO AMMI.....	33
2.3.2. Ny anarana enti-manoratra.....	34
FIZARANA FAHAROA: NY FANABEAZANA HITA TARATRA AO AMIN'NY TONONKALON'I IRAKO AMMI.....	37
TOKO I : NY TSARA HO FANTATRA MANODIDINA NY ATAO HOE FANABEAZANA.....	39
1.1. Famaritana ny atao hoe fanabeazana.....	39
1.1.1. Araka ny rakibolana.....	39
1.1.2. Araka ny mpandinika hafa.....	40
1.1.3. Araka an'i IRAKO AMMI.....	41
1.2. Ireo heverina ho mpanabe.....	44
1.2.1. Ny ray aman-dreny.....	44
1.2.2. Ny mpampianatra.....	47
1.2.3. Ny fiarahamonina.....	50
1.2.4. Ny fiangonana.....	53
1.2.5. Ny haino aman-jery.....	54
1.3. Ireo sokajin'olona tolорana fanabeazana.....	56
1.3.1. Ny zaza sy ny ankizy.....	56
1.3.2. Ny tanora.....	58
1.3.3. Ny lehibe.....	61

TOKO II : NY FANABEAZANA MOMBA NY FAHAIZA-MIAINA EO ANIVON'NY FIARAHA-MONINA.....	65
2.1. Ny fahaizana mampifandrindra ny toetra amin'ny fiainana.....	65
2.1.1. Ny toetra raiki-tampisaka amin'ny fiainana.....	65
2.1.1.1. Misy ady hatrehina.....	65
2.1.1.2. Maro fanenjehana.....	66
2.1.1.3. Misy fenitra arahina.....	68
2.1.2. Ny fomba fiatrehana ny fiainana.....	69
2.1.2.1. Manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro.....	69
2.1.2.2. Manoloana ny fisonrotan'ny hafa noho ny tsy fahamarinany.....	71
2.1.2.3. Manoloana ny fiainan-ko avy.....	73
2.1.3. Ny tontolo andro.....	75
2.1.3.1. Tsenaina amin'ny hirahira.....	76
2.1.3.2. Izarana tsikitsiky.....	77
2.1.3.3. Anambarana teny mamy.....	78
2.1.3.4. Hanadinoana ny lasa.....	79
2.2. Ny fitondran-tena mila fanarenana.....	81
2.2.1. Ny fahadisoam-potoana.....	82
2.2.2. Ny tsy fahamarinana	82
2.2.3. Ny hambom-po diso toerana.....	84
2.2.4. Ny fidorohana.....	85
2.3. Ny endri-panabeazana arosan'ny mpanoratra.....	86
2.3.1. Ny fifehezan-tena.....	86
2.3. 1.1. Ny fiezahana hanao ny tsara.....	87
2.3.1.2. Ny fahaizana mifaly amin'izay ananana.....	88
2.3.1.3. Ny fikirizana.....	89
2.3.2. Ny fiatrehana ny fandaharan'Andriamanitra.....	90
2.3.2.1. Amin'ny loza izay miseho.....	91
2.3.2.2. Amin'ny tsy fahatanterahana izay kinasa.....	92
2.3.2.3. Amin'ny fahombiazana.....	93
2.3.3. Ny fitiavan-tanindrazana.....	94

TOKO III : NY FANABEAZANA NY FANAHY.....	99
3.1.Fampahafantarana an’Andriamanitra amin’ny ankapobeny.....	99
3.1.1.ny momba an’Andriamanitra.....	99
3.1.2.ny maha izy azy an’ Andriamanitra.....	100
3.2. Ny maha Andriamanitra fitiavana azy.....	101
3.2.1 ny fanomezany ny zavaboary.....	102
3.2.2. ny fanolorany ny zanany.....	103
3.2.3. ny fanomezany tombon’ andro.....	105
3.3. Ny toetra tokony hananan’ ny olombelona.....	107
3.3.1 ny fanoloran- tena.....	107
3.3.2. ny fanetren tena.....	109
3.3.3. ny fananana fanantenana.....	111
 FIZARANA FAHATELO: NY FOMBA NANEHOAN’NY MPANORATRA NY FANABEAZANA.....	 114
TOKO I : NY FILALAOVANA AMIN’NY ENDRIKA IVELAN’NY TONONKALO.....	 116
1.1. Ny lohateny.....	116
1.1.1. Ireo lohateny fohy.....	117
1.1.2. Ireo lohateny antonony.....	118
1.1.3. Ireo lohateny lava.....	118
1.1.4. Ireo lohateny hafa.....	119
1.1.4.1. Ny lohateny fanafohizan-teny.....	119
1.1.4.2. Ny lohateny daty.....	119
1.2. Ny filalaovana amin’ny andalana.....	121
1.2.1. Ny andalana fohy.....	121
1.2.2. Ny andalana antonony.....	121
1.2.3. Ny andalana lava.....	122
1.3. Ny filalaovana amin’ny andininy.....	125
1.3.1. Ireo tononkalo amina lisitra hentitra.....	125
1.3.1.1. Ny andinin-tononkalo ahitana andalany roa.....	125
1.3.1.2. Ny “tercet”	126
1.3.1.3. Ny “quatrain”	127

1.3.1.4. Ny “sixain”	128
1.3.1.5. Ny “huitain”.....	128
1.3.1.6. Ny andininy ahitana andalana iraika ambin’ny folo...	129
1.3.1.7. Ny andininy ahitana andalana roa ambin’ny folo.....	130
1.3.1.8. Ny “sonnet”.....	131
1.3.2. Ireo tononkalo amina rafitra tsy hentitra.....	132
1.3.2.1. Ny tononkalo bambaray.....	132
1.3.2.2. Ny tononkalo bambaray misy sasiny.....	132
1.3.2.3. Ny tononkalo bambaray misy fehiny.....	133
1.3.2.4. ny andininy miovaova.....	133
1.3.3. Ireo tononkalo manana rafitra hentitra amin’ny ampahany.	134
1.4. Ny rima.....	137
1.4.1. Ny tononkalo misy rima.....	138
1.4.1.1. Ny rima araka ny laharam-pisehoany.....	138
a- Ny rima mifanjohy.....	138
b- Ny rima mifaningotra.....	139
1.4.1.2. Ny rima araka ny hafenoany.....	140
a- Ny rima tsy feno.....	141
b- Ny rima feno.....	141
d- Ny rima feno mihoatra.....	141
1.4.2. Ny tononkalo tsy misy rima.....	142
TOKO II : NY FILALAOVANA AMIN’NY TENY.....	144
2.1. Ny filalaovana amin’ny voambolana noloarana avy ao amin’ny Baiboly...	144
2.2. Ny voambolana noloarana avy eo amin’ny sehatry ny fiarahamonina.....	147
2.3. Ny voambolana noloarana avy ao amin’ny tontolo Malagasy.....	148
2.4. Ny voambolana miaingitra.....	150
2.5. Ny fomba sy ny endrika nanehoan’ny mpanoratra ny fanabeazana.....	151
2.5.1. Ny filaza mandrara sy mandidy/mibaiko.....	151
2.5.2. Ny sora-baventy.....	153
2.5.3. Ny voambolana fampisaintsainana.....	154

TOKO III : NY FILALAOVANA AMIN'NY SARIN-TENY.....	159
3.1. Ny Sarin-teny miorina amin'ny tamberin-javatra.....	159
3.1.1. Ny tamberim-peo.....	160
3.1.1.1. Ny tamberin-drenifeo na “alliteration”	160
3.1.1.2. Ny tamberim-janapeo na “assonance”	161
3.1.2. Ny tamberin-teny sy/na andian-teny mifanesy.....	162
3.1.2.1 Ny “anaphore”	163
3.1.2.2 Ny “anadiplose”	164
3.1.2.3 Ny “epiphore”	165
3.2 Ny sarin-teny miorina amin'ny fanovan-javatra.....	166
3.2.1 Ny “synecdoque”	166
3.2.2 Ny “métonymie”	167
3.2.3 Ny “metaphore”	167
3.3 Ny sarin-teny hafa.....	170
3.3.1 Ny “parallelisme”	170
3.3.2 Ny “interrogation oratoire”	171
3.3.3 Ny “gradation”	172
3.3.4 Ny « anastrophe »	172
3.3.5 Ny « oxymore »	173
TENY FAMARANANA.....	176
FAMINTINANA.....	179
RESUME.....	180
SUMMARY	181
Ireo loharano nanovozan-kevitra.....	182

FANEHOANA NY FILAHARAN'NY FAFANA

LAHARAN'NY FAFANA	LOHATENY	TAKILA
Voalohany	Ny mpiray tampo amin'ny mpanoratra	10
Faharoa	Ny sekoly nodiavin'i IRAKO AMMI	15
Fahatelo	Ny mari- pahaizana azon'i IRAKO AMMI	16
Fahaefatra	Ny asa aman- draharahan'i IRAKO AMMI	17
Fahadimy	Ireo zanaky ny mpanoratra	20
Fahaenina	Ny lohateny ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI	120
Fahafito	Ny andininy miovaova	133
fahavalo	Ny rafitra andin'ny tononkalon' IRAKO AMMI	136

FANAFOHEZAN-TENY

- Andl : Andalana
- Andn : Andininy
- Col : Collection
- Ed : Edition
- Lah : Laharana
- Tak : Takila
- VA : Vondrona Ambara

0. TENY FAMPIDIRANA

Ho famaranana ny fianarana eto amin'ny sekoly ambony fanofanana ho mpampianatry ny Lisea, dia manao izao asa fikarohana izao izahay mba hahazoana ny mari-pahaizana C.A.P.E.N “ Certificat d’Aptitude Pédagogique de l’Ecole Normale”

0.1. Ny sehatra nirotsahana

Misy karazany efatra ny sehatra azo irotsahana sy anaovana asa fikarohana, raha ny taranja Malagasy, dia ny Haiteny, ny Riba, ny Fanatsarana ny fampianarana, ary ny Literatiora, izay mizara ho literatiora am-bava sy literatiora an-tsoratra. Ity farany no nanintona anay.

0.2. Ny lohahevitra

“I IRAKO AMMI SY NY FANABEAZANA” no lohahevitra nomena ny asa fikarohana natao. Heverina fa manana ny lanjany tokoa izany noho ny maha mpanabe ny literatiora, sady harena lehibe hanatevenana ny literatiora an-tsoratra malagasy ankehitriny. Marihina fa tsy mbola nisy asa fikarohana vita na fanadihadiana nataon’olona, mahakasika ity mpanoratra ity sy ny asa sorany. Izany no nahafahana nisafidy malalaka ny lohahevitra.

Zava-tsarotra ny fanabeazana. Hadinon’ny mpamaky matetika ny maha fitaovam-panabeazana ny literatiora. Kanefa raha takatry ny olona ny hevitra fonosin’ireny asa soratra ireny, ary fantany mazava tsara ny lanjany eo amin’ny fanabeazana ny maha olona, dia ho voasarika izy. Hisarihana sy hanampiana azy ireo amin’ny fomba fitaizana amam-panabeazana izao asa fikarohana izao.

0.3. Anton’ny safidy

Nifidy ny literatiora izahay, noho izy io mba anisa’ny nanavanana anay tamin’ireo zana-taranja efatra voalaza etsy ambony. Tsapanay koa fa manana anjara toerana lehibe eo amin’ny fiainan’ny zanak’olombelona ny literatiora, araka izao anambaran’i **LIDIARY** azy izao manao hoe:

“NY SORAMONINA, no nanentanana ny olombelona, tsiro manome hasina ny fiainany, tsioka namelombelona ny trotraka ary endrika nampisongadina

ny hakanton'ny zava-bohary."¹ Taratry ny fiainan'ny olombelona mihitsy ny literatiora, ary ireo zava-misy eo amin'ny fiarahamonina no tanteriny sy raketiny amin'ny fomba kanto. Mampahatsiahy ny voalazan'i **RADO** izany manao hoe: *"Taratry ny fo sy ny fisainan'ny olombelona no raketin'ny tononkalo, fa notanehin'ny mpanao kanto izy, ary nampalesiny tamin'ny rindra mampitolagaga . Hany ka manjary fy teo amin'izay nandre azy satria ilay vainga sy akora tany ampon'olombelona no novokariny ho vainga naha te hitahiry*".² Izany moa dia manantitra ny nambaran'i **WELLEK** sy **WARREN** hoe: *"Ny mpanakanto dia mpitondra zava-misy marina, indrindra, fa ny zava-misy marina ara-tantara sy ara-piarahamonina"*.³

Tsy tokony hosarahina amin'ny asa soratra ny mpanoratra, koa raha hiresaka asa soratra, dia tokony ho fantara ny namorona azy. Nifidy an'i **IRAKO AMMI** izahay. Antony vitsivitsy no nahatonga izany:

-voalohany, mpanoratra mbola tsy nisy nanao fanadihadiana izy. Mbola velona ihany koa izy ka nohararaotinay izany, hitafana mivantana aminy.

-faharoa, Mpitandrina ny mpanoratra, koa heverinay fa mahahenika ny fanabeazana ny maha-olona manontolo ny asa sorany.

Misy dia misy tokoa ny antony sy ny tanjona kendrena amin'ity asa fikarohana ity:

-eo ny fampahalalana ny mpanoratra sy ireo asa sorany efa nivoaka ho boky.

-eo ny fanatevenana ireo tahirin-kevitra eo am-pelantanan'ny mpampianatra: izany dia hampitombo ny ambaindian'ny literatiora Malagasy. Hoy indrindra i **(F) RAKOTONAIVO**, raha milaza ny anjara toeran'ny "soratra", na tahirin-kevitra izy:

*"Ny soratra izay mivela mantsy dia lovan-tsaina sarobidy ho an'ny taranaka, ka hipetraka maharitra ho vavolombelona."*⁴

-eo ny fanasongadinana fa misy asa soratra mirakitra fanabeazana feno.

Araka izany, nisy ny fomba nanatanterahana ny asa.

¹ LIDIARY, *Tontolo isainana*, « Teny fanolorana », Sandratra, Antananarivo, 1991.

² RADO, « Famelabelaran-kevitra », Grand Amphithéâtre, Ampefiloha, Antananarivo, 15 Mai 1996.

³ (R) WELLEK et (A) WARREN, *La théorie littéraire*, col poétique, éd. du Seuil, Paris, 1971, p.32 : « L'artiste est porteur de vérité, et nécessairement il est aussi porteur de vérité historique et sociale »

⁴ (F) RAKOTONAIVO, *Ny diam-penin'Ny Avana RAMANANTOANINA, (1891-1940)*, Ambozontany Fianarantsoa, tak.4.

0.4. Ny fomba nanatanterahana ny asa

Dingana maromaro no lalovana, raha hanao fanadihadiana mpanoratra sy asa soratra toy izao.

Teo ny fanatonana ny mpanoratra. Nisy fandavana kely ihany teo aminy tamin' ny fihaonanay voalohany. Noho ny fiangavianay anefa, tamin'ny fihaonana manaraka dia efa nanome boky kely mirakitra ny asa sorany ho anay maimampoana ny mpanoratra.

Nandeha ny fotoana. Nomeny anay ireo asa sorany. Niroso tamin' ny fandinihana azy ireo izahay ka ny tononkalo no nifotorana. Hita nibahan-toerana tao ny lafiny fanabeazana. Iny no nentinay nanangana ny drafitra vonjimaika.

Avy eo dia namaky boky teorika izahay, mba ho andry enti- manangana ny asa fikarohana, ary ho jiro hanazava ny asa izay hatao.

Tao anatin' izany dia nifandray tamin' ny mpanoratra izahay, mba hahafahana manangona izay tsara ho fantatra momba azy.

Dia natomboka narafitra ny asa, rehefa hitanay fa azo iaingana izay teo ampelantanana. Teny anelanelany teny dia tsy nitsahatra ny fitetezana tranom-boky ho fanatevenana ny tahirin-kevitra ampiasaina.

Nandritra ny fotoana rehetra nanaovana ny asa dia nifanerasera tamin' ny mpitarika hatrany izahay. Izy no nanitsy ny asa, nanoro ny tokony hatao hanatsarana hatrany ny asa.

Hita araka izany fa tsy mora ny lalana nodiavina. Teo ny olana saingy niezahana hatrany ny nitady vahaolana.

0.5. Ny olana sy vahaolana

Maro ireo olana nosetraina tamin' ny fanatanterahana izao asa izao:

-teo aloha ny tsy fahampian'ny boky sy ny tahirin-kevitra nilaina. Koa dia niezaka nitety tranom- boky, ary niditra ho mpikambana tamin' ireo tranom- boky sasantsasany eto Antananarivo.

-teo ihany koa ny fahasarotan' ny fifandraisana noho ny asa maro loha sahanin' ny mpanoratra. Isaka ny talata hariva ny fandraisany olona, ary marobe hatrany ireo olona raisiny amin' izany. Dia niezaka namonjy laharana voalohany tamin' ny olona noraisiny hatrany izahay. Nanampy izany ny fifandraisana tamin' ny alalan' ny finday (S.M.S).

Mba hahatomombana ny asa fikarohana ataony dia tsy maintsy misafidy haitsikera hitondrany ny fandalinana ny mpikaroka.

0.6. Ny haitsikera nampiasaina

Manana safidy malalaka ny mpiadina amin' ny fampiasana ny haitsikera samihafa. Ny haitsikera ara- tantaram-piainan' ny mpanoratra no nofidinay. Ny haitsikera ara- tantaram- piainan' ny mpanoratra moa dia mampifamatotra ny tantaram- piainany amin' ny asa sorany. Lalan- tsaina izay narahana-dry SAINTE-BEUVE, LANSON, ary HYPPOLITE TAINÉ izy ity. Tasapan- dry zareo ireo, fa ilaina ny fahafantarana ny tantaram-piainan' ny mpanoratra, raha hanadihady asa soratra. Tsy ho fantatra ny toetran' ny vokatra raha tsy fantatra ny tany naniriany, hoy izy ireo. Maneho izany i SAINTE-BEUVE, raha nilaza hoe : “ **Sarotra ho ahy ny mitsara azy raha tsy fantatro ny olona , ary ambarako tsy amim-pisalasalana, fa arakaraka ny hazo ny voany.**⁵”

Hoy koa Ramatoa RAHARIMANGA hoe: “ **Tsy afa- misaraka amin' ny asa soratra ny mpanoratra**⁶”

Ho an-dry zareo mpanaraka ity lalan-tsaina ity, ny haisoratra dia nateraky ny toe-javatra samihafa teo amin' ny tantaram-piainan' ny mpanoratra, koa tokony hofantarina daholo ny lafin-piainan' ny mpanoratra, raha te hanazava ny asa sorany : ny karam-panondrony, ny sekoly sy ny fanabeazana azony, ny asa nataony, ny toetrany, ...sns. Miombon- kevitra amin' izany koa ireo mpandinika Malagasy toa an- dRAHAROLAHY: “ **Ny fandalinana ny tantaram-piainan' ny mpanoratra dia hanampy ny mpamaky amin' ny fanakarana ny hevi-dalina voarakitra ao.**”⁷

Na dia izany aza, anefa, dia tsy azo atao ny manizingizina, hoe mitovy tanteraka amin' ny fiainana nolalovany ny asa soratry ny mpanoratra. Mety ho sombiny na ampahany ihany no mitovy tanteraka. Miombon-kevitra ny amin 'izay voalazan' i GOETHE izahay ny amin'izany. Hoy mantsy izy : “ **Na dia misy ifandraisany aza**

⁵ Notaterin' i (A) CHASSANG et (CH) DENNINGER, *Les textes littéraires généraux*, collection “U” , classique Hachette, 1958, p.459 : “ il est difficile de la juger indépendamment de la connaissance de l' homme, et je disais volontiers, tel arbre, tel fruit. »

⁶ (F) RAHARIMANGA, *Ny Avana RAMANANTOANINA et l' identité Nationale*, thèse de doctorat de 3^{ème} cycle, Institution Nationale des Langues et Civilisation Orientale, Paris, 1987, p, 9. « La vie d' un écrivain est inséparable de son œuvre ».

⁷ (E) RAHAROLAHY, *Erika*, Imprimerie d' ouvrages éducatifs, Librairie Mixte, 1976, tak. 5.

ny asa soratra sy ny fiainan' ny mpanoratra, dia tsy azo tsoahina kosa ho dika mitovin' ny fiainana ny asa soratra"⁸.

Araka izany, heverinay fa samy zava- dehibe eo amin' ny fanatanterahana ny asa fikarohana ny momba ny mpanoratra sy ny asa sorany.

Eo amin' ny asa fikarohana toy itony, dia mety ny hampivadiana haitsikera vitsivitsy raha tiana ny hahazoana vokatra tsara. Hoy ny voalazan' i **Beby Denise SOLOHERY** hoe : “ *Tsy misy haitsikera tokana ahazoana mandinika asa soratra amin' ny lafiny rehetra. Petra-kevitra samihafa no hiaingan' ny mpahay tsikera arakaraka izay lafiny tsikera kendrena havoitra*”.⁹

Koa nampiasainay àry ny haitsikera ara- drafitra, satria manana ny bika aman' endriny mampiavaka azy ny tononkalon'i IRAKO AMMI, ary misy ifandraisany amin' ny vontoatiny ireny. Izany hoe, ahafahana manazava ny vontoatiny ny endrika ivelany. Hoy i **Roman JAKOBSON** manao hoe : “ *Ny andraikitra ny siansa literera , dia tsy ny hanehoany hevitra loatra , fa ny hikatsaka ilay toetra tokamiavaka maneho ny maha kanto ilay asa soratra.*”¹⁰

Fa ankoatra ny haitsikera ara- tantaram- piainan' ny mpanoratra sy ny ara- drafitra, dia teo koa ny haitsikera ara- tarakevitra sy ny ara- tantara.

Raha ambara fohy, dia hoe, ny haitsikera ara- tantaram- piainan' ny mpanoratra no tena mavesa- danja amin' ity asa fikarohana ity, nefa mba hahafeno kokoa ny asa, dia nampiasa ny haitsikera ara- drafitra , ara- tarakevitra, ara-piarahamonina, ary ara- tantara izahay.

Fohy rahateo moa ny fotoana ahafahana manao ny fikarohana koa tsy dia azo ivalamparanaloatra. Araka izany, voafetra ihany koa ny asa atao.

0.7. Ny fetran' ny asa

Maro ireo tononkalo natolotry ny mpanoratra anay mivantana. Ampahany tamin' ireny ihany no hokirakiraina, hanaovana ny fanadihadiana. Ireo mifandray amin' ny lohahevitra ihany no nofantenana. Araka izany, noferanay ho amin' ny fandinihana ny tononkalo mifandray amin' ny lohahevitra nofinidy ihany ny

⁸ Teny taterin' i WELLEK et WARREN, *La théorie littéraire*, op. cit, p. 105: “ meme lorsqu' il y a un rapport étroit entre l' œuvre et la vie d' un auteur, il ne faut jamais en inférer que l' œuvre n' est qu' une copie de la vie. »

⁹ (B. D) RANARISON, « Ny haitsikera fampiasa amin' ny fandinihana haisoratra », *Aingam-pivoarana*, lah. Manokana, FIMPATEMA, Antananarivo, 1979, tak 71.

¹⁰ (G) GENETTE, *Structuralisme et critique littéraire, figure I* , coll Point, Edition du Seuil, Paris 1966, p.50 : « L' objet de l' étude n' est pas la littérature toute entière, mais la littéralité c' est- a- dire ce qui fait d' une œuvre littéraire, une œuvre d'art. »

asanay. Eo amin' ny fomba fanehoan- kevitra indray, dia araka izay hita ho misongadina ao amin' ny tononkalo ihany no haseho ato, mba hampivoitra ny lohahevitra notohanana.

Ny amin' ny tara- kevitra kosa, mbola misy azo trandrahana sy azo halalinina tsara toy ny fanantenana sy ny fahamboniam-pijery ao amin' ny asa soratr' i IRAKO AMMI, ny asa sorany miolotra amin'ny fandaharam-pianarana. Najanona ho amin'ny fikarohana manaraka aloha ireny.

Nisy ny drafitra narahina nanatanterahana ny asa.

0.8. Ny drafitra ankapobeny

Nozaraina telo lehibe miavaka tsara ity asa fikarohana ity, hoentina mamahavaha ny lohahevitra hoe : “ IRAKO AMMI SY NY FANABEAZANA”. Ao amin' ny fizarana voalohany no hampahafantarana ny tantaram-piainan' ny mpanoratra, dia ny maha olon- tsotra azy sy ny maha- mpanoratra azy.

Ny fizarana faharoa no hamahavahana ny tononkalon' I IRAKO AMMI. Mibaribary ao ny tsara ho fantatra manodidina ny fanabeazana , ny fanabeazana momba ny fahaiza- miaina eo amin' ny fiarahamonina, ary ny fanabeazana ny fanahy.

Ny fizarana fahatelo farany kosa no hanolorana ny fomba anehoan' ny mpanoratra ny fanabeazana. Ho hita amin' izany ny filalaovany amin' ny endrika ivelan' ny tononkalo, ny filalaovany amin' ny voambolana ary ny filalaovany amin' ny sarinteny.

**FIZARANA VOALOHANY :
NY TANTARAM-PIAINAN'NY
MPANORATRA**

Lalana iray ahafahana mampijoro ny asa fikarohana hanadihadiana mpanoratra ny fijerena manokana ny tantaram-piainany, indrindra moa raha mpanoratra mbola tsy nisy nanadihady ny asany.

I **Charles RAVOAJANAHARY** dia nilaza fa : « *Tsy nitsontsorika avy any an-danitra ny haisoratra sy ny mpanoratra azy. Olombelona miara-miaina amin'ny olona mpiray tanindrazana aminy ny mpanoratra, ny fisaintsainany izay tsy maintsy misy iraisany amin'ny mpiara-belona aminy na dia manana ny tena maha-izy azy manokana aza izy* »¹¹.

Manana ny loharano nipoirany sy ny fiarahamonina niainany izy, satria tahaka ny olombelona rehetra ihany. Somary miavaka amin'ny rehetra ihany koa anefa izy amin'ny maha-mpanoratra azy. Ilaina fantarina avokoa ireo amin'ny fanadihadiana izay atao.

Matetika tokoa mantsy isika, raha hamaky boky dia maika ny hamantatra ny mpanoratra, mba hahamora ny fahazoana ilay aza sotratra. Manamafy izany ny tenin'i **Roger FAYOLLE** hoe : « *Tsy misy asa soratra tsy misy namokatra azy, ary mazàna aza rehefa hamaky asa soratra dia maika ery hijery ny momba ny mpanoratra eo amin'ny voalohan'ny boky* »¹².

Heverinay àry fa manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fanatontosana ity asa fikarohana ity ny tantaram-piainan'ny mpanoratra. Tsy ho voatanisa eto avokoa akory ny zava-misy rehetra teo amin'ny fiainany. Izay heverina fa misy ifandraisany amin'ny lohahevitra ihany no ezahina hotanisaina eto.

Araka izany, hizara roa lehibe ny fomba entina mampahafantatra ny mpanoratra :

- voalohany : I IRAKO AMMI amin'ny maha olon-tsotra azy
- faharoa : I IRAKO AMMI amin'ny maha mpanoratra azy.

¹¹ (Ch) RAVOAJANAHARY, « *Tantaran'ny haisoratra 1895- 1915* », S.TE.LA.RI.M, Antananarivo, 1973.

¹² (R) FAYOLLE, *La critique littéraire*, « Charles PEGUY, contre la critique scientifique », texte 65, Coll « U », Paris, 1987, p. 6 : (...) nous ne retrouverons la paix de l'âme qu'après que nous avons établi de l'auteur, dans le plus grand détail, une bonne biographie cataloguée, analytique, sommaire ».

TOKO I : I IRAKO AMMI OLON-TSOTRA

Anisan'ny manefy ny fiainana maha mpanoratra ny momba azy sy ny fiainana nodiaviny. Noho izany, tsy zava-maivana ny fahalalana ny tantaram-piainan'ny mpanoratra amin'ny maha olon-tsotra azy. Anisan'izany, ohatra, ny loharano nipoirany sy ny tanindrazana niaviany.

1.1.Ny loharano nipoirany sy ny tanindrazany

Manana ireo masoandro amam-bolana, loharano nipoirany i IRAKO AMMI.

1.1.1. Ny loharano nipoirany

Manome lanja ireo loharano nipoirana ny Malagasy. « *Tsy misy nipoitra avy amin'ny vato aman-kazo* » tokoa mantsy, hoy ny fitenenana. Noho izany, mahasarotiny azy ireo (Malagasy) ny fifaneraserana amin'ny olona izay tsy fantapototra mazava. Andry iray miantoka ny toeran'ny olona iray sy ny fijoroanay eo anivon'ny fiaraha-monina, ny loharano nipoirany. Hoy i **Charles RAVOAJANAHARY** manao hoe : « (...) *Zava-dehibe teo amin'ny Ntaolo ny mahafantatra tsara ny razana niaviany (...) izany hoe, ny Razana no mahatonga antsika hitokian'ny olona mifanerasera amintsika na ifanaovantsika raharaha (...) Ny olona tsy fantatra ny Razana nipoirany, dia mahakaodikaody ny olona ka nataony hoe : mba zana-jovy ?* »¹³

Indro asehonay eto àry ny mombamomba ny loharano nipoiran'i IRAKO AMMI : ny ray aman-dreniny.

RANDRIAMAHAZOSOA Jean no rainy ; Mpitandrina teo anivon'ny sahan'ny FJKM¹⁴ izy, ary nisotro ronono tao amin'ny FJKM Anosivavaka. Vao avy nankalazaina tamin'ny taona 2008 ny faha 80 taonany.

RAVAOMANARIVO Jeannette kosa no reniny. Ny fikarakarana ny tokantranony sy ny ankohonany no asa nosafidiany. Izy ireo no loharano nipoiran'ny mpanoratra, mitondra ny anarana feno hoe IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi, teraka ny 05 Aprily 1957 tao Ambatomanga. Monina ao ankazomanga Antananarivo kosa izy ireo ankehitriny.

¹³ (Ch) RAVOAJANAHARY, « Fokonolona », *Tselatra* ,Lah.9.

¹⁴ F.J.K.M. : Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara

Noho ny asan'ny rainy, dia nifindrafindra toerana araka izay fandaminan'ny lehibe izy ireo. Na izany aza, dia nanana ny fiaviany izy.

1.1.2. Ny tanindrazany

Araka ny voalazan'dRAVELOJAONA, ny tanindrazana dia tsy inona fa :« (...) *fonenan'ny razana hatrany, tany, fasana mirakitra ny karan-doha sy taolambalon'ny nahitany masoandro, nahalatsahan'ny tavoniny* »¹⁵.

Araka izany, ao Ambatomanga distrikan'i Manjakandriana no tanindrazan'i IRAKO AMMI, na ny avy amin'ny lafin-drainy, na ny avy amin'ny lafin-dreniny.

Anisan'ny toerana niarahan'ny mpanoratra niriarina tamin'ireo iray tampo aminy Ambatomanga. Iza avy izy ireo ?

1.1.3. Ny iray tampo aminy

7 mianadahy izy ireo no nateraky ny ray aman-dreniny : efatra lahy sy telo vavy, ary lahiaivo izy. Tsy mba nanao mizàna tsindrian'ila tamin'ny fitaizana ireo zanany ny masoandro amam-bolan'i IRAKO AMMI. Tsy nikely soroka izy ireo mba hahatafita ireo zanany amin'ny fianarana. Maneho izany ny sehatr'asa misy azy fito mianadahy ankehitriny, izay samy manana ny manavanana azy.

Toy izao manaraka izao ny filaharany sy ny asany avy, izay aseho amin'ny alalan'ny fafana :

FAFANA 1¹⁶ : Ny mpiray tampo amin'ny mpanoratra

LAHARANA ARA-PIZOKIANA	ASA ATAO
RANDRIAMAHAZOSOA Olivier B.	Dokotera
RATEFIARIMANANA Harisoa Urim	Mpampianatra
IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi	-Mpitantrina ao amin'ny FJKM Androntra Fahasoavana -Mpampianatra ao amin'ny Faculté de Théologie Ambatonakanga
RAVAOARINORO Rohama Eulalie	Mpampianatra

¹⁵ RAVELOJAONA, *Tanindrazana sy firenena ary isika Malagasy*, Imprimerie spéciale, Anjohy, 1972, tak. 72.

¹⁶ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 25-01-11 tao Androntra.

ANDRIAMAHAZOSOA Ony Jedidia	Dokotera
ANDRIAMAHAZOSOA Jaona Jakina	Mpitantana sady tompon'ny orinasa fanaovana fromage ao Ambatomanga
RANTOZOARIVELO Hantaso Debora	Mpiasan'ny fahasalamana ao amin'ny HJRA

Raha atao bango tokana, olona manana ny maha-izy azy eo amin'ny fiarahamonina i IRAKO AMMI. Hita fa marim-pototra izy miainga tamin'ny fijerena ireo loharano nipoirany sy ny fiainany ankehitriny. Fianakaviana kristiana niaina tao Analamanga no nisehoany. Namolavola azy hahay mifanerasera amin'ny olona maro samy hafa hevitra ny fiarahany miaina tamin'ireo mpiray tampo aminy fahiny.

Andeha hitodihana ny fiainam-pahazazan'ny mpanoratra.

1.2. Ny tokotanim-pahazazany

Mpandinika maro no miara-miaiky fa ahitana fifandraisany ny fiainam-pahazazana sy ny fomba fiatrehan'ny olona iray ny fiainam-pahalehibeazany.

Io vanim-potoana io no tena ahafahana mamolavola ny zaza amin'izay toetra tiana hananany rehefa lehibe izy. « **Taona fiforonan-toetra** »¹⁷ no iantsoan'i **Jean NARIVONY** an'izay. Ny *Baiboly* moa dia milaza mihitsy fa : « **zaro amin'ny lalana tokony halehany ny zaza, ka na dia antitra aza izy tsy hiala amin'izany...** »¹⁸.

Nanana izay nanazaran'ny ray aman-dreniny azy i IRAKO AMMI : nilalao, nobeazina. Nanana ny toetrany izy.

1.2.1.ny kilalao fanaony.

« *Raha zaza no tsy hilalao, meteza ho tanora...* » hoy ny Malagasy. Midika izany fa ny anjara asan'ny zaza dia milalao. Tsy ataotao foana anefa izany, fa manandanja lehibe tokoa eo amin'ny zaza. Hoy **RABEMOLAHY** mahakasika ny lanjan'ny lalao : « **amin'ny maha fialam-boly azy dia antokon-javatra ilain'ny ankizy ny lalao, ary mifanojo indrindra amin'ilay faniriany hampiasa ny hery vao miboiboika ao**

¹⁷ NARIVONY (J) , « Fitaizana tandrefana sy fomba tatsinanana », *Fanasina*, lah.337, 1964.

¹⁸ Ny *Baiboly*, « Ohab. 22, 6 », Fikambanana mampiely Baiboly Malagasy, Antananarivo, 1965.

anatiny ao ; mifanojo koa amin'ilay fitiavany hianatra sy haka tahaka ny ataon'ny olon-dehibe¹⁹».

Hita araka izany fa manefy ny zaza sy mampivelatra azy, ara-batana sy/na ara-tsaina ny lalao, ary manomana azy amin'izay asa aman-draharaha hosahaniny amin'ny fahalehibeazany.

Karazan-dalao maro no azo tanterahina, saingy ny baolina, ny kanety, ny fangalam-piery, ny tandrimo, ny « Jeu de kapoaka », ary ny « joueur »²⁰ no tena nahavery dia ny mpanoratra, tamin'ny androm-pahazazany.

Lalao manetsika ny saina avokoa ireo, ary ao ny ilana herim-batana iarahana amina olona maro, ao ny ilana teknika sy hakingana. Samy ahitana endrika fanatratrarana tanjona iray ihany koa anefa.

Araka izany, ny lalao fanaony dia efa nitaiza sy nanolokolo azy, na ara-tsaina na ara-batana, ho vonona sahady amin'ny fiatrehana ny endri-pifaninanana samihafa mba hahatratrarana ny tanjona. Nanampy azy tamin'ny fahaizany miara-miaina amin'ny hafa ihany koa ny kilalaony.

Ankoatra ny lalao nataony dia teo koa ny fanabeazana azony teo amin'ny ankohonany.

1.2.2.ny fanabeazana azony

Niaina teo amin'ny fianakaviana kristiana i IRAKO AMMI. Isan'ny nandray ny fanabeazana naroson'ireo ray aman-dreniny, voaantso manokana ho Mpitandrina izy.

Novolavolaina sy nokolokoloina ho olom-banona tokoa izy mba hivelatra amin'ny maha olona feno azy. Vao nahay niteny tsara izy dia efa naiditr'ireo ray aman-dreniny tao amin'ny Sampana Sekoly Alahady, izay fanombohana ny fianarana ny Soratra Masina. Dia nilatsaka an-tsekoly izy ka ny E.P.P SOSUMAV Ambilobe Diégo no nisantarany izany tamin'ny taona 1962 tany ho any. Tany amin'iny toerana iny mantsy no nitandrina voalohany ny rainy rehefa nahavita ny fianarany ho Mpitandrina tao Ambatomanga.

Naiditr'ireo ray aman-dreniny tao anaty fikambanana kristiana maro i IRAKO AMMI ankoatra ny tao amin'ny Sampana Sekoly Alahady. Anisan'ireny ny Sampana

¹⁹ (F) RABEMOLAHY, *Fary Mamy*, Kilasy Famaranana, « Ny anjara toeran'ny lalao teo amin'ny fanabeazana », Ed.Salohy, tal 91.

²⁰ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 30-11-10 tao Androntra.

Fifohazana, ny Skoto (Sampana Mpanazava sy Tily)... nanefy azy betsaka ho sahy sy hahay hisetra ny olana isan-karazany izany.

Tsy nataony ho ambanin-javatra ny fiderana an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny feo, ka nanapa-kevitra ho anisan'ireo mpikambana tao anatin'ny antoko mpihira tao amin'ny fiangonany izy. « **Mampikomy anaty** » hoy izy «**ny mahita antoko mpihira miredona manao angoan-tenda amin'ny anjara hirany, nefa mikombom-bava amin'ny hira iarahan'ny fiangonana manontolo** »²¹. Tsapany tamin'ny fanatrehany fanompoam-pivavahan izany.

Raha atao indray milaza, fikambanana maro mifototra ara-tsoratra masina no nibahana ny fanabeazana an'i IRAKO AMMI. Teo anivon'ny fianakaviana kristiana tokoa araka izany no nanolokoloana sy nanefena azy.

1.2.3.ny toetrany

« Ny zanaka, hoy ny Ntaolo, no kolokolo dimbin'ny vary, solofo dimbin'ny ala », izany hoe : ilay aina vao mamololona, ilay tsiry sarobidy nitsimoka tamin'ny ain-dehibe. Noho izany, nokolokoloina fatratra izy, nokendrena hatramin'ny fahakely, tamin'ny alalan'ny fanomezana ny anarany mihitsy, ny hahatonga azy ho toy ny hazo mahitsy sy mijoro tsara, ka ho rehehan'ny ala izay hodimbiasany rahatrizay. Izany indrindra no antony nisafidianan'ny ray aman-dreniny ny anarany IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi, maneho ny toetra na fiainana tiany hananan'ny zaza.

Araka ny fanazavana nentin'ny mpanoratra, dia noho izy teraka tamin'ny fotoana niomann'ny ray aman-dreniny ho Mpitandrina tao amin'ny Kolejy Pastoral Ambatomanga no nahatonga ny anarany : « Ny **IRAKO** dia midika hoe : irak'Andriamanitra. Ny **ANDRIAMAHAZOSOA** indray dia anaram-pianakaviana azo avy amin'ny anaran-drainy RANDRIAMAHAZOSOA. Ny hoe **Ammi** kosa dia anarana hebreo, anaran'ny zanak'i Hosea mpaminany ao amin'ny Baiboly (Hosea 2 :3) izay midika hoe : « **oloko, vahoakako** »²².

Raha fehezina, olona manana toetra mendrika ny maha olomboafidin'Andriamanitra, ary hanaiky ho irak'Izy Tompo no nirian'ny masoandro amam-bolany ho an'i IRAKO AMMI. Heverinay fa to aminy izany ankehitriny. Lasa Mpitandrina, olon'Andriamanitra mpitory ny filazantsaran'i Kristy izy.

²¹ V.A lah 5, sasinteny.

²² Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 30.11.10. tao Androntra.

Ankoatra izay, olona tia manaja ny hafa i IRAKO AMMI. Tia tsikitsiky sy tsy mora tezitra izay izy. Maneho ny maha Mpitandrina mpanabe azy hatrany izy ka tsy misorona , milaza sy manoro izay tokony hatao. Tsotra sy mahitsy ihany koa izy, na firesaka izany na fisaina. Ny tena mampiavaka sy mahasarotiny azy dia ny fahamarinam-potoana. « *fanalahidin'ny fiatrehana ny zavatra samihafa io* »²³ hoy izy. Ampahan-toetra tsikaritrany tamin'ny fifaneraserana tamin'i IRAKO AMMI izany.

Tsapan'ireo ray aman-dreniny fa tsy ampy hahatrarana ny fanirian'izy ireo ny fanabeazana efa nomeny ny zanany , ka nanapa-kevitra izy ireo ny hanohizana ny fampivelarana ara-tsaina sy ara-batana ary ara-panahy an'i IRAKO AMMI. Izay no mitarika antsika hiresaka ny fitohizan'ny fiainan'ny mpanoratra.

1.3.Ny fiainany nanomboka teo amin'ny fahatanorany

Fivelaran'ny maha-olona ny olona ara-batana, ara-tsaina, hatramin'ny fomba fijery, ny fahatanorana. Mihatia karokaroka hatrany ny saina amin'io vanim-potoana io ka mila fanabeazana tsara. Maneho izany ny voalazan-d**RAJEMISA Raolison** hoe : « *Ny hatanorana (...) ny fizoran'ny fiainan'ny olombelna, na biby koa aza, eo amin'ny fotoana isandratany ary ivelaran'ny sainy sy ny toe-batany* »²⁴.

Ny fianarana narahin'i IRAKO AMMI, ny asany, ny fialam-boliny, ary ny fiainan-tokantranony no entina ato amin'ity zana-pizarana ity.

Nampivelatra ny sainy ny fianarana nataony tany an-tsekoly.

1.3.1.ny sekoly nianarany sy ny mari-pahaizana azony

Nilofa tokoa i IRAKO AMMI mba hahazoana mari-pahaizana. Nanampy azy tamin'izany ireo sekoly nianarany.

1.3.1.1.ireo sekoly nianarany

Efa voalaza teo aloha, tao amin'ny zana-pizarana 1.2.2., fa tao amin'ny EPP SOSUMAV Ambilobe no nanombohan'i IRAKO AMMI ny fanovozam-pahalalany tany an-tsekoly. Niverina tao Ambatomanga indray ry zareo ny taona 1965, ka tao amin'ny Sekoly Misiona Ambatomanga izy no nampianarina.

²³ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 30.11.10. tao Androndra.

²⁴(R.R) RAJEMISA , *Rakibolana Malagasy*, Ambozontanny Fianarantsoa, 1983, tak 419.

Nafindra tao amin'ny Sekolim-pinoana Rasalama tao Manjakandrina, renivohitr'i Vakiniadiana izy avy eo, ary tao no nahazoany ny mari-pahaizana arapankakana C.E.P.E. sy B.E.P.C.

Niakatra taty Antananarivo indray avy eo, namarana ny fianarany tamin'ny Ambaratonga Faharoa Manokana tao amin'ny Lycée J.J. RABEARIVELO, izay nahazoany ny mari-pahaizana Baccalauréat.

Nanohy ny fianarany teny amin'ny sekoly ambony Oniversiten'Antananarivo izy. Ny Sampana Teny sy Lahabolana ary Riba Malagasy no nosafidiany. Taranja nanavanana azy tany amin'ny lisea ny taranja Malagasy. Nisy fotoana aza izy, no nampianatra ny mpiray kilasy taminy²⁵. Nanampy izany ny fampitiavan'ny sekoly misiona nianarany ny taranja malagasy.

Namaly ny antson'ny Tompo izy²⁶, araka ny nambarany, ka niomana ho Mpitandrina tao amin'ny Faculté de Théologie Ambatonakanga, rehefa nanomboka nampianatra teny Ankatso.

Raha atao indray milaza, nifandimby nitaiza an'i IRAKO AMMI ny sekolim-panjakana sy ny sekolim-pinoana, izay heverina fa nahitany endri-panabeazana sy endri-piarahamonina samihafa. Indro aseho amin'ny fafana ny sekoly ary ny toerana nianarany.

FAFANA2 : Ny sekoly nodiavin'i IRAKO AMMI

TAONA	SEKOLY	TOERANA
	E.P.P SOSUMAV	Ambilobe
	SEKOLY MISIONA	Ambatomanga
-1974	SEKOLY RASALAMA	Manjakandrina
1974- 1976	LycéeJ.J. RABEARIVELO	Analakely
1977-1984	Université d'Antananarivo	Antananarivo
1981-1985	Université RAVELOJAONA Faculté de Théologie	Ambatonakanga

1.3.1.2.ny mari-pahaizana azony

²⁵ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 01.02.11 .tao Androntra

²⁶ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 01.02.11.tao Androntra

Vavolombelon'ny mpiasa ny bainga, ary tsangambaton'ny filofosana tamin'ny fianarana ny fahombiazana sy ny fahazoana mari-pahaizana. Olona avara-pianarana tokoa i IRAKO AMMI. Porofon'izany ireto mari-pahaizana azony nandritra ny fianarany,izay aseho amin'ny alalan'ny fafana ireto.

FAFANA3 : Ny mari-pahaizana azon'i IRAKO AMMI

Taona	sekoly	Mari-pahaizana
1970	Sekoly Rasalama	CEPE
1974		BEPC
1976	Lycée Rabearivelo	Bakalôrea
1981	« université d'Antananarivo »	Licence ès Lettres Malgaches
1983	« université d'Antananarivo »	Maîtrise ès Lettres Malgaches
1983	« Faculté de Théologie »	Licence en Théologie
1984	« Université d'Antananarivo »	DEA spécialisé littérature
1985	« Faculté de Théologie »	Maîtrise en Théologie

Hita fa nahay nanararaotra ny fotoana nahafahany nianatra ny mpanoratra. Niotazany vokatry tsara avokoa izany ka ahafahany miatrika ny asa aman-draharaha sy ny adidy aman'andraikitra sahaniny ankehitriny.

1.3.2. ny asa sy ny andraikitra nosahaniny

Olona maro sahanina i IRAKO AMMI. Efa niainany hatramin'izay izany. **« Ohatra ny hoe tarazom-piainana satria tamin'ny vao nianatra dia efa maro ierehana. Tamin'izaho T11 ohatra, dia sady nanomana ny prés-BAC no nanomana ny BAC. Tamin'izany anefa dia tsy najanona ireo andraikitra tao amin'ny Fiangonana : mampianatra Sekoly Alahady,.. dia toy ny mandeha ho azy sisa »²⁷.** Tsapany mantsy fa ilaina ny fananana andraikitra maro. Hoy izy ao amin'ilay tononkalony mitondra ny lohateny hoe : « FANDAMINANA »²⁸;

« Mahaiza mandamina

²⁷ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 01.02.11.tao Androntra

²⁸ V.A lah 67.

Fa ny olom-banona

Maro sahanina

Mandavan-taona ! »

(...)

Takian'ny mahaolom-banona ihany koa ny fananana asa fivelomana.

1.3.2.1.ny asany

« Tahaka ny mpianatra rehetra ihany, miankin-doha aman'olona izy mandra-pahainy, fa rehefa tafita soa avy eo izy, dia mandeha irery amin'izay, manitatra ny azony sady manely izany amin'ny hafa. Raha mbola kely mila fialofana, fa rehefa lehibe ialofan'ny madinika »²⁹.

Araka izany, sady nianatra i IRAKO AMMI no niasa. Nanampy ny efa azony izy, nefa nizara ihany koa. Azo lazaina fa ny sehatry ny fanabeazana sy ny fitoriana no nanompanan'i IRAKO AMMI ny heriny teo amin'ny asa aman-draharaha nosahaniny. Ankoatra ny mahampampianatra azy mantsy dia Mpitandrina ihany koa ny mpanoratra. Indro aseho amin'ny alalan'ny fafana ny asa nosahaniny sy mbola sahaniny ankehitriny.

FAFANA 4 : Ny asa aman-draharahan'i IRAKO AMMI

TAONA	ASA AMAN-DRAHARAHA	TOERANA
1981-2005	Mpampianatra an-tselika tao amin'ny S.Te.La. Ri.M	« Université d'Antananarivo »
1986-1988	mpampianatra	Faculté de Théologie Ambatonakanga
1985-2001	Mpitandrina	FJKM Ambohimalaza firaisana
1989-1999	Talen'ny Sekoly Vinet	Ambohimalaza
2002-...	mpampianatra	Faculté de Théologie Ambatonakanga
2005-...	Mpitandrina	FJKM Androntra Fahasoavana

Najanona, hoy izy, ny fampianarana teny amin'ny Oniversiten'Antananarivo, fa nifotorana bebe kokoa ny maha Mpitandrina³⁰.

²⁹ RANDRIAMIADANARIVO, *Sikajin'i Dadabe*, natonta faniefany, Trano Printy FJKM Imarivolantira, Antananarivo, tak 207.

³⁰ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 30.11.10, tao Androntra.

Raha atao indray milaza, Mpitandrina ny FJKM Androntra fahasoavana ny mpanoratra ankehitriny, ankoatra ny maha mpampianatra matihanina azy ao amin'ny « Oniversité RAVELOJAONA ».

Tsy nahasakana an'i IRAKO AMMI, tsy handray andraikitra hafa teo anivon'ny fiangonana FJKM ny asa maro nosahaniny.

1.3.2.2.ny andraikiny teo anivon'ny Fiangonana

Olonan manam-piniavana, sady tia no sahy mandray andraikitra ny mpanoratra. Hita hatrany izany teo amin'ireo toerana noaisiny sy/na nametrahana azy teo anivon'ny Fiangonana.

Vao nivoaka ho Mpitandrina izy, ny 1985 dia notendren'ny FJKM ho talen'ny Semineran'ny Faculté de Théologie Amparibe³¹. Tsy nanana fandavana izy, ary nanefa izany tam-pitiavana hatramin'ny taona 1988.

Avy eo, isan'ireo Birao Foiben'ny Sampana Sekoly Alahady FJKM izy ny 1988-2007, ka nitana ny toeran'ny Filoha nandritra ny 16 taona.

Maneho ny fahaizany sy ny fahazotoana ombam-pahasahian'i IRAKO AMMI mandray andraikitra ihany koa ny nananganany ny Fikambanan'ny Mpitandrina Poeta, tao amin'ny Faculté de Théologie Ambatonakanga, ny taona 2003. Izy moa no Filoha mpitarika io fikambanana io. Tsapany mantsy fa ao ireo Mpitandrina « (...) **no entanin'ny Fanahy na mientana am-panahy, ka rafitra mandray ny peniny, somokotra manoratsoratra, miezaka mampiady rima, sahirana mitady ngadona...Dia, indro, teraka tokoa izay mba antsoiny hoe « tononkalo », ka ny fo no avela hiteny, mandefindefitra ny kanto !** »³², koa dia natsangany io fikambanana io.

Filohan'ny Vaomieran'ny Litorjia FJKM izy ankehitriny, no sady Filoha mpitarika ny Filankevitra momba ny Fandaminana Mpitandrina (FIFAMPI) foibe FJKM.

Hita tamin'ireo andraikitra nosahanin'i IRAKO AMMI ny maha olon'ny fahavononana azy. Saika nitana ny andraikitra voalohany hatrany izy tamin'izany.

Ho monamonaina ihany angamba raha asa tsy misy fiatoana, noho izany, nanana ny fialam-boliny ny mpanoratra.

³¹ Trano ipetrahan'ireo mpiomana ho Mpitandrina ao amin'ny Faculté de Théologie Ambatonakanga.

³² IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi et Alii, «... NY VATO VE NO HIANTSOANTSO ? » Amboaran-tononkalo, « Teny fanolorana », Librairie Mixte, Antananarivo, 2004, tak 1.

1.3.3. *ny fialam-boliny*

Ny kilalao fanao tamin'ny fahazazana dia miova ho fialam-boly amin'ny andron'ny fahatanorana sy ny fahalehibeazana. Ny fialam-boly, izay tsy inona fa « *fanalana disadisa, fanaovana izay mba hampahafinaritra ny tena rehefa avy nilofo niasa : Ny fijerena sarimihetsika no mba fialam-boliny isaky ny asabotsy hariva* » hoy RAJEMISA³³.

Araka izany, ilaina ny miala voly mba hanalana ny hareraham-batana sy harerahan-tsaina ateraky ny asa aman-draharaha sy izay zava-misy mety nanelingelina tontolo andro. Samy manana ny safidiny sy izay mahafa-diana azy ny tsirairay. Ny vaky boky sy ny fijerena fahitalavitra³⁴ no mahasarika an'i IRAKO AMMI. Ny boky dia mitondra fahalalana hatrany. Ny fahitalavitra indray hahitana ireo zava-baovao, ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina, ary saika ny zava-misy eran-tany mihitsy aza no asehon'izy ireny.

Taratra amin'ny fialam-boliny ny maha mpanabe ny mpanoratra. Manoro azy amin'izay tokony hataony eo anivon'ny mpiara-belona aminy ireo, ahafahany manome fanabeazana araka ny tokony ho izy.

Anisan'ny nanamarika ny androm-pahatanoran'ny mpanoratra ihany koa ny fiainam-pitiavany sy ny nisafidianany ny andefimandriny ka nananany ny tokantranony.

1.3.4. *ny tokantranony*

Miroborobo sy miorim-paka ny fitiavana eo amin'ny androm-pahatanorana, raha ny fitiavan'olon-droa no asian-teny. Toy ny tanora rehetra ihany, dia nanana izay nandrian'ny fony sy niantefan'ny fitiavany i IRAKO AMMI.

Teny amin'ny Faculté de Théologie Ambatonakanga no nihaonany tamin-dRamatoakely RATSIMANDRESY Esther. Samy niomana ho Mpitandrina tao moa izy roa ireo, ary niray kilasy mihitsy.

Zanaky ny Mpitandrina RATSIMANDRESY Joseph (zanany) tao amin'ny FJKM Ankadimbahoaka sy RAZAFINDRAKOTO Lisiarisoa i Esther.

Rehefa nandroso ny andro, nihamafy orina koa ny fifankatiavan'izy ireo, dia nanapa-kevitra ny hiara-dia mandritra ny fiainany manontolo izy roroa. Ny 14 Janoary

³³(R.R) RAJEMISA, *Rakibolana Malagasy*, Op cit, tak 288.

³⁴ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 30.11.10 tao Androntra

1984 no nitantan'ny IRAKO AMMI an'i Esther teo ambony alitara, ka nitsofan-drano ny fanambadian'izy ireo, tao amin'ny FJKM Anosivavaka, notandreman'ny rainy.

Mpitandrina sady mpampianatra ihany koa Ramatoa RATSIMANDRESY Esther vadiny. Izy no vehivavy FJKM voalohany nahazo ny mari-pahaizana Maîtrise en Théologie. Mitandrina ao amin'ny FJKM Ranovao Ambohimangakely moa izy ankehitriny.

« *Ny hanambadian-kiterahana* » hoy ny fitenenana, ary zovy moa no tsy haniry izany menaky ny ainy, ho solofo dimbin'ny ala ?

Nomen'Andriamanitra 04 mianadahy izy mivady : telolahy sy iray vavy sady faravavy. Samy mbola mianatra avokoa moa izy ireo, ary samy efa mananika ny fahavalo ambin'ny folo ranonorany mihoatra avy³⁵.

Ireto izy ireo sy ny fianarana arahiny avy

FAFANA 5 : Ireo zanaky ny mpanoratra

ANARANA	FIANARANA ATAO
AMMI ANDRIATSIRESY David	Droit, commerce international, mianatra asa eny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato.
AMMI ANDRIAMANDRESY Daniel	Manomana ny « Licence en Tourisme »
AMMI ANDRIAPARANY Joseph	Manomana ny « Maîtrise en comptabilité »
AMMI RATSIMANDRESY Sarah	Manomana ny « licence en communication »

Teo anivon'ny ankohonany, dia nijoro tamin'ny maha raim-pianakaviana mpanabe azy ny mpanoratra.

Taratra fa tokantrano feno sady ampy fitiavana ny tokantrano'i IRAKO AMMI. Niaina teo ambany fahasoavan'Andriamanitra hatrany izy ireo. Nanana izay noheveriny fa nanamarika ny fiainany ihany koa izy.

1.4.Ny zava-dehibe nisongadina teo amin'ny fiainany

Ny nahafaly sy ny nampalahelo an'i IRAKO AMMI no tiana hambara eto.

³⁵ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 30.11.10.sy ny 25.01.11. tao Androntra

1.4.1. *ny toe-javatra nampalahelo azy*

Ny fiainana tokoa tsy ilaozam-tsento. « *tantely amam-bahona ny fiainana* » : hoy ny Malagasy; izany hoe: misy mamy ary misy mangidy.

Tsaroan'i IRAKO AMMI ho nanohina ny fony indrindra, ary niteraka alahelo mavesatra ho azy, ny korontam-piangonana tao amin'ny FJKM Ambohimalaza Firaiana, tamin'ny fotoana nialany tao. Nisy Kristiana tao anatin'ny Fiangonana mantsy nieritreritra ho tompon'izany fiangonana izany ka nitady ny fomba rehetra hifehezana azy. Lasan'ireo olom-bitsy ireo ankehitriny ny tranovato fiangonana³⁶. Niara-nalahelo taminy ireo Kristiana sisa tetsy an-kilany. Amin'ny maha olombelona azy ireo, dia teo ny fahakiviana manoloana ny toe-javatra; tao ireo nihemotra tsy niditra am-piangonana intsony; nisy aza moa ny nanapa-kevitra ny hifindra antokompivavahana hafa mihitsy. Nahatsiaro ho nanana adidy tamin'izany ny mpanoratra ka nanoratra ny tononkalo hoe « MAHEREZA »³⁷ ho an'ny FJKM Ambohimalaza Firaiana. Toy izao ny ampahany amin'izany :

« Ry Fiangonana ô, henoy ny antso mafin'ny hoavy
Ka ny tananao aingao, hahery tsy hiraviravy
Fa miantso anao ny Tompo, dia « Ilay Tompon'ny tantara »
Haminda hiaraka aminy eto, mbola hijoro sy hanambara
Fa velona Izy, ka ianao 'zay Fiangonany dia velona
Na inona ady mahangoly, ankasao mety hanelontselona,

Porofoy indray anio : ny finoana anatinao,
Mifahatra amin'Izy Tompo, Izy Tompo tsy mandao,
Tsy mamela anao ho irery na kamboty velively.
Ka nahoana no ho kivy ary ny herinao ho kely ?
Ny ho avy izay kendreny hitondrana anao indray
Dia tsara noho ny omalinao, eo an-tanan'Izy Ray ! »

(...)

Na dia teo aza ny olana nosedraina dia nisaotra an'Andriamanitra hatrany ny mpanoratra. Hoy izy ao amin'io tononkalo io ihany hoe :

« Jesoa Tompo ô, dera, laza no he asandratray ho Anao !

³⁶ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 25.01.11, tao Androntra

³⁷ V.A lah.41.

Fa tsara Ianao, Mpanao ny tsara, amin'izay rehetra atao.

Tsy takatray hatrany akory izay avelanao hiseho

Nefa isaoranay Anao, asandratray hanehoheho

‘zato fitondranao hendry, fantatray fa mahaso,

Itantananao anay amin'ny sandrinao tsitoha ! »

Napetraky ny mpanoratra teo am-pelatanan'Andriamanitra izany rehetra izany ka zary maivana taminy.

Tetsy an-kilany koa anefa, mba nanana ny nahatretrika azy koa izy.

1.4.2. ny toe-javatra nahafaly azy

Olona tia fianarana i IRAKO AMMI. Niezaka hatrany izy ny hanampy ny fahalalana izay efa teo an-tanany. Tsy nitsahatra nianatra izy na dia efa teo amin'ny faha 50 taonany aza.

Araka izany, ny diany tany Angletera, ny Septambra 2001- Jolay 2002 no anisan'ny toe-javatra nahafaly azy indrindra³⁸. Ny fanatevenana ny fahaizana ny teny Anglisy tao amin'ny Oniversite tany an-toerana moa no voalaza fa tena anton-diany tany. Teo koa anefa ny fahafaham-pony tamin'ny nahafahany nijery tontolo hafa, ny namangiany ny Fiangonana niavian-dry David Jones sy Thomas Bevan, misionera Welsh avy any amin'ny LMS (London Missionary Society) tonga nitory ny Filazantsara taty Madagasikara tamin'ny 1818.

Nitondra hafaliana tsy lefin'ny fotoana tao amin'ny fiainany izany toe-javatra izany.

Raha atao indray milaza, lehilahy vonona hivoatra ho amin'ny tsaratsara kokoa hatrany i IRAKO AMMI. Nandingana ny ranomasimbe mihitsy izy mba hahafahany manatevina ny fahalalany.

Voalaza tao anatin'ny toko voalohany iny ny maha olon-tsotra an'i IRAKO AMMI. Hita tamin'izany fa notezaina tamin'ny fomba tena Kristiana izy. Azo ambara ihany koa fa manana andraikitra eo amin'ny lafiny fanabeazana izy.

Andeha hojerena manaraka ny amin'ny maha mpanoratra an'i IRAKO AMMI.

³⁸ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 30.11.10, tao Androntra

TOKO FAHAROA : I IRAKO AMMI AMIN'NY MAHA MPANORATRA AZY

Efa voafaritra teny aloha ny maha olon-tsotra an'i IRAKO AMMI. Heverina fa manan-tsata tsy latsan-danja noho izany ny fijerena ny maha mpanoratra azy ; araka izay voalazan'i **Jean Irenée RAMIANDRASOA** manao hoe : « *Ny poeta tokoa mantsy dia olona miavaka amin'ny sarambaben'olon-tsotra tsy poeta. Olona manana hasina manokana izy ireny ka hafa sata* »³⁹.

Hovahavahana ato amin'ity toko faharoa ity àry ny antony nahatonga azy ho mpanoratra, ireo singa mifamatotra amin'ny asa soratra, ary i IRAKO AMMI, sy ny asa sorany.

2.1. Ny antony nahatonga azy ho mpanoratra.

Matetika ny toe-javatra iray dia misy antony miteraka azy. Ny talenta sy ny fifaneraserana tamin'ny hafa no nanefy an'i IRAKO AMMI ho mpanoratra.

2.1.1. ny talenta

Toy ireo mpanoratra rehetra, nomen'Andriamanitra talenta hanoratra ihany koa i IRAKO AMMI. « *Fahaizana voajanahary na fahakingana voajanahary no azo amaritana ny talenta* » hoy i **Regis Rajemisa RAOLISON**⁴⁰.

Noho izany, tsy ilana fandalinana na fianarana be loatra intsony ny zavatra iray ananana talenta. Toy izany ny famoronana zava-kanto vita amion'ny teny, ny famoronana tononkalo teo amin'i IRAKO AMMI. Hoy i **RANOE**, ao amin'ny *Haren-tsaina* manantitra izany: « *Ny talenta dia fahaiza-manao voajanahary ao amin'ny olona iray, ka mahatonga azy hahatanteraka tsy misy fahasarotana ilay zavatra ananany talenta, anisan'izany ny sora-kanto* »⁴¹.

Efa hatrany am-bohoka mihitsy no efa ao amin'ny olona iray ny fahaizana manokana hanoratra, ary mety ho talohan'izany mihitsy aza, araka ny voalazan'i Randja ZANAMIHOATRA manao hoe:

***“Fony izaho mbola nofy tao an-tsain'ny lehilahy
Fony izaho mbola rano tao am-bohoky ny reny
No efa henoko sahady ny antsonao naniraka ahy***

³⁹ (J.I) RAMIANDRISOA, *Hiratra*, STELARIM, Université de Madagascar, 1987, p.141.

⁴⁰ (R)RAJEMISA, *Rakibolana Malagasy*, op-cit, tak 913.

⁴¹ RANOE, *Haren-tsaina*, Ed. Tsipika, Antananarivo, 2001, tak.101.

Ry andriamanitry ny HIRA sy andriamanitry ny TENY”⁴²

Noho izany, tsy mahagaga raha fony kely, efa tsy tsaroany intsony, no efa nanombohany nanoratsoratra. Ho fikolokoloana izany talentany izany, dia nanovo hevitra sy nankafy nifanerasera tamin’ny mpanoratra zokiny izy.

2.1.2. ny fifaneraserana tamin’ny hafa

Tsy nionona fotsiny tamin’ny fahaizana voajanahary tao anatin’ny i IRAKO AMMI. Nampandroboniny sy novelariny tamin’ny fijerena sy fankafizana asa soratra malagasy ny talentany. Fialam-boliny rahateo moa ny vaky boky, ka zary fahafinaretana ho azy mihitsy ny mihanoka ao amin’ny sora-kanton-dry DOX sy RADO, izay samy sangany teo amin’ny sahan’ny literatiora malagasy. Ny fomba fanoratr’izy ireo sy ny endrika anehoany ny tononkalony no mahaliana sy mahasarika azy amin’izany. Manginy fotsiny, hoy ihany izy, ireo hevitra mipoapoaka sy tsara petraka ao anatin’ny.

Anisan’ny notovoziny tamin’ireo mpanoratra ireo ny tononkalo manana endrika “sonnet” izay endrika tena nahafantarana an’i DOX. Ohatra amin’ireny ny “SONNET HO AN’NY MPANABE” VA Lah.12.

Hita araka izany fa ny talenta ananany sy ny fikolokoloana izany, tamin’ny alalan’ny fifaneraserana tamin’ny asa soratr’ireo mpanoratra ngeزالahy no nahavitan’i IRAKO AMMI ny asa sorany. Andeha hojerena manaraka ny amin’ireo singa mifamatotra amin’ny asa soratra.

2.2. Ireo singa mifamatotra amin’ny asa soratra

Tonotnkalo no asa soratra dinihina eto. Raha vao miresaka io karazan-dahatsoratra io, dia mby ao an-tsaina avy hatrany ny hoe “pôeta”. Tsy mandeha irery anefa ny maha pôeta, fa ao ihany koa ny “pôezia” sy ny “aingam-panahy”, izay tsy afa-misaraka aminy. Ireo singa telo ireo no velabelarina ato amin’ity zana-pizarana ity.

⁴²(R.) ZANAMIHOATRA, *Vainafo tononkira*, Ambozontany ,Fianarantsoa, 1969, tak 113.

2.1.1. ny pôeta

Tsy vitsy ireo mpandinika sy mpikaroka, eny hatramin'ny olon-tsotra aza, no namaritra ny atao hoe pôeta. Maro koa ireo liana te hahalala misimisy kokoa ny momba azy.

Voalazan-d**RAJEMISA** fa ny “**pôety**” dia:

- 1- **“mpanao na mpanoratra poezia: iza no pôety ankafizinao indrindra?**
- 2- **“enti-milaza koa ny olona manao fitenenana feno sarisary ary mamelovelo: lasa pôety indray i zokilahy izany.”**⁴³

Izany hoe ny poeta dia mpamorona poezia.

Manantitra ny maha “**mpamorona**”⁴⁴ azy izay ny rakibolana vahiny **LAROUSSE**.

Manana ny heviny ihany koa i **RADO**. Ambarany fa olona tahaka ny olona rehetra ihany ny pôeta. Manana ny mampiavaka azy izy, dia ny fahaizany mamoka ny ao am-pony ho an'ny olona rehetra. Hoy izy: **“pôeta avokoa ny olona rehetra fa ny mpanoratra no karazana fantsona mamoka ny fihetseham-pony ho fantatry ny maro”**.⁴⁵

Olona miavaka ny pôeta satria olona nantsoina manokana. Hoy **RAVELOJAONA** manamafy izany: **“ (...) tokony hotsaroana fa tsy zavatra azo anaovana “tonga dia mijoloka” tsy akory ny literatiora. Ilana talenta sy “fanomezam-pahasoavana” manokana izy, koa izay tsy “voaantso” aleo mihataka ”**.⁴⁶

Araka izany, olona manan-tsaina miavaka amin'ny olona rehetra ny pôeta satria manana talenta manokana. Hoy indrindra i **Claude RANDRIANANTENAINA**: **“Tsy adala ny poety fa hendry loatra angamba na lalin-tsaina koa matoa tsy azonstika ny zavatra lazainy”**.⁴⁷

Indraindray izany dia mety tsy ho azo ny zavatra lazain'ny pôeta. Misarika ny mpamaky handalina sy hanadihady tsara izay voalazany anefa izany, ka matetika miteraka fihetseham-po ao aminy. Ka ny tena pôeta izany, hoy i **RANOE** dia:

⁴³ (R.R) RAOLISON, *Rakibolana malagasy*, op. cit, tak 800.

⁴⁴ *Gand larousse encyclopedique*, Tome 8, Paris, Lib larousse, 1963 : « (...) le poète est considéré comme le créateur. »

⁴⁵ RADO, *Midi Madagasikara*, 03 Aogositra 1987.

⁴⁶ RAVELOJAONA, “Littérature”, in *Ny Mpanolo-tsaina*, Lah 19 Jolay 1908.

⁴⁷ (CI) RANDRIANANTENAINA, *Tontolo isainana*, Amboaran-tononkalo faharoa, SANDRATRA, Imp. Berti Marohoho, Antananarivo, 1991.

“(…) ilay mandresy lahatra ny mpamaky: manony ny hetehetany, ilay mpamalifaly manohina anao hangoraka ... ilay misarika anao ho tia, mety hanesika anao hankahala”.⁴⁸

Mpamorona ihany koa no **ilazan’i Jean NALISOA RAVALITERA** ny pôeta. Ambarany fa: **“Zanahary tapany ny mpanoratra satria hainy ny mamorona ny zavatra tsy misy mba hisy...”**⁴⁹

Raha fintinina, olona tahaka ny olona rehetra ihany ny “pôeta”. Manana talenta manokana ao anatiny anefa izy. Izay no ahafahany maneho ny fihetseham-pony sy ny fiontanam-panahiny manoloana ny zava-misy, entiny mambabo sy mandresy lahatra ny mpamaky. Olona miavaka amin’ny sarambabem-bahoaka koa izany izy. Olona afaka mandoro tsikelikely izay tsy mety eo amin’ny fiainam-piaramonina, ary manabe sy manova izany mihitsy amin’ny alalan’ny zava-kanto vokariny dia ny pôezia.

Fa inona tokoa moa no atao hoe “pôezia”?

2.2.2. ny “pôezia”

Samy miezaka maneho ny heviny, mitondra famaritana ny atao hoe “pôezia”, ireo mpandinika sy mpanoratra maro, na vahiny na Malagasy.

I **DESCHAMPS** izao dia milaza fa: **“hay kanto ambony sady feno hosodoka ary mozika misaina ny pôezia”.**⁵⁰

Miombon-kevitra amin’ny maha **“hay kanto”** azy io ihany koa i **Paul VALERY** ary maneho ny anjara asan’ny teny ao anatiny. Hoy izy: **“ny pôezia dia hay kanto manokana mifototra amin’ny teny”.**⁵¹ Asongadin’i **DIDEROT** misimisy kokoa ny maha **“teny voarindra”** azy. Ambarany fa: **“fakana tahaka ny hatsaran’ny zava-boary, ary aseho amin’ny teny mirindra ny pôezia.”**⁵²

Mbola maneho izay firindrana ao amin’ny pôezia izay koa i **Emile LITTRE**. Hoy izy manmbara izany: **“(…) fahaiza-mandrafitra asa soratra miendrika**

⁴⁸ RANOE, *Madagascar tribune*, Lah 28, 17 Janoary 1989.

⁴⁹ (J.N) RAVALITERA, in *Tovozin-tsy ritra*, boky 5, Tsipika Ed., Anatananarivo, 2001. Tak 94.

⁵⁰ DESCHAMPS, in *Grand Larousse encyclopédique*, Tome 8, Lib Larousse, Paris, 1963, p 586: “la poésie, art suprême et complet, peinture qui se veut et musique qui pense. »

⁵¹ (P) VALERY, in *Dictionnaire le petit Larousse des enfants*, Lib le Robert, Paris, 1998 : « poésie (...) c’est un art particulier fondé sur le langage. »

⁵² DIDEROT in (A) LAGARDE et MICHARD, col littéraire, Ed Bordas, Paris, 1965 : « la poésie c’est l’imitation de la belle nature exprimée par le discours mesuré. »

tononkalo sy manana endrika, toetra mampiavaka ny tononkalo tsara ny pôezia, ary mety ho hita any amin'ny asa soratra hafa io toetra io."⁵³

Iombonan'ireo mpandinika vahiny ireo ny maha asa kanto miankina amin'ny fahaiza-milalao ny teny ny pôezia. Maneho ny heviny ihany koa ny Malagasy.

"Toetran'ny zavatra mampisondrotra fanahy na mampamelovelo ny fo sy ny saina eo alohan'ny poezian'ny takariva mahatsara vahiny"⁵⁴, no nanoritsoritan-dRAJEMISA ny atao hoe: "pôezia".

I **Charles RAJOELISOLO** indray dia milaza fa: **"ny tena pôezia dia vetsovetso-po manetsika fo hafa"**.⁵⁵ Araka izany, tsy natao ho an'ny pôeta fotsiny ny pôezia, fa natao indrindra ho an'ny olona iantefany: ny mpamaky, ny fiarahamonina tsy anakanavaka.

Raha ny voalazan'i **Justin RAINIZANABOLOLONA** no asian-teny, dia fantin-teny voalahatra mba hanana endrika kanto mirakitra hevitra, manintona ary mambabo ny saina ny pôezia. Hoy izy: **"Ny atao hoe poezia dia tononkira voalahatra ara-dalàna ambara amin'ny teny tsara indrindra, vita amin'ny ohatrohatra mamin'ny saina, ary raha hofehezina ny filazana azy dia hevitra tsara indrindra izay ambara amin'ny teny mamy indrindra."**⁵⁶

Tsy ny hevitra sy ny teny anehoana azy ihany anefa no pôezia, fa ilay "fanahy" ao aminy ihany koa. Izay manana izay fanahy izay ihany no tena pôezia, hoy i **Jean NARIVONY**: **"fa ny tena maha poésie dia ilay antsoinay hoe "fanahy" ao aminy"**.⁵⁷

I **IRAKO AMMI** kosa raha nanontanianay ny heviny dia izao no nambarany: **"Ny pôezia dia tononkalo na tonon-kira kanto noho ny ngadony, na ny rindram-peo sy ny sary ao aminy, na ny fantin-teny sy voambolana nandrafetana azy"**.⁵⁸

Maro ireo famaritana notanisaina. Na dia samihafa aza izy ireny, misy hatrany ny tebo-kevitra iraisany ka ahafahana misintona fa: ny pôezia dia ilay zavakanto, ary kanto amin'ny lafiny rehetra: amin'ny teny ampiasainy, amin'ny fandaharana izany, amin'ny hevitra ampitainy, amin'ny feo ananany, amin'ny fihetseham-po aterany ho an'ny mpamaky ka mikendry indrindra ny hambabo azy.

Mifameno amin'ny talenta, ahavitana pôezia ny "aingam-panahy".

⁵³ (E) LITRE, *Dictionnaire de langue française*, 1977 : « poésie : art de faire des ouvrages en vers et qualités qui caractérisent les bons vers et qui peuvent se trouver ailleurs que dans les vers ».

⁵⁴ (R R) RAOLISON, *Ny rakibolana malagasy*, op.cit, tak 800-962.

⁵⁵ (Ch) RAJOELISOLO, *Sakaizan'ny tanora*, 1931, tak 52.

⁵⁶ (J) RAINIZANABOLOLONA, *Lesona tsotsotra momba ny fianarana pôezia amin'ny teny malagasy*, Imp F.F.M.A, Faravohitra Antananarivo, 1914, tak 6.

⁵⁷ (J) NARIVONY, *Gazety fanavaozana*, May 1955.

⁵⁸ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 30 /11/10 tao Androntra.

2.2.3. ny aingam-panahy

Re matetika eo amin' ny sehatry ny famoronana ny teny hoe “aingam- panahy”. Maro anefa no sahirana raha ametravana ny fanontaniana hoe: inona no atao hoe aingam- panahy? Ndeha hovahavahana amin' ny fanolorana famaritana efa nomen' ireo kintan' ny literatiora malagasy io fanontaniana io.

2.2.3.1. ny atao hoe aingam- panahy

Santonany ihany amin' ireo voalazan' ny mpandinika sy mpanoratra malagasy no horaisina.

Ho an' i **RANOE** dia karazana tromba ao amin' ny poeta ny aingam-panahy. Hoy izy: “(...) *tromba izay mambabo ny fon' ny poeta ,ka mahatonga azy hiteny kanto izay mambabo ny hafa*”⁵⁹. Izany hoe, singa iray manetsika ny fon' ny mpanoratra hanatosaka ho an' ny ety ivelany amin' ny fomba kanto ny aingam- panahy.

Mandalo ihany anefa izany fanahy izany, mihelina mandritra ny fotoana fohy. Hoy i **Andry ANDRAINA** manamafy izany: “ *Zava- mandalo, ary tsy azo raha tsy samborina amin' iny fotoana andalovany iny (...) (ny aingam-panahy)*”⁶⁰

Miombon- kevitra amin'i **RANOE** i **ILAY** raha miteny hoe : “ *Ny aingam- panahy no miteraka ny kanto*”⁶¹

I **Clarisse RATSIFANDRIAMANANA** kosa dia milaza fa : “ *Ny aingam- panahy dia ilay talenta ananan' ny mpanoratra ka ahafahany mamoka sy mandrindra avy hatrany ny asa sorany*”⁶²

Sarotra ihany , araka izany ny hahavitana asa soratra mirindra, raha tsy eo ny aingam- panahy.

Tsy mifanipaka velively amin' ireo voalaza ireo ny famaritana nomen' i **IRAKO AMMI**. Ny aingam-panahy, hoy izy, dia : “ *ilay hery mahatonga ny ao anaty (saina, fo, fanahy) hiboiboika eritreritra sy fientanana ka*

⁵⁹ RANOE, *Gazety Ambika*, lah.5, Juin 1938.

⁶⁰ (A) ANDRAINA in (O.M) ANDRIAMBOAHANGY, *Ny haitaria malagasy tarafina ao amin' ny boky Ny rehitra'i Boina nosoratan' i Andry ANDRAINA*, memoire de CAPEN, Tana, 2002, tak. 32.

⁶¹ ILAY, *Tovoizin –tsy ritra*, tak. 46.

⁶² (C) RATSIFANDRIAMANANA, *Hafa Bacc*, lah 1, tak. 50.

manetsika ny famoronana; hery mandalo izay, raha tsy hay ny manararaotra ny fandalovany, dia mety hafoy mandrakizay ny kanto nokasainy haterina⁶³

Mila hararaotina izany ny fandalovan'ny aingam-panahy ao amin' ny mpanoratra satria mety tsy ho tonga intsony izy. Izay tsy fahatongavany izay no tena fahafatesana ho an' ny mpanoratra. Manamafy izany ny voalazan' i **Jean Ireneé RAMIANDRISOA** manao hoe : ” ***Ho an' ny poeta , ny tena atao hoe fahafatesana, dia rehefa tankina ny aingam-panahy***”⁶⁴.

Araka izany, ny aingam-panahy dia ilay hery na fanahy tonga ao amin' ny poeta amin' ny fotoana tiany hahatongavana. Tsy mijanona ela izy fa mandalo ihany, ka mila hararaotina ny fahatongavany. Hery mambabo ny maha olona : saina – vatana- fanahy, mitondra ny kanto hosoratan' ny mpanoratra ho an' ny mpamaky.

Manana ny loharano fanovozany io aingam-panahy io hoy i IRAKO AMMI mba hahatontosa ny asa fanoratana.

2.2.3.2. ny loharanon' ny aingam-panahiny

Tsy tongatonga ho azy ao anatin' ny mpanoratra akory ny aingam-panahy. Noho ny toe- javatra hitany sy niainany ary reny teo anivon' ny fiarahamoniny sy ny manodidina azy, ary teo amin' ny fireneny ireny asa sorany ireny . Teo ihany koa ny fangatahan'ny hafa. Hoy indrindra i **TAINE** momba izany : “ ***Tsy tongatonga ho azy eo amin' ny olombelona na ny hevitra, na ny fientanam-pony, na ny rotsim-panahiny. Voka- javatra avokoa ireny.***”⁶⁵

a- ny zava- misy

Toe- javatra maro no miseho eo anivon' ny fiarahamonina. Ny iainany sy hitany ary reny no anovozan'i IRAKO AMMI aingam-panahy, ka raketiny an- tsoratra. Tsy hafa tokoa mantsy ny literatiora fa karazana fitaterana ny zava- misy ihany. Manamafy izany hevitra izany i **WELLEK**

⁶³ Fanadihadiana natao tamin' ny mpanoratra ny 30.11.10. tao Androntra

⁶⁴ (J. I) RAMIANDRISOA, « La bible source d' inscription poétique » in *Hiratra*, n° 5, STELARIM, Anjerimanontolo, tak. 145.

⁶⁵ TAINE, taterin' i LAGARDE & MICHARD, *XIXè SIECLE*, Collection Lagarde et Michard, Ed Bordas, 1969 : « Tous les sentiments toutes les idées, tous les états de l'âme humaine sont des produits ».

sy **WARREN**: “ *Taratry ny zava- misy ny literatiora, ary tahirin- kevitry ny fiarahamonina* ”⁶⁶

Tsy mba mpanao ambany maso tsy hita , na mpilaza ny fiainany samirery ihany koa ny mpanoratra, hoy i **Randja ZANAMIHOATRA**. Toy izao ny filazany : “ *Inona moa anefa ny poeta sy mpanoratra? Va mitondra ny feon’ ny tenany araka izay iheverany azy tokoa izy? Na oviana na oviana!*”⁶⁷

Araka izany, maro ireo zava- misy no ventesin’ i IRAKO AMMI ao amin’ ny asa sorany. Anisan’ ireny ny fahitany ireo ankizy miteny ratsy izay tena mahaontsa azy tokoa. Hoy indrindra izy :

“ Hitako eny an- dalana eny,

Sy eny an- tokotanibe

Ankizy maro milalao

(...)

Saingy, lalina, rankizy,

Fa misy, tena misy, indrisy,

Ankizikely sahisahy,

Mbola kely dia efa ... dray,

Miteny ratsy variraraka,

Tsy misy tahotra sy henatra!

(V.A. lah. 86)

Tsy izany ihany, nanaitra an’ I IRAKO AMMI ihany koa ny zava- misy teto amin’ ny firenena, koa nanoratra izy noho ny vanim- potoana lalovany.

b- ny vanim- potoana

Raha toy ny mandeha ho azy amin’ ny sarambaben’ ny olona ny toe- javatra miseho amin’ ny firenena , dia manana ambara ny amin’ izany ny mpanoratra, amin’ ny maha olona miavaka azy. Ny mpanoratra mantsy, hoy i **Jean Nalisoa RAVALITERA** dia:

⁶⁶ WELLEK ET WARREN, *La théorie littéraire* , Collection Poétique, Editions du Seuil, Paris, 1971, p. 141 : « La littérature est qu’ un miroir de la vie, une reproduction et donc bien sur, un document social. »

⁶⁷ (R) ZANAMIHOATRA, *Vainafo tononkira*, tak. 12.

*“ Ilay mahita ny tsy hitan’
 Ny sarambaben’ ny olona.
 Ilay miaina ny tsy iainan’
 Ny indray mihira aminy.*

*Ilay maheno ny tsy henon’
 Ny mpisambotra vaovao
 Ilay mandre ny tsy ren’
 Ilay hafa nefa tsy hafa
 (...)*

Ny mpanoratra”⁶⁸

Tsy tokony hohadinoina fa manana izay kendreny hatrany ny poeta amin’ izany. ny hametraka tantara, tsangambaton’ ny fahavelomany, ohatra , araka ny voalazan’ i **Clarisse RATSIFANDRIAMANANA** hoe:

*“ Hametraka ny dian- dratsany amin’ ny androm- pahavelomany
 ny mpanoratra, ka hanamarika izany , ary dia ho mora foana ny
 ahafantarana avy eo amin’ ny asasorany ny vanim- potoana nolalovany
 teto an- tany sy ny zava- nisy tamin’ izany”⁶⁹*

Vao tsy ela akory izay , ny taona 2009, nafana vay teto amin’ ny firenentsika ny raharaha politika . Nisy ny fidinana an- dalambe, niantsoantsoana ny hoe: “ fitiavan- tanindrazana”. Voarakitra ao amin’ ny tononkalony izany:

“Fa raha vao mba mihiratra
 Ny anjara masoandrony,
 Dia tonga indray isika
 Miantsoantso mafy
 “Fitiava-tanindrazana !”
 Mandrava izay voatsangana...”
 (V.A. Lah 82)

⁶⁸ Faribolana SANDRATRA, « IZA », *Ambioka*, lah 01, Janoary 1991, tak.01.

⁶⁹ Taterin’i (L) RAKOTOSON, *Lovako T11*, Edisiona Ambozontany Analamahitsy , Antananarivo, tak.12.

Loharano anovozan'i IRAKO AMMI aingam-panahy , araka izany ny zava- misy eo amin'ny firenena . Ankoatra ireo anefa , teo koa ireo asa soratra novokarin'ny noho ny fangataha'ny hafa.

d- ny fangatahan'ny hafa

Mazàna ny mpanoratra no tsy mahavita tononkalo rehefa misy mangataka famoronana noho ny toe-javatra iray .Tsy mba toy izany i IRAKO AMMI . Saika nahavitany sora-kanto avokoa ireo izay nangataka taminy .

Ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe “ SOAVA DIA MIARAKA AMIN'NY TOMPO” izao, dia teraka noho ny fangatahana fianakaviana iray noho ny fahavitan'ny mariazin-janany :

“ Arahabaina ianareo fa vita soa ny mariazy !

Tapitra eo ny elanelana sy ny samy maka ho azy ,

Fa nakamban'Andriamanitra ho iray tokoa ianareo

Ka izay mety ho ahiahy adinoy fa vita hatreo

(V.A lah 29)

Tsy hadinony mihitsy ny mitondra fananarana sy fanabeazana amin'izany . Ao amin'io asa soratra io ihany , dia hoy izy

(. . .)

“Lalan-davitra no aleha ka etsy hafarana, rankizy :

Raiso tsara, tehirizo, fehezo ho vatsy izato izy:

Samy hafa ny olon-droa izay mikambana hivady

Ka tsy mahagaga akory raha miseho ny adiady;

Saingy , dia tsarovy hatrany ny teny iray nomena izay:

I Kristy no fihavanana, i Kristy no mampiray!”

Tao ihany koa ireo tononkalo noforonony nilaina tamin'ny antsam-panahy nataona antoko mpihira tao amin'ny fiangonana.

Ankoatra ireo moa dia tao ireo asa soratra teraka noho ny fandaharana natao , toy ny tononkalo miisa 71ato amin'ny vondrona ambara; noantsaina tao amin'ny TVM tamin'ny zana-pandaharana “vatsy”⁷⁰

⁷⁰ T.V.M. 2010, « VATSY », zana-pandaharan'ny « tsirik'andro », isa-maraina tamin'ny 6 ora, novokarin'ny SCOOP DIGITAL nandritra ny volana vitsivitsy.

Toy izao moa ny fanamarihana omen'ny mpanoratra momba ireo tononkalo miisa 71 ireo:

“ Ireto tononkalo ireto dia tononkalo niangarana fa nateraka hotoriana teny ambany tafon-trano . Tsy toy ireo tononkalo namany natory tao anaty soratra sy niafina amim-boky ; fa nateraka manokana mba hoentina mamangy ny isambaravarana n maraina vao mifoha.”⁷¹

Ny zava-misy eo amin'ny fiarahamonina ankapobeny, ny vanim-potoana lalovana, ary ny fangatahan'ny hafa ; ireo no loharanon'ny aingampanahin'ny mpanoratra , nentiny nandrafitra ny asa sorany. Noho izany tsy mpanonofy na mpirediredy fotsiny ny mpanoratra . Hainy ny mampifanindran-dalana ireo loharano ireo amin'ny nofiny . Ny fepetra tena maha poeta marina mantsy, hoy i **Jean paul WEBER** , dia **“ny fisian'ny nofy ao amin'ny aingam-panahy”** .⁷²

Tsy ny tononkalo ihany no novokarin'i IRAKO AMMI fa nahavita karazana asa soratra maro izy .

2.3 IRAKO AMMI sy ny asa sorany

Nivelatra be ny fanomezam-pahasoavana azon'i IRAKO AMMI amin'ny maha mpanoratra azy . Tsy vitsy amin'ireo karazana asa soratra no manavanana azy. Mikaroka amin'ny fomba rehetra entiny mampahafantatra izany amin'ny manodidina azy sy ny mpiray firenena aminy mihintsy izy . Andeha ary hojerena ny momba izany.

2.3.1 ankapoben'ny asa soratr'i IRAKO AMMI

Ny fanoratana tononkalo no tena manavanana an'i IRAKO AMMI. Nahavitany betsaka mihitsy izany. Tononkalo 178 no natolony anay ankoatra ireo izay mbola miparitaka any . Ny amboaran-tononkalo navoakany manokana hatreto dia ny *Aza manadino*, ahitana tononkalo miisa 23, ny boky *Saino izany anio* mitahiry ny asa sorany miisa 85.

Nanoratra sombin-tantara 04 sy tantara filalao an-dampihazo 1 ihany koa izy , izay efa navoaka ao amin'io boky *Aza manadino* io.

⁷¹ (I.A) ANDRIAMAHAZOSOA, *Saino izany anio*, “Voha varavarana”, Antananarivo, 2011

⁷² (J.P) WEBER, *La psychologie de l'art*, P.U.F, 1965, p.52 : « La véritable condition d'un vrai poète est ce qu'il y a de plus distinct de l'état de reve. »

Nanoratra tantaran'olo- malaza ihany koa izy , dia ny tantaran-Dramatoa RAVELONJANAHARY tany Manolotrony tamin'ny 1927-1928: “ *Ilay antsivan'ny finoana*”(1979)

Ankoatra ireo , nanoratra boky maro momba ny fanofanana sy tari-dalana samihafa izy: fanofanana biraom-piangonana, tari-dalana momba ny litorjia, tari-dalana momba ny asa fikarohana, sns .

Nanoratra boky , fitaovana ho an'ny fiangonana ihany koa izy dia ny *Konkordansa amin'ny fihirana*. Nanampy izany ny boky fitaizam-panahy samihafa

Izy ihany koa dia nanoratra ny gazety “ *Sakaizan'ny mpitandrina.*”

Raha aravona , betsaka indrindra amin'ny asa soratr'i IRAKO AMMI ny tononkalo. Misy ny efa navoaka ho boky. Teo ihany koa ireo karazana asa soratra hafa sy ireo boky marobe nosoratany izay maneho ny maha mpanabe azy. Hoy mantsy RAVELOJAONA: “*Ny mpanoratra boky dia mpampianatra sy mpitari-dalana, mpampionona sy mpanafana fo.*”⁷³

Nanana ny anarana nisoniavany ireo asa sorany ireo izy.

2.3.2 ny anarana enti-manoratra

Maro ny mpanoratra no mifidy solon'anarana na miafina mihitsy ao ambadiky ny solon'anarana hafa rehefa manoratra. Anisan'ireny , ohatra i Jean verdi Salomon RAZAKANDRAINY izay nisafidy ny anarana hoe DOX, i Georges ANDRIAMANANTENA na i RADO, ary i Justin RAINIZANABOLOLONA niafina tamin'ny hoe JUPITER.

Tsy vitsy ihany koa anefa ireo nampiasa avy hatrany ny tena anarany, toa-dry Clarisse RATSIFANDRIHAMANANA, i Jean Rabenalisoa RAVALITERA, i Emilson Daniel ANDRIAMALALA ... Toy izany ihany koa IRAKO AMMI.

Tsy mba rototra tamin'ny fitadiavana solon'anarana izy. Ny anarana nomen'ny ray aman-dreniny ihany no entiny amin'ny maha mpanoratra azy . Mahafaly azy loatra, ary tiany sy ekeny io anarana io. Efa nanaiky ho irak'Andriamanitra sy ho olon'Andriamanitra izy ka tsy nieritreritra ny hiova intsony . Hoy mantsy i **Solohery**

⁷³ RAVELOJAONA, in *Mpanolo-tsaina*, lah.19, Jolay 1907.

RANARISON hoe:“ *Ny anarana no famantarana ny toetra , ka ny fiovan’arana dia mampiseho fiovan-toetra*”⁷⁴

Araka izany IRAKO na IRAKO AMMI, na ny anarany feno Irako ANDRIAMAHAZOSOA Ammi no nisoniavany ny asa sorany . Tsy dia misy fepetra manao ahoana no nisafidianana na ny fampiasany ny iray amin’ireo. Ny IRAKO AMMI no maro nisoniavany ireo tononkalony hitanay , ka izany no nisafidiananay sy nampiasanay izany ao amin’ity asa fikarohana ity.

.

⁷⁴ (B.D) SOLOHERY RANARISON, « Baiboly loharanon’ny aingam-panahy », in *Hiratra*, S.TE.LA.RI.M , Anjerimanontolo,1987, tak.93

Famintinana ny fizarana voalohany

Hita tato amin'ity fizarana voalohany ity ny famahavahana ny momba ny mpanoratra, dia i IRAKO AMMI amin'ny maha olon-tsotra, olon'ny fiarahamonina, sy i IRAKO AMMI olona miavaka amin'ny maha mpanoratra azy.

Nasongadina tao amin'ny maha olon-tsotra azy ny loharano nipoirany sy ny tanindrazany, ny tokotanim-pahazazany, ny fitohizan'ny fiainany nanomboka teo amin'ny fahatanorany mandraka ankehitriny, ary ny zava-dehibe tsaroany nisongadina teo amin'ny fiainany.

Nobeazina tamin'ny fomba tena kristiana izy, ary notefena ho olom-banona, ho olon'Andriamanitra. Naiditra an-tsekoly izy nanampy izany fanabeazana azy izany. Nahazo mari-pahaizana hoenti-miatrika ny fiainana sy hirotsahana amin'ny sehatry ny asa izy. Nanorin-tokantrano izy, ary nahazo solofo sy dimby efatra mianadahy. Mpitandrina sady mpampianatra ny mpanoratra ankehitriny. Tao anatin'ireny rehetra ireny no nahitana fa olon'Andriamanitra ny mpanoratra, tia sy sahy mandray andraikitra izy ary saika mitana ny andraikitra voalohany hatrany.

Ny famahavahana ny fiainana maha mpanoratra kosa no navoitra tao amin'ny toko faharoa. Hita tamin'izany ny antony nahatonga azy ho mpanoratra, ireo singa mifamatotra amin'ny asa soratra ary ny mpanoratra sy ny asa sorany. Ilaina ny fahafantarana ireo rehetra ireo mba hahafahana miroso amin'ny fanakarana ny vontootin'ny asa sorany.

**FIZARANA FAHAROA :
NY FANABEAZANA HITA
TARATRA AO AMIN'NY
TONONKALON'I
IRAKO AMMI**

Manana anjara toerana eo amin'ny sehatry ny fanabeazana ny literatiora. Natao ho an'ny olon-drehetra izy, saingy misoko mangina izany fanabeazany izany amin'ny maha « VAINAFO » azy araka ny filazan'i Randja Zanamihoatra. Fanampiana ny fanefena ny maha olona mihitsy no anambaran'i **Lila RATSIFANDRIHAMANANA** ny literatiora. Hoy izy: « *Manampy ny tsirairay eo amin'ny fanefeny ny mahaolona azy ny literatiora* »⁷⁵.

Midika izany fa tsy afa-misaraka ny literatiora sy ny fanabeazana. Manamafy izany ny voalazan'i **NOFY** manao hoe : « *Natao handresy lahatra ny vahoaka amin'ny levilevim-piainana mianjady, fitaovan-tserasera atao hanabeazana olom-pirenena vanona [ny literatiora]* »⁷⁶. Taratra amin'izany ny hasarobidin'ny literatiora eo amin'ny fanabeazana.

Anisan'ny miventy ny fanabeazana eo amin'ny asa soratra i **IRAKO AMMI**. Tsy mivatravatra izany kanefa manindrona fo, mampisaintsaina ny zavatra ambarany. Izay fanabeazana hita taratra ao amin'ny asa sorany izay no anompanana ny asa fikarohana, noho izy io sady maro an'isa ao amin'ny asa sorany no mitana toerana lehibe eo amin'ny fiainan'ny olombelona.

Endrika maro no azo anehoana sy anatontosana ny fanabeazana. Miankina amin'ny anjara toerana eo amin'ny fiarahamonina sy ny vanim-potoana misy tamin'ny andron'ny Ntaolo, ohatra, dia teo amin'ny takariva amorom-patana no nifanakalozan-kevitra sy nitondrana fanabeazana ny ankohonana. Ny pôezia, ilay « *hay kanto ambony sady feno* »⁷⁷ kosa no entin'i **IRAKO AMMI** mikalo ny fanabeazana, izay hotrandrahina ato amin'ny fizarana lehibe faharoa, ahitana ireto toka telo ireto :

Toko I : Ny tsara ho fantatra manodidina ny atao hoe fanabeazana

Toko II : Ny fanabeazana momba ny fahaiza-miaina eo amin'ny fiarahamonina

Toko III : Ny fanabeazana ny fanahy.

⁷⁵ (L) RATSIFANDRIHAMANANA, in *Rary Ranto*, 1995, tak 11.

⁷⁶ NOFY, in *Ambioka*, lah 64, 2001, tak 4..

⁷⁷ DECHAMPS, in *Grand Larousse Encyclopédie*, tome 8, Librairie Larousse, Paris, 1963, p 586 : « La poésie, art suprême et complet, peinture qui se meut et musique qui pense »

TOKO I : Ny tsara ho fantatra manodidina ny atao hoe : fanabeazana

Saro-pady ny fanabeazana noho izy miantoka ny ho avin'ny olona iray. Miankina amin'izay fitaizana azony ny toetra sy fiainan'ny isam-batan'olona : « Ny songosongo mantsy tsy mamoa voaloboka », hoy ny fitenenana. Hatrany ampiandohana no efa fantatry ny Malagasy fa « ny hazo no vanon-ko lakana, ny tany naniriany no tsara ». Izany hoe ny fanolokoloana sy fanabeazana tsara ny olona iray no haholom-banona azy. Araka izany, misy ireo tsara ho fantatra manodidina ity resaka fanabeazana ity. Tsy ho voatanisa tsirairay anefa izany, fa ny ankapobeny ihany dia nyfamaritana ny atao hoe fanabeazana, ireo heverina ho mpanabe, ireo sokajin'olona tolorana fanabeazana.

1.1. Famaritana ny atao hoe : fanabeazana

Mifamahofaho be ihany ny fandraisana sy fanazavana arosan'ny olona rehefa mamaritra ny atao hoe fanabeazana izy ireo. Tsara àry raha ifotorana ny famaritana omen'ny rakibolana, arahin'ny hevitr'ireo mpandinika, ary hofaranana amin'ny famaritana nomen'i IRAKO AMMI.

1.1.1. araka ny rakibolana

Nampiasaina avokoa, na rakibolana vahiny na rakibolana malagasy. Voalaza ao amin'ny *Pluridictionnaire* fa : « **Ny fanabeazana dia fampianarana na fampahalalana ny fitsipi-piainana eo amin'ny fiarahamonina, ary koa fampivoarana ny toetra ara-batana, ara-pitondran-tena, ary ara-tsaina, izay mamolavola ny olona iray** »⁷⁸.

Mazava ny maha asa fanoroana izay tsy hay azy ity, dia ilay fitsipi-piainana eo amin'ny fiarahamonina. Mivoitra eto ihany koa ny maha fanatsarana ny toetran'ny olona iray, ny fanabeazana, amin'ny lafiny rehetra, ary indrindra ny maha famolavolana azy.

⁷⁸ *Pluridictionnaire*, Ed. Larousse, Imprimerie Berger, 19, Levraut Nancy, 1977, p 354 : « L'éducation c'est l'enseignement des règles de conduite sociale et formations des facultés physiques, morales, intellectuelles qui président à la formation de la personnalité »

Voalazan-d**RAJEMISA** kosa, ao amin'ny rakibolana malagasy fa : « *Ny fanabeazana dia fanolokoloana ny zaza mba hanomezana azy toetra tsara ka hahatonga azy ho lehibe, ho olom-banona. Zava-tsarotra, ary manomboka eo amin'ny fianakaviana, ny fanabeazana ny zaza* »⁷⁹.

Voafaritra mazava tsara eto ny beazina, dia ny zaza. Misongadina bebe kokoa amin'izany ny tanjona amin'ny fanabeazana, izay tsy inona fa ny hahatonga ny zaza ho lehibe, ho olom-banona .

Araka izany, ny fanabeazana dia asa ataon'ny olon-dehibe ho an'ny zaza mba hahatonga azy ireo ho lehibe ihany koa, ary ny mba haholom-banona azy, hahalala ireo fitsipika mifehy ny fiarahamonina. Fampivoarana ny zaza eo amin'ny lafiny rehetra. Noho izany misy ny hetsika na asa, misy ny beazina, ary misy ny mpanabe.

Ho tohin'izay voalaza, andeha hojerena manaraka ny voalazan'ireo mpandinika.

1.1.2.araka ny mpandinika hafa

Manan-kambara ihany koa ireo mpandinika hafa, manoloana ny atao hoe fanabeazana. I **Fety Michel** dia milaza fa ny fanabeazana dia « *fanalahidimpandrosoana* »⁸⁰. Izany hoe miankina amin'ny fanabeazana ny fahafahana mivoatra mankany amin'ny tsaratsara kokoa. Ny fanabeazana mihitsy no fanalahidy amin'izany, ka ilana fikajiana sy fitandremana fatratra.

I **Emile DURKHEM** indray dia nilaza fa : « *Ny fanabeazana dia asa ataon'ny olon-dehibe amin'ireo izay mbola tsy matotra eo amin'ny fiainana ara-piarahamonina. Ny tena tanjony dia ny hanaitra sy hampitombo ny fomba fisaina, ny hetsika izay takin'ny fiarahamonina hisy azy rahatrizay* »⁸¹.

Ny olon-dehibe izany no manabe. Tsy voafaritra mazava kosa izay beazina. Nofintininy tamin'ny hoe : ireo izay mbola tsy matotra eo amin'ny fiainana : mety ho zaza na tanora na lehibe. Mihasinkasina eto ihany koa ny tanjona kendrena

⁷⁹ (R) **RAJEMISA RAOLISON**, *Ny Rakibolana Malagasy*, op cit, tak 210.

⁸⁰ (M) **FETY**, *Fanabeazana sy fiainam-pirenena*, Imprimerie fanontam-boky malagasy, Antananarivo, 1972, tak 24.

⁸¹ (E) **DURKHEM**, *Education et sociologie*, 4^e édition, PUF, 1980, p 51... « L'éducation est l'action exercée par les générations adultes sur celles qui ne sont pas encore mûres pour la vie sociale. Elle a pour objet de susciter et de développer chez l'enfant un certain nombre d'états physiques, intellectuels et moraux, qui reclament de lui et le milieu auquel il est particulièrement destiné »

amin'izany, dia ny mba hahazoana olona mifanaraka amin'ny fiarahamonina misy na hisy azy.

Izay no hevitra ny mpandinika hafa, ahoana kosa hoy i IRAKO AMMI ?

1.1.3.araka an'i IRAKO AMMI

Mifameno amin'izay voalaza eto ambony, ary somary mivelatra kokoa ny fomba fijerin'i IRAKO AMMI ny atao hoe fanabeazana. Asongadiny amin'izany ny hetsika atao sy ny tanjona amin'ny fanabeazana. Ambarany àry fa : « *famolavolana ny olona hivelatra amin'ny maha olona azy feno, ny fanabeazana* »⁸².

Ny hivelaran'ny olona iray ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy, araka izany no kendrena amin'ny fanabeazana atao. Izany hoe : ny hahatonga ho olom-banona, manana fahamatorana.

Ny atao hoe olom-banona, hoy izy, dia olona mijoro amin'ny heviny sy amin'ny fahamarinana, ary mitana izany hatramin'ny farany ; olona azo itokiana ihany koa no azo ilazana azy. Hoy ny ampahan-tononkalony mitondra ny lohateny hoe : « MAHATOKY » izay hanehoany izany :

(...)

“ Fa ny atao hoe olom-banona,

Dia ny olo-mahatoky

Mahatana izay nekeny,

Tsy mivadibadi-dela,

Tsy miovaova saina

Ho tonga naman'ny mpandainga »

(...)

(V.A lah 88)

Ankoatra izay, ny atao hoe olom-banona ihany koa, hoy izy, dia ireo olona izay mahatsapa ny hasarotry ny fanatanterahana izay nekena fa hatao. Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia olona mahatsapa ny hasarobidin'ny fanekena izay natao. Hoy izy :

⁸² Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 25- 01- 11 tao Androndra.

(...)

« Ny olom-banona, sakaiza

Mahalala marimarina

Fa tsy zava-mora akory

Ny mitana fanekena,

Fa mora lavitra mihitsy

Ny mivadibadi-dela

Ka anaovan-di-doha

Tsy hanefana tsotra izao

Izay nambara fa hatao !

(...)

(V.A lah 94)

Ny fahatsapana ny hasarotry ny fanatanterahana izay nekena anefa indraindray dia mitarika ny olona sasany hivadi-panekena. Raha sendra tratan'ny toe-javatra toy izany àry, ka tena olom-banona tokoa, dia sahy manitsy ny dia, manonitra izay tsy nety natao, ka manatanteraka indray ny fanekena efa nambara. Ao amin'io V.A lah 94 io ihany no ilazany izany :

(...)

Ny olom-banona, sakaiza,

Na mivadika aza anefa,

Sahy manova ny famindra

Ka tsy menatra manonitra

Ny andro lasa nampania

Satria ny « eny » tsy azo ovana

Ka hahodina ho « tsia » ! »

Heverina fa raha tsy olo-matotra, tsy hahatakatra ny lanjan'ny fanekena izay natao. Iombonan'i IRAKO AMMI amin'ireo mpandinika voalaza teo aloha ihany koa moa, fa ny tanjona amin'ny fanabeazana dia ny haha olo-matotra,. Manana ny fomba fijeriny izay fahamatorana izay izy.

Nanehoany izany ny tononkalo mitondra ny lohateny hoe « MBA MATOTRA ». Lazainy amin'izany fa ny olo-matotra dia olona mahatsapa tena amin'ny andraikitra izay miandry azy, fa tsy mila mpaniraka na olon-kafa mibaiko intsony. Olona ihany koa tsy be fanjana na mpiala andraikitra:

« Ny mariky ny fahamatorana
 Rehefa tena hoe fotorana ?
 -Tsy miandry baiko lava izao
 Fa mahalala izay atao.
 Sanatria izay hifanjana,
 Na fetsifetsy be fialana ;
 Fa manefa izay anjara
 Amin'ny fomba tena tsara ! »

(...)

(V.A lah 24).

Raha tsorina dia olona manatanteraka ny adidy aman'andraikitra amin-kitsim-po sy araka ny tokony ho izy no lazain'i IRAKO AMMI hoe olo-matotra. Tsy ampy anefa izany hoy ihany izy, fa ny olo-matotra dia olona mahalala izay mahaso sy mahamety ny fiainany. Olona tsy miahotra fa miroso sy manefa ny raharaha hita fa ilaina. Araka izany, ny olo-matotra, hoy izy, dia olona :

(...)

«-Mahay misaina ho an'ny tena
 fa tsy miandry fanerena
 rah' misy hita fa ilaina
 dia irosoana sy efaina »

(V.A lah.24)

Raha atao indray milaza, ny atao hoe fanabeazana dia famolavolana ny olona iray na maromaro ho tonga olom-banona, matotra. Tokony hahasahana ny ara-batana, ny ara-tsaina ary ny ara-panahy izany. Hetsika sy asa ny fanabeazana, noho izany, dia misy ny mpanao ny hetsika dia ireo mpanabe.

Iza avy kosa àry ny mety ho mpanabe ?

1.2. Ireo heverina ho mpanabe

Mizara ho sokajy samihafa ny fiarahamonina, fa tsy bolongany iray tsy mivaky tsy akory ; noho izany, samy miezaka ny isam-batan'olona na ny vondron'olona, mampitovitovy ny fomba fijeriny amin'ny mpiray dia aminy, amin'ny alalan'ny fanabeazana. Eo ny fandraisana anjaran'ny ray aman-dreny. Tsy ampy anefa izany, fa eo koa ny fanabeazana atolotry ny sekoly. Mameno ireo ny avy amin'ny firahamonina, ny fiangonana, ary ny haino aman-jery.

1.2.1.ny ray aman-dreny

Re matetika ny hoe : « mba zanak'iza loatra iny ? », amin'ireo izay manao toetra tsy mendrika eo amin'ny fiarahamonina. Mba hialana amin'izany indrindra, ary mba haha olom-banona ny zanany no ikirizan'ny ray aman-dreny amin'ny fanabeazana ny zanany araka ny tokony ho izy, sy izay heverina fa mety hahasoa ny taranany. Izy ireo tokoa no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fikolokoloana ny ankohonany. Hoy i IRAKO AMMI maneho izany :

« Ry ray sy reny izay nitaiza

Sy nilofo nanabe

Mba hananana taranaka

Vanona sy reharena,

Ka mananatra, niteny,

Nanambitamby, nanafay »

(...)

(V.A lah.78)

Milaza i ROUSSEAU fa : « *tsy hoe mba hifampieritreretany andaniny sy ny ankilany fotsiny no ivadiana fa natao hanatontosa ny adidy aman'andraikitra napetraky ny fiarahamonina taminy, hiara-mitantana amim-pahamalinana ny tokantrano, ary hanabe araka izay tokony ho izy ny taranaka* »⁸³. Araka izany, adidy tokony hataon'ny ray aman-dreny ny fitaizana ny zanany.

⁸³ Taterin'i GUVILLIER, *Textes choisis des auteurs philosophiques*, Armand colin, Paris, 1984, « On ne s'épouse point pour penser uniquement l'un à l'autre, mais pour remplir les devoirs de la vie civile, gouverner prudemment la maison et bien élever ses enfants ».

Miara-mitaiza ny ray aman-dreny, saingy manan-tombo kokoa ny andraikitry ny reny, amin'ny fanabeazana ny zanany hoy ny mpanoratra. Hatrany am-bohoka mantsy no efa manomboka izany fanabeazana izany, amin'ny alalan'ny fanomezana ny ainy ho an'ny zaza ao an-kibony. « *Loharanom-pitahiana* » mihitsy moa no ilazan'ny mpanoratra ny reny, noho izany fiahiana tsy manam-paharoa azon'ny zaza ao am-bohoka avy aminy izany. Hany ka niarahaba ny Neny izy :

« Arahabaina ianao, ry Neny,
fa loharanom-pitahiana
ho an'ny hafa hatrany ianao:
hatrany am-bohoka ny zaza
no efa mianoka tanteraka
amin'ny aina atolotrao
isan'andro, tsisy fetra,
sady feno fifaliana,
no voaaro lalandava,
no voafahana tsy miato ! »

(...)

(V.A lah. 33)

Tsy hisy hafaliana ho an'ny reny, ny fahavitany ny adidiny sy ny andraikiny any ivelan'ny tokantranony raha toa ka tsy voataizany ho olom-banona ny zanany. Tsapan'i IRAKO AMMI izany, ka hoy izy :

« Ho inon'izy ireny moa ny asa ivelany voakendry
raha ny zanany ao an-trano tsy olom-banona, olon-kendry ? »

(...)

(V.A lah 2)

Tsy latsa-danja amin'izany koa anefa ny andraikitra raisin'ny ray, amin'ny fanabeazana ara-batana sy ara-pitondran-tena ny zanany. « Hafakely » mihitsy, ary tsy sasatra ny mandany ny heriny mba hamelomany ny zanany ny ray. Tsapan'i IRAKO AMMI izany hasarobidin'ny fitsinjovan'ny ray ny zanany, sy ny fanabeazana natolony izany, ka hoy izy :

« Dada ô, hoy ny antso
badabadanay ankizy,
dada tena hafakely
mafy be sy miasa mafy,

dada azony ihantana,
 amin'ny zavatra ilaina,
 Dada afaka miaro
 rehefa misy ny manjo,
 Dada indraindray masiaka,
 sy mikapoka tokoa :
 nefa dada be fitia
 mikarakara anay hatrany
 Arahabaina ianao ry Dada ;
 fa maminay ny anatrao
 ny tsorakazo, tsy maninona,
 fa hahasoa anay ankizy !

(...)

(V.A. lah 34)

« *Tsy hisy tokoa ray aman-dreny hanolo-bato mafana ny zanany* », hoy ny fitenenana. Matoa miteny izy ireny, mikapoka aza indraindray, dia ny hahasoa sy haha-olom-banona ny zanany hatrany no tanjony. Tsaroan'i IRAKO AMMI ny fahasambarany noho ny fananany ray aman-dreny izay niotazany soa tokoa. Toy izao ny vetsovetsony ao amin'ilay asa soratra hoe : « 80 taona i Dada » :

(...)

« Tena sambatra izahay manana anareo sy Mama
 Mampahery sy manoro amin'ny lalana ombana,
 Mitroto am-bavaka isan'andro sy miteny tsy misoron
 Hahatananay hatrany ny maha taranaka mpisorona »

(...)

(V.A lah 26)

Noho izany, adidy sarotra sahanin'ny ray aman-dreny amin'ny fanabeazana ny zanany izany, dia manao izao tolo-kevitra izao ho an'ny ray aman-dreny ny mpanoratra :

« Ry ray aman-dreny niteraka,
 (...)
 Diso fitaiza ny ankizy,
 Mampihanta azy ireo tafahoatra,
 Tsarovinareo lalandava

Fa ny olona kenakenaina
 Olona tsy azo antenina
 (...)

Fa taranaka tiana ho vanona ?
 -Tenenina raha lasa mivaona,
 Ahitsy raha toa mibirioka,
 Apody raha lasa mania,
 Faizina raha toa maditra,
 Tsy hanara-po amin'ny ratsy
 Efa hita fa hamarina an-kady »

(V.A lah 65)

Ireny asa soratra ireny no sahanin'ny ray aman-dreny, amin'ny fampivelarana ny zanany. Mibahan-toerana kokoa ny fanabeazana ara-batana sy ara-pitondran-tena ao an-tokantrano. Ireo ray aman-dreny ireo ihany moa no mandefa ny zanany any an-tsekoly sy any am-piangonana, mba hivelarany ara-tsaina sy ara-panahy.

Noho izany, tsy vitany irery ny manabe ny ankohonany. Manampy azy ny mpampianatra.

1.2.2.ny mpampianatra

Raha vao miresaka ny hoe fanabeazana, dia tonga ao an-tsaina avy hatrany ny hoe fampianarana. Tsy afa-misaraka ireo. Maneho izany, ohatra, ny maha iray ny ministeran'ny fampianarana sy ny fanabeazana fototra teo aloha. Voalaza mihitsy aza moa fa : « *...tsy misy fanabeazana ho tanteraka raha tsy miaraka amin'ny fampianarana, ary tsy misy fampianarana mahomby raha tsy miaraka amin'ny fanabeazana* »⁸⁴.

Mifampiankina tanteraka, ary mifanindran-dalana araka izany, ny fampianarana sy ny fanabeazana. Noho izany dia manana andraikitra eo amin'ny fanabeazana ny mpampianatra, izay antsoina matetika hoe : mpanabe.

Tsy vitsy tokoa ireo ray aman-dreny , no mandefa ny zanany any an-tsekoly, raha vao feno enin-taona ny zaza. Misy aza moa, vao roa taona sy tapany monja dia efa alefa any amin'ireny toeram-pitaizana zaza na « creche » ireny, toy izay fahita eto an-drenivohitra. Saika ny androatokon'ny andron'ny mpianatra dia laniny any an-

⁸⁴ Ny FFKM sy ny tale nasionalin'ny sekolim-pinoana efatra tonta eto amin'ny firenena, fehin-kevitra momba ny fampianarana sy fanabeazana, trano printy, FOFIPA, Antananarivo, 1983, tak 12.

tsekoly avokoa. Ny mpampianatra izany no mifanerasera betsaka amin'izy ireny. Tsy ny fampitam-pahaizana amam-pahalalana ihany no andraikiny, fa ny fanabeazana ireo mpianatra, indrindra ny ara-batana sy ara-tsaina, miampy ny ara-panahy, ho an'ireo sekolim-pinoana. Mila fitiavana sy fandavan-tena lehibe izany asan'ny mpampianatra izany, satria ny zana-bahoaka iray kilasy no beazina.

Tao amin'io tari-dalana sy fehin-kevitra momba ny fampianarana sy fanabeazana naroson'ny FFKM io ihany moa, dia misy mihitsy fepetra momba ny karazan'olona ilaina amin'ny fampianarana sy fanabeazana. Ny mpampianatra dia tokony ho : « ***olom-banona, mandala sy miaina araka ny « fanahy malagasy ». matahotra an'Andriamanitra, mandala fihavanana, ny hitsiny, ny rariny ary indrindra ny fahamarinana sy ny fahendrena*** »⁸⁵

Tsy mahagaga raha toa ka toy izany no toetra takina amin'ny mpampianatra. Izy ireo mantsy no fitaratra sy môdely ho an'ny mpianany, ka azo antoka fa hisy fiantraikany any amin'ny mpianany ny toetra ananany. Manantitra izany i IRAKO AMMI, ka milaza hoe :

« Mpanabe ianao, sakaiza, ka malina
Fa ny toetranao, na tiana na tsy tiana
hiasa miafina hanamarika mangina
ireo mpianatrao, na tsy niniana... »

(...)

(V.A lah 13)

Antoka iray mahatonga ny mpianatra ho lasa lavitra amin'ny fianarany ihany koa ny mpampianatra. Ilaina araka izany, ny hananany fahalalana marobe hatolotra ny mpianatra.

Tsy tokony hionona fotsiny amin'ny fahalalana izay efa ananany ny mpampianatra, hoy ny mpanoratra, fa mila mivelatra ary mampitombo izany hatrany, mba hahatafitra ny mpianatra :

(...)

« Mpanabe ianao, sakaiza, ka mahaiza
Fa ny saina anananao no he mitaiza
Raha ianao no tsy mivelatra mankaiza
ny mpianatrao heverinao ho lasa hatraiza ? »

⁸⁵ Jereo natoty 84, p 29.

(...)

(V.A. lah 13)

Mpampianatra, mpanabe ny mpanoratra. Tsapany fa tsy mora izany andraikitry ny mpanabe izany. Tokony hahery anefa, hoy izy, na dia mafy aza ny asa, satria vokatra mateza no hojinjaina. Ny fianarana tokoa mantsy no lova tsara indrindra, ka hoy izy amin'ireo mpampianatra toa azy :

(...)

« Mpanabe ianao, sakaiza, mahereza !

Mafy ny asanao kanefa dia meteza,

Ny vokatrao tsy maintsy vokatra mateza !

(...)

(V.A lah 13)

Kristiana ny mpanoratra. Ny zavatra rehetra izay atao, aminy, dia ilana ny finoana an'i Jesoa Kristy avokoa. Tsy tokony hiady irery, araka izany, indrindra rehefa mafy izay atrehina, fa hanaiky an'i Jesoa ho Tompo sy mpamonjy. Izany no anentanany ireo mpanabe namany rehetra, ka ilazany hoe :

(...)

« Mpanabe ianao, sakaiza ka minoa

Aza miasa irery ianao fa io Jesoa,

Raiso ho Tompo sy Mpamonjy anao koa ! »

(...)

(V.A lah 13)

Hita fa mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny sehatry ny fanabeazana ny mpampianatra. Tsy mora izany asany izany, ary tsy ho vitany irery, hoy ny mpanoratra. Koa ny fiaraha-miasa amin'i Jesoa Kristy ihany, araka izany no hahatanteraka izany an-tsakany sy an-davany.

Manampy ny ray aman-dreny sy ny mpampianatra amin'ny fanabeazana ihany koa ny fiarahamonina.

1.2.3.ny fiarahamonina

« *Tsy misy olombelona mitoka-monina eto ambonin'ny tany fa tsy maintsy miara-miaina eo anivon'ny ankohonana sy ny fiaraha-monina* »⁸⁶. Midika izany fa tsy ny ao an-tokantrano ihany, na ny any am-pianarana ihany no manabe, fa ny fiarahamonina ihany koa. Ny tao-trano marina tsy efan'ny irery, ary ny fanabeazna tsy vitan'ny olona iray, amin'ny maha zava-tsarotra azy ity ; manampy amin'izany ny fiarahamonina.

Eny anivon'ny fiarahamonina eny, amin'ny maha olon'ny fiarahamonina ny mpanoratra, dia fantany fa tsy ilaozan'izay olona sahy mananatra. Mety ho namana akaiky izany, mety ho mpifanolo-bodirindrina amin'ny tena, ary mety ho olona sendra mifanena fotsiny aza. Ny azo antoka aloha, dia tia anao izay anarina ireny olona ireny, matoa manoro. Hoy i IRAKO AMMI maneho izany ao amin'ilay tononkalo mitondra ny lohateny hoe « Anatra » :

« Raha toa ka miteny ny olona tia ;
tia ka mananatra fa tsy mangina ;
Mangina hijery ny arina an-tava,
Tava hisehoanao amin'ny hafa,
Ny hafa izay mety hihomehy na haneso,
Haneso, hifosa, fa tsy mba hanitsy,
Hanitsy, ny fiainanao ho amin'ny tsara »

(...)

(V.A lah 63)

Tsy fanebahana be fahatany, na fanakianana fotsiny akory no ataon'ireny olona ireny, hoy ny mpanoratra. Ny fahitany ny tsy mety ataonao, ny fanavotany ny olona iray tsy ho latsaka an-davaka, no tanjony amin'izany. Tsy izy no hahazo tombon-tsoa voalohany fa ianao izay anariny. Olona tsara izy ireny, hoy ihany i IRAKO AMMI.

(...)

« Tsara, sakaiza, ilay tia izay nananatra,
Nananatra anao e, fa te-hanan-tsoa,
Soa tsy ho azy fa tena ho anao,
Ho anao io izay hitany fa mibirioka,
Birioka hitarika anao any an-kady,

⁸⁶ *Rakibolana ho an'ny ankizy sy tanora 8 taona no ho miakatra*, Edisiona Idac et Zébu Francophone, TPFLM, 2009, tak 661.

Hady handratra sy mety hahafaty,
Fatiantoka tiany hiarovany anao »

(...)

(V.A lah 63)

Matetika tokoa mantsy isika no mihevitra ny tenantsika ho hendry, ka tsy mandray izay fananarana ataon'ny hafa. Tsy mety izany, hoy ny mpanoratra. Mila henoina izy ireny :

« Henoy ihany izay miteny
F'aza mihevi-tena ho hendry
Raha misy manam-pahasahiana
Hiteny anao an-kitsim-po ».

(...)

(V.A lah 95)

Tsy tokony hodianana tsy re izay miteny. Fisaorana no tokony hasetry azy ireny. Foto-pisainana tena malagasy sy tena Kristiana tokoa izany. Ny Soratra Masina aza dia milaza mihitsy fa : « **Misaora izay manenjika anareo** »⁸⁷, mainka moa fa ny olona hitondra soa ? Tolory fisaorana izy ireny, hoy ny mpanoratra :

« Koa rehefa misy sahy miteny
Dia fisaorana no atao
Fa nanatitra ny soa
Hahatsara anao izy
Na ahoana na ahoana ! »

(...)

(V.A lah 95)

Tsy voatery ho olona mivantana toy izany anefa no mananatra sy manefy ny olona iray, hoy i IRAKO AMMI. Mety ho ny fiainana sy izay zava-misy mifamahofaho eo aminy no mitondra lesona hanabeazana ny olona. Amin'ny faharesena, ohatra, dia matetika no milofika raolombelona . Tsy tokony ho kivy anefa, hoy ny mpanoratra. Iny faharesena iny aza no tokony horaisina ho « SEKOLY » hanovozana fianarana, hivoarana amin'ny fiainana. Anteriny izany ao amin'ny tononkalo hoe « SEKOLY »:

⁸⁷ Ny Baiboly : Rom 12 : 14.

(...)

« Ny faharesena omaly ?
 Raiso fotsiny ho sekoly
 Hanovozanao fianarana,
 Hanaovam-piaingana indray,
 Hitafy fahendrena vao,
 Sy fahalalana hoenti-miaina
 Tsara noho ny hatramin'izay ! ».

(V.A lah 49)

Manana izay fahambonian-pijery izay hatrany ny mpanoratra. Ny fisedrana sy ny zava-tsarotra toa mafy nahazo teo aloha, dia tsy raisina ho sakana amin'ny fiatrehana ny fiainana. Ilaina ireny hoy ny mpanoratra mba hanefy ny olona, ary ireny indrindra aza no tokony hisaintsainana, raisina ho anatra hiatrehana ny anio. Toy izao ny filazany izany :

(...)

« Tsarovy fa ilaina
 ny sedra sy ny mafy
 mba hanefena anao.
 Ataovy loharano
 anovozan-tsaina
 izay nahavao omaly »

(...)

(V.A lah 16).

Hita tokoa fa mitondra ny anjara biriky amin'ny fanabeazana ny fiarahamonina ; na ny olona ao aminy na ireo zava-miseho ihany koa. Mampiavaka an'i IRAKO AMMI ny fananany fomba fijery miabo, ka na ny tsy fahombiazana aza, aminy, dia azo atao tsara ny mamadika izany ho tohatra fiakarana. Raha tsorina, mpanabe ny fiarahamonina sy ny zava-mifamahofaho ao aminy.

Ankoatra ny voalaza, mpanabe ihany koa ny fiangonana.

1.2.4.ny fiangonana

Tsy ilay trano namboarina manokana mba hivavahana sy hivoriana akory no fiangonana ambara eto, fa ny fitambaran'ny mpino ao aminy. Fantatsika loatra, fa ny fiangonana dia misahana bebe kokoa ny fanabeazana ara-panahy. Ny ankamaroan'ny ray aman-dreny no mandefa ny zanany any am-piangonana, ka mampiditra azy ireny ao amin'ny Sekoly Alahady sy ny Katesizy, sns, raha vao mahay miteny tsara ny zaza. Fianarana ny tenin'Andriamanitra sy ny Soratra Masina moa no atao amin'izany, izay hita fa manefy ny haha olom-banona tokoa. Tsy mijanona amin'izany anefa fa eo ihany koa ireo fikambanana maro samihafa ao amin'ny fiangonana, sahaza ny sokajin-taona rehetra. Tena manabe ireny, hoy i IRAKO AMMI ary izy aza dia sahy mijoro ho vavolombelona mihitsy fa nanefy azy tokoa ny fidirany tao amin'ny sampana ka nisahanany adidy maro. Hoy izy:

(...)

*“Ireo adidy maro loha teo anivon'ny fiangonana
nentinao nanefy ahy mba hitafy fahavononana!”*

(...)

(V.A lah 06)

Araka izany, tokony hahery hatrany ny fiangonana, hahafahany miatrika ny asa efa napetraky ny Tompo taminy. Mila mijoro amin'ny maha izy azy ny fiangonana, amin'ny maha mpanabe azy. Hoy ny mpanoratra:

(...)

*“Andao ary, ry fiangonana, misikina ka meteza
hitafy herim-po vaovao! Mitsangana! Mahereza!”*

(...)

(V.A lah 15)

Raha tsy mahery tokoa mantsy ny fiangonana, dia tsy ho afaka hanatanteraka ilay baikon'I Jesoa Kristy manao hoe : « **Mandehana any amin'izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra** »⁸⁸.

Ny fiangonana ihany koa, dia mitaiza ny olona mba hanana ilay fanantenana vaovao, miorim-paka ao amin'i Jesoa Kristy. Mila porofoina amin'ny finoana azy

⁸⁸ Ny Baiboly, Marka 16 : 15.

izany, hoy i IRAKO AMMI. Toy izao no nambarany tamin'ny fiangonana Ambohimalaza :

(...)

« Porofoy indray anio : ny finoana anatinao,
Mifahara amin'Izy Tompo, Izy Tompo tsy mandao
Tsy mamela anao ho irery na kamboty velively.

(...)

Ny ho avy izay kendreny hitondrana anao indray
Dia tsara noho ny omalinao, eo an-tanan'Izy Ray ! »

(...)

(V.A lah 15)

Raha fintinina, ny fanabeazan'ny fiangonana dia izay misahana ny ara-panahy no lehibe indrindra. Koa raha ny fanahy no voakolokolo tsara araka ny tokony ho izy, ho olom-banona ny rehetra, hilamina ny fiaraha-monina ka na ny « tain'omby mivadika aza, inoana fa tsy hisy mpaka ». Raha tsy izany kosa, hitombo hatrany ny haratsian-toetran'ny zanak'olombelona.

Miroborobo ny haino aman-jery amin'izao fotoana izao. Anisan'ny mitondra fanabeazana ihany koa ireny, hoy i IRAKO AMMI.

1.2.5.ny haino aman-jery

Mitobaka ankehitriny ny boky fanabeazana maro samihafa. Re matetika ihany koa ny hoe : « *seminera lehibe hanasana antsika rehetra* ». Ny seha-panofanana isan-karazany moa tsy lazaina intsony, fa maniry toy ny anana, hoy ny fitenenana. Ankoatra izay, mihamaro ireo « cybercafé ». Mifaninana mihitsy izy ireny mampidina ny sandan'ny fampiasana ny « aterina eto », hisarihana ireo mpanjifa. Etsy ankilany, ny Baiboly izay boky mirakitra fahendrena tokoa, dia misy mividy sy mamaky hatrany. Manginy fotsiny hoy ny mpanoratra, ny toriteny sy ny fampianarana re isaka Alahady. Ireny rehetra ireny dia mitondra fahalalana, ary manampy ny tsara efa fantatra, hoy i IRAKO AMMI.

Tsy ny tsara entin'izy ireny, nameno ny ati-doha akory no inona, fa ny fiainana izay tsara nentiny, izay, hoy ihany izy. Izany hoe : tsy angonina fotsiny hameno ny loha, na atao toy ny fandania andro fotsiny ny fitadiavana ireny tsara ireny, fa mila iainana mihitsy. Tononkalo iray mafonja no namintinan'i IRAKO AMMI izany, nampitondrainy ny lohateny hoe : « AMPIHARO »

« Tsy ny tsara fantatrao
 Notovozina amim-boky,
 Na nokarohina nitety
 Tamin'ieo « aterina eto »
 Na ny seminera fatratra
 Novonjena hatraiza hatraiza,
 Na ireo seham-panofanana
 Na ireo toeram-panomanana
 Nanaraham-pampianarana
 Marobe sy avo lenta...
 Tsy ny tsara fantatrao
 Tao anaty Baiboly
 Na tamin-toriteny re
 Mihitsimihitsy akory aza
 No tena zava-dehibe;
 Fa ny tsara iainanao
 Satria noraisinao ho marina
 Ka nekena hampiharina
 Handraisam-piovam-piainana.
 Fa ny maha ianao anao :
 Tsy ny fahalalana ananana
 Sy fahaiza-norantovina
 Fa ny maha ianao anao
 Ts'izay mameno ny ao an-doha
 Fa 'zay iainana tokoa !

(V.A lah 97)

Ny lafy tsarany hatrany no trandrahin'i IRAKO AMMI amin'ireny haino aman-jery ireny. Marobe mantsy no ambaran'izy ireny, ka ilana fahamalinana tokoa. Samy mandray izay tandrifiny ny tsirairay, ary mila miaina ny tsara notovozina tamin'izy ireny, manaiky hobeaziny.

Hita amin'izany fa sarotra ny fanabeazana. Tsy vitan'ny olona iray ny manabe. Ny ray aman-dreny no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanabeazana. Manampy azy ireo ny mpampianatra, izay mifanerasera betsaka amin'ny mpianatra. Manatevina izany, ary manabe ihany koa ny fiarahamonina, ny fiangonana, ary ny haino aman-

jery. Ny hahazoana olom-banona hatrany moa no tanjona amin'izany, olom-banona mivelatra amin'ny lafiny rehetra : ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy.

Raha ireo ary no heverina ho mpanabe, izay avy kosa no mila fanabeazana ?

1.3. Ireo sokajin'olona tolorana fanabeazana

Ny fanolokoloana ny fiarahamonina dia mifototra indrindra amin'ny mponina eo aminy. Ny firenena no vanona, ny mponina ao aminy no manam-pahendrena amam-panahy handalàna. Noho izany, mila beazina ny olona rehetra ao anaty fiarahamonina : ny zaza sy ny ankizy, ny tanora ary ny lehibe.

1.3.1.ny zaza sy ny ankizy

Araka ny efa nambara tany amin'ny fizarana voalohany, dia vanim-potoana tsy maintsy lalovan'ny rehetra ny fahazazana. Ilaina fanolokoloana tanteraka izy ireo amin'io fotoana izany « **taona fiforonan-toetra** » io⁸⁹. Taona izay heverina fa mahamora ny fanabeazana indrindra.

Ny ankamaroan'ny ankizy dia mpianatra avokoa. Amin'ny andavan'andro izy ireo dia sahirana amin'ny fianarana : mandeha mianatra, manao ny enti-mody, miana-desona. Noho izany, tsy manana fotoana ahafahana manampy ny reny amin'ny fikarakarana ny ao an-tokantrano. Soa anefa fa misy ny fialan-tsasatra, hoy ny mpanoratra. Fotoana sarobidy hahafahana mandray anjara amin'ny raharaha fanao ao an-tokantrano ny « *vakansy* » hoy izy. Tsy tokony holaniana amin'ny kilalao fotsiny, araka izany ny fotoam-pialan-tsasatra fa hizàrana sahady mandray andraikitra, hiatrehana ny ho avy. Hoy ny fanabeazany ny ankizy :

« RANKIZY »

(...)

« Nifarana ny taom-pianarana,

Dia vakansy izao ny andro,

Hiala voly ianareo, hilalao ka hilalao...

Dia tsarovy fa fotoana

Sarobidy ny vakansy

Hahafahana manampy an'i Neny tianareo »

(...)

⁸⁹ Jereo naoty lah 17.

(V.A lah 92)

« *Olombelona miara-miaina amin'ny olona mpiray tanindrazana aminy ny mpanoratra* »⁹⁰. Azo lazaina fa mahita ny fahasahiranana'ny reny ao an-tokantrano izy. Izy rahateo efa raim-pianakaviana.

Tena sahirana amin'ny fikarakarana ny ankehonany tokoa ny reny, hoy i IRAKO AMMI, mandritra ny taom-pianarana. Koa rehefa tonga ny vakansy, mila manampy am-pifaliana sy am-pitiavana ny reny ny ankizy. Mankato sy mihaino ary manatanteraka izay ampianaovina azy. Izany no hafatra atolotry ny mpanoratra ho an'ny ankizy :

(…)

« Dia vakansy izao ny andro !

(…)

Koa fadio ny be marenina

Rehefa antsoina na irahina !

Aza avela ho tata-bava

I neny tiana raha miteny

Fa ampio am-pifaliana

Sy fitiavana tokoa ! »

(V.A lah 92)

Tsy eo amin'ny fampandraisana anjara, amin'ny raharaha fanao ao antokantrano ihany akory, no anabeazan'i IRAKO AMMI ny zaza sy ny ankizy. Mitaiza azy ireo hanao ny tsara hatrany izy. Ny tsara izay tsy inona fa : « *...Ny toetra ara-pitondran-tena, tsy misy hokianina* »⁹¹. Mba hananany izay toetra tsy misy hokianina izay dia manabe ny ankizy araka izao teniny izao i IRAKO AMMI :

(…)

« Rankizy ô, tsarovy izao :

Rehefa ratsy izay dia ratsy ;

Rehefa ratsy dia ialao,

Rehefa ratsy dia fadio

Fa hadalana tsotra izao ! »

(V.A lah 93)

⁹⁰ (Ch) RAVOAJANAHARY, « Ny literatiora malagasy », *Fanasina*, lah 15, 1968.

⁹¹ (R) RAJEMISA RAOLISON, *Ny Rakibolana Malagasy*, op cit, tak 977.

Araka izany, beazina ny ankizy hahay hifanampy amin'ny raharaha fanao ao an-tokantrano. Hitsinjovana ny ho aviny, hahafahany miatrika ireo adidy aman'andraikitra hosahaniny any aoriana izany. Izy ireo mantsy no ho avin'ny firenena. Eo ihany koa ny fananarana azy ireo tsy hilomano amin'ny faharatsiana, fa handositra izany im-pito mandifotra olona, raha azo atao.

Tsy mijanona ho zaza sy ankizy eny foana akory ny olombelona. Rehefa mandroso ny andro, mitombo ihany koa ny taona. Ny ankizy mihatanora; beazina ihany koa izy ireo.

1.3.2.ny tanora

Raha misy resaka momba ny tanora, dia mby ao an-tsaina mazàna ny amin'ny fitiavan'olon-droa. Midika izany fa fotoana mampahery vaika ilay hery tsy hita, nefa manintona ny olona roa, lehilahy sy vehivavy, hifanatona ho amin'ny : « ***fiarahan'ny fanahy roa mihira ny tsantan'ny mandrakizay, dia ny fitiavana*** »⁹² ny fotoam-pahatanorana. Manoloana izany indrindra, dia mitondra teny ho an'ny tanora i IRAKO AMMI. Tsapany mantsy fa ny fototry ny olana, dia ny fiheveran'ny ankamaroan'ny tanora ny fitiavana ho toy ny fialam-boly, izay tsy misy tanjona mazava tsara, hany ka « *voa vao mihilana* » hoy ny fitenenana. Na koa heveriny ho fialokalofana amin'ny hasarotry ny fiainana, ka izay ahitana tombon-tsoa, dia hisarangotana avokoa. Tsy mety izany, ary tena toetra ratsy tokoa. Izany no nahatonga azy hananatra ny tanora ka nilazany hoe :

« Toetra ratsy, anaka,
Ny toetra miovaova
Tsy mahatombin-tsiraka,
Ka anio, atsy, rahampitso, aroa,
Dia mankery indray...
Mifindrafindra lava
Tsy manana iorenana »

(...)

(V.A lah 100)

Maro ihany koa ny tanora no sodokan'ny rendrarendra sy izay lazainy fa fandrosoana. Tokony hamakafaka tsara anefa ny tanora alohan'ny hanatanterahana

⁹² (E.D) ANDRIAMALALA, *Antso*, Librairie Mixte, Antananarivo, 1972, tak 37.

zavatra iray. Ny mpanoratra moa dia mandrasa mihitsy ny mba tsy haharoboka ny tanora amin'ireny karazan-drendrarendra ireny, araka izao manaraka izao :

« Aza resin-drendrarendra

Sy variana milalao

Ka hanadino ireo adidy

Izay nankinina aminao ! »

(...)

(V.A lah 86)

Voalazany eto fa rehefa resin'ny rendrarendra ny tanora, dia tsy hahavita ny adidy napetraka hotontosainy. Variana mihanoka fotsiny amin'ny fahafinaretana mandalo aterak'izy ireny mantsy ny tanora. Tafiditra amin'ny atao hoe rendrarendra, moa ny fakan-tahaka be fahatany ny zava-baovao. Ny voka-dratsin'izany indrindra no anisan'ny nasongadin'i **Mischel ANDRIANJAFY** ao amin'ny lahatsorany. « **Revo tamin'ny fianarana ny dihy ny mponin'AMBOHIJAFY, ary tsy io ihany no nampidirin'Ingahy DUBOSC fa ny zava-pisotro, ny sigara, ... Vokany, nifamototra ny zanaky ny mpirahavavy izay tena zava-mahafady teo amin'ny Malagasy** »⁹³. Santionany ihany izany, fa mety ho hafa ihany koa ny endrika isehoan'izay voka-dratsin'ny firobohana amin'ny rendrarendra izay. Fintinin'i IRAKO AMMI amin'ny hoe :

(...)

« Fa ny fifalia-mandalo

Sy mamily dia anao,

Hijinjanao fanenenana

Zary handatsana anao... » (...)

(V.A lah 86)

Mila mandresy ireny « fakam-panahy » ireny ny tanora. Tsy vitan'ny herin'ny tena anefa izany. Amin'ny maha Mpitandrina ny mpanoratra, dia ny « fihainoana ny antson'ny fanahy » no hany lalana handresena ireny rendrarendra tsy mahasoana ireny. Hoy izy :

(...)

« Koa misikina ianao anio,

Reseo fotsiny amin'izao !

⁹³ (M) ANDRIANJAFY, *Orimbaton'ny fiadanana*, Grand prix littéraire, 1987, tak 15- 29

Henoy ny antson'ny fanahy
 Toy ny bitsika mangina
 Tsy manao an-terisetra,
 Nefa mahababo fo ».

(...)

(V.A lah 86)

Ny tanora ihany koa dia manana faniriana te ho afaka. Matetika izy ireo no mihevitra fa voafehy loatra amin'ny fitondran'ireo ray aman-dreny azy. Hoy ihany ny mpanoratra:

(...)

« Ry zanaka sy olon-tinaiza
 Misaina fa voateritery
 Tsy afaka manaram-po
 Fa sendra izay ray aman-dreny
 Masiaka sy mafy fitondra »

(...)

(V.A lah 65)

Ireny rehetra ireny no atao anefa, dia ny hahasoa ny taranaka, ary ny hahamolom-banona azy ireo, na dia mety ho niaretana ny fangirifiriana aza izany. Hoy i IRAKO AMMI:

(...)

« Tsarovinareo lalandava »

(...)

« fa ny anatra anio maharary,
 Rahampitso hiotazana soa ! »

« Fa: **ny olona kenakenaina,**

Olona tsy azo antenaina! »

(V.A. lah 65)

Raha toa ka kenakenaina tokoa mantsy izy ireo, dia azo antoka fa hibirioka, tsy ho lasa lavitra eo amin'ny fiainana, ary azo antoka fa tsy ho tonga olom-banona, ka tsy hahavita ny adidy aman'andraikitra miandry azy ireo. Tokony ho tsapan'ny tanora fa matoa miteny sy mananatra azy ny ray aman-dreny, dia ny hahasoa azy izay no kendrena.

Araka izany, tafiditra ao amin'ny sokajin'olona tolorana fanabeazana ihany koa ny tanora. Eo aloha ny ara-pitiavana. Tsy tokony hafindrafindra be fahatany ny fitiavana, hoy ny mpanoratra. Beazina ihany koa izy ireo mba tsy ho sodokan'ny rendrarendra ka hanadino ny adidy aman'andraikitra tokony hosahaniny, toy ny fianarana, ohatra. Nampahafantarina i IRAKO AMMI ihany koa fa ny antony hananarana azy ireo, dia ny hahasoa sy ny hahamolom-banona azy, hahafahany miatrika ny ho aviny.

Tsy ny ankizy sy ny tanora ihany no beazina. Tolorana fanabeazana ihany koa na dia ireo lehibe aza.

1.3.3.ny lehibe

Tsy mandritra ny androm-pahazazana ihany akory no volavolaina sy beazina ny olona, fa mandritra ny androm-piainany manontolo mihitsy. Ireo izay efa manana tokantrano, nahatody hatramin'ny voady teo anoloan'ny alitara, kanefa toa tsy mahatanteraka akory ilay hoe « *ho tia anao...* », na an-kasoavana na an-karatsiana, no nanoratan'i IRAKO ny tononkalo nampitondrainy ny lohateny hoe : « NANKAIZA ». Hita eny amin'ny fiarahamonina eny mantsy fa tsy vitsy ireo mpivady no miady. Maro ireo tokantrano tsy anjakan'ny fitiavana ka zary mikorontana. Mety ho tonga hatramin'ny fisaraham-panambadiana eny amin'ny tribonaly mihitsy moa indraindray.

Mampandini-tena ny mpivady manoloana izany toe-javatra izany ny mpanoratra ka milaza hoe :

« Nankaiza re ilay hafanana

Nangotraka fahiny

Fony ianao nanomboka azy ?

Nankaiza ireny lokaloka

Nifanaovana mangina

Sy nambara ampahibemaso

Ka nanaovam-panekena

Hatra anoloan'ny alitara ? »

(...)

(V.A lah 78)

Ny fiainan-tokantrano tokoa mantsy dia misy fiantraikany sy akony eo amin'ny fiarahamonina, eny hatramin'ny firenena mihitsy aza. Manantitra izay ny voalazan'i **HATZAKARTZIAN** manao hoe : « *Ny fianakaviana sy ny tokantrano no foibe*

iadian'ny fiarahamonina, ary ny tokantrano matanjaka no fototry ny fiarahamonina matanjaka ; miantraika any amin'ny fiarahamonina tokoa ny fitambaran'ny tokantrano mikorontana »⁹⁴.

Mba tsy hikorontanan'ny tokantrano àry, dia mila manaja ny voady izay natao ny mpivady. Mamelona mandrakariva ilay fifankatiavana, ary mikolokolo izany.

Amin'ny fanatanterahana izay efa nekena izay ihany, dia hoy i IRAKO AMMI:

(...)

« Fa 'zay hoe nekena

Hosahanina kosa,

Na inona hamafy sy isan'ireny,

Rehefa nekena

Dia 'ndeha tanteraho

Amim-pifaliana ».

(...)

(V.A. lah 67)

Tsy ny ray aman-dreny ihany akory no toloran'i IRAKO AMMI fanabeazana, fa ireo olom-boatendry ihany koa, hoy izy dia mila manaiky ny fitarihan'i Jesoa Kristy, amin'ny asa izay ataony. Tsy ampy mantsy ny herin'ny tena samirery hiatrehana ny asa nanendrena. Izany indrindra no nilazany hoe :

(...)

« Satria ny herinao irery, mihiharihary fa ho kely ;

Hahavita ihany angamba, saingy tsy ampy velively !

Henoy ny feon'i Jesoa Tompo mibitsika hoe : « Mahereza » !

Ny asa ankinina aminao: asa masina sy ngeza ! »

(V.A. lah 16)

Tsy amin'izay ihany anefa no anabeazan'ny mpanoratra ny olon-dehibe, fa eo koa ohatra, ny tokony hahaza-mamakafaka tsara ireny kabary politika ireny. Misy tokoa mantsy, ary tsy vitsy ireo mpanao pôlitika no manao kobaka am-bava, mandangolango ny vahoaka amin'ny teny tsara lahatra. Toa safo siaka mampandry adrisa fotsiny anefa no betsaka. Tsy vitsy amin'izy ireny no manao fampanantenana poakaty, ary sahy manao ho fitaovana ny vahoaka, hangoronan-karena. Mila

⁹⁴ Teny notaterin'i (H.W) RAMANANTSOA, *Tsy maintsy ho tonga lafatra ve ny vady ?* Ed. Salohy, Fianarantsoa, 1996, tak 15.

mitandrana tsara, mba tsy handeha an-jambany fotsiny hoy i IRAKO AMMI. Hitany fa misy ny toe-javatra toy izany ka tsy misalasala izy mampitandrana ny vahoaka mpiray tanindrazana aminy. Hoy izy :

« O, tandremo sao sodokan’

Ny olona mahay miteny

(...)

Dia tsarovy fa ianao

Io « trondro » be tadiaviny io

Hojonoiny hanaraka azy,

(...)

Ho fitaovana eo an-tanany

Hanatevina ny paosiny...

Koa tandremo sao sodokan’

Ny olona mahay miteny

Fa mandiniha sy mandalina ! »

(V.A lah 72)

Hita araka izany fa tolорana fanabeazana ihany koa ny lehibe. Beazina izy ireo hitana izay nekeny ary hanatanteraka izany, ho fampandrosoana ny firenena. Ny fiankinana amin’i Jesoa Kristy no hahatanterahana izany, ary koa hahavitana antsakany sy an-davany ny adidy aman’andraikitra nanendrena ny tsirairay. Tsy tokony ho taitaitra amin’ireo teny tsara rindra ataon’ireo mpanao pôlitika sasantsasany ihany koa anefa. Santionany ihany ireo voalaza ireo, ary inoana fa hahamolom-banona tokoa ny fandraisana izany.

Fehin’ny toko voalohany

Novelabelarina tao amin’ity toko ity ny tsara hofantarina manodidina ny atao hoe fanabeazana. Hita tamin’izany fa ny fanabeazana dia tsy inona fa asa atao amin’ny olona iray na maromaro, hahatonga azy ireo ho olom-banona ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy, hahatonga azy ho lehibe manana ny fahamatorana.

Nolazaina koa fa asa sarotra ny fanabeazana ka tsy efan’ny ray aman-dreny irery fa ilana fanampiana sy fiaraha-mientan’ny mpampianatra, ny fiarahamonina, ny fiangonana, hatramin’ny haino aman-jery. Nasongadina koa ny amin’ireo sokajin’olona tolорana fanabeazana.

Miantomboka amin'ny zaza sy ny ankizy, mitohy amin'ny tanora ary mipaka hatrany amin'ireo olon-dehibe. Raha tsorina dia ny olona rehetra no beazina.

Andeha hojerena manaraka indray ny fanabeazana momba ny fahaiza-miaina eo anivon'ny fiaraha-monina.

TOKO FAHAROA : NY FANABEAZANA MOMBA NY FAHAIZA-MIAINA EO ANIVON'NY FIARAHAMONINA

Samy manana ny fomba fanehoany ny fanabeazana momba ny fahaiza-miaina eo anivon'ny fiarahamonina ny olona isan-tsokajiny. I IRAKO AMMI, amin'ny maha olona efa nandia fiainana maro azy dia mahatsapa fa ilaina ny mampifandrindra ny toetra amin'ny fiainana. Tsikariny ihany koa, fa maro ireo fitondran-tena ananan'ny olona ao anaty fiarahamonina no ilana fanarenana. Manana izay heveriny fa tokony hiainan'ny rehetra izy amin'izany. Ireo fanabeazana momba ny fahaiza-miaina ireo no ho hita ato amin'ity toko faharoa ity.

2.1. Ny fahaizana mampifandrindra ny toetra amin'ny fiainana

Tsy izay vinavinain'ny olona indraindray no miseho sy mitranga eo amin'ny fiainana. Ao ireo toe-javara toa tandra vadin-koditry ny fiainana, tsy azo ihodivirana. Tsy inona izany fa ireo toetra raiki-tampisaka amin'ny fiainana.

2.1.1. Ny toetra raiki-tampisaka amin'ny fiainana

Misy ady atrehina, maro fanenjarahana ary fiovaovana ny fiainana an-tany, hoy i IRAKO AMMI.

2.1.1.1. misy ady atrehina

« *Tantely amam-bahona ny fiainana* » : hoy ny Malagasy. Izany hoe : fifangaroan'ny mamany sy ny mangidy. I IRAKO AMMI kosa dia mahatsapa fa ady ny fiainana. Hoy izy :

(...)

« F'angaha tsy fantatrao fa ady ny eto an-tany
no mahataitra, anao ny ankaso sasilany ? »

(...)

(V.A lah 14)

Tsy sarin'ady akory izany, fa tena ady izay ifamahofahoan'ny olana. Tsy hisy mihitsy ny fiainana ilaozan'ny sarotra :

« Ady ny fiainana, ady tena ady fa tsy sarin'ady.

Ny olan-tsamihafa hisy hatrany foana ka aza mba mitady

Fiainan-tsisy ady, fa tsy hisy akory izany raha tany koa ny tany »

(...)

(V.A lah 21)

Manamafy ny maha ady ny fiainana izy raha milaza hoe :

« Ady ny fiainana
ary hisy foana
ny zava-manahirana
isan'andro vaky ! »

(...)

(V.A. lah 44)

Manoloana ireny olana sy zava-tsarotra sedrain'ny olombelona ireny anefa, dia mampahery ny mpanoratra :

« Na takon-drahona aza ny masoandro tsy hibaliaka,

(...)

Fa raha mbola eo i JESOA, ny fombany tsy tomika,

Dia mahery hatrany isika »

(V.A. lah 20)

Tokony hampakatra sy hanandratra ny vavaka amin'Andriamanitra ihany koa mba handresena ireny olana ireny :

« Na inona tafiotra
Mamely sy mandrava
Ny vavakao akaro ! »

(...)

(V.A. lah 101)

Toetra raiki-tampisaka amin'ny fiainana ny olana sy ny ady. Ny fivavahana, ny fananana an'i JESOA no zava-dehibe hoenti-mandresy ny sarotra. Toa misy hatrany ireo manenjika eo amin'ny fiainana.

2.1.1.2.maro fanenjehana

Ankoatra ny ady atrehin'ny tsirairay, eo koa ny tsy fifankahazoana eo amin'ny mpiara-monina. Na tsara na ratsy atao, misy hatrany ny fanenjehana ataon'ny hafa. Tsy hanenenana ny manao ny tsara, raha ho samy iharan'ny fanenjehana ihany. Mampiomana ny mpiara-belona aminy ny mpanoratra tsy ho gaga manoloana ny fanenjehan'ny hafa. Hoy izy :

(...)

« Mety haneso anao
ny naman-dratsinao,
na hanevateva
sy hiteny ratsy ;
anaovy bemarenina
fa tsy hanenenanao
ny nanapahanao
ny fatotry ny ratsy ! »

(...)

(V.A. lah. 54)

Ireny fanenjehana toa mifono fankahalana ireny dia karazana sedra, hoy i IRAKO AMMI. Ilaina ireny mba hitaizana sy hikorokorokana ny maha olona. Hanehoany izay fomba fijery miabo izay ny ampahan-tononkalony manao hoe :

(...)

« Tsarovy fa ilaina
ny sedra sy ny mafy
mba hanefena anao ».

(...)

(V.A lah 53)

Misy tokoa ireo manaratsy sy manambany. Fijerena ivelambelany ihany no ataon'izy ireny, hoy ny mpanoratra. Ny olombelona tsirairay dia « SAROBIDY ». Sarobidy satria noharian'Andriamanitra hitovy endrika Aminy. Noho izany, tokony hitraka na dia maro aza ny mpananjika :

(...)

« Ny hafa mety hiteniteny
Hanambanimbany anao
Na tarehinao na bika,
Na fahaizana, harena...

(...)

Lainga be daholo ireny,
Fitsarana ivelambelany ;
Fa ianao dia sarobidy »

(V.A. lah 56)

Mitondra fampaherezana hatrany ny mpanoratra manoloana izany fanenjehan'ny hafa izany. Matoa izy ireny manenjika sy mialona, dia ao anatin'ny fitsiriritana. « *Ny hazo avo mantsy halan-drivotra* » :

(...)

« Ary izy ireny,
raha eo imasonao,
dia hanimbazimba anao,
kanefa dia fantaro,
fa any anatin'ny any :
mitsiriritra anao »

(V.A. lah. 54)

Araka izany, tokony hitraka ny olona manoloana ny fanenjehan'ny hafa. Izay enjehina mantsy, eo aloha hatrany. Tsy maintsy misy ny tsy tia eo amin'ny fiainana.

Misy ihany koa ny lalàna voajanahary arahin'ny fiainana, toy ny fifandimbiasan'ny andro sy ny alina. Tsy azo ialana ihany koa izany. Izany hoe : misy fenitra arahina.

2.1.1.3.misy fenitra arahina

Andriamanitra raha nahary izao tontolo izao, dia tsy nahary azy ho tany fotsiny, fa nahary ny lanitra ihany koa. Dia toy izany ny andro sy ny alina⁹⁵. Nampifandimbiasiny ny andro sy ny alina. Araka izany, tsy misy alina haharitra mandrakizay. Ny alina mainty diasan'ny andro mazava, ary efa lalàna mifehy ny tany izany :

« Nikipaka, lasa

Ny lamba matevin'ny

Alina mainty,

Fa nodiasan'ity hazavana

Mamiratra indray.

Dia tsarotsarovy, rahavako izany,

F'izany no didy mitondra ny tany »

(...)

(V.A lah 64)

⁹⁵ Ny *Baiboly*, Genesisy 1

Na ny alin-kitroka maizim-bolana aza, dia tsy maintsy ho resin'ny fahazavana, rehefa maraina ny andro :

(...)

« na inona

herin'ny haizi-mamely,

tsy maintsy

ho resin'ny fahazavana !

Fa tsisy mihitsy

(...)

Afa-nanakana ny andro maraina ! »

(V.A lah 64)

Raha tsorina, tsy afa miala amin'ny fiainana, ary toa toetra raiki-tampisaka aminy mihitsy ny ady mafy sy ny sedra. Tsy ilaozan'ny fanenjehana ihany koa ny eto an-tany. Tsy tokony hahakivy izany. Manana ny zotra efa nanaovan'Andriamanitra azy rahateo ny fiainana, ka tsy tokony hananana fanahiana. Sarotra ihany, araka izany ny miaina sy mitondra tena, koa misy ireo fomba itarihan'i IRAKO AMMI ny mpamaky iatrehana ny fiainana.

2.1.2. ny fomba fiatrehana ny fiainana

Manova tanteraka ny fiainana ny fahaiza-mandanjalanga izay hatao. Fomba mahomby hahatsara ny fiainana no aroso eto. Misy ny fihetsika tokony hatao manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro, manoloana ny fahitana ireo olo-tsy marina kanefa tafasondrotra eo amin'ny fiainana, indrindra manoloana ny fiainan-ko avy.

2.1.2.1. manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro

Miovaova be ihany, tsy araka ny mahazatra tato ho ato ny toetry ny andro. Tsikaritra anefa fa mbola manamarika ny ririnina ny hatsiaka miharo erika. Matetika no sorena ny ankamaroan'ny olona mandritra io fizaran-taona io. Ny hatsiaka mamirifiry, ny asa sy ny fianarana tsy maintsy vonjena, ny lalana anefa petsapetra izay tsy izy, mahakamo na ny mandia azy aza. Mampahafantatra ny mpiray firenena aminy i IRAKO AMMI fa ilaina ny ririnina sy ny erika afafiny mba hampitsiry ny voa, ary hampandrobona ny ravina. Ny olombelona no mety ho sorena fa ny zava-boary kosa velom-bolo, hoy izy :

« Ianao angamba no sorena
Fa petsapetsa indray ny lalana,
Ny zava-boary kosa anefa,
Velona aina, velom-bolo »

(...)

(V.A lah 66)

Tsy tokony hohadinoina fa ireny toe-javatra heverina ho ratsy eo amin'ny fiainana ireny, dia mety hitondra soa :

(...)

« F'ao anatin'ny fiainana,
Misy zavatra toa ratsy
Nefa iafenan-tsoa ! »

(...)

(V.A lah 66)

« **Ny zava-drehetra dia miara-miasa hahasoa** »⁹⁶ hoy ny Soratra Masina. Toy izany ny fizaran-taona rehetra : ny lohataona, ny fahavaratra ary ny ririnina :

(...)

« Fa samy ilaina ireny,
samy mahaso
hanefy ny fisiana
hihazo moramora
ny toeram-boninahiny,
ny tena fahamendrehany ! »

(...)

(V.A lah 53)

Na izany aza, misy ireo olona no mila ho trotraka manoloana ny fahavaratra. Eo ny tsy fahampiana. « *Maitso ahitra* », hoy ny fitenenana. Mety hisy ny olana.manampy trotraka ny oram-baratra. Tokony hitraka ihany anefa, hoy ny mpanoratra. Mila manana fanantenana satria efa voalaza fa tsy maintsy hifandimby ireo fizaran-taona ireo. Tsy hisy ny haharitra mandavan-taona. Ho an'izay tsy mankafy ny toetry ny andro fahavaratra no ilazany fa : « MBOLA HISY LOHATAONA » :

« ny kotro-baratra miriotra,

⁹⁶ Ny Baiboly, Rom 8, 28

ny rano toa tsy mety ritra,
 ny raho-mainty toa tsy hisava,
 ny tselatra manavatsava...
 tsy haharitra mandavan-taona
 fa mbola hisy lohataona ! »

(V.A lah 28)

Manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro àry, mila miatrika ny fiainana hatrany isika. Ny fizaran-taona rehetra dia samy ilaina, ary samy manana ny soa entiny. Noho izany, tsy tokony ho sorena na himenomenona amin'izay toetr'andro misy isika.

Manoloana ny fahitana ireo olon-tsy marina kanefa tafasondrotra eo amin'ny fiainana, manan-kambara ihany koa ny mpanoratra.

2.1.2.2. manoloana ny fahitana ireo olon-tsy marina kanefa tafasondrotra eo amin'ny fiainana

Toa tsy matahotra ny fisian'ny « today » intsony ny olona ankehitriny. Hita eny amin'ny fiarahamonina eny mantsy, ary matetika ny mpanao ratsy dia mihabotraboetra. Misy ireo te hisondrotra vetivety no alaim-panahy hanara-dia ireny mpanao ratsy ireny. Tsy misy dikany akory, izany hoe tsy haharitra, ary loza mitatao mihitsy ny harena tsy azo tamin'ny marina. Mampisaina ny rehetra i IRAKO AMMI ka milaza izao teny izao :

(...)

« Tsarovy fa ny harena

Azo tsy amin'ny marina

Dia loza mitatao

Ambony lohanao

Sy izay taranakao ! »

(V.A lah 41)

« *Ny today tokoa tsy misy, fa ny atao no miverina* ». Raha tsy hivaly amin'ny tena aza izay natao, dia mety ho ny taranaka mandimby no hiharan'izany. Noho izany, tsy misy afa-tsy ny fandalàna ny fahamarinana ihany , hoy i IRAKO AMMI. Hoy ihany koa ny Soratra Masina : « *Ny harena azo avy amin'ny tsy marina dia tsy mahasoa na inona na inona* »⁹⁷. Mila misedra ny zava-tsarotra, araka izany, raha te

⁹⁷ Ny Baiboly, Ohab 10 : 2

ho tafita, fa tsy mitady tany malemy hanorenana angady. Raha tsy izany mantsy, hanjary ho toy ny trano voaorina ambony fasika ihany izay harena azo, ka hidaraboka vetivety, ho ritra haingana.

(...)

« Fa na hisondrotra avo aza,
Hanjary trano zato rihana,
Dia hitalakotrokotroka
Amin'izato fianjeràny
Satria tsy hanam-batolampy
Niorenany tsy akory,
Fa hay niorina amim-pasika ! »

(V.A lah 59)

Noho izany, tsy izay ataon'ny hafa dia atao, indrindra rehefa hita fa ratsy. Mila miatrika ny fiainana, ka ho sahy misedra ny sarotra. Izany hoe, tsy miraviravy tanana na mitady tsoka tsy amakiana taolana. Ireny olona ireny mantsy dia maty fahavelony hoy ny mpanoratra. Maty fahavelony satria tsy misaina akory ny tokony hatao, ary indrindra tsy misaina ny tolin'ny ataony. Ny mijoro amin'ny fahamarinana hatrany no tena « olom-belona » :

(...)

« Mijoro tsy mivena
ho kitro ifaharan'
Ny tena fahamarinana

Anatin'ny olo-marò
Izay maty ny eritreriny,
Maty fahavelony
Ianao no mijoro
Ho tena « olom-belona » !

(V.A lah 102)

Raha fintinina, ny ratsy tsy faka tahaka. Ny harena azo tamin'ny ratsy dia tsy haharitra. Loza mitatao ho an'izay nanao azy ny ratsy nataony. Koa, tsy tokony hisy fitsiriritana na fitiavana haka tahaka na dia kely akory aza amin'ny fahitana ireo olon-tsy marina kanefa tafasondrotra eo amin'ny fiainana. Manabe ny olona hahay hatrika ny ho avy ihany koa i IRAKO AMMI.

2.1.2.3. manoloana ny fiainan-ko avy

« *Jembin'ny ankehitriny tsy maintsy atrehina sy voasinton'ny ho avy maha be fanantenana aho* »⁹⁸ : hoy i IRAKO AMMI tamin'ny dinidinika nifanaovanay. Misy tokoa ny zavatra tsy maintsy atrehina sy tsy maintsy atao, izay tsy azo angatahana andro tanteraho izany hoy izy :

(...)

« Anio dia misy zavatra
izay tsy maintsy anio
no tokony hataonao :
ndeha itsy izy, EFAO ! »

(V.A lah 45)

Tsy tokony hihemorana, noho ny hasarotany, ohatra ny adidy aman'andraikitra sahanina sy efa napetraka hosahanina. Mainka miteraka olana ny tsy fanatanterahana azy ireny amin'ny fotoany. Izany indrindra no ilazan'ny mpanoratra hoe :

(...)

« Fa raha sarotra izy,
dia mainka hihasarotra
ka hampitombo koa
ny olana hovahana ».

(...)

(V.A lah 45)

Misy fiantraikany amin'ny fiatrehana ny ho avy mihitsy ny fangatahana andro lava izao :

(...)

« Ary raha troso
tokony haloa,
dia mainka hanapoizina
ny fiainanao ho avy ».

(V.A lah 45)

⁹⁸ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra ny 30. 11. 10.

Tsy vitan'ny hanapoizina fotsiny, fa tena hanimba ny fiainan-ko avy mihitsy ny fangatahana andro lava, ny tsy fanatanterahana ara-potoana izay tokony hatao. Hoy izy :

(...)

« Raha adidy fantatra,
kanefa odian-tsy hita,
hikiky moramora
ny hatsaram-panahy
izay ivelomanao... »

(...)

(V.A lah 45)

Mba hibanjina ilay ho avy maha be fanantenana ary, dia tokony hanana tanjona ihany koa ny tsirairay, ankoatra ny tsy fangatahana andro amin'ny adidy manoloana. Tsy tokony hanaraka ny onjan'ny fiainana fotsiny, fa hibanjina mandrakariva izay tanjona izay :

« Manangàna tanjona
sy zavatra hokendrena,
fa aza dia manaiky
hatopatopan'onjan'
ny fientananao
miovaova lava ! »

(...)

(V.A lah 47)

Tokony hofantarina tsara anefa izay tanjona izay, alohan'ny hanatrarana azy. Mampisaintsaina ny rehetra ny mpanoratra amin'ny alalan'ny fanontaniana hoe :

« Saino kely dia fantaro :

Tena inona tokoa
Moa no faniriana anaty
mamonto ny fanahinao,
Mampidoboka ny fo,
Mampitselatra ny saina »

(...)

(V.A lah 60)

Tsy sainina fotsiny akory, fa mila irosoana sy tratrarina ny tanjona izay apetraka, rehefa hita fa tsara. Imatimatesana mihitsy aza :

(...)

« Fantatro izay anao,
dia ilofosy hatao,
ezaho mba hotratrarina ! »

(V.A lah 47)

(...)

« Raha fanoitra tsara kosa,
Ikirizo hatramin'ny farany,
Hivoatra hihaso hatrany,
Ifikiro tsy hivaona ! »

(V.A lah 60)

Tsy mahagaga raha manana izany fomba fijery izany ny mpanoratra. Efa nanefena azy hatramin'izay ny fanatrarana tanjona⁹⁹.

Izany rehetra izany no fomba fiatrehana ny ho avy.

Raha fintinina, manabe ny mpiara-belona aminy hahay hatrika ny fiainana ny mpanoratra. Ny toetr'andro miovaova ary toa mivadibadika mihitsy aza, dia mahaso sy ilaina. Manoloana ny mpiara-monina tafita noho ny sainy fetsifetsy indray, dia ambaran'i IRAKO AMMI fa zava-poana ihany ny harena azon'izy ireny. Tsy maintsy hivaly ny ratsy atao. Noho izany, aleo manao ny marina, na dia hisedrana ny mafy aza izany. Tsy tokony ho be fangatahana andro ihany koa amin'ny adidy sahanin'ny tsirairay, mba hananana ho avy mamirapiratra. Mila manangana tanjona , ary milofo manatratra izany ny rehetra, hoy izy.

Raha izany, ahoana ny fomba fiatrehana ny tontolo andro ?

2.1.3. Ny tontolo andro

Fomba maromaro no entin'ny mpanoratra manabe ny mpiara-belona, hiatrehana ny tontolo andro. Tsenaina an-kira, izarana tsikitsiky sy teny mamy, ary hanadinoana ny lasa ny andro diavina. Ny hahazoana tontolo andro mahafinaritra no tanjona amin'izany.

⁹⁹ Jereo fizarana voalohany : ny kilalao fanaony.

2.1.3.1. *tsenaina amin'ny hirahira*

Olona tia mihira ny mpanoratra¹⁰⁰. Tsapany fa mitondra hery iatrehana ny tontolo andro ny fihirana amin'ny maraina. Noho izany, manentana ny rehetra izy hanandra-peo hihira hitsena ny maraina :

« Andeha tsenao an-kira ny andronao anio,

Ny feonao akaro

(...)

Fa ny andro iray atomboka anaty hirahira,

Andro hibaliaka,

Na inona tafiotra miomana hifafy

Ny hiranao dia hery »

(...)

(V.A lah 73)

Hitondra fahombiazana ny hery entin'ny fihirana maraina. Ho androm-pandresena mihitsy, hoy i IRAKO AMMI, izany andro tsenaina an-kira izany :

(...)

« Dia mihira ianao

(...)

Ka ny andronao anio ho ...androm-pandresena ! »

(V. A lah 73)

Fanombohana ny tontolo andro ny hira. Manome hery izany. Toa tsy tsaroana akory ny hery sy ny fotoana lany amin'ny fanatanterahana zavatra iray atao miaraka sy/na ialohavan'ny hira. « Ny asa atao an-kira tokoa, toa vita tsy natao ». Ka rehefa hihira ihany àry, dia aleo mihira hira fiderana. Hoy izy :

(...)

« Fa tsara ny mihira

Hanako an-dakira

HO AN'ANDRIAMANITSIKA !

TSY HIRA MANGATSIKA »

(V.A lah 7)

Ilaina ihany koa ny mizara tsikitsiky amin'ny manodidina.

¹⁰⁰ Jereo fizarana voalohany : ny fanabeazana azony.

2.1.3.2. *izarana tsikitsiky*

Manana hery miafina izay ihany koa ny tsiky. Tara-masoandro no anoharan'i IRAKO AMMI azy. Manome hazavana ho an'ny hafa, sady fanafody manasitrana ny tena ny tsiky :

« Ny tsikitsikinao
Dia tara-masoandro
Mampisava ny haizina
Any am-pon'ny hafa
Sady fanafody
Mitsabo moramora
Ny ratra anatinao »

(...)

(V.A lah 74)

Tsy izany ihany akory no soa azo avy amin'ny fizarana tsikitsiky. Karazana ando mamelombelona ny tena, mitondra hery ihany koa izy. Koa rehefa mitsiky dia lasa velom-bolo, manana fanantenana, ary mihamatanja-tsaina ny olona iray.

Izany no ilazan'ny mpanoratra fa :

(...)

« Ny tsikitsikinao
Dia ando mampitsiry
Ny felana vaovaon'
Ny fo izy manantena
Sady mahamando
Ilay saina izay makiana
Daninin'ny adim-piainana »

(...)

(V.A lah 74)

Izany rehetra izany no antony anabeazan'ny mpanoratra ny olona rehetra mba hizara tsikitsiky mandritra ny tontolo andro. Mba hahatrarana ny soa toavina malagasy, dia ny fihavanana izany :

(...)

« Koa 'ndeha ianao, rahavako,
Afafazo indray
Anio tontolo andro

Ny voan'ny tsikitsiky

Mba hisy hijinjana

Hanitry ny fiainana

Misy fihavanana ! »

(...)

(V.A lah 74)

Mampahery ny mpiara-belona aminy, hitsikitsiky toa azy¹⁰¹ àry i IRAKO AMMI. Mety tsy hisy hamaly akory ny tsiky izay atao, kanefa tsy fatiantoka akory izany. Hoy izy :

(...)

« Fa raha mitsiky ianao,

Na tsisy setriny aza,

Tsy fatiantokao ny tsikinao madio ! »

(...)

(V.A lah 74)

Zava-dehibe ny tsikitsiky ka tokony hiainana mandrakariva. Ankoatra ny hira sy ny tsiky, ny teny atao tontolo andro dia mila fandanjalanjana.

2.1.3.3. anambarana teny mamy

Manana ny hery sy ny hasiny ny teny. Mifandray akaiky ny teny sy ny fisainana. Voalazan'ny *Encyclopédie de la Pléiade* fa : « **ny teny dia mahakasika ary misy akony amin'ireo fomba fahatsapana sy fahazaram-pisainana** »¹⁰²

Mandritra ny androm-piainany, dia miteny hatrany ny olombelona. Hoy i IRAKO AMMI

« Velona hiteny ianao,

Ka hiteny indray anio,

Koa dia saino, izay hambara ! »

(...)

(V.A lah 55)

Izany no nanombohany ny asa sorany hoe « TENY ». Fampisaintsainana ny olona ny amin'ny teny izay hatao. Toe-javatra roa no ampilahariny anehoany ny herin'ny teny :

¹⁰¹ Jereo fizarana voalohany : ny toetrany.

¹⁰² *Encyclopédie de la pléiade* : « langage et culture », collection Bible Bollonné Bruges, Editions Gallimard, p. 1417. « Les langages affectent d'une certaine manière les perceptions sensorielles et les habitudes de pensée »

andaniny, mety ho poizina handratra ny hafa ny teny, ankilany kosa, mety ho fanafody hanasitrana ihany koa izy. Toy izao no anehoany izany.

(...)

« Fa ny teny haloakanao : mety ho tena teny soa, teny mamy, manasitrana, mampientana, manangana, ka izay handre anao dia hahita fitahiana sy hahazo fahasoavana...	Nefa kosa tsarovy hatrany : fa ny teny hambaranao mety ho poizina manimba sy hamela ratra anaty hanamarika ny fiainan’ izay mandre azy ireny amin’ny androny rehetra hitondrany ratra anaty ! »
--	--

(...)

(V.A lah 55)

Araka izany, tsy izay sendra ny vava akory dia tenenina avokoa. Mila fandinihana lalina sy fandanjalanjana tsara ny teny izay hambara. Tsy adala ny Ntaolo raha niteny hoe : « *Avadibadiho impito ny lela vao miteny* » ; sy ny hoe : « *ny vava tsy ambina no ahitan-doza* ».Koa raha hiteny ihany, satria efa velona hiteny, dia aleo miteny ho fanafody, izay antsoiny ihany koa hoe : « **teny mamy sira** »

(...)

« Velona hiteny ianao
Ka hiteny indray anio,
Ataovy teny mamy sira... »

(V.A lah 55)

Hita fa manana anjara asa lehibe eo amin’ny fiainana ny teny. Mitaona ny olona handanjalanja ny teny izay hambarany sy mpanoratra, mba tsy ho poizina ho an’ny tenany sy ny hafa ny teny haloaky ny vava. Ny « **teny mamy sira** » no ahitana tombon-tsoa mandritra ny tontolo andro. Manampy izany ny fanadinoana ny lasa.

2.1.3.4. hanadinoana ny lasa

Toa hafahafa ihany angamba izany hoe hanadino ny lasa izany. Misy koa ny fomba fiteny hoe : « *ny lasa tsy mba fanadino* ». Mirakitra tantara ny lasa. Sarotra ihany ny hanafoana ao an-tsaina izay nisy sy niainana teo aloha. Na izy mpanoratra aza dia resy lahatra amn’izany. Hoy izy :

(...)

« Eny mantsy, ny fotoana
tsy hahavono na oviana
ny omaly izay mimaona
na dia satry hidifina ! »

(...)

(V.A lah 11)

Na izany aza anefa, tsy maintsy atrehina ny anio. Raha ny lasa no mameno ny ao an-doha, dia tsy hahavita hiatrika ny fiainana ny olona iray. Mety hiteraka toetra ratsy ny famisavisana ny lasa mandrakariva. Ny fihamboana amin'ny lasa izay hita fa tsara izao, dia mahatonga ny olona iray hiavonavona, ka tokony hohadinoina mihitsy :

« Atrehonao ny Anio
fa hadinoy ny lasa :
'Lay lasa tenakanto
sy nahefana soa

(...)

kanefa hanjary gadra
izay hangeja anao
hanjary miavonavona ! »

(...)

(V.A lah 46)

Tsy ny lasa nahavitana soa tsara ihany akory no mila hadinoina, fa ny lasa, indrindra izay mirakitra tantara ratsy. Tsy ahafahana miatrika sy mihanoka ny tsiron'ny fiainana ny fitadidiana azy ireny. Hoy i IRAKO AMMI maneho izany :

(...)

« Atrehonao ny Anio
Fa hadinoy ny Lasa :
'Lay lasanao maloto ;

(...)

Ka manangoly anao
Tsy hahatsapa intsony
Ny tsiron'ny fiainana
Omena anao anio »

(...)

(V.A lah 46)

Hita araka izany, fa na tsara na ratsy raketin'ny lasa dia mila hadinoina. Ny fametsoventsoana azy ireny dia mety hiteraka voka-dratsy. Noho izany, mila manadino ny lasa mba hahafahana miatrika ny fiainana, farafaharatsiny ny anio :

« Hadinoy ny Lasa

F'atrehonao ny Anio ! »

(...)

(V.A lah 46)

Raha aravona, fomba maromaro izay tsy dia sarotra loatra, amin'ny ankapobeny, no arosan'ny mpanoratra iatrehana ny tontolo andro. Eo ohatra, ny fitsenana ny maraina amin'ny hira. Eo ihany koa ny fizarana tsikitsiky izay tena mitondra soa tokoa. Tsy latsaka izany ny fahaizana mifantina ny teny hambara mba ho teny mamy ho an'ny mpiara-belona. Ankoatra ireo dia manampy amin'ny fiatrehana ny tontolo andro ihany koa ny fanadinoana ny lasa. Ireny rehetra ireny no anabeazan'ny mpanoratra ny isam-batan'olona mba hananany tontolo andro mahafinaritra, feno fahombiazana.

Tsikaritr'i IRAKO AMMI ihany koa fa tsy tomombana ny olombelona. Misy ireo toetra mila fanarenana.

2.2. Ny fitondran-tena mila fanarenana

Tsy rano tsy akory ny olombelona ka hanaraka sy haka endrika avy hatrany ny fantsona itarihana azy. Efa samy miezaka ireo mpanabe (1.2. fizarana II), manao izay tratry ny heriny hahazoana olom-banona. Voalazan'i **MIALARET** rahateo fa « **Nataon'ny fanabeazana ho vaindohan-draharaha ny hahatonga ny olona ho afaka hiatrika ny fiainany, mahafantatra ny zony, ny fahefany, ary ny adidy aman'andraikiny** »¹⁰³.

Na izany aza anefa, dia eo ihany ireo fahazaran'ny olona mba tsy aritry ny mpanoratra ka itondrany fanitsiana : ny fahadisoam-potoana, ny tsy fahamarinana, ny hambom-po diso toerana, ny fidorohana,...

¹⁰³ (G) MIALARET, *Education nouvelle et monde moderne*, Col. SUP, Ed. PUF, Paris, 1969, p 18 : « L'éducation veut créer un Homme susceptible d'affronter le monde de demain, Homme conscient de ses pouvoirs ; de ses responsabilités, de ses droits »

2.2.1. ny fahadisoam-potoana

Efa nambara teo amin'ny 1.3.2.2., fizarana voalohany fa olona fatra-panaja fotoana i IRAKO AMMI. Nambarany mihitsy fa : « *Fanalahidin'ny fiatrehana ny zavatra samihafa* », ny fahamarinam-potoana, noho ireo adidy amana andraikitra maro loha nosahaniny.

Tsikariny fa misy ireo olona no tsy marim-potoana mihitsy amin'izay rehetra ataony. Rehefa ho lava izay tsy fanajam-potoana izay , dia tonga marika amantaran'ny manodidina ny tena mihitsy :

(...)

« Eny, na handeha hivavaka

Diso aoriana foana ianao ;

K'efa lasa fahazarana

Sy marika ahalalana anao,

Ny fahadisoam-potoananao ! »

(...)

(V.A lah 69)

Toetra ratsy ny tsy fanajam-potoana, tsy fanajana ny tena sy ny hafa izay ifamotoanana izany. Izay no mahatonga ny mpanoratra hanitsy ireo izay manana ity fahazaran-dratsy ity, ka ilazany hoe :

« Mahaiza re manaja ora e !

(...)

Hajao ny tenanao sy ny hafa

Amin'ny fanajam-potoana ! »

(V.A lah 69)

Tsy ny fahadisoam-potoana ihany akory no ilana fanarenana, fa eo ihany koa ny tsy fahamarinana.

2.2.2. ny tsy fahamarinana

Trangam-piarahamonina fandre matetika ny fividianana ny marina. Tsy amin'ny sehatra iray, fa mila ho amin'ny sehatra rehetra no ahitana kolikoly. Ny sehatry ny fitsarana no entin'i IRAKO AMMI manome ohatra ho an'ny besinimaro, ka anasongadinany ny fisian'ny tsy fahamarinana. Hoy izy ao amin'ny ampahan-tononkalony :

« Misy any olo-marina
Saingy tsy mba manam-bola,
(...)
Dia mihiboka any am-ponja »

(...)
(V.A lah 83)

Ny fitiavam-bola sy ny fitiavan-tena matetika no manosika ny olona iray hividy ny marina. Rehefa hitany fa manelingelina azy ny fisian'ny olo-marina mahafantatra na ahiana ho mahafantatra ny tsiambaratelony amin'ny ratsy ataony, dia ataony izay fomba rehetra hampidirana iny olona iny an-tranomaizina. Heverin'izy ireny mantsy fa ho afa-maina tsy amina ahiahy izy ireo rehefa vita izany. Tsy tokony hohadinoina ny fisian'ny toe-javatra toy izany, hoy ny mpanoratra :

(...)
« Misy any olo-marina
Izay tsy tian'ny olon-dratsy
Noho ny fahazavana entiny
Ka nataony an-tranomaizina !
Sao hadinontsika izany »

(V.A lah 83)

Matetika no tafasondrotra vetivety eo amin'ny fiainana ny olona mpanao ratsy. Mampisaina ny olona iharan'ny toe-javatra toy izany ny mpanoratra. Tsy hisy, hoy izy, ny fahasambarna eo ambonin'ny alahelo sy ny ranomason'ny hafa. Maneho izany izy ao amin'ilay asa soratra nampitondrainy ny lohateny hoe :
« FAHAMARINANA »:

« Ho inonao moa ny hanana
Trano maro, valo zoro,
Azonao ireharehana,
Rah'toa ka alahelon'olona
No mba vato fanorenany
Ary ranomason'olona
No nentina nanao ny rihatra
Nandrafetana ny rindriny ? »

(...)
(V.A lah 68)

Tsy maintsy enjehin'ny eritreriny ny mpanao ratsy. Aleo anefa enjehin'ny omby masiaka, toy izay enjehin'ny eritreritra, hoy ny fahendrena malagasy. Noho izany, aleo manao ny marina hatrany, satria hisy farany avokoa izay rehetra atao. Izany ny hananarany ny rehetra, ka hoy izy :

(...)

« Hisy farany avokoa
Ny vola sy ny harem-bevava
Nivarotana fanahy,
Nandravana fihavanana,
Nanitrihana ny marina ».

(V.A lah 70)

Ny handalan'ny mpiara-belona aminy ny fahamarinana, hahazoana olo-marina no tanjon'ny mpanoratra. Ny olo-marina izay tsy inona fa : « **...izay mahalala onony, mikaroka hatrany ny « antonony »**¹⁰⁴, hoy **RATREMA William**.

Anisan'ny toetra tokony hahitsy ihany koa ny hambom-po diso toerana.

2.2.3. ny hambom-po diso toerana

Miombon-kevitra amin'ny olon-kendry iray i IRAKO AMMI raha nilaza fa « ny hambom-po dia vatobe ». Toerana roa no azo ametrana io hambom-po io : na izy io lolohavina, na hitsahina. Araka izay toerana hametrana azy no vokany eo amin'ny fiainana. Raha hitsahina ny hambom-po, dia hanondrotra, hampakatra ny olona amin'ny toerana ambony. Raha lolohavina kosa io hambom-po io, dia hampilentika amin'ny tany. Izay ilay hambom-po diso toerana, hoy izy. Mampisaintsaina ny rehetra àry ny mpanoratra ny amin'izay toerana tokony hametrany io hambom-po io. Manome safidy izy :

(..)

« Dia fidio izay sitrakao :
Hololohavina hampietry
Sa hohitsahina hampisondrotra
Izato hambom-po, rahavako ? »

(V.A lah 96)

Na dia manome safidy toy izany aza anefa izy, dia tsy misorona milaza fa :

¹⁰⁴ (W) RATREMA, *Riba sy lohahevitra takarina ami'ny literatiora- Filozôfia Malagasy*, tak 69.

(...)

« Hisy farany avokoa

Ny vava be sy ny hambom-po

Diso toerana rehetra ! »

(...)

(V.A lah 70)

Noho izany, tokony hapetraka amin'ny toerany ny hambom-po. Izany hoe, atao ambany tongotra, tsy ireharehana na ahindrahindra.

Hitan'ny mpanoratra ihany koa ny hamaroan'ny olona izay mivarilavo amin'ny fidorohana zava-mahadomelona, ka itondrany fanarenana.

2.2.4. ny fidorohana

Maro ireo karazana zava-mahadomelona. Ny tanora matetika no voasarik'izy ireny. Ny sigara no entin'i IRAKO AMMI ao amin'ny asa sorany, manasongadina ny maha ratsy sy maha zava-doza ny fidorohana. Sady mandany vola no manimba ny fahasalamana ny fifohana sigara, araka izao anambarany azy izao :

SIGARA

« Misy vola izay laniana

Entina hanimbana tena,

Hanangonam-pahavoazana

Ho an'ny vady sy ny zanaka

Ary ho an'ny manodidina »

(...)

(V.A lah 84)

Manimba tena tokoa ireny olona ireny, satria eo amin'ny fonon'ny sigara aza dia efa ahitana ny soratra hoe : « **LOZA HO AN'NY FAHASALAMAKO SY NY AN'NY HAFA** »¹⁰⁵. Mahagaga ny mbola hisian'ireny mpifoka ireny, noho izany.

Manentana ny olona tsy hivarilavo amin'ny fidorohana i IRAKO AMMI. Tsy tokony hirona amin'ny fidorohana zava-mahadomelona satria « *...tempolin'Andriamanitra hianareo, ary ny fanahin'Andriamanitra mitoetra ao anatinareo. Raha misy manimba ny tempolin'Andriamanitra, dia mba hosimban'Andriamanitra kosa izy, fa masina ny tempolin'Andriamanitra, dia*

¹⁰⁵ Araka ny didim-pitondrana laharana faha 18171/2003 tamin'ny 22 oktobra 2003

hianareo izany »¹⁰⁶, hoy ny Soratra Masina. Noho izany, tsy tokony holotoina sy hosimbana amin'ny sigara.

Tsy izany ihany, ireo mpidoroka dia mpanabotry firenena. Toy izany ihany koa ny mpamokatra sy ny mpivarotra sigara. Mahaontsa ny mpanoratra izany. Tsoriny anefa fa adala ireny olona ireny, ary fositra manimba ny fireneny. Hoy izy :

(...)

« ô ! Adala mahonena
sy mpanabotry firenena
na mpifoka, na mpivarotra,
na orinasa mpanamboatra... »

(V.A lah 84)

Raha fintinina, maro ireo fitondran-tena mila fanarenana no itondran'i IRAKO AMMI fanitsiana. « **Sarotra ny fitondrana olona, ka miankina amin'izay toetra asehony avy no handaminana azy** »¹⁰⁷ hoy **RANDRIAMIADANARIVO**. Ny fahadisoam-potoana, ny tsy fahamarinana, ny hambom-po diso toerana, ary ny fidorohana zava-mahadomelona no nitondran'ny mpanoratra fanarenana.

Ny fahaiza-miaina eo anivon'ny fiarahamonina ihany koa dia mbola hitondrany fanabeazana.

2.3. Ny endri-panabeazana arosen'ny mpanoratra

Betsaka no azo ambara manoloana ny fanabeazana ampitain'i IRAKO AMMI ao amin'ny asa sorany. Anisan'ireny ny fifehezan-tena, ny fiatrehana ny fandaharan'Andriamanitra ary ny fitiavan-tanindrazana.

2.3.1. ny fifehezan-tena

Rehefa mahafehy ny tenany hanao ny tsara ny rehetra, dia heverina fa ho foana na hihena ny olam-piarahamonina. Tsy zavatra ratsy ny fifehezan-tena ary anisan'izany ny fampiononan-tena araka izao **anambaran'Ny Avana RAMANANTOANINA** azy izao :

(...)

« **Tsy zavatra ratsy**

¹⁰⁶ Ny Baiboly, IKor 3 : 16, 17

¹⁰⁷ RANDRIAMIADANARIVO, *Sikajin'Idadabe*, op cit, tak 11

Ny velona mahonon-tena »¹⁰⁸

Tokony hifehy tena, hiezaka hanao ny tsara, hahay hifaly amin'izay ananana, ary hanana fikirizana kosa ny tsirairay, hoy i IRAKO AMMI.

2.3.1.1. Ny fiezahana hanao ny tsara

« *Tsy ny namanao no ifaninananao fa ny tsara vitanao omaly* » hoy ny teny filamatry ny sekoly ARCADE. Hita amin'izany fa mila miezaka manao ny tsara hatrany isika. Mba hananana izay toetra izay àry, dia ilaina ny fifehezan-tena. Eo ohatra, ny fanokanana fotoana hisaintsainana lamina hitondrana ny ho avy mba hahazoana vokatra tsara sy maharitra :

(...)

« Manàna oram-pahanginana

Handefasana eritreritra

Hanefena ampitso vao

Hisy tsangan'asa vita

Hananam-bokatra mivaingana,

Dia vokatra voalanjalanja,

Tsara tefy sy hateza ! »

(...)

(V.A lah 58)

Tsy zava-mora ihany koa ny hitia ny fahavalo. Matetika no mamaly izay manao ratsy amin'ny tenany ny olona. Iombonan'i IRAKO AMMI amin'ny Soratra Masina ny filazana hoe : « *Aza mamaly ratsy ny ratsy fa valio soa ny ratsy* »¹⁰⁹, amin'ny maha olon'Andriamanitra azy. Manentana ny rehetra ary izy mba hanana izany toetra tsara izany. Hahazoana soa ny fanaovana soa amin'izay manao ratsy ny tena.

« Ho andro soa anie,

'ty andro anio ity,

(...)

raha toa ianao mifidy

ny lalan'ny fitiavana

ka na nasiana ratsy,

¹⁰⁸ Ny Avana (R) in *Ny Mpandinika*, n°115, 5 Febroary 1926.

¹⁰⁹ *Ny Baiboly*, Rom 12 : 21

tsy handeha hamaly faty
hitroatra hamaly bontana »

(...)

(V.A lah 50)

Noho izany, hadalana tsotra izao ny mamaly ratsy. Tsy hisy ady raha toa ka mahefa izany ny isam-batan'olona.

Mitaiza ny olona hifaly amin'izy ananany ihany koa ny mpanoratra.

2.3.1.2. ny fahaizana mifaly amin'izay ananana

Indraindray, dia misy ireo olona no tsy mba mankasitraka ny Tompo amin'izay nomena azy. Indraindray izany nefa indraindra mila fanitsiana sy fanarenana. Ny tsy fahaiza-mifaly amin'izay ananana no miteraka fitsiriritana ny hafa. Ary ny fitsiriritana miteraka fialonana. Tokony hialana izany, satria poizina manimba ny fialonana. Izany no anambaran'i IRAKO AMMI ao amin'ilay tononkalo mitondra ny lohateny hoe : « FIALONANA »

« Ho inona kanefa
Raha lasa lavitra izy
Antsoina hoe « tafita » ?
Nahoana no laniana
Ny herinao anaty
Kikisam-pialonana ?
(...)

Fa ny fialonana :
Poizina manimba
Anao mamboly azy »
(V.A lah 71)

Tokony hifaly amin'izay anjara tandrify, nomen'Andriamanitra ny tena, hoy ihany izy. Na hafa noho ny an'ny hafa aza izany, dia mahaso tokoa. Samy manana ny anjarany mantsy ny tsirairay.

(...)

« Fa misy tena misy,
Izay anjaranao
Ekena fa ho hafa
Noho ny an'ny hafa

Izay tsiriritinao ;
 Kanefa manan-jina
 Sy mahasoana anao ; »

(...)

(V.A lah 71)

Ilaina ihany koa ny fikirizana

2.3.1.3. ny fikirizana

Amin'ny zava-tsarotra indrindra no tena ilana ny fikirizana, mba hahazoana vokatra tsara, ary indrindra mba handresena ny olana atrehina.

I IRAKO AMMI dia mahatsapa fa ilaina ny fikirizana. Fony izy mbola tsy nahay nandika ny asa vita ho ao anaty diskety izao, dia nanam-pikirizana nikaroka ny fomba rehetra hanatanterahana izany izy. « *Tsy misy mafy tsy laitry ny zoto* » tokoa, ka hita soa aman-tsara ny vahaolana nony farany. Dia toy ny mandeha ho azy sisa rehefa taty aoriana ilay olana goavana, noho ny fikirizana. Hoy izy maneho izany :

« Na misy sarotra aza satria tsy mahazatra,
 Ny fikirizanao no hery mahatratra
 Ny atin'ny vilanin'ny zavatra tsy hay
 hanjary mahazatra sy tonga tsotra indray ! »

(...)

(V.A lah 22)

Mitarika ny rehetra mba hanam-pikirizana izy, satria fantany, ary ambarany ao amin'ny tononkalony:

(...)

« Fa tsisy fikirizana
 sy ezaka atao
 ho very maina akory

Ny zoto rehetrarehetra,
 Tsy maintsy hihinjana
 valisoa hiadanana
 na ho ela, na ho haingana ! »

(V.A lah 43)

Manentana ny amin'ny tokony hananan'ny olona izay fahazotoana sy fikirizna izay hatrany ny mpanoratra. Ialana ny hakiviana sy ny hakamoana manoloana ny olona atrehana. Hanenina mantsy ny olona tsy manam-pikirizana, hoy izy :

« Ny mora kivy foana, hanenina tokoa,
Hitokona tsy handroso fa tsy mivaky loha,
Ny hafa anefa, lasa ; eo ianao no voa ! »

(V.A lah 22)

Hita araka izany, fa fifehezan-tena hiotazam-boka-tsoa avokoa, na ny fiezahana hanao ny tsara, na ny fahaizana mifaly amin'izay ananana, ary indrindra ny fahazotoana sy ny fikirizana amin'ny zavatra iray. Anisan'ny fanabeazana arosan'ny mpanoratra ihany koa ny fiatrehana ny fandaharan'Andriamanitra.

2.3.2. ny fiatrehana ny fandaharan'Andriamanitra

Olona resy lahatra sy manaiky ny fitondran'Andriamanitra ny fiainany i IRAKO AMMI. Efa nametraka ny fiainany manontolo tamin'Andriamanitra izy. Ho fahatsiarovana ny faha 50 taonany, dia nanao izao « VAVAKA VAOVAO » izao izy :

(...)

« Ekeko fotsiny izay ao !
Izaho tsy te hiady varotra
Amin'izay halahatrao
Na ho mora izay na sarotra

Ento fotsiny aho, d'izay
Ho amin'izay kinendrinao
Fa anao ny familiana »

(...)

(V.A lah 37)

Izay rehetra miseho, dia mila fisaorana an'Andriamanitra avokoa : na ny loza, na ny tsy fahatanterahana izay nokasaina, na ny fahombiazana. Izany no entin'ny mpanoratra manabe ny manodidina azy.

2.3.2.1. *amin'ny loza izay miseho*

Hoy ny Soratra Masina : « *...Moa ny soa ihany va no horaisintsika avy amin'Andriamanitra fa tsy ny ratsy koa ?* »¹¹⁰

Amin'ny maha mpanabe an'i IRAKO AMMI, mametraka ny tenany ho fitaratra ho an'ny hafa ny tenany izy. Tamin'ny lozam-piarakodia izay saika nahafaty azy mivady, tany Toamasina, ny volana aogositra 2008 izao, dia nisaotra an'Andriamanitra izy. Hoy izy :

« Eny isaorana ny ray noho ny loza izay nanjo
Izay navelany hitranga sy hainy hampodiana ho soa »

(...)

(V.A lah 42)

Nahatsiaro ho sambatra izy tamin'izany. Tsy noho ny loza anefa, fa noho ny fitsimbinan'Andriamanitra manokana ny tena mpanompony, ary koa, noho ny fahatsapany ny firaisan-kinan'ireo havana aman-tsakaiza tamin'ny fikarakarana rehetra teny amin'ny hopitaly. Tsy tanany ny fony fa navelany hisaotra azy ireo :

(...)

« Fa isaorana Azy ireny, mankasitraka izahay,
Nampandaloviny hopitaly ary dia nitaintaina ;
Nefa teo an-tanany ihany ka tsy nisy latsaka aina,
Fa isaorana ihany koa ianareo rehetrarehetra
Nikarakara, nisahirana, fa tsy vitan'ny nitsetra »

(...)

(V.A lah 25)

Araka izany, manabe ny rehetra izy, hahay hiatrika ny fandaharan'Andriamanitra, ka hisaotra Azy amin'izay rehetra miseho. Tsy tokony hitanondri-dava. Hoy izy :

« Ny andronao anio
Ataovy ho tena andro
Baliaka sy mazava !

(...)

Ka hahay misaotra
Na inona mitranga ;

¹¹⁰ Ny Baiboly, Joba 2 : 10

Fa tsy ho be taraina
Sy be toloko lava ! »

(...)

(V.A lah 42)

Ilaina ny misaotra hatrany an'Andriamanitra satria Izy no tompon'ny fandaharana ny fiainan'ny zanak'olombelona. Asongadin'ny mpanoratra mihitsy izany ao amin'ny asa sorany hoe : « VATSIN-JOBILY »

(...)

« Andriamanitra no tompon'
Ny fandaharana tsy hay »

(...)

Ary mba ahoana no atao manoloana ny tsy fahombiazana ?

2.3.2.2. amin'ny tsy fahatanterahana izay kinasa

Matetika no milofika Raolombelona raha tojo tsy fahombiazana. Hoy izy :

« Reradreraka ny fo

Fa diso zava-nantenaina ?

Reradreraka satria

Diso paika sy solafaka ?

Reradreraka va re

Fa nandamoaka izay kinasa ? »

(...)

(V.A lah 82)

Manoloana izany fahakiviana izany, dia mampahery ny mpanoratra. Efa nampiomana ny Soratra Masina, hoy izy :

« Fa amin'izao tontolo izao,

No hahitana fahoriana »

Koa mahereza izato izy

Fa tsy zava-mahagaga

Ny fisian'ny fahoriana »

(...)

(V.A lah 82)

Na dia eo aza ny fahoriana, tokony hitraka hatrany satria ny Zanak'Andriamanitra dia efa naharesy izao tontolo izao :

(...)

« Eny, eo ny fahoriana,

Nefa kosa matokia,

Izaho efa naharesy ! »

(...)

(V.A lah 82)

Koa, tokony hitraka hatrany eo amin'ny fiainana. Tsy tokony hahakivy ny tsy fahatanterahana izay nokasaina sy nokendrena ho vita. Amin'ny sarotra indrindra no tokony hatoky an'i Jesoa Kristy ilay efa naharesy izao tontolo izao.

Isaorana ny Ray ihany koa ny fahombiazana.

2.3.2.3. amin'ny fahombiazana

Raha ny loza aza, isaorana an'Andriamanitra, mainka ve fa ny fahombiazana ? Indraindray mantsy, toa somebiseby be ihany ny olona rehefa injay nahomby, ka manadino ny misaotra an'Andriamanitra. Tsy tokony hohadinoina anefa, fa matoa mahomby, hoy i IRAKO AMMI, dia tao ny fahasoavana avy amin'ny Tompo. Ny misaotra sy mankasitraka no tokony hatao. Ohatra iray maneho izany ny tononkalo nosoratany noho ny fahavitan'ny tilikambon'ny FJKM Ambohimalaza.

« Tompo ô, ankehitriny, vita soa ny tilikambo

Noho ny fanambinanao, fahasoavana tsy tambo.

Koa isaoranay Ianao, Andriamanitra Tsitoha

Ny fitahiana avy Aminao, tena sitrakay tokoa ! »

(...)

(V.A lah 1)

Amin'ny ankapobeny moa, dia ny vavaka no anehoana ny fisaorana an'Andriamanitra. Mety hiseho amin'ny alalan'ny hira ihany koa izany. Izany indrindra no ampaherezany ny olona ka ilazany hoe :

« Ilay ianao nihirahira faly hidera an'Andriamanitra

Fa tojo zavatra nirina, tojo felan-tsoa sy hanitra,

Vavaka iny ka fantaro... »

(...)

(V.A lah 10)

Araka izany, ilaina ny mifaly amin'ny fahombiazana. Iza tokoa moa no tsy ho ravo raha tojo ny zava-nantenaina ?

Koa rehefa mifaly ihany, hoy ny mpanoratra, dia aoka hifaly am-pahendrena. Izany hoe, tsy mirehareha, tsy manandra-tena, fa mifaly, midera Ilay Avo indrindra.

(...)

« Ary eo am-pifaliana,
Manaova fifaliana hendry

(...)

Ary koa tsarovy tsara
Fa ny fisasaranao
Tsy ho nahomby velively
Raha tsy tao ny fitahian'
Ny Avo indrindra niasa tao,
Ka fadio ny reharena
Diso toerana rehetra,
Ny avonavona iheverana
Ho olo-mahavita tena »

(...)

(V.A lah 104)

Amin'ny fahombiazana àry, dia mila misaotra sy mankasitraka an'Andriamanitra. Halavirina ny fiheverana ny tena ho nahavita samirery ilay asa natao.

Manabe ho amin'ny fitiavan-tanindrazana ihany koa ny mpanoratra.

2.3.3. ny fitiavan-tanindrazana

Zava-masina ho an'ny Malagasy ny tanindrazana. « *Ny tanindrazana dia loharanon-tsoa tsy misy toa azy (...) misy ny fananan'ny razana hatrany hatrany, tany, fasana, mirakitra ny karandoha sy ny taolambalon'ny nahitana masoandro, nahalatsahan'ny tavoniny* »¹¹¹ : araka ny nanambaran-dRAVELOJAONA azy.

Ho an'ny Malagasy, dia i Madagasikara no tanindrazany. Maneho izany maha loharanon-tsoa tsy misy toa azy an'i Madagasikara izany i IRAKO AMMI. Hoy indrindra izy :

¹¹¹ RAVELOJAONA, *Tanindrazana sy firenena ry isika Malagasy*, Imprimerie spéciale, Anjohy, 1972, tak 72.

« Ny Madagasikarantsika,
 Tena kanto koa raha kanto
 Fa izao tontolo izao
 Mahalala ny haren'ny
 Izay koboniny ao anaty,
 Iravahany eto ivelany,
 Milomano an-dranomasiny... »

(...)

(V.A lah 90)

Manoloana izay hakanton'i Madagasikara izay, hoy ihany ny mpanoratra, dia maro ireo vahiny mpitsiriritra sy mpijirika, te handroba ny harena misy eto. Tokony ho saro-piaro anefa ny Malagasy ka tsy hamela ny taniny ho tantely afa-drakotra, hanjakan'ireo vahiny.

Tsy ny vahiny ihany akory no mety hanabotry ny firenena fa ao koa ireo Malagasy mpanam-bola, lalin-tsaina sady fetsy ratsy, ka sahy mivarotra ny tanindrazany. Mety ho ny mpitondra no hanao izay fomba izay, ka hanetry ny firenena mihitsy :

(...)

« Tsy ho vanona tsy akory
 Ny firenena mamintsika
 Raha mbola misy izay mpitondra
 Fitaovan'ny vahiny mamba ! »

(...)

(V.A lah 91)

Manentana ny rehetra àry i IRAKO AMMI, hijoro hatrany hiaro ny taniny ; ka na amin'ny ady sarotra aza, dia tsy ho kivy velively.

(...)

« Na mangorohoro mafy fa mahita ra mandriaka,
Dia mahery ihany isika ! »

(...)

(V.A lah 20)

Tsy tokony hilavo lefona eo anatrehn'ireo mitsangana ho fahavalon'ny firenena. Mino sy manantena mantsy izy fa rehefa mijoro tsara amin'ny fitiavan-tanindrazan ny Malagasy, dia manampy sy miah'y azy hatrany ny Ray :

« Ary mihoatra noho izany, he ty FIVAVAHANAO »

Vonto fahasahiana masina amin'izay rehetra atao...

MIJOROA, RY MALAGASY ! EFA NIHAINO ANAO NY RAY !

(V.A lah 17)

Tsy ho vitan'ny olona iray ny hiaro ity Nosy ity. Ny vahoaka miara-mientana no hahatontosana izany. Ny toe-tsain'ny tsirairay àry no ilana fanovana, tsy ho zaza mora arebirebin'ireo toa milaza fa hampakatra ny fari-piainany. Hatramin'izay mantsy, dia « zaza hatrany ny vahoaka », hoy izy :

« Mahalasa eritreritra

Ny tenin'olon-kendry iray :

« zaza hatrany ny vahoaka » ! »

(...)

(V.A lah 85)

Noho izany, mila mamakafaka sy mandalina tsara vao miroso amina firehan-kevitra iray, mba tsy ho voafitaka. Izany no toro-hevitra entiny ho an'ny vahoaka tsy vaky volo :

« O, tandremo sao sodokan'

Ny olona mahy miteny

Ka hihinana amam-bolony

'zay atsanga tsy aman'orana

Tsara lahatra rehetra

Hampatory am-pitsanganana

Ambara anao rehetra izao »

(...)

(V.A lah 72)

Ireny olona ireny mantsy matetika dia manao ho fitaovana ny vahoaka mba hanatevina ny paosiny fotsiny. Tsy tokony hohadinoina anefa fa na ny mpandreby na ireo izay mety harebireby dia mpamadika ny fitiavan-tanindrazana avokoa. Ny fisian'izany indrindra no antony itondran'ny mpanoratra sary an'ohatra ny amin'izay mety ho fihetsiky ny mpitolona ambara fa mahery fo tamin'ny 29 martsa 1947, raha tahiny ka tafatsangana izy ireny. Ho faly ve sa hitomany izy ireny raha mahita ny zava-misy eto Madagasikara ankehitriny ?

« Raha inty ka tafatsangana

Amin'ny maty ireo mpitolona

Ka hijery antsika velona

Sy taranaka mpandimby...

Ho to'inona va re

No ho fihetsik'izy ireo ?

Moa hibatika izy ireo

Sy hidera antsika hoe :

« misaotra indrindra fa tsy very

Ny herim-po nasehonay,

Fa tsara ny nataonareo

Ka endrey ny fandrosoan'

Izato tanindrazantsika ! »

Sa hitomany izy,

Eny hihiaka an-katezerana !:

« 'Dray ty hadalanareo !

Raha izao no ataonareo

Dia matimaty foana ihany,

'zahay mpitolona rehetra ! »

(...)

(V.A lah 76)

Mampandini-tena ny tsirairay izany. Mba tsy hananan-tsiny amin'ireo mpitolona hatrizy, sady hitondrana fitahiana ho an'ny tanindrazana àry, dia ilaina ny manao ny tsara ho an'ny firenena. Tsy hanantena ny hafa fa ny ezaky ny tena no fanoitra voalohany. Hoy izy :

(...)

« Sa ianao mihitsy

No hiasa sy hijoro

Hanjary fitahiana

Ho an'ny tenanao

Sy ny ankohonanao

Sy ho an'ny firenena ? »

(V.A lah 38)

Nataon'ny mpanoratra miendrika fanontaniana izany, saingy ny tiany hambara dia ny hoe : mijoroa, miasà mba ho fitahiana ho an'ny firenena, ho mariky ny fitiavan-tanindrazana.

Fehin'ny toko faharoa

Hita tato amin'ity toko faharoa ity ny fanabeazana momba ny fahaiza-miaina eo amin'ny fiarahamonina. Maro ny lesona azo tamin'izany. Tokony ho hay ny mampifandrindra ny toetra amin'ny fiainana. Nitondrana fanitsiana teto ihany koa ny amin'ireo toetra sy fitondran-tena fahitan'ny mpanoratra matetika izay tsy tokony hananan'ny isam-batan'olona. Nanome ny fomba rehetra iatrehana ny fiainana izy toy ny fifehezan-tena, ny fiatrehana ny fandaharan'Andriamanitra, nipaka hatramin'ny fanabeazana ny Malagasy hitia ny tanindrazany.

Tsy ampy haha olom-banona anefa izany, ilana fanabeazana ihany koa ny fanahy. Izany no ho hitantsika ao amin'ny toko fahatelo.

TOKO FAHATELO : NY FANABEAZANA NY FANAHY

Zavatra mampiavaka ny olona amin'ny biby ny fanahy. Ny fanahy tokoa mantsy no olona, hoy ny fahendrena malagasy. Ilàna fikolokoloana fatratra, araka izany, ny fanahy. Mpanoratra kristiana, « irak'Andriamanitra » no mamolavola ny asa soratra hadihadiana. Tsy azo odian-tsy hita, noho izany ireo toriteny ampahafantarany an'Andriamanitra amin'ny ankapobeny. Eo ihany koa ny fikaloany ny fitiavan'Andriamanitra. Manolotra toetra maromaro tokony hananan'ny olombelona manoloana izany i IRAKO AMMI. Izany fanabeazana ara-panahy izany no ho hita ato amin'ity toka fahatelo ity.

3.1. Fampahafantarana an'Andriamanitra amin'ny ankapobeny

Ny Andriamanitra inoan'ny kristiana no zarain'i IRAKO AMMI ho fantatry ny rehetra, amin'ny maha Kristiana azy. Iankinan'ny finoana Azy, ny fanehoana ny momba an'Andriamanitra sy ny maha izy azy an'Andriamanitra.

3.1.1. ny momba an'Andriamanitra

Avo indrindra Andriamanitra. « *Ny hoe “avo indrindra” dia milaza fa tsy ety an-tany loatra no ipetrahan'Andriamanitra (...)* »¹¹². Efa nino Azy ny Malagasy. Maneho izany ny fisian'ireto ohabolana ireto : « *Aza ny lohasaha mangina no heverina fa Andriamanitra ambonin'ny loha* » ; « *ambony fipetraka Andriamanitra, fa ambany fijery* » ; « *Andriamanitra tsy andrin'ny hafa andrinay mavomavo eto ihany* »..

Maro ny anarana iantsoan'ny Kristiana an'Andriamanitra: Ray tsitoha, Tompo, ny Avo indrindra, Andriananahary, Mpahary...Io ilay namorona sy nahary izao tontolo izao, izay momba antsika hatrany :

« Lalana tsy takatsika
no itoandran'ilay Mpahary »

(V.A Lah 32)

Ao ihany koa ny Andriamanitra zanaka, dia i Jesoa Kristy, nataon'Andriamanitra nofo avy tamin'i Maria virijina Izy. Nandatsaka ny rany teo ambony hazofijaliana ho famonjena izao tontolo izao Izy. Maty ka nalevina, nefa

¹¹² (P.A) RAZAFINTSALAMA, *Tari-dalana hoenti-manadihady ny finoana sy ny fomba Malagasy*, Edisiona Md Paoly, Antananarivo, natonta fanindroany, 2004, tak 76.

nitsangana tamin'ny maty. Izay ilay Paska fandresena ampaherezin'i IRAKO AMMI ny olon-drehetra, indrindra fa ny kristiana.

(...)

« FA VELONA TOKOA

I JESOA »

(V.A lah 18)

Niakatra any an-danitra i Jesoa rehefa avy nandresy ny fasana. Naniraka ny Fanahy Masina, hitari-dalana sy hananatra ary hampahery Izy. Ireo no Andriamanitra telo izay iray: Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Miasa eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona Andriamanitra :

« Lalana tsy takatsika

No itondran'ilay Mpahary

Sy mpamonjy tia antsika

Ny Fanahiny no injao

Miasa mora nefa marina

Isan'andro manavao »

(...)

(V.A lah 32)

Manana hery tsy hay tohaina, hery tsy hita Andriamanitra. Manana ny maha izy azy manokana Izy.

3.1.2. ny maha izy azy an'Andriamanitra

Manam-pahefana amin'izao tontolo izao Andriamanitra. Manana izay hevitra itondrany sy andrindrany ny fiainan'ny zava-boary Izy. Araka izany, mila manaiky ny fitantanany, ka ho sahy hilaza hoe :

(...)

« Ento fotsiny aho d'izay ! »

(V.A lah 105)

Noho ny maha ambony fipetraka Azy, dia mahita ny miafina rehetra Andriamanitra. Ambany fijery Izy, ka izay atao rehetra, hatramin'ny fisainantsika olombelona aza, dia fantany avokoa. Izany no tsy tokony hanaovana ratsy satria :

(..)

Na ts'hitan'olona aza

Hitan'ny Ao Ambony »

(...)

(V.A lah 40)

Araka izany, na ratsy na tsara vita, dia hitany avokoa. Ray mora fo anefa Izy, ka mamela ny helok'izay mifona Aminy. Izy rahateo : « ***tsy tonga hiantso ny marina (Aho), fa ny mpanota*** »¹¹³. Izany indrindra no ilazan'ny mpanoratra hoe :

O

« Ota ve ? Hainy avela, tsy hanandevo anao intsony !

Olom-baovao ianao : Izay no hetahetam-pony ! »

(...)

(V.A lah 5)

Mbola anehoan'Andriamanitraa izay maha Ray be indrafo sy ny maha Ray be fitiavana Azy izay ny fombany isan'andro ny mpanompony. Iainan'i IRAKO AMMI izany ka nahatonga azy hikalo toy izao :

(...)

« F'hatramin'izay k'hatramin'izao, izahay dia heni-tsoa !

Heni-tsoa sy fitahiana na dia nisy ny nanjo »

(...)

(V.A lah 28)

« Matokia fa Izy Tompo

Tsy hamela anao ho irery !

Ao anaty rotoroto,

Izy mbola hanafy hery ! »

(...)

(V.A lah 27)

Araka izany, tsy mandao na mahafoy ny olony Andriamanitra. Tokony hotsaroana mandrakariva izay maha Andriamanitra fitiavana Azy izay.

3.2. Ny maha Andriamanitra fitiavana Azy

Andriamanitra tsy mandao fa ny olona no be siasia. Tian'i IRAKO AMMI ho fantatry ny rehetra izany, ka hoy izy :

« Ny Tompo no hijery

Homba, hanafy hery,

¹¹³ Ny Baiboly, Mat 9 : 13d

IZY TSY MANDAO

Fa tiany be ianao »(...)

(V.A lah 3)

Anehoany izay fitiavany izay, ny fanomezany ny zava-boary. Toy izany koa ny nanolorany ny Zanany hamonjy izao tontolo izao, ary mbola anomezany tombon'andro hatrany.

3.2.1. ny fanomezany ny zava-boary

An'andriamanitra ny tany sy izay rehetra ao aminy. Foiny anefa ny zava-boary, izao hitantsika rehetra izao, mba hanjakan'ny olombelona. Tsy natao hanampy amin'ny fiainana fotsiny akory izany, fa indrindra hanomezana endrika ny tontolo. Toy izany, ohatra, ny voa mitrebona amin'ny tany, amin'ny andron'ny ririnina.

(...)

« Fa ilain'ny tanimboly,

(...)

Hampitsiry ireny voa

Nalevina any anaty tany »

(...)

(V.A lh 66)

Matetika no tsy tsaroan'ny olombelona fa izy dia zava-boary ihany koa. Zava-boary, saingy zava-boary sarobidy indrindra, satria nataon'Andriamanitra nitovy endrika taminy. Tsy manjaka amin'ny olombelona akory ny olombelona, fa mifampila : « ***Tsy misy tokoa olombelona mitoka-monina eto ambonin'ny tany fa tsy maintsy miara-miaina eo anivon'ny ankohonna sy ny fiarahamonina*** »¹¹⁴.

Ny fikaloan'i IRAKO AMMI izany, dia fitarihana ny olona hahalala ny fitiavan'Andriamanitra, sy ny hanaporofoana fa misy mpamorona izao rehetra izao, ary koa hitaona ny hafa haka tahaka ny toetrany. Nambarany mihitsy fa iraky ny lanitra ny olombelona.

(...)

« fa ianao dia sarobidy

ary iraky ny Lanitra

nipoitra avy amin'ny Doria

izay mandalo ety an-tany

¹¹⁴ Jereo naoty faha 75

ao anatin'ny fotoana
 mandra-piainaganao indray
 himpody an-kibon'ny Doria ! »
 (V.A lah 56)

Mpivahiny ihany ny olombelona. Zava-boary ambony izy. Nomen'Andriamanitra ho azy, hanjakany ny zava-boary hafa, hanaporofoan'Andriamanitra ny fitiavany. Tsy vitan'izany fa natolony ihany koa ny Zanany lahitokana hamonjena izao tontolo izao.

3.2.2. *ny fanolorany ny Zanany*

Sarobidy ny aina ka notsimbinin'ny Malagasy fatratra. « *Aleo maty rahampitso, toy izay maty androany* » : hoy ny ohabolana iray. Alahelo lehibe tokoa ny fisian'ny fahafatesana eo amin'ny fianakaviana. Tsy mba toy izany ny an'Andriamanitra fa ny Zanany lahitokana mihitsy no foiny hamonjena izao tontolo izao.

Andriamanitra tonga nofo avy tamin'i Maria virijina i Jesoa Kristy. Izay no antony ankalazana ny Noely, manambara fa tonga teto an-tany ny Mpamonjy. Anisan'ny fety kristiana malaza ankalazaina maneran-tany, toy ny eto Madagasikara ny Noely. Tsy ho teraka any Betlehema intsony i Jesoa amin'iny andro Noely iny. Ny Noely amin'i IRAKO AMMI dia ny fanekena an'i Jesoa Kristy ho teraka indray ao am-po, ka hanaiky hanjakany :

« Tompo ô,
 tsy tranon'omby,
 na hotely izay tsy omby
 intsony »
 (...)

« Tompo ô,
 Inty ny foko no anjakao :
 Ekeko IANAO ho teraka ao !
 Ny ho Anao no he kasaiko
 HATRAMIN'NY FARAFOFONAIKO »

(V.A lah 4)

Voahombo teo ambony hazo fijaliana i Kristy. Izy Ilay tsy nahalala ota, nefa nataon'Andriamanitra ho ota ho famonjena izao tontolo izao. Ny rany latsaka,

tamin'ny nanapahan'i Pontio Pilato no manadio ny ota rehetra. Fitiavan-dehibe tokoa izany, izay hankalazana ny Paska, fety kristiana ihany koa. Fitiavana ambony tsy manan-tsahala izany, hoy ny mpanoratra :

« Herinandro Masina,
Ity herinandro ity,
Fa masina tokoa
Ilay fitia ambony,
Tsy manana sahala
Namonjena antsika »

(...)

(V.A lah 77)

Tiana ihany ny mampahatsiahy, fa ny Herinandro Masina dia ilay herinandro mialoha ny Paska. Fandinihan-tena no atao mandritra izany. Mila manetry tena manaraka ny lalan'ny hazofijaliana. Tokony hotsaroana, fa noho ny amintsika olombelona, sady ho fanavotana antsika, dia nanolotra ny ainy Izy :

(...)

« Herinandro Masina
'ty herinandro ity
Ny Zanak'Andriamanitra
Nijaly sady maty
-tsy noho ny hadalany,
Na ny fahotany,
fa ho antsika ihany- »

(...)

(V.A lah 77)

Tsy nijanona tany amin'ny fiainan-tsy hita akory i Jesoa, fa nitsangana tamin'ny maty, nandresy ny fahafatesana. Izay no fanantenana tsy lany ho an'ny mpino :

(...)

« Fa ny PASKA, indro, tany hamelon-tsoratra aminao

(...)

FA VELONA TOKOA

I JESOA ! »

(V.A lah 18)

Ny fahoriana izay heverin'ny olona fa mafy indrindra dia ny fahafatesana, no efa niaretan'i Jesoa Tompo. Ny ainy aza foiny ho fanavotana ny rehetra. Fitiavan-dehibe tsy manan-tsahala tokoa izany. Koa fitiavana no tokony hasetry izany amin'ny andro mbola iainana.

3.2.3. ny fanomezany tombon'andro

Tsy tian'Andriamanitra hisy ho very na dia iray akory aza ny zanak'olombelona. Izany no mbola anomezany tombon'andro ho an'ny velona rehetra. Tsy hisy dikany anefa izany raha toa ka laniana amin'ny faharatsiana sy ilomana anaty fahotana. Trosa no anoharn'i IRAKO AMMI ny tombon'andro. Misy zavatra tsy maintsy efaina amin'izany :

(...)

« Fa ny tombon'andro
omena anao dia tsara
tsy maintsy haloanao

Fa matoa ianao

Tsy mbola hoe nindaosina
dia misy ireo adidy
andrasana aminao »

(...)

(V.A lah 52)

Matetika anefa no tsy tanteraka ny olombelona, tsy mahefa izay adidy tandrify azy. Mety ho solafaka amin'ny fahotana maro ihany koa. Tsapan'ny mpanoratra izany :

« Olom-belo-mety diso

Sy voafetra ihany isika »

(...)

(V.A lah 61)

Soa lavo hahay hamindra, ary soa kenda hahay mitsako, hoy ny fitenenana. Miombon-kevitra amin'izany i IRAKO AMMI. Tsy tokony ho resim-pahakiviana raha solafaka famindra. Tsy tokony hamoy fo raha nanota. Mbola eo mantsy ny fotoana hahafahana mifona sy mitondra ny fahadisoana hofafan'Andriamanitra. Tokony hararaotina izany, mba tsy hanenenana.

(...)

« Dieny mbola misy
fotoana hibebahana
tsy hilazana hoe :
« Diso aorina loatra ! »
nahoana raha miova ?
Mba tsy hanenenanao ! »

(V.A lah 51)

Mamatotra ny olombelona ny fahotana ary mikiky sy manimba azy mihitsy aza indraindray. Misy ireo voageja no tsy manana fanantenana kely akory mba hahafahany mihavao. Tsia, hoy ny mpanoratra. Ny fanday aza afa-miofo ho lolo. Afaka mihavao noho izany ny olombelona :

(...)

« Fa afa-miova ianao,
afaka hihavao,
na iza ianao na iza,
dia toy ilay fanday
ratsy sy mandady
niofo hanjary lolo
kanto sy manidina
eny ana habakabaka
mifoka fahafahana ! »

(V.A lah 48)

Rehefa mibebaka ka voavela dia tonga olom-baovao. Tsy misy tsy avelan'Andriamanitra mantsy ny heloka izay ibebahana. Tokony ho faly sy ho ravo rehefa nahazo famelan-keloka. Fitiavan'Andriamanitra izany ka mitondra hery tokoa. Tsy mitana alahelo Andriamanitra. Momba antsika hatrany izy, hoy i IRAKO AMMI, mba hahafahana miatrika ny tombon'andro izay omeny.

(...)

« Koa mahereza hatrany
f'Ilay nanampy andro
mba hahavelomanao
dia ampy koa hanafy
hery hoenti-miasa
sy hanefana izany ! »

(V.A lah 52)

Andriamanitra dia fitiavana. Mora fo sy be fiantra Izy. Nohariny hitovy endrika Aminy ny olombelona ka afaka manjaka amin'ny zava-boary hafa. Foiny ihany koa ny Zanany, ho famonjena izao tontolo izao. Mbola anehoany izay fitiavany izay ny fanomezany tombon'andro hahafahana mihavao hanaovana ny tsara mba handovana ilay fiainana mandrakizay dia ny Paradisa. Noho izany, dia misy toetra tsara tokony hananan'ny olombelona.

3.3. Ny toetra tokony hananan'ny olombelona

Tsy mikely soroka i IRAKO AMMI amin'ny fitoriana izay ataony. Tsy sasatra izy ny mitarika ny mpiara-belona aminy ho amin'ny tsara ka manoro ny amin'ny tokony hatao. Ambarany amin'ny alalan'ny asa sorany fa tokony hanolo-tena ho an'Andriamanitra ny olona. Tsy latsa-danja amin'izany ny fiventesany ny amin'ny fanetretena sy ny fananana fanantenana izay toetra tsara tokoa.

3.3.1.ny fanoloran-tena

Fihetsika tsara tokony hatao ny fanoloran-tena ho an'Andriamanitra. Tsy ireo olom-boaantso, toy ny Mpitandrina sy ny Relijiozy ihany akory, no mila manankina ny fiainany amin'ny Ray, fa ny rehetra. Matetika mantsy dia ny mandray no mahazatra. Toy izany ny fandraisana ny fahasoavana avy amin'Andriamanitra :

(...)

« Eny, tena manavanana

Izany hoe mandray izany... »

(...)

(V.A lah 107)

Andriamanitra dia miantso ny olona rehetra. Samy manana ny nifidianany azy ny tsirairay. Mety hivantana na tsia izany antsony izany. I IRAKO AMMI dia nandray izay antso izay :

« Mamelovelo ato am-poko

Ny antsonao ry Tompo soa »

(...)

(V.A lah 36)

Tsy nandà ny antso izy. Nanaiky ho fitaovana eo am-pelantanan'Izy Tompo. Tiany hananan'ny rehetra izany fanoloran-tena ho an'Andriamanitra izany. Araka

izany, rehefa manolo-tena, hoy izy, dia tsy ny ampahany ihany no atolotra, fa ny momba ny tena manontolo, hatramin'ny harena :

(...)

« Rehefa hoe manolo-tena :

Tsy fo ihany no omena,

F'atolory koa ny harena ! »

(...)

(V.A lah 30)

Samy mahazo fahasoavana avy amin'ny ao Ambony avokoa ny olombelona. Mila ampiasaina amin'ny fitoriana ny filazantsara izay nomena ho mariky ny fanoloran-tena. Mampitombo izay ananana ny fanatanterahana izany :

(...)

« Rehefa hoe manolo-tena :

Ny fahasoavana nomena

Ampiasaina tsy hihena ! »

(...)

(V.A lah 30)

Izay resy lahatra amin'ny fanarahan-dia an'i Jesoa Kristy, ka nitana izay nekeny, dia mahazo fahasambarana sy soa manana amby ampy. Tsy inona fa ny fiainana ao amin'i Jesoa Kristy nandresy ny fahafatesana sy izay rehetra momba Azy :

(...)

« Rehefa hoe manolo-tena :

Mahazo soa sesehena

Dia i JESOA IMANOELA »

(V.A lah 30)

Tsy tokony hohadinoina anefa fa misy ny fahavalo. Tsy faly amin'izay manara-dia an'Andriamanitra ny devoly. Tsy sitrany, noho izany, ny hananan'ny olona iray fiainam-pahasambarana amam-piadanana, dia ilay fiainana ao amin'ny Tompo. Na izany aza anefa, miala maina izy ireny rehefa ny Fanahin'Andriamanitra no miasa ao anaty :

(...)

S Satana dia tsy faly akory raha manolo-tena ianao ;
S Saingy ny FANAHY no homba amin'izay rehetra hatao »

(...)

(V.A lah 51)

Tsy faty antoka velively ny fanoloran-tena ho an'Andriamanitra. « RAISO I KRISTY » (V.A lah 5) hoy ny mpanoratra mba handovana ilay Doria, dia ny fiainana mandrakizay na ny Paradisa. Mifanindran-dalana amin'ny fandraisana an'i Jesoa Tompo ny fanetren-tena, izay toetra tsara tokony hananana ihany koa.

3.3.2. ny fanetrentena

Mila manaiky sy mankato ny sitrapon'Andriamanitra ny olona manolo-tena ho Azy. Anisan'izany ny fanetrentena. Sarotra tanterahina anefa izany, amin'ny maha-olombelona. Na izany aza, tokony hialana ny fizahozahoana sy ny fiheverana ny tena ho zavatra eo amin'ny mpiara-belona. Tsy sitrak'Andriamanitra mantsy ny toetra toy izany. Izay manetry tena kosa omeny fahasoavana, araka ny voalazan'ny Soratra Masina hoe : « *...Samia misikina fanetren-tena hianareo ka mifanompoa, fa Andriamanitra manohitra ny mpiavonavona, fa manome fahasoavana ho an'ny manetry tena* »¹¹⁵

Endrika iray isehoan'ny fanetren-tena ny tsy famaliana ratsy izay nanisy ratsy ny tena. Hahasoa tokoa izany :

« Ho andro soa anie
 'ty andro anio ity,
 (...)
 raha toa ianao mifidy
 ny lalan'ny fitiavana
 ka na nasiana ratsy,
 tsy handeha hamaly faty »
 (...)
 (V.A lah 50)

Tsy ho vita amin'ny herin'ny tena anefa izany, raha tsy ao ilay herim-po sy herin-tsaina avy amin'Andriamanitra. Fanatanterahana ny baikon'i Jesoa ihany koa ny fanolorana izay ananana ho an'ny hafa. Raha tsorina, dia ny fitiavana ny namana tahaka ny itiavana ny tena, araka ny fahendrena Malagasy hoe ; « *valala iray aza ifanapahana* ». Fanetren-tena lehibe ny fetezan'ny olona iray hitovy amin'ny hafa ka

¹¹⁵ Ny Baiboly, I Pet 5 : 5b

hizara tsy hanatombo izay ananana, zara mira. Toetra soa tokoa izany, ary mariky ny fahamatorana rahateo, hoy ny mpanoratra :

(...)

« Ny olo-matotra dia fantatra

Amin'izato toetra soa

Izay ahaizany mizara

Sy manolotra ny ananany

Ho an'ny manodidina azy »

(...)

(V.A lah 108)

Misy ihany ireo mahatolotolotra, saingy manantena tambiny. Tsy ny valiny ety an-tany anefa no zava-dehibe, fa ny valim-pitia any an-danitra. Araka izany, rehefa matotra amin'ny fanetren-tena dia tsy mikendry tambiny velively, izany hoe :

(...)

« Fanolorana madio

Tsy mikendry tombon-tsoa,

Tsy mba hoe iandrasam-baliny »

(...)

(V.A lah 108)

Ny tsy fahatanterahana ny sitrapon'Andriamanitra dia heloka eo anatrehany. Ny fahotana no efitra mampisaraka ny olombelona amin'Andriamanitra. Manafaka amin'ny loto rehetra Izy rehefa miaiky ny tsy fahatanterahana isika :

(...)

« ento kosa hosasana

izay maloto mampijaly

Fa 'Lay Rà izay nalatsaka

Afaka hanadio anao »

(...)

(V.A lah 11)

Ny tsiky tsisy setriny, ny fizarana teny mamy sira mba ho fanafody...(Fizarana II, tokoII) ireny rehetra ireny dia mariky ny fanetren-tena ihany koa. Toetra tokony hananan'ny rehetra izany. Tsy mampitanondrika akory ny fananana fanetren-tena fa hijinjana fiainana feno fanantenana.

3.3.3. *ny fananana fanantenana*

Lehilahy manana fomba fijery miabo i IRAKO AMMI. Tsy mba mora kivy izy noho ilay fananany fanantenana miorim-paka ao amin'i Jesoa Kristy. Tiany hananan'ny olona rehetra izany toetra izany. Tsara antoka izay ao amin'ny Tompo ka tokony tsy hanahy na inona na inona hiseho :

(...)

« Ko sikino ny valahana, matokia Ilay nifidy,
N'inon'inona hibahana, na ho mamy na mangidy
Tokana ny tokin'aina, Ny tompo momba sy mitahy »

(...)

(V.A lah 12)

Ekena, mety hisy tokoa ny ady, lala-mafy hampidraiko. Tsy tokony hihemorana akory izany fa tokony hanantena fandresena hatrany, satria i Jesoa efa nandresy :

(...)

« Ka na dia toa lava,
Eny, toa lavareny
aza ity mampahory
Mahaiza miandry
Amin'ny fo manantena ! »

(...)

(V.A lah 64)

Ambaran'ny mpanoratra ombieny ombieny fa ao amin'i Jesoa ihany no hananana fanantenana. Ny taona iray mifarana dia mampanakaiky ny fiainana mandrakizay dia ny lova. Ampahafantariny ny maro izany mba hananana Ilay fanantenana :

(...)

« Ny taona ihany no hafoy
fa ny fiainanao hitohy
mba hanatona ny Lova
dia i JESOA 'LAY TSY MIOVA »

(...)

(V.A lah 9)

Ny handova ny fiainana mandrakizay no katsahin'ny maro, indrindra fa ny kristiana. Mba tsy hisian'ny fahadisoam-panantenana àry, dia aleo miomana dieny izao. Mpivahiny mantsy ny olombelona ka voafetra ihany ny andro iainany. Ilaina karakaraina ny fanahy mba handova ny Doria. Hisy mantsy ny fitsarana amin'ny andro farany. Fahendrena ny miomana hoy i IRAKO AMMI :

(...)

« Ry mpivahiny namako ô,
Raha fantatrao fa hisy izany
Tsy fahendrena ve ny miomana ?

(...)

(V.A lah 75)

Toetra tsara avokoa no nentin'ny mpanoratra. Mifampiankina ireo: ny fanoloran-tena mitaky fanetren-tena, ny fanetren-tena hananana fanantenana.

FEHIN'NY FIZARANA FAHAROA

Mpanoratra mikalo ny fanabeazana i IRAKO AMMI. Ny fampivelarana ny maha olona manontolo : vatana, saina, fanahy, hahatonga azy ho olo-matotra sy ho olom-banona no tanjony. Niantefan'ny hafatra avokoa na ny ankizy, na ny tanora, na ny lehibe. Tsy nikely soroka izy nanampy ireo mpanabe tamin'ny ireo toro-hevitra isan-karazany, hahatomombana ny fanabeazana. Manoloana ny zava-misy, nikalo ny fahaiza-miaina eo anivon'ny fiarahamonina izy. Novoiziny tamin'izany ny fahaizana mampifandrindra ny toetra amin'ny fiainana. Ankoatra ny fitanisany ireo toetra raiki-tampisaka amin'ny fiainana ; hita tao amin'ny asa sorany koa ny fomba fiatrehana ny fiainana. Miditra an-tsehatra i IRAKO AMMI manitsy ny fitondran-tena tsy mety mbola ananan'ny ankamaroan'ny olona ; ny fahadisoam-potoana, ny tsy fahamarinana, ny fitsikerana ary ny fitsiriritana...Narosony mba hananan'ny mpiara-belona aminy ny fifehezan-tena. Toe-tsaina sahy mijoro hanao ny tsara, mifaly amin'izay ananana, ary manana fikirizana amin'izay atao no ilaina. Miainga amin'izany no ahafahana miatrika ny fandaharan'Andriamanitra na amin'ny loza, na amin'ny tsy fahombiazana, na amin'ny fahatanterahana izay kinasa. Nambabo ny fon'ny mpanoratra ny hakanton'i Madagasikara. Nikalo ny fitiavan-tanindrazana izy ary nanabe ny rehetra ho amin'izany koa. Tsy nataony ho latsa-danja ny fanabeazana ny fanahy. Nampahafantariny tamin'izany ny momba an'Andriamanitra. Tsy mandao Izy, be famindram-po sady mora fo. Andriamanitra fitiavana Izy. Fitiavana miorina

amin'ny fanomezana no tena fitiavana : ny fanomezany ny zava-boary, ny fanolorany ny zanany, ny fanomezany tombon'andro. Tsy hadinon'ny mpanoratra ny manolotra toetra tokony hananana manoloana izany. Ny fanoloran-tena ho an'Andriamanitra ho fitaovana ampiasainy amin'ny asa ilany azy no tena zava-dehibe. Mifanindran-dalana amin'izany ny fanetren-tena izay tokony hananan'ny Kristiana rehetra. Ny fahatanterahana ireo no hahazoana fanantenana mandrakizay. Fanabeazana avokoa izany.

Tsy ny hafatra ihany no mavesa-danja ao amin'ny asa soratr'i IRAKO AMMI. Tsaroana mandrakariva fa asa famoronana ny asa soratra, ary mpamorona ny mpanoratra. Ny fomba nanehoan'ny mpanoratra ny fanabeazana no hasongadina mandritra ny fizarana fahatelo.

**FIZARANA FAHATELO :
NY FOMBA NANEHOAN'NY
MPANORATRA NY
FANABEAZANA**

Dingana iray tokony omen-danja eo amin'ny fanadihadiana asa soratra ny fomba fanehoan-kevitra ny mpanoratra. Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fandrafetana ny maha zava-kanto ny tononkalo mantsy ireny fomba filazan-javatra ireny. Hoy i **Siméon RAJAONA** raha manambara ny heviny momba izany :« (...) *Tsy ho enti-manakona kilema ny fahaiza-manoratra amin'ny literatiora, fa tena vontoa-javatra mihitsy, koa mitovy zo sy sata amin'ny hevitra sy ny fihetseham-po entina hampijoro ny lahatsoratra: tsy azo sarahina ny hevitra sy ny fihetseham-po ampijoroana ny tantara ankilany, ary ny fomba enti-milaza azy andaniny* »¹¹⁶.

Mitana anjara asa lehibe eo amin'ny fanabeazana ny mpamaky ihany koa ny literatiora, mitaiza sy mikolo ny fihetseham-po amam-panahiny, eny fa hatramin'ny fitondran-tenany. Ny teny no fitaovana eo am-pelatanan'ny mpanoratra amin'izany. Ny fahaizany milalao io teny io no asehony ao anaty asa sorany. Manantitra izany i **J.P SARTRE** ao amin'ny boky *Qu'est ce que la littérature ?*, manao hoe : « *Ny manoratra dia manentana ny mpamaky mba hanaiky ny zava-misy izay abaribariko amin'ny alalan'ny teny* »¹¹⁷.

Mba hahafeno ny asa fanadihadiana izany, dia tsy tokony hijanona eo amin'ny hevitra fotsiny, fa maha kanto ny tononkalo koa ny fomba fanehoan-kevitra. Toa manao mizana tsindrian'ila mantsy ny mpanadihady raha ny hevitra fotsiny no jereny. Ry **WELLEK** sy **WARREN** dia niteny fa : « *Tsy misy dikany ny fanadihadiana lahatsoratra raha tsy fantatra ny paikady nentin'ny mpanoratra nandrafetana izany* »¹¹⁸.

Noho izany, hodinihina ny fomba nentin'i IRAKO AMMI nanehoany ny fanabeazana. Ho hita mandritra ity fizarana fahatelo ity ary, ny filalaovany amin'ny endrika ivelan'ny tononkalo, ny filalaovany amin'ny teny, ary ny filalaovany amin'ny sarin-teny.

¹¹⁶ (S) RAJAONA, *Takelaka notsongaina II*, Ambozontany Fianarantsoa, 1969, tak 22

¹¹⁷ (J.P) SARTRE, *Qu'est ce que la littérature ?* Ed Gallimard, Collection Idées, Paris, 1948, p 62 : « Ecrire, c'est faire appel au lecteur pour qu'il fasse passer à l'existence objective du dévoilement que j'ai entrepris par le moyen du langage »

¹¹⁸ (R) WELLEK et (A) WARREN, *La théorie littéraire*, Collection Poétique, Ed du Seuil, Paris, 1971, p 141 : « Elles (Les études littéraires) n'ont ps de sens que si on connaît la technique artistique du romancier en question »

TOKO I : NY FILALAOVANA AMIN'NY ENDRIKA IVELAN'NY TONONKALO

Voasokajy ao amin'ny literatiora an-tsoratra ny tononkalo. Voalazan'ireo mpandinika maro fa tontolon'ny « hatsaran-tarehy » ny tontolon'ny pôezia. Ampitovian'i **Jean Irenée RAMIANDRISOA** amin'ny finoana ny pôezia, ka ny andriamanitra tompoina dia ny « **hatsaran-tarehy** ». Noho izany, hoy izy, tsy maintsy karohina sy tadiavina mandrakariva io **hatsaran-tarehy** io¹¹⁹.

Raha vao miresaka ny « hatsaran-tarehy » dia ny endrika ivelany no mby ao an-tsaina, na dia tsy latsa-danja aza ny vontoatiny. Ho hita mandritra ny fijerena ny endrika ivelan'ny tononkalo àry, ny lohateny, ny andalana, ny andininy, ary ny rima.

1.1. Ny lohateny

Mahamaika ery ny fijerena ny lohateny, raha vantany vao mandray tononkalo na asa soratra iray. Toy ny loha mitondra ny vatana mantsy ny lohateny eo amin'ny lahatsoratra, ka manintona ny fijery avy hatrany. Ny lohateny no fitaovana iray isarihan'ny mpanoratra ny mpamaky mba ho liana, ary toa efa manatsidika sahady izay ho vontoatin-dresaka. Araka izany, manana safidy malalaka amin'izay karazan-dohateny tiany homena ny asa sorany ny mpanoratra mba hahakanto azy sy hitazonana ny fahalianan'ny mpamaky. Mifandraika amin'izany indrindra ny voalazan'i **WELLEK** sy **WARREN** manao hoe : « *Mba hifantohan'ny mpamaky bebe kokoa amin'ny asa soratra iray, dia ilaina ny manome endrika miovaova ny fiteny, izany hoe atao fiteny miaingitra [...]* »¹²⁰.

Ho an'i IRAKO AMMI, miseho amin'ny endrika telo, raha sokajiana araka ny halavany, ny lohatenin-tononkalo, dia ny :

- lohateny fohy
- lohateny antonony
- lohateny lava

Misy ihany koa ny fihatahan'i IRAKO AMMI amin'ireo endri-dohateny ireo, ao amin'ny vondrona ambara vitsivitsy. Hasongadina manaraka eto ireo araka ny laharam-pisehoany.

¹¹⁹ (J.I) RAMIANDRISOA, « La Bible source d'inspiratin poétique », *Hiratra* n°5, op cit, tak 145- 147.

¹²⁰ (R) WELLEK et (A) WARREN, *La théorie littéraire* , op cit, Pour que le lecteur y prête attention, la langage écrit doit être déformé, c'est-à-dire stylisé (...) ».

1.1.1. ireo lohateny fohy

Lohateny fohy no ilazanay ireo lohateny narafitry ny mpanoratra tamin'ny alalan'ny teny tokana monja. Io karazan-dohateny io no be indrindra ampiasain'ny mpanoratra ao amin'ny vondrona ambara. Tononkalo miisa sivy amby dimampolo (59) amin'ny tononkalo valo amby zato (108) no manana io endrika io.

Fohy ny lohateny, hany ka mahafaobe eo amin'ny hevitra. Matetika no mifamahofaho ao an-tsain'ny mpamaky ny petra-kevitra samihafa, heveriny ho mifandray amin'ny lohateny. Fahalianana hamaky ny andininy manontolo no hetsika andrasana amin'ny mpamaky eo am-pamakiana ny lohateny fohy mahafaobe.

Ohatra ; V.A lah 55 : « TENY ». Eo am-pamakiana ny lohateny ny mpamaky no efa voasarika sahady hametraka vinavina ny amin'izay tian'ny mpanoratra hambara amin'ny « teny », toy ny hoe : « inona mahakasika ny teny no ho voamarika ? inona no mahasarika azy hiresaka ity fitaovam-pifandraisana ity ? maninona ny teny ?...sns. Hihamazava miandalana amin'ny mpamaky fa ny vokatry ny teny ambara eo amin'ny manodidina no ampitain'i IRAKO AMMI, rehefa injay manjohy ny tononkalo manontolo izy ; ny teny izay atao dia mety ho teny mamy, teny manasitrana ny hafa, hahazoana fahasoavana, ary izany no anabeazan'ny mpanoratra ny mpamaky. Atsidiny ao ihany koa fa mety ho poizina hanimba ny hafa ihany koa ny teny. Ho takatry ny mpamaky any amin'ny farany fa fampisaintsainana no ataon'ny mpanoratra, ary fisarihana azy handanjalanja izay hambara mba ho teny fanasitrana.

Araka izany, fomba fanehoan-kevitra iray ahafahan'ny mpanoratra manomana ny sain'ny mpamaky handray sy hitadidy ary hanana fihetseham-po manoloana ny votoatin-kafatra raiketin'ny tontonkalo ny lohateny fohy. Amin'ireo tononkalo sivy amby dimampolo (59) ireo moa dia ahitana lohateny miverina; izany hoe: lohateny iray hita amina tononkalo roa samy hafa, toy ny :

- “MAHEREZA” : V.A lah 15 sy 78
- “FISAORANA” :V.A lah 42 sy 29

Ny lohateny ihany no mitovy amin'izy ireo, fa ny hevitra ambara na ny iantefan'ny hafatra no misy fahasamihafana.

Samy mitory fankaherezana, ohatra, ny V.A lah 15 sy ny V.A lah. 78, fa ny V.A lah. 15 dia entin'ny mpanoratra mampahery ny fiangonana mba tsy ho kivy amin'ny asan'ny Tompo, ary ny V.A lah. 78 kosa ampaherezany ireo ray aman-dreny

efa nanao ny ainy tsy ho zavatra tamin'ny fanabeazana an-janany saingy sendra izay zanaka mpaniasia.

Heverina fa tsy mifanalavitra loatra amin'izany ny fampiasana ny lohateny antonony.

1.1.2. ny lohateny antonony

Endri-dohateny nampiasain'i IRAKO AMMI koa ny lohateny antonony. Eto indray dia mirafitra amina andian-teny ny lohateny. Miisa fito amby roampolo (27) tao amin'ny vondrona ambara niaingana no ahitana ity endri-dohateny iray ity. Toy ny teo aloha, manetsika ny sain'ny mpamaky haminavina izay tian'ny mpanoratra ambara ny lohateny antonony, noho izy milaza ny vontoatiny sahady. Mihamazava kokoa ny tian'ny mpanoratra hambara raha mitaha amin'ilay lohateny teny tokana. Mihamihena kokoa ny fanontaniana apetraky ny mpamaky amin'ny tenany, noho ny andian-teny efa manoritsoritra toe-javatra iray.

Ohatra : V.A lah 30 : « Rehefa hoe manolo-tena » :

Mety hanakaiky ny tian'ny mpanoratra hambara avy hatrany no tonga ao antsain'ny mpamaky, dia ny fomba fanoloran-tena ho an'Andriamanitra. Ankilany, fampahafantarana ny maro sady karazana sori-dalana ho azy ireo amin'ny fomba fanoloran-tena ny endri-dohateny antonony eto. An-daniny, ahafantarana sahady ny fihetseham-po maneho ny faharesen-dahatry ny mpanoratra sy ny niainany ny fiainana tao amin'i Jesoa Kristy. Ny fampiasan'i IRAKO AMMI ny « rehefa hoe » no manamarina izany (miandry dia izao bediabe). Toa maneho ny dingana arahina sy ny tokony hatao avy hatrany izany. Iandrasana fanitsiana ihany koa anefa.

Ahitana ny fahaizan'ny mpanoratra misarika ny sain'ny mpamaky hanakaiky kokoa ny hafatra tiany hampitaina ny lohateny antonony. Ankoatra ny endri-dohateny antonony, hita ao amin'ny tononkalo ny lohateny lava.

1.1.3. ny lohateny lava

Natokanay ho lohateny lava ireo lohateny miendrika fehezanteny na fehezan-kevitra. Miisa sivy ambin'ny folo (19) izy ireo no hita ao amin'ny vondrona ambara. Azo lazaina ho mihamazava kokoa hatrany noho ireo roa voalohany ny vontoatin'ny tononkalo takarina ao amin'ny lohateny, ato amin'ity endri-dohateny fahatelo ity.

Ohatra : V.A lah 1 : « Tonombavaka akarina eo amin'i Jesoa Kristy vato velona noho ny tilikambo vita ». Miteny ho azy ny lohateny. Fantatra fa misy ny fahatrarana ny ezaka natao. Vita ny tilikambo. Eto amin'ny lohateny lava, dia tsapa avy hatrany ny vontootin'ny tononkalo, raha tsy mbola voavaky akory aza, afa-tsy ny lohateny ihany, ny fisaorana mipololotra avy ao am-pon'ny mpanoratra, ilay Andriamanitra nanome ny fahasoavany ka nahavitana ny tilikambo. Fihetsaham-po maneho hafaliana tsy omby tratra noho ny fahavitan'ny tilikambo no anterin'ny mpampitohy fehezan-teny « noho ny » ary manasongadina rahateo ny tilikambo vita. Izay no nanehoan'i IRAKO AMMI ny lohateny lava eto amin'ny ohatra noraisina.

Ao ihany koa anefa ireo lohateny miseho amin'ny endrika hafa.

1.1.4. ireo lohateny hafa

Lohateny hafa no entinay milaza ireo endri-dohateny vitsivitsy tsy nataon'ny mpanoratra tamin'ny alalan'ny teny, na andian-teny, na fehezan-teny, fa miendrika fanafuhezan-teny sy daty. Miisa roa izy ireo ao amin'ny vondrona ambara dia ny :

- V.A lah 69 « T.L » (fanafuhezan-teny)
- V.A lah 76 : « 29 Martsa » (daty)

1.1.4.1. ny lohateny fanafuhezan-teny

Ny V. A lah 69 : « T.L » ihany no manana io endrika io. Manaitra avy hatrany ny endrika isehoan'ny lohateny fanafuhezan-teny toy izao. Mipetraka ny fanontaniana maro sosona ao an-tsain'ny mpamaky, koa fahalianana hamaky ny tononkalo manontolo, hamantarana izay ambara toy ny teo aloha no heverina fa andrasan'ny mpanoratra avy amin'izany. Manaitra kokoa anefa ny fampiasana fanafuhezan-teny noho izy miala amin'ny mahazatra. Rehefa manjohy ny tononkalo iray manontolo ny mpamaky, dia ho voavaly ny fanontaniany. Hazava tsara aminy fa « Tara Lava » no fanalavana ny « T.L » fa tsy ampahany amin'ny nomeraona fiara tsy akory. Ho tsapany ihany koa fa fanabeazana azy ireo tsy hanana io fahazarana io no vontootin-kafatra ampitain'ny mpanoratra.

1.1.4.2. ny lohateny daty

Tononkalo iray monja, ny V.A lah 76 : « 29 Martsa » no lohateny daty ao amin'ny vondrona ambara. Heverina fa tsy mifanalavitra amin'ny tanjon'ny mpanoratra tamin'ireo endrika lohateny rehetra teo aloha ny nisafidianany

ny lohateny daty. Daty maneho ny tantaram-pirenena Malagasy ny 29 Martsa ka hahaliana tokoa, no sady mamohafoha ny fitiavan-tanindrazana ao amin'ny Malagasy. Mahasarika ny mpamaky hamantatra izay horeshan'ny mpanoratra ny amin'io daty malaza io ny lohateny daty eto.

Hita araka izany fa mifono hevitra avokoa ireo endri-dohateny rehetra. Toy izao manaraka izao ny fafana entina mamintina ireo endri-dohatenin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI voalaza rehetra ireo.

FAFANA 6 : Ny lohateny ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI :

ENDRIKY NY LOHATENY	V.A lah	isany	%
FOHY	9, 15, 78, 19, 22, 25, 42, 29, 36, 39, 40, 41, 43, 44, 46, 47, 49, 50, 53, 54, 55, 56, 57, 59, 60, 61, 62, 63, 64, 65, 66, 67, 68, 70, 71, 72, 73, 74, 75, 79, 80, 81, 82, 83, 84, 85, 86, 88, 92, 94, 95, 97, 98, 99, 100, 101, 104, 107, 108.	59	54,6
ANTONONY	10, 14, 21, 23, 24, 27, 28, 30, 31, 37, 38, 45, 48, 51, 52, 58, 77, 87, 90, 91, 93, 96, 102, 103, 105, 106.	27	25
LAVA	1, 2, 3, 4, 5, 6, 7, 8, 11, 12, 13, 17, 18, 20, 26, 32, 33, 34, 35.	19	17,59
HAFA	69 : « TL » 76 : « 29 martsa »	2	1,8
FITAMBARANY		108	100

Ny lohateny fohy no manantombo amin'ireo endri-dohateny ampiasain'i IRAKO AMMI mahatratra 54,62%n'ny vondrona ambara. Heverinay fa io rahateo no endri-dohateny tsara, satria, mahafaobe eo amin'ny hevitra, hany ka mahasarika ny mpamaky hiezaka hamantatra ny vontoatin'ny asa soratra. Raha andian-teny na fehezan-teny mantsy, dia azo an-tsaina avy hatrany matetika ny hafatra fonosiny, ka mety hampihena ny fahalianan'ny mpamaky.

Miala amin'ny fijerena ny lohateny ny maso, dia voasarika handinika ny firafitry ny asa soratra. Ny endrika isehoan'ny andalana no tiana hambara.

1.2. Ny *filalaovana amin'ny andalana*

Teny iray na teny maromaro mitambatra no manome ny andalana. Ny halavan'ny andalana sy ny antony mety ho nahtonga ny mpanoratra hisafidy izany no horesahna eto. Miovaova ny halavan'ny andalana, raha ny tononkalon'i IRAKO AMMI no jerena : ao ny fohy, misy ny antonony, ao ny lava.

1.2.1. ny *andalana fohy*

Nampiasa ny andalana fohy ny mpanoratra, rehefa hanantitra izay efa voalaza teo aloha, izany hoe mamintin-kevitra. Mety ho teny tokana izany, toy ny hita ao amin'ny :

- V.A lah 30 : « izany » (andl 10)
- V.A lah 9 : « izany » (andl 25)

Mety ho teny roa koa, ny andalana fohy toy ny hoe :

- « Ambony lohanao » (andn 2, andl 4) (V.A lah 41)
- « Andro vaovao » (andn 1 andl 1) (V.A lah 48)

Tsy natao hamintinan-kevitra ihany ny andalana fohy, fa mety hanana anjara asa hafa na sokajin-teny hafa koa :

Ohatra : - V.A 70 : « Fa » (andl 12) : mpampitohy

- V.A lah 91 : « Fa » (andl 9) : mpampitohy

Amin'ireo ohatra vitsivitsy ireo tsy misy mpampiankin-teny na mpampitohy, hany ka fohy sy mailaka ny famakiana ny andalany. Azo lazaina fa haingana kokoa ny fiantefan'ny hafatry ny mpanoratra ho any amin'ny mpamaky. Ny andalana fohy dia maneho ny fanabeazana omen'i IRAKO AMMI ho an'ny mpiara-belona aminy. Ao, ohatra, ny fanitsiana entiny amin'ny hoe : « Fa » (V.A lah 70 sy 91)... Midika ho fanairan'ny mpanoratra ny tadin-tsain'ny mpamaky handinika lalina sy maharitra ny vontootin-kafatra koa izany. Ny « Izany » izao dia mitaky fahalalana ho an'ny mpamaky amin'izay efa voalaza teo aloha.

Manaitra ny andalana fohy. Ao koa ny andalana antonony.

1.2.2. ny *andalana antonony*

Tondroina amin'ny hoe « andalana antonony » izay tsy lava loatra, kanefa tsy fohy koa. Ahitana vanin-teny telo (03) ka hatramin'ny dimy (05) eo ho eo ny andalana iray.

Ohatra :

« Fa ny fiainana dia lalana

1 2 3 4 5

Miolikolika, tsy hay

1 2 3

Toy ny dia anaty zavona

1 2 3 4 5

Tsy hahafahana mitsinjo

1 2 3

Ka ilana fitandremana

1 2 3

Sy mitaky ny ho mailo

1 2 3 4 5

Hiambina tsy misy fetra

1 2 3 4

(V.A lah 98)

Noho ny andalana tsy lava loatra, dia mbola azo lazaina ho mailamailaka ihany ny famakiana azy. Mbola misongadina koa ny fitosaky ny fihetseham-pon'ny mpanoratra eo am-panoratana, izay feno fitiavana ny manodidina, ka tsy sasatra mitondra fanabeazana sy manoro izay tokony hatao hiatrehana ny fiainana, araka ny ohatra noraisina. Misongadina kokoa ny fiezahan'ny mpanoratra hanazava misimisy kokoa ny fihetseham-pony eto, raha ny fitobaky ny fihetsem-po no tena tsapa teo amin'ny andalana fohy.

Ny hevitra entin'ny andalana lava indray no hojerena manaraka.

1.2.3. ny andalana lava

Teny mihoatra ny dimy (05) no mandrafitra ny andalana iray. Indro ny santionany amin'izany :

« Na misy sarotra aza satria tsy mahazatra

1 2 3 4 5 6 7

Ny fikirizanao no hery mahatratra

1 2 3 4 5

Ny atin'ny vilanin' ny zavatra tsy hay

1 2 3 4 5 6 7 8

Hanjary mahazatra sy tonga tsotra indray ! »

1 2 3 4 5 6

(V.A lah 22)

Mifanohitra amin'ireo karazan'andalana roa voalohany ny andalana lava. Araka ny maha lava azy, mitarazoka ny famakiana ito farany. Ny fisian'ireo mpampiankin-teny « na....aza », « satria » sy ny kianteny « no » ary ny mpampitohy « sy » no antony iray mampitarazoka amin'ny andalana toy izao. Ny andalana lava ihany koa, dia ahatarafana ny fipololotran'ny aingam-panahin'i IRAKO AMMI miorina amin'ny finjavana hanabe sy hanazava ary handresy lahatra ny mpamaky mba hanam-pikirizana amin'ny trangan-javatra mahavalalanina sy mandreraka, eto amin'ny ohatra noraisina.

Na dia tsy ninian'ny mpanoratra loatra aza ny hampitovitovy ny isan'ny teny amin'ny andalana iray, dia heverina fa nipoitra izany noho ny talenta ananany. Na izany aza anefa, tsy voatanan'ny mpanoratra io fifandanan'ny isan'ny teny amin'ny andalana eo fa mbetika fohy, antonony, ary mbetika lava, arakaraka ny fihetsehampony. Toy izao, ohatra, no hita ao amin'ny ampahan-tononkalo hoe « HIRA »:

« Andeha tsenao an- kira ny andronao anio

1 2 3 4 5 6 7

Ny feonao akaro

1 2 3

Na farimparina aza, akaro tsy manahy,

1 2 3 4 5 6

Fa hitahiana anao

1 2 3

Fa ny andro iray atomboka anaty hirahira

1 2 3 4 5 6 7

Andro hibaliaka

1 2

na inona tafiotra miomana hifafy

1 2 3 4 5

Ny hiranao dia hery

1 2 3 4

(...)

(V.A lah 33)

Hita eto ny tsy fitovian'ny isan'ny teny nandrafetan'i IRAKO AMMI ny andalana tsirairay. Toy izao raha aseho miaraka :

7

3

6

3

7

2

5

4

Ny endrika ivelan'ny tononkalo, izay miseho amin'ny halavan'ny andalana mifangaro toy izao, dia sady ahatarafana ny fampilaharana ny toe-javatra samihafa toa tsy tokony hilahatra akory amin'ny fomba fihirana, no manatsidika ihany koa ny paika hanabeazan'ny mpanoratra ny mpiara-belona aminy hihira manoloana ny fifanosonan'ireo olana samihafa raha hitsena ny andro iray. Na farimparina aza ny feo, tsy maninona fa mila mihira hatrany. Hery hanampy handresena ny olana mety hitranga izany. Raha tsorina, ny andalana miovaova dia maneho ny fiontanam-pon'ny mpanoratra tsy voafehy.

Manamafy ny fitiavan'i IRAKO AMMI mihira ny fiontanam-po tsy hay fefena eo am-pandrisihana ny olona hihira toa azy.

Azo ambara ho tsy miezaka nanaraka rafitra hentitra tamin'ny fananganana ny andalan-tononkalony i IRAKO AMMI. Nampiasainy avokoa na ny andalana fohy, na ny antonony, na ny andalana lava, anaty andinin-tononkalo iray. Mariky ny fahafahana ananan'ny mpanoratra manoloana ny asa soratra ny fandrafetany tononkalo toy izao. Mameny ny hevitra amam-pihetseham-po ambarany ao amin'ny tononkalony koa ireny. Ny andalana maromaro mirafitra ho andininy no hojerena manaraka.

1.3.Ny *filalaovana amin'ny andininy*

Anisan'ny mitana ny mason'ny mpamaky indrindra ny bika aman'endriky ny andininy. Amin'ny ankapobeny, hoy i **Henri MORIER**, ny andinin-tononkalo dia ahitana andalana efatra ka hatramin'ny roa ambin'ny folo¹²¹. Taty aoriana, araka ny fiovana hita, dia maro ireo mpanoratra nanangana andinin-tononkalo amin'ny andalana 1 na 2 na 3 monja ; ary misy mihoatra ny andalana 12 koa aza. Tsy ny hamaroan'ny andalana tokoa no inona, na ny havitsiany no tsininy, fa ny lanjan'ny teny ampiasaina ao. Manamarina izany ny voalazan'i **Randja ZANAMIHOATRA** manao hoe : « *Tsy ny manontolo amin'ny soratra , anefa, no manan-kery hahatohina ny olombelona, fa zava-bitsivitsy ihany ; mety ho teny kely tsy ampoizina akory aza* »¹²².

Maro karazana ny fomba nandrafetan'i IRAKO AMMI ny andinin-tononkalony. Misy ireo tononkalo mirafitra amina andininy lasitra hentitra. Ao koa ireo tsy manana izany .

1.3.1. ireo tononkalo voarafitra amina lasitra hentitra

Tononkalo izay mitovy ny isan'ny andalana mandrafitra ny andininy hatramin'ny farany no tondroina amin'izany. Misy maromaro izy ireo.

1.3.1.1. ny andinin-tononkalo ahitana andalana roa

Ny fampiasan'ny mpanoratra ny andalana roa ao amin'ny tononkalony dia mifamatotra amin'ny hevitra sy ny fihetseham-pony tiany hasongadina.

Ny isa « roa » dia maneho hafenoana, ampy mizara. Mbola manantitra ny lanjan'ny isa « roa » koa ny hoe : « *Roa ny aviavy* »¹²³.

Ny aviavy izay maneho fiandrianana ka nambolena manodidina ny tananan'andriana fahiny. Taratra ao amin'ny asa soratr'i IRAKO AMMI izany lafin-kevitra izany, toy ny hita ao amin'ny V.A lah 5 : « ANTSON'NY MANDRAKIZAY ». I Jesoa Kristy dia ampy mizara ho an'ny rehetra. Zanaky ny Avo indrindra ka tokony ho ekena. Ny fandraisana Azy sy ny famelana Azy hanjaka ao am-po no tena foto-pitahiana, ka anambaran'ny mpanoratra hoe : RAISO I KRISTY. Ny litera tsirairay amin'ireo dia mitondra andininy iray avy toy izao manaraka izao:

¹²¹ (H) MORIER, *Dictionnaire poétique et de rhétorique*, PUF, Paris, 1961, p 1039.

¹²² (R) ZANAMIHOATRA, op cit, tak 6.

¹²³ RANDRIAMIADANARIVO, « Manisa », *Isa ny amontana*, Ed Salohy, 1975, tak 5.

R Ry olombelona ô, inty no tena foto-pitahiana
Raisonao i Kristy, raiso ho anton'ny fisiana !

A Anananao anjara feno ny famonjena izay nefainy,
Azonao atao ny mino fa nomeny anao ny ainy.

I Izy mantsy no efa maty mba hisolo voina anao
Indro fa nitsangana Izy mba hanolotra aina vao !

S Sarobidy indrindra ianao, kasainy handova ny Doria !
Safidinao no hany ilainy, hanaiky Azy ve sa tsia ?

O Ota ve ? Hainy avela, tsy hanandevo anao intsony !
Olom-baovao ianao : Izay no hetahetam-pony. »

(...)

1.3.1.2.ny « tercet »

Andininy iray misy andalana telo ny « tercet ». Manana ny heviny eo amin'ny Malagasy koa ny isa « telo », raha tsy hilaza afa-tsy ilay fitenenana hoe « *toko telo mahamasa-nahandro* », izany hoe ny firaisana sy fiombonan'ny toko telo no mahalavorary ny nahandro. Ny isa telo ihany koa dia maneho hafenoana manana amby. Taratra ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI izany lafin-kevitra izany.

Ao amin'ny tononkalo : « REHEFA HOE MANOLO-TENA » (V.A lah 30), izao dia asehon'ny mpanoratra ny fomba rehetra atao amin'ny fanoloran-tena ho an'ny Tompo, sy ny soa azo avy amin'izany. Ny tsara ho fantatra amin'ny ankapobeny manodidina ny fanoloran-tena no ambarany ao : mijoro tsy mivena, manolotra ny fo sy ny harena.. Toy izao ny ampahany amin'izany :

« Rehefa hoe manolo-tena,
 Dia mijoro tsy mivena
 Mba hitana izay nekena !
 (...)

Rehefa hoe manolo-tena :
 Tsy ny fo ihany no omena

F'atolory koa ny harena ! »

(...)

1.3.1.3. ny *quatrain*

Andalana 4 mirafitra ho andininy 1 ny « *quatrain* »¹²⁴. Ny isa « efatra » teo amin'ny Ntaolo, dia mitory « fahitsiana sy fahamarinana »¹²⁵. Nampifandraisin'ny mpanoratra amin'izany fiheverana izany ny fandrafetany ny andalana efatra mandrafitra ny andininy.

Ao amin'ny « Tonom-bavaka akarina eo amin'i jesoà kristy vato velona noho ny tilikambo vita » (V.A lah 01), dia asongadin'ny mpanoratra ny toetra tokony hananana manoloana ny fahombiazana. Andrasana amin'ny tsirairay ny fisaorana Ilay Tompo mamindra fo ka nandrotsaka ny fahasoavany tsy miato, nahefana izay natao. Eo ihany koa ny fialana amin'ny toe-tsaina mihevitra ny tena ho nahavita samirery izay kinasa:

« Tompo ô, ankehitriny, vita soa ny tilikambo
Noho ny fanambinanao, ny fahasoavana tsy tambo
Koa isaorana Ianao Andriamanitra tsitoha,
Ny fitahiana avy Ainao, tena sitrakay tokoa !

Fa ny fikasana tsara niboika tao anatinay,
Raha tsy teo ny herinao, moa tsy foana tahaka izay ?
Faniriana firy akory, toa mba mendrika sy ambony,
Tsy nomban'ny tavanao, ka nikoro tsy ao intsony »

Toy izany ihany koa no anabeazany ireo olom-boafidin'Andriamanitra. Tsy misorona izy mpanoratra fa am-pahitsiana sy amin'ny fahamarinana no anoroany azy ireny, ny amin'izay tokony hatao, ka nilazany hoe :

(...)

« Satria ny herinao irery, miharihary fa ho kely ;
Hahavita ihany angamba, saingy tsy ampy velively !
Henoy ny feon'i Jesoa Tompo mibitsika eto : « Mahereza » !
Ny asa ankininy ainao : asa masina sy ngeza ! »

¹²⁴ *Dictionnaire Universel de poche*, Hachette, Livre et librairie générale Française, 6^e rue Pierre Sarrazin, Paris, 1992, p 512 : « Quatrain : poème ou strophe de quatre vers »

¹²⁵ RANDRIAMIADANARIVO, *Isa ny amontana*, op cit tak 6

(V.A lah 16)

1.3.1.4. ny *sixain*

Andinin-tononkalo ahitana andalana 6 ny « **sixain** »¹²⁶. Eni-mangamanga hoy ny fomba fanisa malagasy. Manambara fientanana izany isa izany, hoy **RANDRIAMIADANARIVO**¹²⁷. Ny loko manga teo amin'ny Malagasy no loko tsara indrindra. Porofon'izany ny hoe « manga ny lanitra » : tsara ny andro ; sy ny hoe « manga ny resaka » : tsara ny resaka, ary ny hoe « manga feo » : tsara feo. Mifanaraka amin'izany tokoa ny tononkalon'i IRAKO AMMI mirafitra amina andalana enina, ao amin'ny « MBOLA HISY LOHATAONA » (V.A lah 28). Mifamahofaho ao ireo toe-javatra samihafa, saingy misongadina kosa ilay fanantenana tsy mety maty miredareda ao anatin'ny mpanoratra, fanilo ampitainy, ampaherezany ny hafa :

« ny kotro-baratra miriotra,
ny rano toa tsy mety ritra,
ny raho-mainty toa tsy hisava
ny tselatra manavatsava
nsy haharitra mandavantaona
fa mbola hisy lohataona ».

Maneho ny fientanan'ny mpanoratra izany. Ombany manana amin'ny rehetra ny fomba fijery ny lohataona : ny toetry ny andro lohataona moa no tsara amin'ny ankapobeny.

1.3.1.5. ny *Huitain*

Andinin-tononkalo misy andalana valo (08) ny « huitain ». Manambara fifanampiana sy fafanomezan-tanana ny « **valo tanantanana** »¹²⁸. Ilana fifanampiana sy fafanomezan-tanana ny fiainana. Izany no anabeazan'ny mpanoratra ny mpamaky, ka na inona atao dia tokony hifanohana hatrany. Ao amin'ny tononkalo hoe : « FISAORANA » (V.A lah 25) dia maneho fisaorana an'Andriamanitra izy tamin'ny nitsimbiny ny mpanompony na dia niharan-dozam-piarakodia aza izy mivady. Manantitra ny fisaorany ho an'ireo tapaka sy namana, ny fianakaviana iray manontolo

¹²⁶ *Dictionnaire Universel de poche*, op cit, p 508 : « sixain : strophe de six vers »

¹²⁷ **RANDRIAMIADANARIVO**, *Isa ny amontana*, op cit, tak 19.

¹²⁸ **RANDRIAMIADANARIVO**, *Isa ny amontana*, op cit, tak 21.

ary ny Fiangonana izy, tamin'ny fidodododoany namangy sy nikarakara azy roa teny amin'ny hôpitaly. Fifanomezan-tanana tokoa izany :

(...)

« Fa isaorana ihany koa ianareo rehetrarehetra
Nikarakara, nisahirana, fa tsy vitan'ny nitsetra
Foinareo avokoa : fotoana ; vola aman-karena,
Herim-po sy fanomezana, nanana amby sesehena
Ary indrindra moa ny vavaka nanaka-danitra
Omban'ny teny mamy maro ary tenin'Andriamanitra !
Ireny rehetrarehetra ireny, tena fanafody koa
Nampiasain'ny avo indrindra ho balsama tena soa ! »

(...)

Misy koa anefa tononkalo ahitana andalana valo no entin'ny mpanoratra mampisaintsaina ny mpiara-belona aminy, manoloana ny fisondrotan'ny hafa noho ny tsy fahamarinany ; toy ny hita ao amin'ny « FAHAMARINANA » (V.A lah 68). Tsy misy dikany ny harena miorina amin'ny alahelon'ny hafa. Hoy izy :

« Ho inonao ny hanana
Trano maro, valo zoro,
Azonao ireharehana,
Rah'toa ka alahelon'olona
No mba vato fanorenany
Ary ranomason'olona
No nentina nanao ny rihatra
Nandrafetana ny rindriny ? »

(...)

Ny fandalana ny fahamarinana sy ny fahaiza-mifaly amin'izay ananana mba tsy hanaovana ratsy no tena hevitra ampitain'i IRAKO AMMI amin'izany.

1.3.1.6. ny andininy ahitana andalana iraiika ambin'ny folo

Tononkalo iray ao amin'ny vondrona ambara no ahitana ity endrika andininy ity, dia ny « MIRARY PASKA FENO FAMPAHEREZANA » (V.A lah 18). Abaribarin'ny mpanoratra ao ny fahasarotan'ny fiainana an-tany, kanefa asongadiny ao ihany koa ny vahaolona amin'izany. Tsy iza io fa i Jesoa Kristy nitsangan-ko velona, Ilay fanantenana mandrakizay.

« Tena sarotra ny ady, tena mafy sy mangidy,
 Fa ny lalana rehetra toa mikatona mihidy
 Ila hampiteny irery : « mbola misy ihany ve
 Ny antenaina hamaha ny olana, hampilamina ny tany :... »
 Saingy mahereza ihany.
 Fa ny PASKA indro, tamy hamelon-tsoratra aminao
 Fa aorian'ilay zoman'ny hazofijaliana, injao,
 Ilay marainakoan'ny Paska hibaliaka ny Alahady
 Ka hanolo-pandresena ireo vongoïn'ny lazon'ady
 Fa VELONA TOKOA
 I JESOA ! »

Ny fitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty no fandresena lehibe indrindra ampaherezan'ny mpanoratra ny maro. Izany hoe : ny Paska mira fandresena.

1.3.1.7. ny andininy ahitana andalana roa ambin'ny folo.

Tononkalo iray ao amin'ny vondrona ambara ihany koa no ahitana ity endrika ity, dia ny « ANTISO » (V.A lah 36). Asa soratra natao tonon-kira fanevan'ny faha 25 taona naha Mpitandrina ny mpanoratra (1985- 2010) izy io. Karazana fijoroana vavolombelona tamin'ny fanohanan'ny Tompo azy, tamin'izay rehetra nataony no ambarany amin'izany.

« Mamelovelo ato am-poko
 Ny antsonao, ry Tompo soa
 Ny fahavalo dia mioko
 Handrodana azy mba hikoà,
 Saingy miala maina ireny,
 Fa ny herinao tsitoha
 Manohana ahy ombieniombieny
 Handroso lalina kokoa.
 Koa na malemy sy voafetra,
 Tsy matahotra aho satria
 Amin'ny zavatra rehetra
 AMPY IANAO, RY JESOA TIA ! »

1.3.1.8. ny « sonnet »

Noraisina ato amin'ny tononkalo manana andininy mirafitra amina lasitra hentitra ny « sonnet ». Ny « Sonnet » mantsy dia « **tononkalo ahitana andalana 14 ary mizara ho andininy efatra : ny andininy roa voalohany misy andalana efatra avy, ary ny andininy roa farany samy misy andalana telo** »¹²⁹.

Tsy miova amin'izay ny « sonnet » ary ny tononkalo tsy manaraka io rafitra io, dia tsy azo antsoina hoe « sonnet ».

Anisan'ny mpanoratra malagasy nankafizin'i IRAKO AMMI i DOX, izay nalaza tamin'ny fandrafetana tononkalo « sonnet », ka tsy mahagaga raha havanana amin'izany koa izy. Ny 8,33%n'ny vondrona ambara no « sonnet ». Matetika dia ny andininy roa farany no tena mifono ny hevi-dehibe tiana hasongadina. Toy izany no hita ao amin'ny « MANIMANINA » (V.A lah 19), tononkalo nosoratany tamin'ny dia nataony tany Amerika ny taona 2002. Maro sahanina ny mpanoratra ka tsy mba afaka nifampitankosina loatra tamin-janany fony ireo mbola zaza. Nahatsiaro ny vady aman-janany izy tany an-tany lavitra, ka namboraka izay tao am-pony:

(...)

« Misento dia miteny irery : 'tiko ise, tiako be !

Tiako ireto zanatsika, vetivety dia efa he !

Toa neniko ny fahazazany tsy niaraha-nilalao,

Noh'izaho be asa, be asa lava izao...

Izao izy, lehibe, tsy azoko trotroina intsony

Atsy ho atsy dia hahita ny malala tian'ny fony... »

Ao amin'ny « FIARAHABANA TSINGERIN-TAONA » (V.A lah 31), ny andininy farany no anoloran'ny mpanoratra fanabeazana ara-panahy. Rehefa mitombo ny taona, dia tokony hitombo koa ny finoana ao anaty, hoy izy :

(...)

« Ka toy ny taona itomboana

No itomboan'ny finoana

Hazava fa tsy hanjavozavo »

¹²⁹ *Dictionnaire le petit Larousse illustré*, Larousse, pp 948 : « sonnet : pièce de poésie de quatorze vers, composé de deux quatrains et de deux tercets ».

Tsy nahasakana an'i IRAKO AMMI tsy hamorona tononkalo mirafitra amina andalana miovaova ny famoronany tononkalo manana lasitra hentitra teo amin'ny rafitra andininy.

1.3.2. ireo tononkalo amina rafitra miovaova/ tsy hentitra

Ity endrika tononkalo ity no heverinay fa manavanana ny mpanoratra indrindra. Ny 71,87%n'ny asa soratra ao amin'ny vondrona ambara dia manana rafitra miovaova avokoa. Amin'ny ankapobeny dia miseho amin'ny endrika efatra izy ireo :

- bambaray
- bambaray misy sasiny
- bambaray misy fehiny
- andininy miovaova

Hojerena misesy eto ireo, araka ny laharam-pisehony.

1.3.2.1. tononkalo bambaray

Ny tononkalo lava, tsy mizara ho andininy miavaka tsara no antsoina hoe « bambaray ». Miisa 15 izy riego ao amin'ny vondrona ambara. Ny V.A lah 97, ohatra, no ahitana izany, izay misy andalana 26 be izao. Nentin'i IRAKO AMMI nitanisana ireo sehatra na loharano samihafa hanovozan-tsoa sy fahalalana izany. Mibosesika ny fihetseham-pon'ny mpanoratra te hampita, fa tsy misy lanjany akory ny fahalalana sy ny soa azo raha tsy iainana. Asongadiny ao fa izay tsara iainana, noraisina ho marina ka nekena hampiharina, no andraisam-pioavam-piainana. Fomba iray fanovam-piainana ny fiainana ny tsara. Fanabeazana ny manodidina tsy ho sondriana fotsiny amin'ny fikaroham-pahalalana sy fanangonana izany ho fananana izany. Tsara ny miaina tokoa izay fahalalana ananana sy azo, hoy ny mpanoratra.

Eo ihany koa ireo tononkalo bambaray misy sasiny.

1.3.2.2. tononkalo bambaray misy sasiny

Ny iavahan'ity karazany ity amin'ny teo aloha, dia izy ialohavana andininy iray ahitana andalana vitsivitsy. Tononkalo telo no ahitana izany. Ny « 29 martsa » (V..A. lah 76), ohatra, dia ialohavana andalana 6 ireo andalana 20 ambiny. Ao amin'io lazinafa fa sasiny io no ampidiran'ny mpanoratra ny hevitra hovoaboasany ao amin'ny tononkalo. Manao ahoana ny mety ho fihetsik'ireo mpitolona tamin'ny 29 martsa 1947, raha mitsangana amin'ny maty izy ireo ka mahita ny fihetsiky ny Malagasy

ankehitryny ? Izay no vahavahany sy valiany ao amin'ny andalana 20 manaraka. Mety hibitaka izy ireo, raha toa ka tsy very momoka ny tolona namoizany aina. Mety hitomany koa anefa, raha toa ka hadalana mifanohitra amin'ny fitiavan-tanindrazana no hitany fa iainan'ny Malagasy. Sady fanairana ny rehetra handinika ny zava-misy izany, no fanabeazana ho amin'ny fitiavan-tanindrazana.

Mifanakaiky amin'izay, eo ihany koa ny bambaray misy fehiny.

1.3.2.3. tononkalo bambaray misy fehiny

Ity karazana tononkalo ity dia tononkalo bambaray ihany, saingy ahitana andininy iray misy andalana vitsivitsy any amin'ny farany. Fehin'izay voalaza, matetika no hita ao amin'io andininy kely io. Ny V.A lah 41 izao, ohatra, andalana 5 no entin'ny mpanorara mamehy ny hevitra ampitainy ao, dia ny maha zava-doza ny fangoronan-karena tsy ara-drariny. Tsy tokony hitsiriritra na haka tahaka ny fanaon'ireo mpiara-belona manan-karena noho ny saina fetsifetsy nananany akory. Raha tsy hivaly amin'ny tena mantsy ny ratsy natao, dia ny taranaka no mety hibaby izany, ka mampivolana ny mpanoratra hoe :

« Tsarovy fa ny harena

Azo tsy amin'ny marina

Dia loza mitatao

Ambony lohanao

Sy izay taranakao »

1.3.2.4. ny andininy miovaova

Ny 52,77%ⁿny tononkalo ao amin'ny vondrona ambara dia ahitana andininy miovaova avokoa. Izany hoe tsy mitovy ny isan'ny andalana isaky ny andininy. Ao amin'ny V.A lah 35 « Soava dia miaraka amin'ny Tompo », ohatra misy :

Andininy lah.	Isan'ny andalana
1	4
2	2
3	4
4	4
5	8
6	2

Raha ny tarehimarika eto no jerena, dia hita ho miovaova tokoa ny isan'ny andalana mandrafitra ny andininy, izay mbetika 4, mbetika 2, ary ny andininy faha 5 aza dia andalana 8 no mandrafitra azy.

Manatombo ny halavan'io andininy io raha mitaha amin'ny ambiny. Azo heverina fa arakaraka ny fipololotran'ny aingam-panahy sy ny fihetseham-pon'ny mpanoratra no mahatonga izany. Tononkalo nangatahina fianakaviana iray noho ny fahavitan'ny mariazin-janany izy ity. Mipetraka amin'ny maha ray ara-panahy azy i IRAKO AMMI ka eo amin'ny tso-drano izay ataony sy ny anatra omeny ho an'ireo mpivady vao no mampipololotra ny fihetseham-pony, ary mampitombo ny teny ambarany. Anisan'ny mampandeha sy mampirindra ny tokantrano ny fanekena an'i Jesoa ho Havana. Eo ihany koa ny famakiana ny Baiboly isan'andro.

Samy hita ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI, na ny andininy amina lasitra hentitra, na ny andininy miovaova, izay samy mifameno amin'ny hevitra amam-pihetseham-pon'ny mpanoratra teo am-panoratana azy. Misy koa anefa ireo sady tsy voasokajy amin'ny voalohany, no tsy voaray ho ao amin'ny sokajy faharoa. Ireo kosa no antsoina hoe : « andininy hentitra amin'ny ampahany ».

1.3.3.ireo tononkalo manana rafitra hentitra amin'ny ampahany

Hita ao amin'ny vondrona ambara koa ity endrika manana rafitra hentitra amin'ny ampahany ity. Izany hoe : ao amin'ny tononkalo sasany, dia manaraka rafitra hentitra ny tapany voalohany, kanjo, tsy manaraka izany ny tapany faharoa :

- mety ho tsy ampy ny tapany faharoa :

ohatra : V.A lah 74 : « TSIKY »

- Andininy 1, 2, 3 misy andalana 6 avy
- Andininy 4, misy andalana 4 monja
- mety ho mihoatra koa anefa, toy ny hita ao amin'ny V.A lah 58
- Andininy 1, 2 misy andalana 7 avy
- Adnininy 3, misy andalana 8

Ao koa ireo tononkalo manana rafitra hentitra ny tapany faharoa, toy ny ao amin'ny V.A lah 2

- Andininy 1, misy andalana 4 monja
- Andininy 2, 3, samy misy andalana 6 avy

Maneho ny fahalalahana ananan'ny mpanoratra ny fandrafetany ny tononkalo manana rafitra hentitra amin'ny ampahany toy izao.

Tamin'ireo tononkalo ireo, misy ihany ireo izay nampanarahan'ny mpanoratra rafitra maty paika. Maro koa anefa no tsy manaraka izany, noho ny fibosesiky ny fihetseham-pony eo am-pikaloana ka : « *Ny fo no avela hiteny fa mandefindefitra ny kanto* »¹³⁰ eo amin'ny endrika ivelany. Tsy maharatsy ny tononkalo velively izany, indrindra amin'ny hevitra ambara. Manana fahalalahana rahateo amin'izay rafitra andaharana ny andinin-tononkalony ny pôeta tsirairay.

Indro ny fafana mamintina ny rafitra andalana ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI.

¹³⁰ IRAKO AMMI et alli, *Ny vato ve no hiantsoantso* ?, « Voha varavarana », op cit, tak

FAFANA8 : ny rafitra andinin-tonokalon'i IRAKO AMMI

ANDININY		V.A lah		ISANY	%
Mirafitra amina rafitra entitra	Andl 2	5- 20		2	1,85
	Tercét	30		1	0,92
	Quatrain	1, 6, 16, 27, 29,		5	4,93
	Sixain	28, ,		1	0,92
	Huitain	25, 68,		2	1,85
	Andl 11	18		1	0,92
	Andl 12	36		1	0,92
	Sonnet	12, 13, 17, 19, 21, 23, 26, 31, 37		9	8,33
Manana rafitra miovaova	Bambaray	73, 75, 78, 82, 84, 85, 87, 91, 92, 93, 95, 97, 100, 103, 105		15	13,88
	Bambaray misy sasiny	39, 76, 98,		3	2,70
	Bambaray misy fehiny	41, 66		2	1,85
	Miovaova	3, 4, 7, 9, 11, 14, 15, 22, 24, 32, 33, 34, 35, 38, 40, 42, 43, 44, 46, 47, 48, 49, 50, 51, 52, 53, 54, 55, 56, 57, 59, 61, 62, 64, 65, 67, 70, 71, 72, 79, 80, 81, 83, 86, 88, 89, 90, 94, 96, 99, 101, 102, 104, 106, 107, 108		57	52,77
	Manana rafitra hentitra @ tapany I	Mihoatra ny tapany II	8, 45, 58	3	2,87
		Tsy ampy ny tapany II	10, 63, 74, 77	4	3,70
	Manana rafitra hentitra ny tapany II	2, 69		2	1,58
FITAMBARANY				108	100

Tsy mampihen-danja ny vontootin'ny tononkalo ny fiovaovana nentin'i IRAKO AMMI nandrafitra ny andininy. Hita ho mifameno amin'ny ventin-kevitra tiany hambara izy ireny, ary vao mainka aza mahamora raisina ny fanabeazana arosony. Azo ambara fa mpanoratra nirona tamin'ny fanoratana tononkalo malaladrafitra izy. Fanabeazana ny rehetra no kaloin'i IRAKO AMMI, koa heverinay fa ny fahaizana mampihetsi-po ny mpamaky no zava-dehibe, fa tsy ny fanarahana fitsipika. Manantitra izany ny voalazan'ny mpandinika manao hoe : « ***Tsy ny fahaizana fitsipika na fepetra voasoritra mialoha akory no atao hoe manoratra fa ny fahaizana manohina ny fihetseham-pon'ny mpamaky*** »¹³¹. Nahafahan'i IRAKO AMMI nanabe ny mpiara-belona aminy tsara ny fandrafetany tononkalo tsy manara-drafitra.

Manao ahoana kosa ny rima nampiasainy ?

1.4.Ny rima

Anisan'ny mampiavaka ny tononkalo amin'ny lahatsoratra hafa ny rima. Teo amin'ny tantaran'ny literatiora an-tsonatra malagasy dia tsy azo nekena ho tononkalo ny asa soratra iray tsy miady rima, tany am-piandohana. Manasongadina izany i **JUPITER**, raha namelabelatra momba ny rima ka nilaza hoe : « ***Ity rima ity no iankinan'ny maha poezia tsara, mendrika izany anarana izany, dia tsy maintsy miezaka mitandrina azy, satria ny rima no fototry ny pôezia*** »¹³²

Nahitana fiovam-pijery anefa ny momba ny pôezia taty aoriana, fa tsy ny « versification » toy ny rima, ny refin'ny isan'andalana,...no voalaza ho iankinan'ny maha pôezia fa ny eritreritra misidina misondrotra avo, ny ohatra sy ny sary enti-mandravaka ny hevitra, ary ny lahateny ambony sy mirindra enti-milaza azy¹³³.

Noho izany, manana safidy malalaka amin'ny fampiasana rima ny mpanoratra. Amin'ny asa soratr'i IRAKO AMMI, ao ireo tononkalo misy rima, ao koa ireo tsy ahitana rima.

¹³¹ Taterin'i B.B RANARISON Solohery, « Rajoelisololo Charles, Mpanoratra, mpitarika mpanoratra », *Hiratra* 1, tak 90.

¹³² (J) RAINIZANABOLOLONA, op cit, tak 24.

¹³³ Ampahan-dahatsoratra notsoahina tao amin'ny *Soa Fianatra*, Direction Inter-Régionale de l'Education de Base, taranja Malagasy, Fianarantsoa, 1996, tak 8.

1.4.1.ny tononkalo misy rima

Ny rakibolana *Larousse de poche*, dia maneho fa « **fiveimberenan'ireo feo mitovy amin'ny faran'ny andalana roa na maromaro ny rima** »¹³⁴. Azo jerena mitsitokantokana ny rima araka ny laharam-pisehoany sy araka ny hafenoany.

1.4.1.1. ny rima araka ny laharam-pisehoany

Karazan-drina roa no nampiasain'i IRAKO AMMI ao amin'ny asa soratra : rima mifanjohy, rima mifaningotra.

a. rima mifanjohy aa bb

Amin'ny rima mifanjohy, ny feo mamarana ny andalana roa voalohany no mitovy, ary toy izany koa no misy ao amin'ny andalana roa manaraka. Amin'ny ankapobeny dia maneho fifanjohian-kevitra isan-karazany ny rima mifanjohy. Ao amin'ny tononkalo « SALAMON'NY FIANTSOANA » (V.A lah 6), ohatra, dia maneho ny tantaran'ny fiantsoana an'i IRAKO AMMI sy ny fandaharana asa mahahenika ny fiainana iray manontolo ny rima mifanjohy. Hatrany amin'ny fanomezana ny anarany, no efa olom-boafidin'Andriamanitra ny mpanoratra.

(...)

« O ! tsy takatry nysaiko izany asanao mangina	a
Raha nifidy izay ho anarako ireo nitroto faniriana	a
Ka ny anarana nomeny dia fambara tsotra izao	b
Ny fifidianana tomoetra efa nokoboninao ! »	b

Nitohy hatrany ny antson'ny Tompo. Nirotsaka ho Mpitandrina izy na dia efa niasa teny amin'ny oniversite aza:

« Nony tonga ny fotoana izay voakendrinao irery	a
Iny aho fa lasa...ho aiza -sanatria tsy hoe voatery,	a
Nefa kosa tsaroako tsara, toa tsy tena nanam-pidy	b
Namonjy toeram-panomanana, dia voaray satria « voafidy »	b

(...)

Tsapan'ny mpanoratra ny maha olom-boafidin'Andriamanitra azy. Tsy nandà ny fiantsoana izy, ary vonona tokoa ny ho iraka hanavao, hampiaina ny finoana ary hampandeha ny fiangonana, hitory ny Filazantsaran'i Kristy.

¹³⁴ *Dictionnaire Larousse de poche*, op cit, pp 337 : « Rime : retour du même son à la fin de deux ou plusieurs vers »

Entin'ny mpanoratra maneho ny firindran'ny toetra amin'ny fihetsika ihany koa ny rima mifanjohy. Izany, ohatra, no hita ao amin'ny V.A lah 24 :

« Ny mariky ny fahamatorana a
 Rehefa tena hoe fotorana ? a
 - tsy miandry baiko lava izao b
 fa mahalala izay atao b
 sanatira izay hifanjana a
 na fetsifetsy be fialana, a
 fa manefa izay anjara d
 amin'ny fomba tena tsara” d
 (...)

Fanabeazana ny rehetra izany, indrindra ny ankizy ao an-tokantrano, mba haha olom-banona azy ireo, hahalala izay tokony ho fitondran-tena mendrika. Fampahatsiarovan-tena ihany koa mba hanatanterahana ny adidy amana andraikitra izany.

Ampiasain'ny mpanoratra ihany koa ny rima mifaningotra

b. ny rima mifaningotra ab ab

Amin'ny rima mifaningotra, ny feo mamarana ny andalana voalohany sy ny fahatelo no mitovy ; toy izany koa ny feo mamarana ny andalana faharoa sy ny fahaefatra. Mampiasa ny rima mifaningotra ny mpanoratra anehoany ny toe-javatra mifamahofaho, mifaningotra ao an-tsaina, rehefa tonga ny faran'ny taona. Somebiseby eny ny olona handray ny taona vaovao. Mitamberina ao an-doha avokoa anefa ireo zava-bita. Mety ho tsara hampitsiky izany, mety ho ratsy hampitomany ihany koa. Toy izao ny filalaovany amin'ny rima maneho izany ao amin'ny V.A lah 11:

«Dia hifarana ny taona ! a
 Ho somebiseby isika b
 Fa tsy toy ny hoe hisaona a
 Ny malala tsy ho hita b
 (...)

Ao anaty fonao ao, a
 mitambolona mazàna b

ny fahatsiarovana injao	a
O, tsy hitanao hialana	b
Mampitsikitsiky irery	d
eny an-dalana ombana	b
na injay manaitra fery	d
ranomaso no tsy tana	b

Indraindray koa, dia entin'i IRAKO AMMI maneho ny toe-javatra mifaningoatra amin'ny fiainana ny rima mifaningoatra, toy ny hita ao amin'ity ampahan-tononkalo ity :

(...)

« Mahereza ianao, ry foko, fa aza kivy,	a
Na dia maratra mafy, tratran'ny tsy ampoizina	b
Ny endrikao mikimpy nanjary marikivy	a
Ezahiko hitsiky tsy handairan'ito poizina ! »	b

(...)

(V.A lah 14)

Toetra raiki-tampisaka amin'ny fiainana ny olana sy ny ady. Mety hiteraka ratra anaty izany, hanapoizina ka hanimba ny tena manontolo mihitsy. Ny tsiky dia fanafody mahasitrana, handresena izany rehetra izany, hoy ny mpanoratra. Toetra ananany izany. Olona tia tsikitsiky moa izy.

Nanoratra tononkalo miady rima i IRAKO AMMI. Ny rima mifanjohy sy mifaningoatra no nampiasainy tamin'izany. Tsy nandeha ila ireny, fa nifandrindra tamin'ny hevitra amam-pihetseham-pon'izy mpanoratra.

Izay ny momba ny rima araka ny laharam-pisehoana ; ao koa ny rima araka ny hafenoany.

1.3.1.2. ny rima araka ny hafenoany

Hafenoana no resahina, noho izany, mety ho tsy feno ny rima, mety ho feno, ary mety ho feno mihoatra koa aza. Izay mahakasika ny tononkalon'i IRAKO AMMI no hifantohana eto.

a. ny rima tsy feno

Amin'ny rima tsy feno dia ny zana-peo misy ny ngadona farany ihany no mitovy, toy izay hita ao amin'ny V. A lah 9 :

(...)

« Ny taona ihany no hafoy

Fa ny fiainanao hitohy

(...)

Toy izany koa no hita ao amin'ny « TONOM-BAVAKA NOELY » (V.A lah 4)

(...)

« Mitoera, manjakà

Tompo ô, amboary aho... »

(...)

b. ny rima feno

Antsoina hoe feno ny rima raha toa ka mitovy ny vaninteny rehetra manomboka eo amin'ny feo mitondra ny ngadona farany amin'ny andalana.

Ohatra :

« I Jesoa tia dia eto foana

Fa tsy lasana aiza akory

Na aiza, n'inona fotoana

Na faly isika izay, na ory ! »

(...)

(V.A lah 32)

Tsapa hatrany ny tian'ny mpanoratra holazaina. Tiany ho vonton'ny finoana tahaka azy ny mpiara-belona aminy ka tsy hilofika na inona na inona miseho, satria momba antsika hatrany Andriamanitra.

Mbola hita ao amin'ny asa soratr'i IRAKO AMMI ihany koa ny rima feno mihoatra.

d. ny rima feno mihoatra

Ny rima feno mihoatra indray, dia manana endrika rima feno miampy ny fitovian'ny zana-peo sy/ na renifeo eo alohan'ny zana-peo mitondra ny ngadona farany. Izany, ohatra no hita ao amin'ny « ATAOVY MPIANATRA NY FIRENENA REHETRA » (V.A lah 8)

« Ny androntsika ankehitriny, andro tena ifaninanana

Ho vilian-tsahona eto malaza nefa tsy ihinanana

No sanatria hiafarana, raha isika no variana

Fa ny hafa hihazakazaka ary isika ho tratra aoriana ! »

Fanentanana ny fiangonana hanarina ny sekoliny no nentin'ny mpanoratra eo amin'ny ohatra noraisina. Tsapany fa ezaka tsy maintsy trararina izany satria mifampiankina ny sekoly sy ny fiangonana, noho izy ireo samy iankinan'ny fanabeazana avokoa.

Araka izany, mifameno amin'ny fihetseham-pon'ny mpanoratra sy ny hevitra ambarany, ny rima mifanjoohy sy ny rima mifaningotra. Nanoratra tononkalo tsy miady rima koa anefa ny mpanoratra.

1.4.2. ny tononkalo tsy misy rima

Mbola ampiasain'ny mpanoratra koa ny tononkalo tsy miady rima, izay nentiny nitondra fanabeazana sy nanehoana hevitra. « **Raha mahazatra loatra ankehitriny, ny mihevitra ny tononkalo ho soratra mifaningotra amin'ny adirima, dia nihataka kely tamin'izany izahay fa nandrafitra tononkalo tsy miady rima tao amin'ny « vatsy » (TVM). Kanto akaiky kokoa ny haintenin'ny Ntaolo izany, ary ahafahana mamoka hevitra malalaka kokoa hanakaiky ny marina tian-kambra, tsy dia teren'ny teny miady rima tsy maintsy tadiavina loatra** »¹³⁵; hoy i IRAKO AMMI tamin'ny resaka nifanaovanay.

Ireo tononkalo 71 nentiny tao amin'io fandaharana io dia tsy nahitana rima mihitsy. Noho izany, mora ho azy ny maneho hevitra.

Ohatra, ao amin'ny « HIRA » (V.A lah 73), tsy ahitana rima. Ny fomba fiatrehana ny tontolo andro no entin'ny mpanoratra amin'ny tononkalo tsy misy rima eto. Entaniny ny olona hitsena an-kira ny andro diavina. Ny hira mantsy, hoy izy, dia hery hanampy amin'ny fiatrehana ny tafiotra isan-karazany mety hiseho :

« Andeha tsenao an-kira ny andronao anio,

Ny feonao akaro

Na farimparina aza, akaro , tsy manahy,

Fa hitahiana anao,

Fa ny andro iray atomboka anaty hirahira,

Andro hibaliaka,

Na inona tafiotra miomana hifafy

¹³⁵ Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra tao Androntra, ny 31- 11- 10

Ny hiranao dia hery »

(...)

Ao amin'ny « ERIKA » (V.A lah 66) indray izao dia mazava ny tian'ny mpanoratra halazaina : tsy maintsy hisy ny ririnina, ho merimerika ny andro, ary mety ho petsapetsa ny lalana ka hahasorena ny olona. Tiany ho tsapan'ny rehetra anefa fa ilain'ny tanimboly sy ny zava-maniry, ary ny voa nalevina any anaty tany iny erika mahakamokamo iny. Dia ambarany any amin'ny fiafaran'ny tononkalo fa :

(...)

« F'ao anatin'ny fiainana,

Misy zavatra toa ratsy

Nefa iafenan-tsoa ! »

Saika ny mahakasika ny fanabeazana amin'ny ankapobeny moa no ambaran'ny mpanoratra ao amin'ireo tononkalo tsy miady rima ireo.

Fehin'ny toko voalohany

Raha fintinina izany, mampiseho ny hakanton'ny tononkalo ny fahaizan'ny mpanoratra mandrafitra ny endrika ivelan'ny tononkalo. Manaitra sy manintona ny mpamaky ireny lohateny, andalana, ny andininy, ary ny rima ireny. Mahatonga azy ho tia ny asa soratry ny mpanoratra mihitsy. Manana ny hevitra fonosiny izy ireny, fa tsy haingo natentina ny tononkalo fotsiny akory. Ny tononkalo tsy manara-drafitra no tena nanehoan'ny mpanoratra izany, izay nanatombo kokoa teo amin'ny isany ; nanampy betsaka an'i IRAKO AMMI teo amin'ny fanehoan-kevitra izany fahalalahana nananany izany.

Tsy ireo endrika ivelany ireo ihany no mila fiangaliana amin'ny asa soratra. Zava-dehibe koa ny fahaizana mamolaka ny teny sy ny fifantenana ny voambolana ampiasaina. Ny haningotra ny fon'ny mpamaky no tena tanjona amin'izany, ka hahatafitan'ny hafatra. Ny filalaovan'ny mpanoratra amin'ny teny ampiasainy ao amin'ny tononkalony indray no hojerena ao amin'ny toko faharoa.

TOKO FAHAROA : NY FILALAOVANA AMIN'NY TENY

Ny teny no fitaovana voalohany eo am-pelan-tanan'ny mpanoratra ahafahany mamorana asa soratra. Hoy **RAVELOJAONA** ao amin'ny *Mpanolo-tsaina* manambara izany: “**io [teny io] no toy ny fiasana ikatrohana ary miankina be aminy ny fahazavan'ny hevitra ambaran'ny mpandahatra**”¹³⁶. Ny teny izany no fototry ny fananganana asa soratra. Tsy azo hadinoina ihany koa fa ny tanjon'ny mpanoratra amin'ireny asa soratra ireny, dia ny hampita hafatra ho an'ny mpamaky, hanova ny fomba fijeriny mihitsy aza matetika. Amin'ny maha fitaovam-panehoan-kevitra ny asa soratra dia tompon-tsafidy ny mpanoratra amin'ny voambolana ampiasainy, mba hahafahany maneho ny fihetseham-pony, ary hahatrarany ny tanjony. Ilaina, noho izany, ny mijery akaiky ny teny fampiasan'ny mpanoratra. Maro ireo voambolana sy fomba fiteny nampisain'i IRAKO AMMI nanehoany ny fanabeazana. Anisan'ireny ny voambolana noloarana avy ao amin'ny Baiboly, ny voambolana noloarana avy eo amin'ny sehatry ny fiarahamonina, ny voambolana noloarana avy ao amin'ny tontolo Malagasy, ary ny voambolana miaingitra. Nanana ny paika nampitany ny fanabeazana tamin'ireo teny iro rahateo ny mpanoratra.

2.1 Ny filalaovana amin'ny voambolana noloarana avy ao amin'ny Baiboly

Kristiana ny mpanotra. Mpitandrina rahateo moa izy, araka ny efa hita teo amin'ny asany. Tsy mahagaga raha nataony ho loharano iray lehibe nanovozana ireo voambolana nampiasainy ny Baiboly. Izany hoe: maro ireo voambolana (teny nampiasan'i IRAKO AMMI) no nalainy tao amin'ny Baiboly. Ohatra amin'ireny ny hoe:

- “Andriamanitra Tsitoha” (V.A lah 1 andl 3)
- “Tompo” (V.A lah.2 andl 1)
- “Kristy” (V.A lah.5 andl 13,14...)
- “Fiangonana” (V.A lah 15 andl 27)
- “PASKA” (V.A lah 18 andl 8)
- “IMANOELA” (V.A lah 30 andl 15)
- “Doria” (V.A lah 62 andl 25)
- “Mpivahiny” (V.A lah 75 andl 24)
- “Zanak'Andriamanitra” (V.A lah 77 andl 12)

¹³⁶ RAVELOJAONA, « Literatiora » in *Mpanolo-tsaina*, lah.19, jolay 1908, tak.163

- “Fanjakan’ny Lanitra” (V.A lah 105, andl 25)¹³⁷

Ahitana voambolana nalaina avy ao amin’ny Baiboly ny ankamaroan’ny tonokalon’i IRAKO AMMI. Fanabeazana tamin’ny alalan’ny toriteny mantsy no nataony, araka ny voalazany ao amin’ny voha varavaran’ny boky *Saino izany anio* manao hoe “*Isaoranay ny Avo indrindra namela anay hitory teny amin’ny fomba hafakely*”¹³⁸. Izany hoe: sady nitory ny Filazantsara ny mpanoratra, no nitondra ny fanabeazana ihany koa, raha ny tononkalo ao amin’ny vondrona ambara, nampiasainy tamin’ny zana-pandaharana VATSY no asian-teny.

Ao amin’ny “HERINANDRO MASINA” (V.A lah 77), ohatra, no anehoan’i IRAKO AMMI ny fitiavan’Andriamanitra antsika olombelona, nanolorany ny Zanany ho faty mba ho famonjena ny olon-drehetra. Fanabeazana ny fanahy izany:

(...)

“Herinandro Masina

‘ty herinandro ity:

Ny zanak’andriamanitra

Nijaly sady maty

-tsy noho ny hadalany,

Na ny fahotany,

Fa ho antsika ihany-“

(...)

Manoloana ny fitiavan’Andriamanitra, dia tokony hanolo-tena ho Azy ny olombelona, hampiditra an’i Jesoa ao am-po, ka hanaiky ho tarihan’ny Fanahy Masina.

Mampiavaka an’i IRAKO AMMI sy ny fomba fanorany ny nitsongoany toko sy andininy avy ao amin’ny Baiboly. Mety ho novainy kely ny endriny, na nanalany ny teny tao anatiny, ary notovonany teny hafa indraindray. Santion’izy ireny ny hoe:

(...)

“Fa “amin’izao tontolo izao

No hahitanao fahoriana”!

(...)

Nefa kosa matokia,

Izaho efa naharesy!”

¹³⁸ (I.A) ANDRIAMAHAZOSOA, « Voha varavarana », *Saino izany anio*, op.cit.

(....)

(V.A lah 64)

Toy izao kosa ny endrika isehoany ao anaty Baiboly: **“Aty amin’izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana; nefa matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao”**¹³⁹

Misy aza ireo lohateny andinin-tsoratra masina no marihany eo ambany ny antsipirihany nakany azy. Izany, ohatra, no hita ao amin’ny:

- V.A Lah. 7 : **“Tsara ny mihira ho an’Andriamanitsika”**

(Salamo 147:1)

- V.A lah. 8 : **“Ataovy mpianatra ny firenena rehetra”**

(Matio 28: 19)

Indraindray, dia mametraka tenin’Andriamanitra ihany koa ny mpanoratra mialoha ny andinin-tonokalo; toy ny ao amin’ny:

- V.A lah. 6 : **“Jehovah ô, notaominao aho ka voataona; Nosamborinao aho ka resinao”** (Jeremia 20:7)

- V.A lah 10: **“Mivavaha ka aza mitsahatra”** (I Tes. 5: 17)

Raha tsiahivina, ny Baiboly no boky voadika tamin’ny fiteny malagasy voalohany indrindra, rehefa tonga teto Madagasikara ireo Misionera Anglisy nitondra ny fivavahana kristiana. Izy io no azo lazaina fa nampiroborobo voalohany ny teny malagasy teo amin’ny sehatry ny literatiora an-tsoratra. Voalazan’ny mpandinika malagasy fa : **“tsy nisy vanim-potoana tsy nampiasana singan-javatra ny Baiboly teo amin’ny tantaran’ny literatiora (...)”**¹⁴⁰

Azo raisina amin’ny lafin-javatra telo izany ny fampiasan’i IRAKO AMMI ny teny sy ny voambolana noloarana avy ao amin’ny Baiboly. An-daniny, tarazo azony avy amin’ny tantaran’ny literatiora an-tsoratra malagasy niforona avy amin’ny Baiboly. An-kilany, akon’ny fanabeazana kristiana niainany hatramin’ny fahazazany mandraka ankehitriny. Ary indrindra, noho ny asa efa nekeny sy nifidianan’ny Tompo, dia ny maha Mpitandrina mpitory ny Filazantsara, ny maha olomboafidin’Andriamanitra azy. Nifameno tamin’ny aingam-panahy nanosika azy ho amin’ny fampiasana ny voambolana avy ao amin’ny Baiboly ireo antony ireo, ary nahafahany nitondra fanabeazana ho an’ny manodidina azy.

¹³⁹ Ny Baiboly: Jao 16:33

¹⁴⁰ (B D) SOLOHERY RANARISON, « Ny Baiboly, loharanon’ny aingam-panahy eo amin’ny literatiora », *Hiratra n° 05*, op. cit, tak. 80.

Hita amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI ihany koa ny teny fampiasa andavanandro.

2.2. Ny filalaovana amin'ny voambolana noloarana avy eo amin'ny sehatry ny fiarahamonina

Natao ho an'ny rehetra ny fanabezana nentin'i IRAKO AMMI. Tsy vitsy araka izany ny voambolana fampiasa andavanandro no nentiny nananganana ny tononkalony. Ho mora azon'ny mpamaky ny hafatra amin'izay.

Ohatra : - VA lah 41 : “HARENA”

“Mahita mpiara-belona

Tafita ve ianao

Dia te hitsiriritra

Ny fiainan'izy ireny ?”

(...)

Tsy misy voambolana sarotra fa mora azo avokoa ny teny nandrafetan'ny mpanoratra ny ampahan-tononkalo eto. Teny efa fampiasa sy fandre eny anivon'ny fiarahamonina avokoa mantsy ireo teny ireo. Ny toe-javatra ihany koa dia tsy zava-baovao fa tranga fahita matetika.

- VA lah 69 : “TL”

“Mahaiza re manaja ora e !

Fa aiza ve ka isan'andro

Diso aoriana foana ianao,”

(...)

Fomba fiteny andavanandro mihitsy no nanorenan'i IRAKO AMMI ny andinin-tononkalo eto. Vao maika mora azo ny hafatra ampitainy, dia ny fanajam-potoana izay andry iray iankinan'ny fandehan-draharaha mandritra ny tontolo andro sy ny fiainana iray manontolo mihitsy aza.

Fitaovana nampiasain'i IRAKO AMMI ihany koa ny voambolana avy ao amin'ny tontolo Malagasy, mba hampahomby ny fanabeazana arosomy.

2.3 Ny voambolana noloarana avy ao amin'ny tontolo malagasy

Ny filalaovana amin'ny ohabolana sy ny fomba fiteny malagasy indrindra no tiana hambara eto. Mampiavaka sy manaitra amin'ny fomba fanoratr'i IRAKO AMMI, ny fahaizany mampiasa sy mandravaka ny asa sorany amin'ny ohabolana sy fomba fiteny isan-karazany. Ahitana ny fahaizan'ny mpanoratra misafidy ny voambolana mba hahakanto ny asa sorany, ny famolahany ny ohabolana. Voalazan'i **Siméon RAJAONA** fa : ***“ny ohabolana no haingom-bolana na haingom-pitenenana tsara indrindra”***¹⁴¹ Tsy haingo fe haingo fotsiny anefa izy ireny, fa mirakitra ny fahendrena Malagasy. Raha izany, ny fampiasana azy ireny ao amin'ny asa soratra, dia fitandroana ny fahendrena Malagasy. Amin'ny ankapobeny, natao handresen-dahatra sy hampieritreretana ny mpamaky izy ireny, noho ny lôjika fonosiny vokatry ny fandinihana ny fiarahamonina sy ny zava-misy ao aminy. Raha ny hita ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI, misy ny fomba fiteny nampiany kely :

Ohatra : VA lah. 67

“Ny adidy, eny, mantsy

Tsy an'olon-dratsy;”

(...)

raha toa ka : *“Ny adidy tsy an'olon-dratsy”* no tena izy.

Toy izany koa no hita ao amin'ny VA lah 70:

(...)

“Fa raha ny hazo no mitohy,

Ny voalavo avy koa

No ho tafakatra any an-danitra,”

(...)

Ny mahazatra dia ny hoe : *“Raha ny hazo no mitohy, ny voalavo aza ho tafakatra any an-danitra”*.

Ao ny somary namboariny ny fomba filazana sy fanehoana azy, toy ny hita ao amin'ny “MISY” (VA lah. 83)

(...)

“Fa ny atody moa va re

Rahoviana no hiady

Hifanandrina amim-bato”

¹⁴¹ (S) RAJAONA, op. cit, tak. 158.

(...)

Azo avy amin’ny oha-pitenenana hoe : “*Atody ve hiady amim-bato*” ny ampahan-tononkalo eto. Sary anehoan’ny mpanoratra ny fisian’ireo olo-marina naiditra an-tranomaizina, noho ny tsindry hazolena afitsok’ireo mpanam-bola sahy mividy sy manitsakitsaka ny marina izany. Malemy mantsy ny atody ka tsy ho sahy hifanandrina amin’ny vato na oviana na oviana.

Voambolana noloarany tao amin’ny tontolo malagasy ihany koa ireo voambolana tranainy, izay tsy fandry intsony ankehitriny, na tsy ampiasaina toy ny nampiasana azy hatrizay intsony. Anisan’ireny ny hoe :

(...)

“Fa ny fikasana tsara **niboika** tao anatinay,”

(...)

(VA lah. 1)

Ny hoe “niboika” dia midika hoe “nivoaka, nitsiry”. Toy izany koa, ohatra, ny hoe:

(...)

“Arahabaina fa **nitozo**, nahatratra ity Jobily,”

(...)

(VA lah. 23)

Ny hoe “nitozo” dia “nanohy niasa tsy mety kivy, nikiry, ...” Izany hoe : ny fikirizan’ireo mpivady, ny fanohizany niasa tsy mba mety kivy na sendra ady mafy aza, no nahatrarany ny taon-jobily. Tian’ny mpanoratra hananan’ny rehetra ihany koa izany fikirizana izany.

Hita ihany koa ny voambolana tranainy ao amin’ny VA lah. 85 :

(...)

“Ny vahoaka **nihogahoga**”

(...)

“Miantsoantso tsy amin’ny antony, manesoneso, manakora” no ambara amin’ny hoe “mihogahoga”. Fanairana ny vahoaka handinika tsara ny lalan-kizorany, indrindra eo amin’ny firehan-kevitra pôlitika arahina no tena tian’ny mpanoratra hampitaina, mba tsy ho vahoaka miantsoantso tsy amin’ny antony fotsiny ny vahoaka. Sambatra tokoa mantsy ny firenena manana vahoaka hendry.

Itondran'i IRAKO AMMI fanabeazana ho an'ny mpiara-monina hatrany ny fampiasany ny voambolana Malagasy tranainy, araka izao manaraka izao.

(...)

“Fa na hisondrotra avo aza,

Hanjaray trano zato rihana,

Dia **hitalakotrokotroka**

Amin'izato fianjerany...”

(...)

(VA lah. 59)

“Hitalakotrokotroka”, izany hoe: “hipoaka mafy, hidaraboka mafy”. Dia toy izany ny hanjo ireo olona tafasondrotra kanefa tsy mba nisedra ny mafy. Ho foana haingana ny harena eo an-tanany, hoy ny mpanoratra. Izany hoe : tsy tokony hitady tany malemy hanorenana angady amin'ny fihariana, tsy ahafahana misedra olana mantsy izany fomba izany.

Manana anjara toerana eo amin'ny fandravahana ny tononkalo ny fampiasana ireo oha-pitenenana samihafa ireo. Sady maneho ny maha malagasy ny mpanoratra izany, no ampitany ny fahendrena malagasy ihany koa. Fanabeazana sy famelomamaso ny maha Malagasy kosa no anton'ny fampiasany ny voambolana tranainy. Mifameno ireo roa ireo.

Hita ao amin'ny asa soratr'i IRAKO AMMI koa ny voambolana miaingitra.

2.4. Ny voambolana miangitra

Ao ireo voambolana miangitra nampiasain'i IRAKO AMMI ao amin'ny asa sorany. Tsy mandeha ho azy ny fampiasany ireny, fa nofidiana manokana, nofantenana mihitsy mba hahakanto ny asa soratra.

Ohatra : - VA lah 40 : “**doria antaranoana**” = an-taona maro

- VA lah 42 : “**baliaka**”

- VA lah 52 : “**nindaosina**”

- VA lah 68 : “**fiaro**”, “**harana**”

- VA lah 74 : “**hanitry ny fiainana**”

- VA lah 80 : “**Perla mampirapiratra**”

Heverina fa tsy mandeha ho azy ihany koa ny safidy nataony, fa niankina betsaka tamin'ny aingam-panahiny teo am-panoratana.

Ny hoe “doria antaranoana” (VA lah 40) izao dia entiny ilazana “faharetana antaona maro, maharitra ela”. Somary miangitra kokoa itsy voalohany raha mitaha amin'ny faharoa. Sady natao hanairana ny mpamaky izy ireny, no miteraka ny kanto ihany koa ao amin'ny asa soratra.

Nanana ny endrika nanehoany sy ny fomba nampitany ny fanabeazana tamin'ny alalan'ny filalaovana amin'ny teny ihany koa ny mpanoratra.

2.5 Ny fomba sy endrika nanehoan'ny mpanoratra ny fanabeazana

Nampiasa betsaka ny filaza mandrara, mandidy, mibaiko ny mpanoratra, anabeazany ny manodidina azy. Tao ihany koa ny fanasongadinany teny maromaro tamin'ny alalan'ny sora-baventy, ary indrindra ny fampiasany ireo teny fampisaintsainana.

2.5.1 ny filaza mandrara sy mandidy, mibaiko

Maneho ny maha ray aman-dreny azy ny mpanoratra. Tsy misorona izy manitsy ny tsy mety, manarina ny lesoka hitany eny amin'ny fiarahamonina eny. Izany no anton'ireo filaza mandrara, mandidy sy/na mibaiko ireo.

Ohatra : filaza mandrara

-VA lah. 15 :

(...)

“**Aza avela** hifaly akory izay maniry hahita anao

Toy ny resy, tsy mitraka, mitanondrika sy lao”.

(...)

Ampahany tamin'ny tononkalo nosoratany ho an'ny fiangonana Ambohimalaza io. Tsy tokony ho kivy na hitanondrika akory na eo aza ireo tsy tia sy mpanaratsy, maniry hahita ny fitontongan'ny finoana efa ananana. Fananarana mba hampaherezany ny fiangonana izany, satria ny Tompo tsy mandao.

- VA lah. 92 :

(...)

“**Aza avela** ho tata-bava

I Neny tiana raha miteny,”

(...)

Anatra ho an'ny ankizy indray no entin'ny mpanoratra eto. Rehefa vakansy, hoy izy, dia mila mifanampy amin'i Neny ny ankizy amin'ny raharaha ao an-tokantrano. Tsy azo atao ny mamela an'i Neny ho fotsy rora miteny, amin'ny iraka ampanaoviny. Matetika mantsy no be lalao na varian-dalao ny ankizy amin'ny fotoana fialan-tsasatra.

- VA lah 95 :

“Henoy ihany izay miteny
F’aza mihevi-tena ho hendry,”
(...)

Ahitsin'i IRAKO AMMI mihitsy ny rehetra mba hahay hihaino ny hafa fa tsy hihevi-tena ho hendry. Matetika mantsy no misy fahamarinany ny tenin'ireny olona sahy miteny ireny. Ialana izany ny fanaovana zinona ny hafa sy ny tsy fihainoana akory ny teniny.

Tsy hasiahana akory no ampiasan'ny mpanoratra ny filaza mandrara, fa fanehoana fitiavana sy fanomezana torolalana ny amin'izay tokony hatao. Tsy mifanalavitra amin'izany ny filaza mandidy sy/na mibaiko.

Ohatra : filaza maindidy/mibaiko

- VA lah : 12

(...)
“Koa **sikino** ny valahana, **matokia** Ilay nifidy,”
(...)

Tsy asa mora velively ny asa ampanaovin'ny Tompo an'ireo olom-boafidiny. Noho izany, tsy maintsy miatrika, manangona ny hery manontolo hahavitana ny asa. Tsy ampy anefa izany fa eo koa ny fahatokiana Azy Tompon'ny asa.

- VA lah 97 : “**AMPIHARO**” (lohateny).

Mazava ny baikon'ny mpanoratra. Ny fampiharana ny tsara rehetra ananana na notovozina tamin'ny sehatra samihafa no ampitain'i IRAKO AMMI eto. Tsy hisy dikany mantsy izy ireny raha angonina sy tahirizina toy ny volabe am-bata fotsiny. Ny fiainana sy ny fampiharana ny tsara no mitondra fiovam-piainana.

- VA lah 44 : “ATREHO”

(...)
“Izao no **baiko tokana**
Ankatoavinao : atreho ny adinao”

Atsidiky ny mpanoratra ery am-piandohan'io tononkalo io, fa ady ny fiainana. Beaziny anefa ny olona hahay hatrika ny zavamisy rehetra mety hiseho, na ho mora izany na ho sarotra. “**Baiko tokana**” izany, hoy izy, nefa mbola nohamafisiny tamin'ny hoe : “**ankatovinao**”.

Manoloana izany adidy atrehana izany, dia manoro izay tokony hatao hatrany i IRAKO AMMI :

(...)

“**Manàna** oram-pahanginana

Hiatrehanao ny olana

Mikiakiaka hovahana,”

Araka izany, mila manokana fotoana hamahana ny olana, iatrehana ny ady. Ao anatin'ny fahanginana no tokony hanaovana izany, satria rehefa mangina ka tony tsara ny manodidina, dia ho tony koa ny saina ka afaka miasa tsara, mahatakatra vahaolana kokoa.

Hita fa nahafahan'i IRAKO AMMI nanabe ny manodidina azy ny fampiasany ny filaza mandrara, mandidy sy mibaiko. Nanampy izany ny fampiasany sora-baventy.

2.5.2 ny sora-baventy

Nataon'ny mpanoratra hanairana sy hisintonana ny mpamaky ny sora-baventy. Matetika eny an-tenantenan'ny tononkalo, na eny amin'ny fiafaran'ny tononkalo eny no misy azy. Natao hanantitranterana sy hanasongadinana hevitra izy ireny, amin'ny ankapobeny.

Ao amin'ny “FANGATAHANA ANDRO”, ny mpanoratra dia manantitrantitra ny fisian'ny toe-javatra tsy maintsy tanterahina sy efaina “**anio**”. Misy fiantraikany eo amin'ny fiainana mantsy ny tsy fanefana azy ireny. Anisan'izany, ohatra, ny trosa : manapoizana ny fiainan-ko avy ny tsy fandoavana ara-potoana ny trosa. EFAO ireny rehetra ireny, hoy i IRAKO AMMI.

(...)

“Anio dia misy zavatra

izay tsy maintsy anio

no tokony hataonao

ndeha itsy izy, EFAO!”

(VA lah. 45)

Ao amin’ny “HERINANDRO MASINA” (VA lah 77) indray izao, dia manasongadina an’i Jesoa Kristy, nijaly sady maty ho famonjena izao tontolo izay ny sora-baventy, ka ampaherezany ny rehetra :

(...)

“Tia anao tanteraka IZY

Ka ny ainy aza foiny

Fa sarobidy loatra ianao !”

(...)

Anasongadinan’i IRAKO AMMI ny hamaroan’ny andraikitry ny reny ao an-tokantrano, indrindra ny fanabeazany ny zanany kosa ny sora-baventy ao amin’ny “VAVAKA HO AN’NY RENY” (VA lah. 2). Tononkalo nosoratany tamin’ny fetin’ny reny izy ity, ho fangataham-pitahiana ho azy ireo noho ny adidy maro loha sahaniny, indrindra ny ao an-tokantranony.

(...)

“Nefa indrindra indrindra, Tompo, angatahina Aminao :

tahio ny Reny noho ny asany ao an-TOKANTRANONY ao

Fa ho inon’izy ireny ny hitana toerana avo,

nefa ny ao an-TOKANTRANO, potika mivarilavo,

Ho inon’izy ireny koa ny asa ivelany voakendry

raha ny zanany ao an-TRANO tsy olom-banona, olon-kendry”.

Tsy ireo ihany akory no manaitra ao amin’ny asa soratr’i IRAKO AMMI eo amin’ny filalaovana amin’ny teny, fa eo koa ny fampiasany voambolana fampisaintsainana.

2.5.3. ny voambolana fampisaintsainana

Ny 71 n’ny tononkalo niasana, dia ireo tononkalo 71 voalohany ao amin’ny boky *Saino Izany Anio*. Miteny ho azy ny lohatenin’ny boky fa fampisaintsainana no ao. Tsy mahagaga araka izany raha toa ka miverina eny amin’ny faran’ireo tononkalo ireo ny hoe : “*Saino izany anio*”, raha toa ka “*saino izany anio rankizy*” no hita ao amin’ny VA lah 52 : “RANKIZY”, sy VA lah 93 : “TENY RATSY”.

Maro ny teny fampisaintsainana hita ao amin’ny asa soratra. Matetika amin’ny alalan’ny fanontaniana no andrafetan’ny mpanoratra azy ireny. Izany, ohatra, no hita ao amin’ny “FANOITRA” (VA lah 60):

“Saino kely dia fantaro :

Tena **inona tokoa**

Moa no faniriana anaty

mamonto ny fanahinao,

mampidoboka ny fo,

Mampitselatra ny saina ?”

(...)

Mampanontany tena ny mpamaky izy hamantatra ny faniriana ao anatin'ny. Raha fanoitra ratsy, hoy ny mpanoratra, dia farano, ajanony ; fa raha fanoitra tsara kosa, dia tokony hifikirana hatramin'ny farany.

Entin'ny mpanoratra hisarihana ny mpamaky handinika ny zava-misy iainana ihany koa ny teny fampisaintsainana. Izany no voiziny ao amin'ny “29 Martsa” (VA lah 76). Mifono famohazana ny fitiavan-tanindrazana ihany koa izany :

“Raha inty ka tafatsangana

Amin'ny maty ireo Mpitolona

ka hijery antsika velona

sy taranaka mpandimby...

ho to'inona va re

No ho fihetsik'izy ireo?”

Ny hoe : **“Raha inty ka”**, dia miteraka fanontaniana any amin'ny mpamaky manao hoe: “Ahoana tokoa moa raha izany no misy sy mitranga?”, ka misarika azy ireo handinika ny zava-misy.

Tsy mifanalavitra amin'izany ny vokatry ny teny hoe **“ka ahoana”** ao amin'ny “VELOMA” (VA lah 9) :

“Dia hifarana ny taona

ka ahoana

F'efa mahazatra ihany !

Fomban-tany !

Ny veloma izay fanao

isan-taona toy izao,

(...)

Ny VA lah 68 : “FAHAMARINANA”, dia fanontaniana hatramin'ny farany no entin'ireo andininy telo ahitana andalana valo avy. Abaribarin'ny mpanoratra amin'izany ny maha tsinontsinona ny fahazoana harena tamin'ny hafetsifetsena,

harena miorina amin'ny alahelon'ny hafa. “**Ho inonao**” hoy izy ho fampisaintsainana ny rehetra, ary isarihana azy ireo handala ny fahamarinana :

(...)

“**Ho inonao**” fiara maro

Mahatsiriritra ny hafa

hisekoana, hitrifatrifana,

rah'toa ka tsiny no arabe

andehany isan'andro

ary ozona mangina

no lasantsy, solo menaka,

mampihodina ny miliny?

(...)

Tsy voatery ho endrika fanontaniana foana akory ny teny fampisaintsainana. Ao amin'ny VA lah 107 : “FANOMEZANA” izao, dia fehezan-teny tsotra no nampiasain'ny mpanoratra. Fisarihana ny mpamaky handinika ny fahazarany sy fanitsiana no arosan'ny mpanoratra amin'ny hoe “**saingy**” eto :

“Mahafinaritra tokoa

Ny mandray avy amin'ny hafa,

Ny fanoezana natolony :

(...)

Saingy, indrisy, indraindray

Hadinontsika ny misaotra”

Fahalalam-pomba faran'izay tsotra ny misaotra rehefa toloran'ny olona zavatra. Tsy tokony hohadinoina izany.

Amin'ny ankapobeny, ireo tononkalo 71 ao amin'ny *Saino Izany Anio* nampiasaina ireo, dia miendrika hainteny, raha toa ka “**kanto akaiky kokoa ny haintenin'ny Ntaolo**”¹⁴², no nilazan'ny mpanoratra azy ireo tamin'ny dinidinika nifanaovanay. Mampiavaka an'i IRAKO AMMI io fandaharany ny andalan-tononkalony amin'ny endrika hainteny io. Nataony izany mba hahamora ny fampitana ny fanabeazana, mba hahafahana mamoka hevitra malalaka kokoa hanakaiky ny marina tian-kambara. Tsy dia teren'ny teny miady rima tsy maintsy tadiavina loatra

¹⁴² Fanadihadiana natao tamin'ny mpanoratra tao Androntra ny 30/11/2010

mantsy ny hainteny, hany ka malalaka tsara ny mpanoratra amin'ny fisafidianana ireo teny ampiasainy.

Ny Malagasy ihany, araka ny fantatra hatramin'izao, no manana ny hainteny na “amboaran-teny feno ohatrahotra sy tarehin-teny tsara”. “**Hazo tokana an-tany**”, “**tokan-tany aniriana**”, ary “**tokan-tarehy**”¹⁴³, hoy i **Siméon RAJAONA**, ao amin'ny *Takelaka Notsongoina I.Koa* ny fiezahan'ny poëta hamolaka sy hampiasa ny oha-pitenenana amina tononkalo marobe miendrika hainteny toy izao, dia manamarika ny fientanany sy ny firaketam-pony amin'ny maha Malagasy, sady fanabeazany ny mpamaky ho olom-banona tia ny teniny, ny kolon-tsainy, ary ny tanindrazany.

Fehin'ny toko faharoa

Tsapa amin'ireo voalaza rehetra ireo, fa manana ny safidiny malalaka ny mpanoratra amin'ny fifantenana ny teny sy ny voambolana ampiasina. Anisan'ny fototra ahafahana mampijoro tononkalo ny teny, ary manome aina azy mihitsy. Afaka ambara amin'ny alalany avokoa ny zava-drehetra. Hita fa kristina mpanabe ny mpanoratra, amin'ny fampiaisany betsaka ireo voambolana noloarana avy ao amin'ny Baiboly sy ireo andalan-tSoratra Masina. Mpandala ny maha Malagasy ihany koa izy, eo amin'ny lafiny fitenenana, ka nampiasa oha-pitenenana, teny malagasy tranainy, ary nanagana tononkalo maro miendrika hainteny. Nanampy ny fanabeazany ny Malagasy rehetra hivelatra amin'ny maha olona azy ny fisafidianany teny miaingitra, ny fanasongadinany hevitra tamin'ny sora-baventy, ary ny fametrahany fa manankarena voambolana ny teny Malagasy. Ahazoana maneho ny fihetseham-po samihafa ny voambolany, ahafahana maneho ny hevitra tiana hambara. Voalazan'ireo mpandinika toa an-dry i **REPUSSEAU** rahateo fa “**ny tenin-drazana no fomba tsara**

⁶ (S) RAJAONA, op. cit, tak 157-158

indrindra anehoan-kevitra".¹⁴⁴ Izany no heverinay fa antony tsy nampiasan'ny mpanoratra teny vahiny tao anaty asa sorany. Fitiavan'i IRAKO AMMI hahatafita ny fanabeazana rehetra atolony any amin'ny sarambabem-bahoaka, any amin'ny Malagasy tsy vaky volo izany. Nampiany sarin-teny samihafa izany mba hahafeno ny tena maha kanto ny asany. Izany no hojerena manaraka.

¹⁴⁴ (J.P)REPUSSEAU, *Pédagogie de la langue maternelle*, coll. « SUP », PUF, Paris, 1968, p.13 : « Nous vous proposons de considérer la langue maternelle comme un moyen privilégié d'expression » .

TOKO III : NY FILALAOVANA AMIN'NY SARIN-TENY

Mbola mampiavaka ny literatiora ny fampiasan'ny mpanoratra sarin-teny, ary heverina aza fa io no maha pôezia ny pôezia noho ny kanto entiny. Ny filalaovan'ny mpanoratra ireny, no paik'ady hambabony ny mpamaky, ary itaomany azy ireo hankafy ny asa sorany, satria raha hevitra sy fihetseham-po fotsiny, dia ho mora monamonaina ihany ny mpamaky, raha tsy eo ny fomba entina milaza izany. **“Fomba filazan-javatra mihataka amin'ny fampiasana ny teny amin'ny andavanandro ny sarin-teny.”**¹⁴⁵ Tsy azo odian-tsy hita raha mandinika tononkalo, satria endrika iray isehoan'ny fihetseham-po mihitsy. Hoy koa i **Siméon RAJAONA** : **“Ny sarin-teny dia ireo fomba enti-milaza zavatra misy endriny, mihataka amin'ny andavanandro amin'ny fanehoana hevitra sy fihetseham-po”**¹⁴⁶. Mitana anjara toerana lehibe, ary isan'ny manan-danja tokoa amin'ny fampijorona asa soratra, mba hananany ny kanto ny sarin-teny, araka ny mbola ilazan'i **Siméon RAJAONA** azy hoe : **“(…) anisan'ny maha zava-kanto ny asa soratra ny sarin-teny”**¹⁴⁷.

Ny sarin-teny tamberin-javatra, ny sarin-teny fanovan-javatra, ary ny sarin-teny hafa dia samy hita ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI avokoa.

3.1. Ny sarin-teny miorina amin'ny tamberin-javatra

Ny tamberin-javatra, dia tsy inona fa sarin-teny ilazana ireo teny na andian-teny na hevitra miverimberina ao anatin'ny andalana na andininy (na ao anaty tononkalo iray). Tsy nataotao fotsiny ireny fa nentin'ny mpanoratra hanantitranteran-javatra, na hanehoana fihetseham-po mibosesika noho ny fahitany ny zava-misy eo amin'ny fiainana, ary indrindra, mety hifono ny hafatra na ny hevitra tiany hampitaina amin'ny mpamaky.

Azo sokajiana roa ny tamberin-javatra ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI :

- ny tamberim-peo
- ny tamberim-boan-teny sy/na andian-teny

¹⁴⁵ (P) GUIRAUD e (P) KUENTZ, *Le stylistique lecture*, Kluik Siek, Paris, 1970, p. 120 : « La figure est un écart par rapport à l'usage ».

¹⁴⁶ (S) RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, op. cit, tak. 14

¹⁴⁷ (S) RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, op. cit, tak. 14

3.1.1 ny tamberim-peo

Ny tamberim-peo dia ny fiverimberenana ny feo ao anatin'ny teny na andianteny iray na maromaro izay mateti-pitranga ao anaty asa soratra. Mbola azo sokajiana roa koa anefa ny tamberim-peo :

- ny tamberin-drenifeo
- ny tamberin-jana-peo

Samy hita ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI ireo.

3.1.1.1 ny tamberin-drenifeo na “alliteration”

Ny atao hoe tamberin-drenifeo, dia “*Sarinteny azo avy amin'ny tamberin-drenifeo tokana na farafaharatsiny, mifanakaiky*”¹⁴⁸.

Ao amin'ny “Antson'ny mandrakizay” (VA lah 5) izao, dia ahitana tamberin-drenifeo /s/ ny andininy fahaefatra:

(...)

“Sarobidy indrindra ianao, kasainy handova ny Doria !

Safidinao no hany ilainy : hanaiky azy ve sa tsia ?”

(...)

Ny renifeo andoha-lela /s / no misongadina eto amin'ity andininy ity. Sady mandoko ny fahitan'ny mpanoratra ny hasarobidin'ny olombelona izany, no fandresen-dahatra an-kolaka ny mpamaky handray an'i Jesoa Krisy. Asehon'ny mpanoratra fa sarobidy indrindra ny olombelona ka tokony hanaiky sy handray an'i Kristy.

Ny renifeo /m/ amolotra indray no hita mitamberina ao amin'ny VA lah 20, andininy 4 sy 6 :

(...)

“Na dia sendra fahavalo zary romotra masiaka,

Dia mahery ihany isika !

(...)

Na dia mangorohoro mafy fa mahitra ra mandriaka,

Dia mahery ihany isika ! »

(...)

¹⁴⁸ (S) RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, op. cit, tak. 24.

Mandoko ilay ataony hoe : « fahavalo... romotra masiaka” ny tamberin-drenifeo /m/ eto. Toa heno ny fieroneron’ny fahavalo. Eo ihany koa ny tahotra sy ny horohoro noho ny fahitana ra mandriaka. Mibaribary eto ny filalaovan’ny mpanoratra ny renifeo /m/, mba hampaherezany ny rehetra raha sendra zava-tsarotra. Fanabeazana ny olona hahay hiatrika ny fiainana no tanjona amin’izany.

Tsy ny renifeo ihany anefa no hita miverimberina, fa ao koa ny zanapeo.

3.1.1.2 ny tamberin-janapeo na “assonance”

Ny tamberin-janapeo, dia sarin-teny azo avy amin’ny fiverimberenan’ny zanapeo tokana ao anatin’ny andalana na andininy.

Ny zana-peo /i/ izay mikatona indrindra no hita miverimberina ao amin’ny “MARAINA” (VA lah 64):

“Nikipaka, lasa
Ny lamba matevin’ny
Alina mainty
Fa nodiasan’ity hazavana
Mamiratra indray !”
(...)

Maneho fihetseham-po feno fanantenana sy hafaliana eo am-pahitana ny hazavana mampiratra entin’ny andro maraina izany. Ahitana taratra ny fifaliana noho ny fandresena ihany koa. Ny feo /i/ sady mampiharihary ilay hafaliana mahavelontsikitsiky ao anaty, sy ny endrika isehoany ety ivelany.

Ny zana-peo /a/ izay misokatra indrindra kosa no hita miverimberina ao amin’ny “ATREHO” (V.A lah. 44):

“Ady ny fiainana
Ary hisy foana
ny zava-manahirana
isan’andro vaky!
Ny anjara adinao
atreho am-pahasahiana
F’aza andosirana.”
(...)

Mandoko indrindra ny fihetseham-po mipololotra eo anatrehan'ny toetra raiki-tampisaka amin'ny fiainana izany. Ny ady na ny olana tokoa matetika no mampihanahana ny olona, andosirany mihitsy! Saingy hisy foana ny ady, hoy ny mpanoratra. Fankaherezana ny rehetra hahazany hatrika amim-pahasahiana ny olana miseho izany no anterin'ny sarin-teny azo avy amin'ny tamberin-jana-peo /a/ eto.

Anisan'ny zana-peo hita miverimberina ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI koa ny zana-peo / o / izay misokatra tapany. Ao amin'ny "FISAORANA" (V.A. lah. 29), ohatra, dia ahitana izany:

“Ry Jesoa fitiavana ô, mipololotra avy ao am-po
 avy ao am-po ny fiderana isaoranay Anao tokoa
 isaoranay Anao tokoa noho ny fitantananao,
 noho ny fitantananao hatramin'izay k'hatram'izao!”
 (...)

Maneho hafaliana miharo faharesen-dahatra iainan'ny mpanoratra ny fiverimberenana'ny zana-peo / o /, hafaliana noho ny nahatrarana'izy mivady ny Jobily faha-25 taonan'ny mariaziny (14 jan 1984 – 14 jan 2009). Tiany hamaka any amin'ny mpamaky izany, ka ny tamberim-peo /o/ no anatintranterany azy. Fanabeazany ny rehetra koa izany, hahay hisaotra ny Tompo amin'ny fahasoavana omeny.

Manavanana ny mpanoratra ihany koa anefa ny filalaovana amin'ny tamberim-boan-teny sy/na andian-teny mifanesy.

3.1.2. ny tamberim-boan-teny sy/na andian-teny mifanesy

Mbola manaitra amin'ny fomba fanoratra'i IRAKO AMMI koa ny filalaovana amin'ny tamberin-teny sy/na andian-teny. Nampiasainy hanamafisana ny hevitra arosany, ary indrindra nanantitranterany angolan-kevitra sy angolan-pihetseham-po ho an'ny mpamaky izany.

Maro ireo sarin-teny miorina amin'ny tamberin-teny sy/na andian-teny ao amin'ny asa soratra nohadihadiana.

3.1.2.1. ny “anaphore”

Ny “anaphore” dia *sarin-teny azo avy amin’ny “tamberim-boan-teny na tamberin’andian-teny, andohan-pehezan-teny, na andohan’andalana, na adohan’andiny mifenesy”*¹⁴⁹. Fahita ao amin’ny ankamaroan’ny tononkalon’i IRAKO AMMI izy ity.

Ao amin’ny “ANTSON’NY MANDRAKIZAY” (VA lah. 5), ohatra, no ilazan’ny mpanoratra ny tena fiainana sy ny foto-pitahiana, sady handreseny lahatra ny mpamaky handray an’i Kristy.

(...)

“**Kristy** no avia ekeo ho MPAMONJY TOMPONAO,

Kristy ilay famonjena ananam-piainam-baovao.”

Tamberim-boan-teny an-dohan’andalana mifanesy no hita eto. Miseho izany noho ny fanantitranteran’ny mpanoratra ny maha Mpamonjy tokana azo iantorahana an’i Jesoa Kristy, sy noho ny faniriany hananan’ny rehetra Azy.

Ao amin’ny “ORAM-PAHANGINANA” (VA lah. 58) kosa, dia ahitana tamberina andian-teny, andohan’andiny mifanesy. Anabeazany ny mpiara-belona aminy hanokana fotoana iatrehana ny olana, hahafahana misaina sy mieritreritra ny ho avy izany:

“Manàna oram-pahanginana

Hahafahanao misaina

(...)

Manàna oram-pahanginana

Handefasana eritreritra

(...)

Manàna oram-pahanginana

Hiatrehana ny olana”

(...)

Toraka izany koa no hita ao amin’ny “FARANY” (VA lah. 70). Mibosesika ny fihetseham-pon’ny mpanoratra ka nilazany fa misy farany avokoa izay rehetra atao. Mitanisa toe-javatra maromaro, toy ny vavabe sy hambom-po diso toerana, ny vola sy ny harem-bevava nivarotna fanay, sns. Hanefeny ny mpiara-belona aminy hanana toetra mendrika mba hananany ho avy tsara ny tamberin’andian-teny eto :

¹⁴⁹ (S) RAJAONA, *Ny zavan-kanto vita amin’ny teny*, op. cit, tak. 31.

(...)

“Hisy farany avokoa

ny fahefana sy ny hery
eo an-tanan’olombelona

Hisy farany avokoa

Ny reharena sy avonavona
Nampibohoka ny adala !

Hisy farany avokoa

Ny vavabe sy hambom-po
diso toerana rehetra !”

(...)

Hita ao amin’ny tononkalon’i IRAKO AMMI koa ny “anadiplose”.

3.1.2.2 ny “anadiplose”

Ny “anadiplose” dia sarin-teny azo avy amin’ny “*tamberim-boan-teny na andian-teny am-param-pehezan-teny na amparan’andalana sy andoham-pehezan-teny na an-dohan’andalana mifanesy, ary tsy miova hevitra ilay teny amin’io izy miverina io*”¹⁵⁰. Ahitana izany, ohatra, ao amin’ny “ANATRA” (VA lah. 63) :

“Raha toa ka miteny ny olona tia,
tia ka manananatra fa tsy mangina,
Mangina hijery ny harina an-tava,
Tava hisehoana amin’ny hafa,
Ny hafa izay mety hihomehy na haneso,
Haneso, hifosa, fa tsy mba hanitsy,
Hanitsy ny fiainanao ho amin’ny tsara.”

(...)

Tamberim-boan-teny sy/na andian-teny am-paran’andalana sy andoham-pehezan-teny (andohan’andalana/mifanesy) no hita eto. Entin’ny mpanoratra maneho ny fisian’ny olona sahy manitsy ny tena izany. Fitiavana no anton’izany, fitiavana hameno ny banga, fitiavana hanarina ny lesoka. Fanabeazana ny rehetra tsy hihevitena ho hendry, ka hanao be marenina manoloana ny fanatsarana ataon’ny olona tia moa no tena ampitain’ny tononkalo iray manontolo. Mahavariana mihitsy ny

¹⁵⁰ (S) RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin’ny teny*, op. cit, tak. 29.

hakingan'i IRAKO AMMI milalao amin'ny sarin-teny azo avy amin'ny tamberin-teny sy/na andian-teny toy izao.

Ao amin'ny “MAHEREZA FA AZA KIVY” (VA lah. 21) indray, no ilazan'ny mpanoratra amin'ny mpamaky fa ady ny fiainana ary misy ady atrehana. Antitranteriny amin'ny alalan'ny filalaovana ny tamberim-boan-teny izany :

“Ady ny fiainana, ady tena ady fa tsy sarin’ady.”

Toy ireo tamberin-javatra hafa, hita ao amin'ny vondrona ambara koa ny “épiphore”

3.1.2.3 ny “épiphore”

Ny “épiphore” indray dia “*sarinteny azo avy amin'ny tamberim-boan-teny na andian-teny ampam-pehezan-teny na amparan'andalana na amparan'andininy mifanesy.*”¹⁵¹

Ao amin'ny “FITAIZANA” (VA lah. 65) izao, dia ahitana tamberin'andian-teny amparan'andininy mifanesy. Ny hoe :

(...)

“Fa : ny olona kenakenaina

Olona tsy azo antenaina”

dia miverina ao amin'ny faran'ny andininy 1 sy 2 ary 3. Mitovy tanteraka ny andian-teny mitamberina, mitovy toraka izany koa ny hevitra ateriny. Tian'ny mpanoratra ho tsapan'ny mpamaky ny tokony ho fitaizana ny zaza mandrapahalehibeny haha olom-babnona azy. Raha tsorina, tsy azo atao goragora ny fitaizana. Io sarin-teny “épiphore” io no nanasongadinany izany. Eto dia mazava, miharihary, fa isan'andalana misy “épiphore” dia ahitana “parallelisme” (Jereo 3.3.1), ny fehezan-kevitra mitovy rafitra, mitovy vahana, mitovy hevitra.

Tamberim-boan-teny am-paran'andalana mifanesy kosa no hita ao amin'ny VA lah. 7.

(...)

fa **hira**

TENA **HIRA**

teraky ny fo”

(...)

¹⁵¹ (S) RAJAONA, *Ny zava-kano vita amin'ny teny*, op. cit, tak. 29.

Isarihan'ny mpanoratra ny rehetra, hihira amin'ny fo ho an'Andriamanitra izany. Antitranteriny amin'ny hoe : “**tena**” izany, ka nahazoana ny tamberim-boantenany eto. Manan-danja lehibe tokoa ny “epiphore” eto.

Manana ny hevitra fonosiny sy ny kanto entiny ny tamberin-javatra. Tsy izany ihany anefa no hita ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI, fa ao koa ny fanovan-javatra.

3.2 Ny *sarin-teny miroyina amin'ny fanovan-javatra*

Karazana fanovan-javatra telo no hita ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI, dia ny “synécdoque”, ny “métonymie”, ary ny “métaphore”.

3.2.1 ny “synécdoque”

Sarin-teny isehoan'ny ampahany misolo tena ny manontolo ny “synécdoque”. Raisina ho ohatra avy hatrany ny hita ao amin'ny “FO VATO” (VA lah 103) :

“Mihodina tsy miato

‘ty bolan-tany ity.

Angamba ny planeta tany ihany no ao an-tsain'ny mpamaky eto. Ekena izany, saingy araka ny maha planeta iray ipetrahan'ny olombelona ny tany, dia heverina fa mahasolo ny planeta rehetra, izao tontolo izao mihodina tsy miato izy. Natao hamintinana hevitra àry ny “synécdoque”.

Ahitana “synécdoque” koa ao amin'ny “TONOM-BAVAKA NOELY” (VA lah 4) :

(...)

“Tompo ô

Inty ny **FO**KO no anjakao :

Ekeo ianao ho teraka ao !

(...)

Ny “fo” no misolo ny tena manontolo eto. Ekena fa ao am-po no andraisana an'i Jesoa. Ny olona mandray Azy anefa, dia manaiiky hotapahany amin'ny lafimpianana rehetra. Izy no avela hanjaka ao am-po, ao an-tsaina, hanjaka amin'ny tena manontolo. Famintinan-kevitra ihany koa no fonosin'ny “synécdoque” eto. Tsy ny fo ihany no ekena hanjakan'i Jesoa, fa ny saina amam-panahy koa.

Manao ahoana indray ny “métonymie” ?

3.2.2 ny “*métonymie*”

Ny “*métonymie*” dia sarin-teny antsoina amin’ny teny Malagasy hoe fanovana anarana. Ohatra iray no hita ao amin’ny “Iraka tsara mpiantoka” (VA lah 12) :

(...)

“Koa sikino ny valahana, matokia **Ilay nifidy**,”

(...)

Ao amin’io andalana io, ny “Ilay nifidy” = Jesoa Kristy. Izany hoe Jesoa no teny andrasana teto, kanefa dia “Ilay nifidy” no ampiasain’ny mpanoratra. I Jesoa no nifidy izay ho irany, ho mpanompo hiara-miasa Aminy, na hanefa ny asa ampanaoviny. Izany no rohin-kevitra misy eo amin’ireo teny ireo ka mahatonga ny fanovana anarana eto. Jesoa no itokina. Nampiasany, araka izany ny sarin-teny azo avy amin’ny fanovana anarana, mba hahafaoka ny havesatry ny asa ampanaovin’i Jesoa ny olom-boafidiny ka hatokiana Azy sy hifikirana aminy.

Ahitana fanovana anarana ihany koa, ohatra, ao amin’ny “MAHEREZA” (V.A lah. 15):

(...)

“Andao àry, **ry fiangonana**, misikina ka meteza

Hitafy herim-po vaovao ! Mitsangana! Mahereza”

Ny “Fiangonana” eto dia ilazana ireo kristiana resy lahatra miangona ao amin’ny trano fiangonana isaka ny Alahady. Voalaza sahady ny rohin-kevitra misy eo amin’ireo teny ireo, dia ny hoe: “Fiangonana” sy ny hoe “kristiana”, ka mahatonga ny fanovana anarana eto. Fanafohezana ny filazan-javatra koa no lanjan’ny “*métonymie*” eto.

Ny momba ny sarin-teny “*métaphore*” indray no hojerena manaraka.

3.2.3. ny “*métaphore*”

Ahazoana mitaratra ny maha izy ny mpanoratra koa ny fampiasany ny sarin-teny “*métaphore*”¹⁵². Anisan’ny hita ao aminin’ny asa soratr’i IRAKO AMMI koa izy

¹⁵² (M) MORIER, *Dictionnaire de poésie et de rhétorique*, Paris, 1981, p. 714 : « Dans l’analyse psychologique d’un style personnel, le *métaphore* joue un rôle capital”.

ity, amin'ny maha “*mpanjakan 'ny sarin-teny*”¹⁵³ azy, araka ny voalazan' i (M) LEGUERN.

Ao ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana :

Ohatra:

“Ny hambom-po dia vatobe,

Hoy ny olon-kendry :”

(...)

(VA lah 96)

Ny oharina dia “ny hambo-po”, ary ny anoharana dia “vatobe”. Nampitoviana tamin'ny vatobe ny hambom-po. Raha ny marina dia tsy zavatra hita maso ny hambom-po, saingy natao ho toy ny hita maso ka nampitoviana amin'ny vatobe. Ny vatobe dia mavesatra, goavana, mafonja, tsy zaka bataina na lolohavina. Raha entina eto amin'ny tononkalo izany ny hambom-po, satria izy vatobe, dia mavesatra, goavana, mafonja, tsy zaka bataina na lolohavina. Ny vatobe raha lolohavina dia tsy ho zaka ka mandavo na mampidaraboka amin'ny tany izay manao izany. Raha iakarana na hitsahina kosa izy dia mampisondrotra izay eo amboniny. Dia toy izany koa ny hambom-po.

Vahavahan'ny mpanoratra ao amin'ny tononkalo iray manontolo moa izany. Raha lolohavina ny hambom-po dia mampietry, fa raha hitsahina kosa dia mampisondrotra. Ny kian-teny “**dia**” no mampiharihary ny fanovana endri-javatra azo avy amin'ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana eto.

Fohy ny fehezan-teny misy fanovana endri-javatra raha oharina amin'ny andavanandro. Noho izany, mampifintina filazan-javatra ny fanovana endri-javatra. Ny filazan-javatra no mifintina, fa ny hevitra sy ny fihetseham-po tian-kambara dia mivelatra, satria mibahan-toerana ao an-tsain'ny mpamaky ny hevitra sy ny fihetseham-po tsy voalaza mivantana, ka manery azy an-kolaka hieritreritra sy hamaky ny tohin'ny asa soratra. Ampiasain'ny mpanoratra koa eto ny sarin-teny “*métaphore*”, mba hanehoana ny fanabeazana arosany, hampahafantarany ny toerana tokony hametrahana ny hambom-po.

¹⁵³ (S) RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, op. cit, tak. 51.

Ohatra iray koa :

(...)

“Fa afa-miova ianao,
Afaka hihavao,
na iza **ianao** na iza,
dia toy ilay **fanday**
ratsy sy mandady
nihofo hanjary lolo
Kanto sy manidina
eny ana habakabaka,
mifoka fahafahana”
(VA lah. 48)

Voalohany, “**ianao**” (olona) oharina amin’ny “**fanday**”. Ny fanday dia biby ratsy endrika, mandady. Ny fanday no mihofo ho lolo ka manjary manana helatra, afaka manidina. Oharina amin’izany ny olona izay manana toetra ratsy ; izany hoe : afaka mihavao, manova ny toetra ratsiny mba ho tsara. Fampitoviana ny olona sy ny fanday amin’ny fiovana mety ho hita amin’izy roa ireo no eto. Ny sarin-teny fanovana endri-javatra azo avy amin’ny fampitoviana ny oharina sy ny anoharana no andokoan’ny mpanoratra ilay fihetseham-po miredareda mba hampisaintsaina ny mpamaky sy hihavaozany ho amin’ny toetra tsara.

Faharoa, ao amin’ny hoe : “**mifoka fahafahana**”, dia ahitana fanovana endri-javatra azo avy amin’ny fanafiana toetra ny anoharana ny oharina. Ny oharina dia ny “fahafahana”. Tsy eto kosa ny anoharana, fa toetra iray ao aminy “azo fohana > mifoka” no eto. Ny rivotra no azo fohana, mitsoka, mariky ny aina... toetra iray amin’ny anoharana no atafy ny “fahafahana” oharina eto. Ny hoe “mifoka fahafahana” izany, dia maneho ilay fiovam-piainana, fiainana feno fahasambarana ao anatin’ny toetra tsara sy mendrika.

Ahitana fanovana endri-javatra mifanesy eto, ka fanovana endri-javatra maro soritra, satria samy hafa seha-kevitra ireo anoharana.

Ao koa ny fanovana endri-javatra azo avy amin’ny fanafoanana ny oharina. Amin’ity karazana fanovana endri-javatra ity, dia ny anoharana ihany no miseho anaty fehezan-teny. Tsy hita ny oharina, saingy ny toe-javatra samihafa miresaka mikasika ny anoharana mandritra ny tononkalo no hahazoana manakatra ny oharina, sy mametraka ny anoharana ho tena anoharana.

Ohatra: V.A lah. 35:

(...)

“Inona no fanafody handresena disadisa?

I Kristy no iantoraho, himpody indray ‘**Lay paradisa!**’

Ny oharina dia ny **tokantrano** (tsy eo), ary ny anoharana dia “**paradisa**”. Raha vahavahana, ny “paradisa” dia ilazana toerana mahafinaritra indrindra, lafatra, maha te honina mandrakariva noho ny rindra sy ny filaminana ao aminy. Izay no anoharana ny tokantrano izay tsy hita eto. Ny tokantrano dia mety hisy olana, adiady, sns, ka mety hikorontana. Ny fiantorahan’ny mpivady amin’i Kristy no hany vaha olana, fanafody fampodiana ny filaminana ao an-tokantrano, ilay paradisan’ny mpivady.

Natao izany ny fanovana endri-javatra eto, mba hamintin-kevitra sy handokoana ny hetaheta lalina ao amin’ny mpanoratra ny mba hisian’ny filaminan’ny tokantrano sy hiantorahan’ny mpivady amin’i Kristy, ary hanekeny hotapahiny.

Fisaintsainana avy amin’ny mpamaky no heverina fa andrasan’ny mpanoratra amin’ny filalaovany amin’ny “métaphore”, satria, “**ny manoratra dia miantso ny mpamaky mba hisaintsainana izay hevitra mivohitra avy amin’ny azo tsapain-tanana, amin’ny alalan’ny teny**” ¹⁴¹

Nampiasa sarin-teny hafa koa i IRAKO AMMI hoentiny mandravaka ny tononkalony.

3.3. Ny sarin-teny hafa

Santonany sy ohatra vitsivitsy tsapanay fa misongadina ary mifandraika amin’ny fanabeazana ihany no asehonay eto, toy ny “parallelisme”, ny “interrogation oratoire”, ny “gradation”, ny “anastrophe”, ary ny “oxymore”.

3.3.1. ny “parallelisme”

Ny “parallelisme” dia “**sarin-teny ahitana fehezan-teny roa na mihoatra mifanesy, na tsy mifanesy fa mitovy tsinjara toerana ao anaty ampahan-dahatsoratra, ka mifamaly daholo ny vani-pehezan-teny rehetra. Izany fifamalian-javatra izany dia miseho eo amin’ny hevitra lazain’ny fehezan-teny, ary eo amin’ny vahan’ny fehezan-teny**”. ¹⁴²

¹⁴¹ (J.P)SARTRE, *Qu’est ce que la littérature*, op. cit., p. 59 : « Ecrire, c’est faire appel au lecteur pour qu’il fasse passer à l’existence objective le dévoilement que j’ai entrepris par le moyen du langage »

¹⁴² : (S) RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin’ny teny*, op. cit., tak. 103.

Fehezan-teny mifamaly rafitra, mitovy vahana, mandravon-kevitra no hita ao amin'ny "FAHAMARINANA" (V. Alah. 68) :

"Ho inonao moa no hanana	Ho inonao fiara maro
Trano maro valo zoro,	Mahatsiriritra ny hafa,
Azonao ireharehana,	hisekoana, hitrifatrifana,
Rah'toa ka alahelon'olona	rah'toa ka tsiny no arabe
No mba vato fanorenany	andehany isan'andro
Ary ranomason'olona	ary ozona mangina
No nentina nanao ny rihatra	no lasantsy, solo-menaka,
Nandrafetana ny rindry?	Mampihodina ny miliny?

Sady tsy mitovy no tsy mifanipaka ny hevitra lazain'ny andininy roa eto. Mitovy vahana kosa ireo andininy roa mifamaly rafitra ireo. Mahamora ny fitadidiana ny tononkalo ny "parallelisme" eto. Fanantitrateran'ny mpanoratra ny maha zava-poana ny harena azo tsy ara-drariny rahateo.

3.3.2. ny "interrogation oratoire"

Sarin-teny azo avy amin'ny "*fanontaniana tsy miandry valiny, satria mazava ho azy ny andrasana, na farafaharatsiny valin-teny efa ao an-tsain'ilay nametraka fanontaniana ny "interrogation oratoire"*¹⁴³. Izany, ohatra no hita ao amin'ny "HAMBOM-PO" (V.A lah. 96)

"Dia fidio izay sitrakao:
Hololohavina hampietry
Sa hohitsahina hampisondrotra
Izato hambom-po rahavako?"

Eto ny fanontaniana dia tsy mila valiny, raha ny marina kokoa aza, dia nentin'ny mpanoratra handresy lahatra ny mpamaky mba hametrahany ny hambom-po any ambany tongotra. Ny fanontaniana tsy mila valiny no nampisaintsainan'ny mpanoratra ny mpamaky.

Ao amin'ny V.A lah. 83 indray dia mazava ho azy fa tsy afaka hifanandrina amim-bato mihitsy ny atody. Toa tsy mila apetraka akory aza ny fanontaniana hoe:

¹⁴³:(S) RAJAONA, *Ny zava-kanto vita amin'ny teny*, op. cit., tak. 67.

(...)

“Fa ny atody moa va re

Rahoviana no hiady

Hifanandrina amim-bato?”

saingy napetraky ny mpanoratra izany, anehoany fa misy tokoa ireo olo-marina tsy mba afa-nifanandrina tamin’ny mpanam-bola no lasa any an-tranomaizina. Izany no angolan-kevitra fonosin’ny “interrogation oratoire” eto.

Nampiasa ny sarin-teny “gradation” koa izy.

3.3.3. ny “gradation”

Fandaharana an-tanan-tohatra ny zavatra tanisaina no atao hoe “gradation”. Manao lanja miakatra ny “gradation” (gradation ascendante) raha mihahentitra ny hevitra, na mihalehibe ny zavatra tanisaina, na mihamafonja ny fomba filazana azy. Andeha handray ohatra avy hatrany, avy ao amin’ny tononkalo.

(...)

“sa ianao mihitsy

No hiasa sy hijoro

Hanjary fitahiana

Ho an’ny tenanao

Sy ny ankohonanao

Sy ho an’ny firenena?

(V.A. lah. 38)

Tsapa amin’ireo andalana ireo ny fisian’ny fandaharana an-tanan-tohatra manao lanja miakatra amin’ny hevitra lazainy. Raha ny tena no miasa sy mijoro, dia hahazo fitahiana. Misy voka-tsoa eo amin’ny ankohonana izany, ary mitatra hatrany amin’ny firenena iray manontolo.

Natao indrindra hampibaribary ny fifandraisan’ny hevitra amam-pihetsehampon’ny mpanoratra ny “gradation” teto. Izany hoe: ny fanabeazany ny tsirairay hiasa, hitondrany fitahiana ho an’ny tenany sy ho an’ny ankohonany ary ho an’ny firenena, dia maneho ilay fomba fijery miabo ananany.

Hita ao amin’ny asa soratr’i IRAKO AMMI koa ny “anastrophe”.

3.3.4 ny « *anastrophe* »

Sarin-teny anovana ny laharam-pisehoan'ny teny mamorona ny fehezan-teny, tsy araka ny fahitana azy andavanandro, nefa izany fanovan-toerana izany dia tsy manova ny anjara asan'ny teny tsirairay avy, ny « *anastrophe* ». Ahitana izany, ohatra, ny VA lah. 41.

(...)

« Tsarovy fa ny harena

Azo **tsy amin'ny** marina

Dia loza mitatao

Ambony lohanao

Sy 'zay taranakao ! »

Ny andrasanao sy ny mahazatra, dia ny hoe : “Azo amin'ny tsy marina (fahamarinana)”. Miteraka ny fihatahana amin'ny andavanandro izany ka mahatonga ny kanto. Tsy miova kosa ny hevitra ampitain'ny mpanoratra dia ny hoe : misy todiny avokoa ny ratsy atao, toy ny harena azo tamin'ny hafetsifetsena.

Mbola hita ao koa ny “oxymore”.

3.3.5. ny “*oxymore*”

Ny “oxymore” indray kosa, dia sarin-teny azo avy amin'ny teny roa mifamaritra nefa mifanipa-kevitra, na teny roa mifanipa-kevitra, nefa mamaritra teny iray ihany.

Ohatra :

(...)

“**Maizina andro atoandro**” (VA lah 42)

Mazava ho azy fa ny teny mifanipa-kevitra eto nefa mifamaritra dia ny hoe : « maizina » sy ny hoe « andro atoandro ». Manaitra avy hatrany ny sarin-teny eto, izay nentin'ny mpanoratra nandokoana hevitra, dia ireo olona izay tsy mba mahay misaotra, tsy mba mampihiratra ny anjara masoandrony. Tokony hahay mankasitraka amin'izay fandaharan'Andriamanitra, mba tsy ho maizina andro atoandro.

Ohatra iray hafa koa ny hoe : “**Teny mamy sira**” (VA lah 55). Ny hoe “mamy” dia mifanipa-kevitra amin'ny hoe “sira” nefa mamaritra teny iray ihany, dia ny hoe “teny”. Ny hoe “teny mamy sira”, dia ilay teny tena fanafody, teny manasitrana, teny mahavelom-bolo ny hafa, izay anentanan'i IRAKO AMMI

hotenenin'ny rehetra mandritra ny tontolo andro. Fmba filazan-javatra manaitra, dia ny “oxymore” no nentin'ny mpanoratra nandokoana izany.

Tsapa amin'ireo rehetra ireo, fa tena manan-karena sarin-teny ny tononkalon'i IRAKO AMMI. Saika hita tao avokoa mantsy ireo sokajin-tsarin-teny telo, dia ny tamberin-javatra, ny fanovan-javatra, ary ny sarin-teny hafa. Hita taratra koa fa hainy ny mampifaningotra sy mampifanaraka ny hevitra tiany holazaina sy ny fomba nentiny nampijoroana ny tononkalony.

Araka izany, azo lazaina ho kanto sy miavaka ary mambabo sy maningotra ny fo sy ny saina amam-panahy tokoa ny hevitra sy ny fihetseham-po fonosin'ireny sarin-teny ireny. Malalaka koa ny safidin'ny mpanoratra teo amin'ny fanehoana ny fanabeazana ho an'ny mpiara-belona amin'ny nahafahany naneho an-kalalahana ireo angolan-kevitra amam-pihetseham-po samihafa.

FAMINTINANA NY FIZARANA FAHATELO

Tato amin'ny fizarana fahatelo no nandalinana ny fomba nanehoan'i IRAKO AMMI ny fanabeazana tao amin'ny asa sorany . Nojerena voalohany ny filalaovana amin'ny endrika ivelany. Tamin'izany no nahatsapana fa ny lohateny fohy , raha araka ny halavany, no mahomby kokoa miohatra ireo lohateny ambiny. Navoitra tao koa ny filalaovany tamin'ny andalan-tononkalo. Tamin'izany no nahitana fa samy nandrafetany andinin-tononkalo manana rafitra hentitra na tsia, na manana rafitra hentitra amin'ny ampahany, ireo andalan-tononkalo fohy na antonony na lava ireo. Teo amin'ny fijerena akaiky ny rima moa no tena nahitana fa tsy mba voafatotry ny fitsipika mifehy ny fanarahana rima ny mpanoratra. Nahafahany nampita an-kalalahana ny fanabeazana izany.

Nohalalinina faharoa ny filalaovany amin'ny teny. Hita fa nanovozany ireo voambolana nanehoany ny fanabeazana avokoa , na ny Baiboly, na ny sehatry ny fiarahamonina, na ny tontolo Malagasy. Tamin'izany no nahatsapana fa kristiana mpanabe ny mpanoratra. Mpandala ny maha malagasy koa izy. Ny filaza mandrara sy mandidy/mabaiko, ny sora-baventy, ary ny voambolana fampisaintsainana no tetika amam-paika nampiasain'ny mpanoratra hahatomombana ny famolavolana ho olombanona. Nnisongadina tamin'izany ny fitiavany ny mpiara-belona aminy.

Ny toko fahatelo farany no namahavahana ny filalaovan'i IRAKO AMMI tamin'ny sarin-teny. Hita tamin'izany fa tena manan-karena sarin-teny ny asa soratra novokariny. Samy hita tao amin'ny tononkalony avokoa, na ny tamberin-javatra, na ny fanovan-javatra, na ny sarin-teny hafa . Nivoitra tamin'izany ny fahaizan'ny mpanoratra mampifanaraka ny angolan-kevitra sy fihetseham-po tamin'ny sarin-teny nampiasainy.

Raha lazaina amin'ny teny fohy, nanana fahalalahana izy teo amin'ny safidy rehetra nataony, na teo amin'ny endrika ivelan'ny tononkalo , na teo amin'ny voambolana nananganana ny asa soratra, na teo amin'ny sarin-teny nampiasaina. Araka izany, nampiavaka azy ny fiangaliany ny asa soratra malala-drafitra, tononkalo miendrika hainteny, hahatrarany ny fahatafitan'ny fanabeazana arosomy.

TENY FAMARANANA

Eto am-pamaranana dia azo ambara fa mpanoratra manana ny maha izy azy eo amin'ny sehatry ny literatiora i IRAKO AMMI, indrindra eo amin'ny maha fitaovam-panabeazana ny literatiora.

Nampitondraina ny lohateny hoe « I IRAKO AMMI SY NY FANABEAZANA » ny asa fikarohana . Ireo tononkalon'i IRAKO AMMI nahitana taratra ny fanabeazana, araka izany, no akora nentinay nitrandraka ny lohahevitra. Ny haitsikera ara-tantaram-piainan'ny mpanoratra sy ireo haitsikera samihafa, toy ny aradrafitra, kosa , no lalan-tsaina narahinay nanatontosana ny asa.

Nozaraina telo lehibe ny asa fikarohana, ka ny fizarana voalohany no nampahafantarana ny momba ny mpanoratra amin'ny maha olon-tsotra azy sy amin'ny maha-mpanoratra azy. Teo amin'ny fiainany amin'ny maha olontsotra azy no nijerena ny loharano nipoirany, ny fahazazany, ny sekoly nodiaviny nahazoany ireo mari-pahaizany, ny fiainany nanomboka teo amin'ny fahatanorany. Noresahina tao amin'io fizarana io koa ny zava-dehibe nisongadina teo amin'ny fiainany. Nandritra izany no nahalalanay ka ahafahanay milaza fa olona fanta-pototra sy marim-pototra eo anivon'ny fiarahamonina i IRAKO AMMI. Notaizana tamin'ny fomba tena kristiana izy, ary novolavolaina ho irak'Andriamanitra hatrany amin'ny fanomezana ny anarany. Mpitandrina, mpampianatra, ary indrindra mpanabe izy. Nisy akony lehibe teo amin'ny fiainany amin'ny maha-mpanoratra azy izany. Teo amin'ny fiainany amin'ny maha-mpanoratra azy , araka izany, no niezahana namantatra sy naneho ny loharano nipoiran'ny asa sorany, ny karazana asa soratra novokarin'ny, ny fitaovana samihafa namoahany azy ireny , ary ny anarana entiny nanasonia ny asa sorany. Hita tamin'ny fanadihadiana fa ny tononkalo no maro an'isa tamin'ireo asa soratr'i IRAKO AMMI.

Ny fizarana faharoa no nanadihadiana ny fanabeazana misongadina tao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI. Nojerena tamin'izany ny tsara ho fantatra manodidina ny atao hoe fanabeazana. Hita tao fa ny atao hoe fanabeazana dia tsy inona fa asa atao amin'ny olona iray na maromaro, hahatonga azy ireo ho olom-banona , ho olo-matotra ara-batana, ara-tsaina , ary ara-panahy. Nolazaina tao koa fa raharaha sarotra ny fanabeazana, araka ny tsoa-kevitra narosonay, ka tsy efan'ny olona iray. Voambara fa mpanabe avokoa ny ray aman-dreny, ny mpampianatra, ny fiarahamonina, ny fiangonana, ary ny haino aman-jery ; koa ny fiaraha-misalahan'ireo rehetra ireo no

hahatrarana ny tanjon'ny fanabeazana. Izay rehetra tsy manana ny fahamatorana, na heverina ho tsy manana ny fahamatorana, araka izany, no beazina, na zaza io, na tanora, eny fa na dia efa lehibe aza. Ny fahatsapan'ny mpanoratra ho manana andraikitra amin'ny fanabeazana no nanolorany fanabeazana momba ny fahaiza-miaina eo anivon'ny fiarahamonina. Teo aloha ny fahaizana mampifandray ny toetra amin'ny fiainana. Misy ady atrehina sady maro fanenjehana ary misy fenitra arahina ny fiainana, hoy izy. Nanana ny fomba nentiny niatrika ny fiainana izy. Ho an'I IRAKO AMMI, ekena fotsiny izay toetr'andro misy fa samy mitondra soa avokoa ireny. Izany no ilazanay fa manana fomba fijery amin'ny lafy tsaran'ny fiainana ny mpanoratra. Ialana ny fitsiriritana ny harena azo tamin'ny tsy fahamarinana. Ny fanantenana miorim-paka ao amin'I Jesoa Kristy no hery lehibe hiatrehana ny fianan-ko avy. Nanome fomba hiatrehana ny tontolo andro koa izy. Tamin'izany no nahatakarana fa ny andro tsenaina an-kira, izarana tsikitsiky, anambarana teny mamy, ary hanadionoana ny lasa, dia ho andro mahafinaritra. Tsy mijery fotsiny ny lesoka hitany koa izy, fa dia mitondra ny anjara birikiny ho fanatsarana ny fihetsika amampitondran-tenan'ny olombelona. Tamin'izany no nanitsiany ireo izay manana fahazaran-dratsy ny amin'ny fahadisoam-potoana. Navoitran'ny koa fa tsy misy dikany ary ho rava vetivety ny harena miorina amin'ny alahelon'ny hafa. Ary dia nanoro ny toerana hasiana ny hambom-po koa izy: itsahina. Nitondrany fanarenana rahateo ny fidorohana zava-mahadomelina izay mahasarika ny maro ankehitriny. Nanolo-kevitra koa ny mpanoratra haha olom-banona ny rehetra. Teo ny fanabeazana ny olona mba hiezahany hanao ny tsara, mba hahazany hifaly amin'izay ananany, mba hananany fikirizana amin'izay rehetra atao. Teo koa ny tari-dalana nentiny niatrika ny fandaharan'Andriamanitra, na amin'ny loza izany, na amin'ny tsy fahatrarana izay kinasa, na amin'ny fahombiazana. Amin'i IRAKO AMMI tokony hisaorana an'Andriamanitra avokoa ireny. Izany no ilazanay fa manana fomba fijery miabo ny mpanoratra. Nanampy tamin'ny fanabeazany ny mpiara-belona aminy ho olom-banona ny famohazany ny fitiavan-tanindrazana. Amin'ny mpanoratra, maha olom-banona ny olona iray ny fitiavana ny taniny, ny teniny, ary ny kolontsainy. Tao amin'ny fizarana faharoa io ihany no nandalinana ny fanabeazany ny olona ho manampanahy. Nivoitra tamin'izany fa Andriamanitra dia fitiavana. Nanome ny zava-boary, nanolotra ny Zanany Izy ho porofom-pitiavany, ary mbola nanome tombon'andro ihany koa. Tsy nisalasala ny mpanoratra, amin'ny maha irak'Andriamanitra azy, amin'ny maha Mpitandrina nilaza ny toetra tokony hananan'ny olombelona manoloana

izany. Ny fanoloran-tena sy fanetren-tena ka hatokiana Azy Tompo, ary ny fananana fanantenana no takina amin'ny rehetra. Azo lazanina ho feno ny fanabeazana nentin'I IRAKO AMMI ka ahafahana mampivelatra sy mikolokolo ny ara-batana, ny ara-tsaina, ary ny ara-panahy.

Hita ho mampiavaka ity mpanoratra nohadihadiana ity àry ny fahaizany mampifandrindra ny hevitra amam-pihetseham-po sy ny endrika nanehoany azy. Tsy mba isan'irony tsy sahy sedra irony izy fa sahy namaky bantsilana ireo toetra sy fitondran-tena tsy mendrika ka nitondra fanitsiana sy fanarenana. Koa arakaraka ny hitanisany ny fihetseham-pony eo am-pahitana ny zava-misy no ahaterahan'ny fihetseham-po vaovao indray ao aminy, na dia fahatsapana iray ihany aza no mitambesatra, dia ny fanabeazana ny mpiray tanindrazana. Tao anatin'izany no nilalaovany tamin'ny endrika ivelan'ny tononkalo, tamin'ny teny ary tamin'ny sarinteny samihafa. Tsy ny vontootin-kafatra ihany àry no mafonja sy kanto fa teo koa ny fomba nanehoan'ny mpanoratra izany, izay hita tao amin'ny fizarana fahatelo ihany. Tsapa ho nanana fahalalahana tokoa izy tamin'izany. Nampiasa betsaka ny voambolana kristiana izy ho fanabeazany ny rehetra sy hitoriany ny Filazantsara. Nandrafitra andinin-tononkalo malala-drafitra marobe miendrika hainteny koa izy. Tamin'izany no nahazoanay milaza fa mpandala ny maha malagasy ny mpanoratra. Nahafahany naneho an-kalalahana ny hevitra sy fihetseham-pony izany, ary heverinay fa mahomby kokoa ka hahatrarany ny tanjony, dia ny hambaboany sy hanabeazany ny mpamaky.

Ny momba an'i IRAKO AMMI sy ny lafiny fanabeazana tao amin'ireo tononkalony niaingana ihany no nifotoranay sy nanompananay ity asa ity. Noho izany, ampahany amin'izay tarakevitra azo ifantohana ao amin'ny tononkalony ihany no vitanay. Antenainay kosa, fa mbola hisy ireo zandry afaka hanohy ny asa fikarohana nataonay, amin'ny famenoana ny banga, raha sanatria tsy ho efanay ny faniriana hanohy izao asa fikarohana natombokay izao.

Farany, santatra am-bavarano ihany ity asa fikarohana ity, noho izany dia ampahany kely momba ny mpanoratra sy ny sorany no natolotray. Mbola be lavitra ny lohahevitra azo trandrahina amin'ny asa soratra novokarin'ity mpanoratra ity ankoatra ny fanabeazana. Anisan'ireny nyfanantenana sy ny fahamboniam-pijery ao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI, ny asa sorany miolotra amin'ny fandaharam-pianarana Antenainay anefa fa mba hanana anjara toerany eo amin'ny fanabeazam-boho sy fampiroboroana ny literatiora izay kely vitanay.

FAMINTINANA

Ny lohahevitra momba ny fanabeazana no novoizina tamin'ity fikarohana ity. Voalaza tamin'izany ny tantaram-piainan'ny mpanoratra, izay nanehoana an'i IRAKO AMMI amin'ny maha olon-tsotra azy sy amin'ny maha mpanoratra azy. Nokolokoloina sy nobeazina tamin'ny fomba tena kristiana izy. Namokatra karazana asa soratra maro izy, ka ny tononkalo no nahavitany betsaka.

Taorian'izany no namakafakana ny fanabeazana hita ao amin'ny tononkalony, amin'ny maha mpanabe azy: ny tsara ho fantatra manodidina ny atao hoe fanabeazana, ny fanabeazana momba ny fahaiza-miaina eo anivon'ny fiarahamonina, ary ny fanabeazana ny fanahy. Hita tamin'izany fa ny tanjona amin'ny fanabeazana dia ny haha olom-banona, mivelatra amin'ny lafim-piainana rehetra, saina, vatana, fanahy.

Ny fomba nanehoan'ny mpanoratra ny fanabeazana no namaranana ny asa. Navoitra tamin'izany ny filalaovany tamin'ny endrika ivelan'ny tononkalo. Hita tamin'izany koa ny filalaovany tamin'ny voambolana notovozina tamin'ny sehatra samihafa. Samy hita tao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI ireo sokajin-tsarin-teny telo, dia ny tamberin-javatra, ny fanovan-javatra, ary ny sarin-teny hafa sisa.

RESUMÉ

Dans le présent travail de recherche, la notion de l'éducation a été privilégiée. La biographie de l'auteur est d'abord présentée : IRAKO AMMI en tant que simple citoyen et en tant qu'écrivain. Ce dernier a reçu une éducation très chrétienne et a écrit plusieurs œuvres dont, principalement, des poèmes.

Ces poèmes renferment des réflexions sur l'éducation, c'est-à-dire ce que l'on devrait savoir à propos de cette notion, le savoir vivre, et bien sûr l'éducation spirituelle. L' éducation a pour objectif de produire de bons citoyens ouverts à tous les aspects de la vie que ce soit physiquement ou spirituellement.

Le point de vue de l'écrivain sur l'éducation constitue le terme du travail. Le jeu de structure qui ressort de ses poèmes, l'empreint de la terminologie de divers domaines ont été surtout portés à l'étude. D'après l'analyse, on retrouve dans les poèmes de IRAKO AMMI , les trois figures métaphoriques à savoir le « tamberin-javatra », le « fanovan-javatra » , et d'autres figures encore.

SUMMARY

This research promotes educational topics. It first deals with the biography of the writer, IRAKO AMMI, especially with his life as a simple citizen and his life as a writer. He was brought up in a Christian way. He wrote many works, especially poems.

Then, it comments on what should be known about civil and religion education according to the author's view as a teacher. Thus, it aims at providing good citizens.

Finally, this work ends with the way the writer shows education in his literary. It emphasises the writer's performance of his poems. It also shows the writer's ability to use puns picked up from different fields. The poems show IRAKO AMMI's mastery of the use categories of analogies expressing flashback, change, metaphors and similes.

IREO LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA

I – RAKI-BOLANA

- *Encyclopédie de la Pléiade* – Coll. Bolloné: Edition Gallimard.
1968
- *Dictionnaire le petit Larousse illustré* – Larousse. Paris. 1816 p.
1980
- *Dictionnaire Universel de poche* – Hachette. Livre et librairie générale
Française. Paris. 759 p.
1992
- *Grand Larousse ENCYCLOPEDIQUE* – TOME I. Librairie Larousse. Paris
1963 1018 p.
- LITTRE (E) – *Dictionnaire de la langue française*
1975
- MORIER (H) – *Dictionnaire poétique et de rhétorique*. P.U.F. Paris
1961 1263 p.
- *Pluridictionnaire*. Ed. Larousse. Imprimerie Berger, 19 Levraut Nancy.
1977
- RAMAVOARISOA (A) & alli – *Rakibolana ho an'ny ankizy 8 taona miakatra.*
2009 *miampy Raki-pahalalana*. Idac & Zébu.
Francophone, T.P.F.L.M.
- RAOLISON (R.R.) – *Ny raki-bolana malagasy*. Ambozotany.
1995 Fianarantsoa. 1061 tak.
- REY – DE BOUE(J) – *Dictionnaire le petit Larousse des enfants*. Librairie
1988 le Robert. Paris 1187 p.

II – BOKY SY TAHIRIN-KEVITRA

1- Amin'ny teny Malagasy

- ANDRIAMAHAZOSOA (IA) et alli – ... *Ny vato ve no hiantsoantso* Librairie.
2004 Mixte. Antananarivo.
- ANDRIAMAHAZOSOA (IA) – *Saino izany anio*.
2011

- ANDRIAMALALA (E.D.) - *Antso*. Librairie Mixte. Antananarivo.
1972
- ANDRIAMIHANGY (O) - *Ny haitaria malagasy tarafina ao amin'ny*
2002 *boky ny rehitra'i Boina nosoratan'i Andry ANDRAINA.*
Mémoire de C.A.P.E.N. Antananarivo
- ANDRIANJAFY (M) - *Orimbaton'ny fiadanana – Grand prix*
1987 *littéraire.* Antananarivo.
- Didim-pitondrana - Lah 18 171/2003 tamin'ny 22 octobre 2003
- FETY (M) - *Fanabeazana sy fiainam-pirenena.* Imprimerie
1972 *Fanontam-boky Malagasy.* Antananarivo
- ILAY - *Tovozin-tsy ritra*
- *Ny Baiboly* - F.M.B.M. Antananarivo
1965
- Ny F.F.K.M. sy ny tale nasionalin'ny
sekolim-pinoana efatra tonta eto amin'ny Firenena - *Fehin-kevitra momba ny*
fampianarana sy fanabeazana.
1983 *Tranom-printy FOFIPA.* Antananarivo.
- RABEMOLAHY (F) & RAVALITERA (J.N) & RAVELOMANANA - *Fary*
1986 *mamy kilasy famaranana. Edisiona*
Salohy. Antananarivo. 334 tak.
- RAINIZANABOLOLONA - *Lesona tsotsotra momba ny fianarana poezia*
1914 *amin'ny teny Malagasy.* Imprimerie F.F.M.A.
Antananarivo
- RAJAONA (S) - *Takelaka Notsongaina II.*
1969 *Ambozontany. Fianarantsoa. 561 tak.*
- 1993 - *Ny zava-kanto vita amin'ny teny.* Ambozontany Fianarantsoa.
124 tak - RAKOTOSON (L) - *Lovako T₁₁.* Edisiona
Ambozontany. Antananarivo.
- 2001
- RAMANANTSOA (H.W) - *Tsy maintsy ho tonga lafatra ve ny vady?*
1996 *Editions Salohy. Fianarantsoa.*
- RANDZA VOLA (H) - *Firaketana ny fiteny sy ny zavatra malagasy.*
1952 *Imprimerie tananarivienne.*

- | | |
|---------------------------|---|
| - RANÖE | - <i>Haren-tsaina</i> . Edisiona Tsipaka. Antananarivo |
| 2001 | |
| - RANDRIAMIADANARIVO | - <i>Sikajin'I Dadabe</i> . Trano Printy F.J.K.M |
| 1995 | Imarivolanitra. Antananarivo. 135 tak. |
| 1975 | - <i>Isa ny amontana</i> . Edisiona Salohy. |
| | Antananarivo. 152 tak. |
| - RANDRIANANTENAINA (Cl) | - <i>Tontolo isainana</i> . Amboaran- tonokalo |
| 1991 | faharoa. SANDRATRA. Imprimerie BERTI. |
| | Antananarivo. 120 tak. |
| - RATREMA (W) | - <i>Riba sy lohahevitra takarina amin'ny</i> |
| | <i>literationa – Filôzôfia Malagasy</i> . |
| - RATSIFANDRIHAMANANA (L) | - <i>Rary kanto</i> . Antananarivo |
| 1995 | |
| - RATSIFANDRIAMANANA | - <i>Hafa Bacc</i> . Lah.1 |
| - RAVALITERA | - <i>Tovozin-tsy ritra</i> . Boky 5. TSIPIKA edition. Antananarivo. |
| 2001 | 143 tak. |
| - RAVELOJAONA | - <i>Tanindrazana sy firenena ary isika Malagasy</i> . |
| 1872 | Imprimerie special. Anjohy. |
| | Antananarivo. |
| - RAVOAJANAHARY (Ch) | - <i>Ny tantaran'ny Haisoratra</i> 1896-1915. S.TE.LA. |
| 1973 | RI.M Antananarivo. |
| | Fianarantsoa. 143 tak. |
| . | |
| - RAZAFINTSALAMA (P.A) | - <i>tari-dalana hoenti-manadihady ny finoana sy</i> |
| 2004 | <i>ny fomba malagasy</i> .Ed. Md Paoly. Antananarivo. |
| | Natonta fanindroany. Tak. 76. |
| - S.TE.LA.RI.M | - <i>Hiratra n° 5</i> . Anjerimanontolo. Antananarivo. 176 tak. |
| - VOLOLONDRAFARA (V) | - <i>Bessa sy ny fanabeazana</i> . Mémore de |
| 1996 | CA.P.E.N. Antananarivo. 248 tak. |
| - ZANAMIHOATRA (R) | - <i>Vainafo tonokira</i> . Ed. Ambozontany. |
| | Fianarantsoa. 143 tak. |
| 1946 | |

2. *Amin'ny teny vahiny*

- | | |
|----------------------------|--|
| - CUVILLIER | - <i>Textes choisis des auteurs</i> |
| 1984 | <i>philosophiques</i> . Armand colin. Paris. |
| - DURKHEIM (E) | - Education et sociologie. 4 ^{ème} édition. |
| 1980 | P.U.F. Paris. |
| - FAYOLLE (R) | - <i>La critique littéraire</i> . Collection |
| 1965 | « U ». Paris. |
| - GUIRAUD (P) & KUENTZ (P) | - <i>Le stylistique lecture</i> . Kluik Siek. Paris. |
| 1970 | |
| - LAGARDE (A) & MICHARD | - XVI ^{ème} siècle. Collection littéraire. |
| 1965 | Edition Bondas. Paris |
| - MIALARET(G) | - <i>Education nouvelle et monde moderne</i> . |
| 1969 | Coll S.U.P. Edition P.U.F. Paris |
| - SARTRE (J.P.) | - <i>Qu'est ce que la littérature?</i> Ed. |
| 1948 | Gallimard. Coll Idées. Paris. 384 p. |
| - WEBER (J.P) | - <i>La psychologie de l'art</i> . P.U.F. Paris |
| 1965 | |
| - WELLEK (A) & WAREN (A) | - <i>La théorie littéraire</i> . Coll Poétique. . |
| 1971 | Ed. du Seuil. Paris. 339 p. |

III – *Gazety*

- | | |
|-----------------------------|----------------------------|
| - <i>Ambioka</i> | - lah. 1 Jan. 1991 |
| | - lah. 5. Juin 1938 |
| | - lah. 64. 2001 |
| - <i>Fanasina</i> | - lah. 337. Nov. 1964 |
| | - Lah 408. 12 août 1965 |
| | - lah. 539. 15 feb 1968 |
| | - lah. 15. 1968 |
| - <i>Fanavaozana</i> | - Mai 1955 |
| - <i>Madagascar Tribune</i> | - Lah. 28. 17 Jan 1989 |
| - <i>Midi Madagascar</i> | - 3 aogositra 1987 |
| - <i>Mpanolo-tsaina</i> | - Lah 19. 13 juillet 1908 |
| | - lah 39. Juillet 1913 |
| - <i>Ny mpandinika</i> | - Lah 115. 5 febroary 1926 |

TENY FANOLORANA

Ity boky faharoa ity no mirakitra ireo tononkalo izay nanompanana ny asa fikarohana, ankoatra ireo tononkalo 71 voalohany ao amin'ny *Saino izany anio*, izay tsy naverina nadika intsony.

Isaorana sy ankasitrahana ny fahatsoram-pon' i IRAKO AMMI, izay tsy namihin-tanana fa nanome malalaka izany asa sorany izany hanaovana ny asa.

Nalahatray mifanesy araka ny daty namoronan'ny mpanoratra azy ny tononkalo ka natao misonga ny fandaharana azy.

Marihina fa tsy nasianay fanovana , na ny tsipelina, na ny endrika ananan'ny tononkalo , fa nezahinay narahina araka ny namoronany azy, na dia nanano sarotra aza, ho fanajanay ny safidiny.

Indro àry , atolotray manaraka eto ireo tononkalo valo amby zato mandrafitra ny vondrona ambara.

1. TONOM-BAVAKA AKARINA EO AMIN'I JESO KRISTY VATO VELONA NOHO NY TILIKAMBO VITA.....	1
2. VAVAKA HO AN'NY RENY.....	2
3. HAFATRA HO AN'IZANDRY.....	3
4. TONOM-BAVAKA NOELY.....	4
5. ANTSON'NY MANDRAKIZAY.....	5
6. SALAMON'NY FIANTSOANA.....	6
7. TSARA NY MIHIRA HO AN'ANDRIAMANITRA.....	7
8. ATAOVY MPIANATRA NY FIRENENA REHETRA.....	8
9. VELOMA.....	9
10. VAVAKA INY.....	10
11. DIA HIFARANA NY TAONA.....	11
12. IRAKA TSARA MPIANTOKA.....	12
13. "SONNET" HO AN'NY MPANABE.....	13
14. MAHEREZA IANAO.....	14
15. MAHEREZA!.....	15
16. HO ANAO OLOM-BOATENDRY.....	16
17. MIJOROA, RY MALAGASY.....	17
18. MIRARY PASKA FENO FAMPAHEREZANA.....	18
19. MANIMANINA... ..	19
20. DIA MAHERY IHANY ISIKA.....	20
21. MAHEREZA FA AZA KIVY.....	21
22. FIKIRIZANA.....	22
23. ARAHABA MARIAZY.....	23
24. MBA MATOTRA.....	24
25. FISAORANA.....	25
26. 80 TAONA I DADA.....	26
27. MATOKIA! MAHEREZA! MANKATOAVA.....	27
28. MBOLA HISY LOHATAONA.....	28
29. FISAORANA.....	29

30. REHEFA HOE MANOLO-TENA.....	30
31. FIARAHABANA TSINGERIN-TAONA.....	31
32. MOMBA ANTSIKA HATRANY IZY!.....	32
33. ARAHABAINA, IANAO RY NENY!.....	33
34. ARAHABAINA IANAO , RY DADA!.....	34
35. SOAVA DIA MIARAKA AMIN'NY TOMPO.....	35
36. ANTSO.....	36
37. VAVAKA VAOVAO.....	37

Ireto V.A lah 38- 108 ireto dia ireo tononkalo 71 voalohany ao amin'ny *Saino*
Izany Anio.

01.FIRARIAN-TSOA.....	38
02. FILOFOSANA.....	39
03. TANTARA.....	40
04. HARENA?.....	41
05.FISAORANA.....	42
06. FAHAZOTOANA.....	43
07.ATREHO.....	44
08. FANGATAHANA ANDRO.....	45
09. FANADINOANA.....	46
10. TANJONA.....	47
11. VAOVAO.....	48
12. SEKOLY.....	49
13. FITIAVANA.....	50
14. TOMBON'ANDRO.....	51
15. ZAVA-BITA.....	52
16. FISEDRANA.....	53
17. MIJOROA.....	54
18. TENY.....	55
19. SAROBIDY.....	56
20. VAOVAO.....	57
21. ORAM-PAHANGINANA.....	58
22. SEDRA.....	59

23. FANOITRA.....	60
24. FIBEBAHANA.....	61
25. ANIO.....	62
26. ANATRA.....	63
27. MARAINA.....	64
28. FITAIZANA.....	65
29. ERIKA.....	66
30. FANDAMINANA.....	67
31. FAHAMARINANA.....	68
32. “TL”.....	69
33. FARANY.....	70
34. FIALONANA.....	71
35. FITAKA.....	72
36. HIRA.....	73
37. TSIKY.....	74
38. DORIA.....	75
39. 29 MARTSA.....	76
40. HERINANDRO MASINA.....	77
41. MAHEREZA!.....	78
42. NANKAIZA.....	79
43. SAFIDY.....	80
44. FITSARANA.....	81
45. RERAKA?.....	82
46. MISY.....	83
47. SIGARA.....	84
48. VAHOAKA.....	85
49. RENDRARENDRA.....	86
50. FANAPAHAN-KEVITRA.....	87
51. MAHATOKY.....	88
52. FITIAVAN-TANINDRAZANA.....	89
53. MADAGASIKARA SOA!.....	90
54. FIRENENA VANONA.....	91
55. RANKIZY.....	92
56. TENY RATSY.....	93

57. HFANEKENA.....	94
58. HENOY.....	95
59. AMBOM-PO.....	96
60. AMPIHARO.....	97
61. TANDREMO.....	98
62. NAHOANA?.....	99
63.MIORENA.....	100
64.VAVAKA.....	101
65.OLOM-BELONA.....	102
66.FO VATO.....	103
67.MIFALIA.....	104
68.VATSIN-JOBILY.....	105
69.ANDRO SOA.....	106
70.FANOMEZANA.....	107
71.MANOLOTRA.....	108

-1-

**TONOM- BAVAKA AKARINA
EO AMIN' I JESOA KRISTY VATO VELONA
NOHO NY TILIKAMBO VITA**

Tononkalo niarahan'ny fiangonana manontolo nanonona tamin'ny Alahady nitokanana ny tilikambon'ny Tranovato ity. Fankasitrahana lalina Ilay loharanon-tsoa sy fanehoam-pahavonana ho amin'ny fanompoana ho avy no vontloatiny.

*1-Tompo ô! Ankehitriny, vita soa ny tilikambo
noho ny fanambinanao, fahasoavana tsy tambo.
Koa isaoranay Ianao Andriamanitra Tsitoha,
Ny fitahiana avy Aminao, tena sitrakay tokoa !*

*5-Fa ny fikasana tsara niboika tao anatinay,
raha tsy teo ny herinao, moa tsy foana tahaka izay ?
Faniriana firy akory, toa mba mendrika sy ambony,
tsy nomban'ny Tavanao ka nikoro tsy ao intsony !*

*Ny teny fanentanany raha nirotsaka niasa,
10- poaka aty ihany izany, izay nanidina dia lasa,
raha tsy nampahery izany ny Fanahy Masinao
ka namoha ny herimpo sy finiavana hanao.*

*Ary he irony vola aman-karena izay nilaina,
raha tsy fanomezanao, dia tsy nisy fa nangaina.
15-Raha tsy Ianao no nanome, tsy nisy azonay nomena.
Izay natolotray Anao : Saotra –Fanolorantena !*

*JESO VATO VELONA Ö? Vita soa ny tilikambo
mba ho tanana manondro ny fitiavanao tsy tambo.
NY ASA MBOLA HILANA ANAY, RY ANDRIAMANITRA TSITOA,
20- MBOLA VONONA IZAHAY, OMBAY FA HIEZAKA TOKOA !*

Amena.
(18.12.88)

IRAKO

Nov. 1998

VAVAKA HO AN'NY RENY

Fetin'ny Reny tamin'izay. Nivavaka ny fiangonana : ho an'ireo adidy maro loha sahanin'ny reny, indrindra ny ao amin'ny "Jerosalemany".

*1-Tompo ô, ankehitriny dia tsarovanay ny Reny.
Angatahina Aminao : mba tahio ombieniombieny :
eny an-dalana, eny an-tsaha, amin'ny toerana iasany
birao, sekoly, hôpitaly... Tompo ô, tahio hatrany !*

*5-Nefa indrindra indrindra, Tompo, angatahina Aminao :
tahio ny Reny noho ny asany ao an-TOKANTRANONY ao.
Fa ho inon'izy ireny ny hitana toerana avo,
nefa ny ao an-TOKANTRANO, potika mivarilavo ?
Ho inon'izy ireny koa ny asa ivelany voakendry
10-raha ny zanany ao an-TRANO tsy olom-banona, olon-kendry ?*

*Tompo ô, tahio ny Reny mba hahita fahasambarana
amin'ny asa rehetra ataony sy andraikitra isasarana,
fa MATAHOTRA NY TOMPO amin'ny fiainany tontolo,
Ka na be sahanina aza, eny, mbola ho velom-bolo!
15-Noho ny Anaranao Jeso, mihainoa ny vavakay.
Ny sitrakao anie ho to mihoatra noho ny sitrakay.*

Amena.

(28.5.89)

*IRAKO
Mey, 1989*

HAFATRA HO AN'I ZANDRY

1-Ry zandriko malala,

tsy lala-migodana
ny lalana ombàna
raha vonona tokoa
5-hanaiky an'i Jesoa !

Vavahady ety
sy lalan-kely hitety
fihafiana maro
sy ady mifangaro...

10-Izany
dia izany
no efa nolazaiNY !
'Zay mahavery ny ainy
noho ny Aminy ihany
20-no hany
ho voavonjy !

Dia ireo milonjy
amim-pifaliana
ny ...hazo fijaliana !

25-Ry zandriko malala,

fantaro dia fantaro :
tsy izay ataon'ny maro
antain'
ny finoany matimaty

30-Fa "vitsy" hoy I Jesoa,
no tena mahatanty
hitozo mandra-maty
hamaky lazon'ady...

akory no marina tokoa!

40-Satana dia mitady
hamingana azy ireny,
hatraiza, ombieniombieny ;
Kanefa dia mangaina
Sy lasa miala maina,

45-Satria ny azy ireny :
iainany ny Teny !
ny azy, ny finoany,
koloiny dia koloiny
na betsaka aza ny asa,
50-ny lesona, enti-mody, voatetika voakasa
Ankininy amin'ny Tompo ny fiainany tontolo:
miady mafy izy, kanefa velom-bolo!
SATRIA AM-PONY AO, EFA MIORIM-
PAKA:
55-"NY TOMPO NO MANJAKA"
Ry zandriko malala,

Izany no araho
na ino-mifamaho !
ny Tompo no hijery
60-homba, hanafy hery,
IZY TSY HANDAO
fa tiany be ianao !

22.05.89

IRAKO

TONOM-BAVAKA NOELY

*1-Tompo ô!
tsy tranon'omby,
na hotely izay tsy omby
intsony
5-intsony ;
fa ny FOKO
efa zatra ny nioko
sy nikomy Taminao,
ankehitryny no idiro,
10-amikiro
sy anjakao :
EKEKO IANAO HO TERAHA AO!
Mitoera, manjakà!
Tompo ô! Amboary aho...*

*15-Ary raha ilaina, Raiko,
ny hanolorako ny aiko,
hifikirako Aminao
sy hilazako ny asanao
dia ny MARINA
20-TSY AMBOARINA,
dia ekeko an-tsitraro,
an-tsitraro tokoa tokoa.
Fa JESO 'Lay Zanakao,
tsy tian'izao tontolo izao:
25-vao teraka aza dia nenjehina
nofofoina hopotehina...*

*Tompo ô,
Inty ny FOKO no anjakao:
Ekeko IANAO ho teraka ao !
30-Ny ho Anao no he kasaiko
HATRAMIN'NY FARAFOFONAIKO.*

-5-

**ANTSON'NY
MANDRAKIZAY**

“Anio, raha hihaino ny feony ianareo,
aza manamafy ny fonareo”

(Heb 4,7)

Tononkalo natao printy tamina taratasy mitokana ary nozaraina tamin'ny mpiangona nanatrika ny fanokanana anay ho Mpitandrina tao Isotry Fitiavana sy tamin'ny kristianina teto Ambohimalaza Firaiana ity. Raha ny marina, dia ny anjomara tokana notsofinay sy hotsofinay mafy hatramin'ny farany no ampanakoin'ireto andalana ireo.

*1-Ry olombelona ô, inty no tena foto-pitahiana:
Raisoa I Krsity, raiso ho anton'ny fisiana!*

*Anananao anjara feno ny famonjena izay nefainy,
Azona atao ny mino fa nomeny anao ny ainy.*

*5- Izy mantsy no efa maty mba hisolo voina anao:
Indro fa nitsangana Izy mba hanolotra Aina vao !*

*Sarobidy indrindra ianao, kasainy handova ny Doria!
SAFIDINAO no hany ilainy: hanaiky Azy ve sa tsia?*

*Ota ve ? Hainy avela, tsy hanandevo anao intsony !
10-Olom-baovao ianao : izay no hetahetam-pony !*

*Ialao ny lalan-dratsy, ibebaho ny ota anio :
Indro, Fiainana ho anao : sady feno no madio !*

*Kristy no avia ekeo ho MPAMONJY TOMPONAO,
KRISTY ilay famonjena ananam-piainam-baovao.*

*15-RAISONAO I KRISTY, dia MITOMBOA hatrany hatrany !
Ronono hahatsara anao ISAN'ANDRO ho amin'izany:*

*Ito boky mena vava manana hasiny manokany
Inona io ? NY BAIBOLY, vakio dia hohitanao ny vokany!*

*Satana dia tsy faly akory raha manolo-tena ianao;
20-Saingy ny FANAHY no homba amin'izay rehetra atao.*

*Tozoy miaraka aminy ary ny lalam-piainanao rehetra
Tohano VAVAKA avokoa fa hotahina tsisy fetra!...*

*Izao no diary momba anao horaketin'Andriamanitra :
IANA DIA FAHAZAVAN'NY TANY SADY FIFALIAN'NY LANITRA.*

IRAKO
26 Mey 1990

SALAMON'NY FIANTSOANA

“Jehovah ô, notaominao aho ka voataona ; Nosamborinao aho ka resinao”
(Jeremia 20,7)

Ity tononkalo ity no fijoroana ho vavolombelona novakina am-pahibemaso tao amin'ny FJKM ISOTRY FITIAVANA Ny Asabotsy 26 Mey 1990 maraina tamin'ny fanompoam-pivavahana Fanokanana anay ho MPITANDRINA ary naverina teo imason'ny fiangonana AMBOHIMALAZA FIRAISANA, fiangonana iasana ankehitriny, ny Alahady 27 Mey 1990 tamin'ny fifampiarahabana natao.

Tantaran'ny fiantsoana sy fandaharana asa mahahenika fiainana iray manontolo no taterina aminao eto. Ary faranan'ny “tsetsatsetsa” tsy azo adika velively ho fiheverana ny Fiantsoana ho lovam-pianakaviana izany... satria misy tokoa ny “

Taranaka voafidy”!

*1-Midera Anao aho, RAIKO ô, fa tena mahagaga loatra
ny hasoavanao nitondra sy ny tananao namboatra
ny androm-piainako hatrizay, efa hatrany am-piaingana,
nahatonga ny antsonao hanjary zava-tsy hay ialana !*

5-Notaominao aho ka voataona, nosamborinao ka resy !

Notsenainao setriny avy'reo fialako nifanesy !

Efa vitanao kase teo an-tananao ny diako :

‘zay kinasanao no hany tonga zava nofidiko !

O! tsy takatry ny saiko izany asanao mangina

10-raha nifidy izay ho anarako ireo nitrotra faniriana

ka ny anarana nomeny dia fambara tsotra izao

ny fifidianana tomoetra efa nokoboninao!

Ary he ny hatanorako nosamborinao indray

rehefa babonao ny foko ka nirotsaka ho mpandray

15-ka Ianao KRISTY no zary anton'ny fisiako :

Tompo tokana ato am-poko sy Mpamonjiko itokiako !

Hatreo ny fiainam-baovao izay niarahantsika lalana,

nahitako fifaliana... sy ady mafy tsy mahalana !

Ireo adidy maro loha teo anivon'ny fiangonana,

20-nentinao nanefy ahy mba hitafy fahavononana !

Nony tonga ny fotoana izay voatendrinao irery,

iny aho fa lasa...ho aiza sanatria tsy ho voatery

nefa koa, tsaroako tsara, toa tsy tena nana-pidy,

namonjy toeram-panomanana, dia voaray satria”voafidy”

25-Tao dia tao ny fahotana namingampingana ahy ombieny...

Tsisy miafina Aminao, ry Jesoa Tompo, ny amin'ireny...

Saingy izay finidinao dia tsy avelanao ho very;

Niantso aho dia tany Ianao tamin-tsandrinao mahery!

Izany lasa rehetra izany, dia nahitako miharihary

30-Ny fitiavanao nikasa,niasa nahalavorary !

ANIO raha atokana aho hanefa izato fanompoana :

TIAKO IANAO NIFIDY AHY KA EKEKO AM-PIRAVOANA !

1-Itsy hoaviko itsy kosa, izay mba hanahoana re ?
Eo an-tananao tsitoha, aoka holazaiko hoe :
“Tsy ho takatry ny saiko izay rehetra lahatrao,
Ny angatahiko, ry Raiko, aoka aho hatoky Anao...”

5-Fa satria sitrakao ny niantso sy nifidy,
dia mombà anay Ianao hahato ity Adidy,
Am'izay rehetra hatao, ho Anao ny voninahiny
Ka ho marina aminay : “NY TOMPO NIARA-NIASA TAMINY...”

Ary izao no kely haiko mampirehitra ny foko
10-hanefana ity Anjara izay voatendry ho fanompoako :
ny ho iraka mahefa ny sitrakao irery ihany,
feno herin'ny FANAHY mandram-pialako eto an-tany !
Mba ho IRAKA HANAVAO ity fiangonanao ity
hitombo olom-baovao handray Anao Kritsy.
15-ho fiangonana mandroso, mihavao hatrany hatrany
mba ho voninahitrao Andriamanitray ihany !

Mba ho IRAKA HAMPIAINA ny finoana izay torina
mba tsy ho lasa fombafomba hitsarana any aoriana
ny fivavahan'ny mpivavaka manafana dabilio
20-nefa tsisy fiovana hanam-piainana voadio...

Mba ho IRAKA HAMPANDEHA ny fiangonana efa zatra
ny mipetraka ato an-trano ka tsy tena mahatratra
'reo vahoaka marobe tsy mbola nitoriana Anao,
toa hadinonay mazàna, toa atao ankilabao !

25-Koa raha mbola misy hery hitenenana ry Tompo,
io ny lelako hanambara fa atolotro hanompo
Raha mbola misy koa ny rantsan-tanana hanoratana,
ny soratra mitory Anao, hikirizana hisandratana...

Saingy izao no fiangaviako : tarihonao aho mba hilanto
30-tsy hirotoroto loatra ! ary ho vitsy vita kanto
fa tsy ho lasa maro foana ireto asa indray vonjena !
Omeo ahy mpiara-miasa nofenoinao fahendrena!

Ary ity no tsetsatsetsa mba tsy aritro, ry Tompo :
asanao no mahatonga ny fanekeko ny ho mpanompo,
35-fa mpitandrina avokoa ry dada sy ry dadabe,
ny rafozako ,ny vadiko, ka hoy ny faniriko hoe,
ny Antsonao nahoana moa raha velominao indray
Ka mba hisy ny ho MPITANDRINA amin'ireto zanakay...

IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi
(Mpitandriana)
Jona,1990

**TSARA NY MIHIRA
HO AN'
ANDRIAMANITSIKA**

Salamo 147,1

Mandrera ny manatrika fanompoam-pivavahana ahitana fiangonana kamo mihira. Mampikomy anaty ny mahita antoko mpihira miredona manao angoan-tenda amin'ny anjara hiranany, nefa nikombom-bava amin'ny hira iarahan'ny fiangonana manontolo !

*1-Tsara ny mihira
hanakoako an- dakira
ho an'Andriamanitsika !
Tsy hira mangatsiaka,
5-malazolazo lava
toa tsy hisoka-bava ;
fa hira
TENA HIRA
teraky ny fo
10-babon'I Jesoa !
MPIHIRA ô, aingao
ho mafy ny hiranao
hanentana ny maro !
Ny hiranao akaro ;*

*15-Kanefa koa tsarovy
Tandremo sy tandrov
ny niantsoana anao
ny fototr'asa atao,
ny tena izy indrindra ;
20-HANENTANA,HANDRINDRA
NY HIRA IZAY IOMBONANA
ANIVON'NY FIANGONANA !*

*FIANGONANA o ekeo!
Meteza hanandra-peo !
25-Aza diso mihafy !
Sahia mihira mafy !
Ny hiranao mafana
mandresy ilay satana.*

*Fa tsara ny mihira
30-hanako an-dakira
HO AN'ANDRIAMANITSIKA
TSY HIRA MANGATSIKA.*

*IRAKO
AVR.1993*

**ATAOVY MPIANATRA
NY FIRENENA REHETRA**

(MATIO 28,19)

Tolona tsy omby tratra nefa tanjona tsy maintsy tratra ny fanarenana ny sekoly FJKM. Tsy hoe satria sady talen'ny sekoly VINET izahay no Mpitandrina ka milaza izany ; tsia, fa satria mifaningoatra amin'ilay iraka miezinezina antom-pisian'ny fiangonana mihitsy izany VELOMY ny sekoly raha tsy tiantsika hatao VELOMA ny fiangonana !

1- Ry fiangonana ô, jereo ny sekoly kelinao !

Efa ela nijoroana, mafy ady lava izao.

Ny trano ve, tazano kely toa tsizarizary ihany.

Ary ireto fanaka ao, ô! Ambany dia ambany !

5-Dabilio mangozohozo, diso iva, diso avo...

Sary efa rovidrovitra, soratra efa mavomavo...

rindrina malotoloto, gorodona efa misy loaka...

fitaratra efa nahabangana, ahafana mivoaka...

Ary indray ity tokotany nambolena voninkazo

10-nefa tsy voakarakara ka indreny fa malazo...

Itsy toeram-pilalaovana, zara azo ampiasaina,

Ka ilaina fanoloana fa tsy vitan'ny hokojaina...

Eny, efa be ny vita, ny ezakao, ry Fiangonana !

Herimpo sy volabe, lany tao nifarimbonana.

15-Tsy hadino akory ireny, fantatra tokoa tokoa,

Ka dia sitraka no atao sy fisaorana eram-po !

Saingy, mbola be no hatao ka tsy misy hafenimpenina

mba hahafahantsika mientana amin'izay tsy maintsy harenina

Sikino ny valahanao ka hetseho indray ny sandry

20-fa mainka mihasarotra aza ireto asa izay miandry !

Ny androntsika ankehitriny, andro tena ifaninanana,

ho vilian-tsahona eto, malaza nefa tsy ihinanana,

no sanatria hiafarana, raha isika ho variana,

fa ny hafa hihazakazaka ary isika ho tratra aoriana !

25-Tompo ô! Tahio ny asa, fenoy ny herinao izahay !

Ny sekoly mba vangio hahazo hery vao indray !

Ny filofosanay rehetra aza avela ho very maina

Ary ireo izay nahatontsa, o , ry tompo, aza isaina !

Fa fankatoavanay Anao hanao mpianatra ny Tany

30-no efa nikirizanay sy hikirizanay hatrany !

Amena .

-9-
VELOMA

*1-Dia hifarana ny taona
Ka ahoana
F'efa mahazatra ihany !
Fomban-tany !
5-Ny veloma izay fanao
isan-taona toy izao,
dia veloma falifaly
andevenana ny omaly
fa iandrindrana kosa
10-ny ampitso hiavosa
tsodrano, firariana
izay hatolotr'olon-tiana !
Saingy,
injao mandraingiraingy
15-Ito taona
Ka mimaona
hampahatsiahy
any antanin'ny fanahy
fa ny taona iray miafara
20-dia mirakitra tantara
mbola hoentina hotsaraina
anoloan'ny Tompon'aina...*

*Ary isan-taona izao
dia miha-manakaiky anao
25-Izany
“andro mafy”izany...
Ka mitaona
isan-taona
fo mibebaka,miaiky,
30-sy miroso mba hanaiky
Ilay Tokana Ankiray
Mandrakizay.
Ny taona ihany no hafoy
fa ny fiainanao hitohy
35-mba hanatona ny Lova
dia i JESO' LAY TSY MIOVA
Veloma indray,
ry taona iray !*

VAVAKA INY

Tononkalo tamin'ny famoahana ny Andianay tao amin'ny SEKOLIN'NY VAVAKA ity, tononkalo mandika amin'ny fomba hafa izay nosoratan'i Paoly ho an'ny Tesaloniana hoe :

“Mivavaha ka aza mitsahatra” (ITes 5,17)

*1-Ilay ianao nihirahira faly hidera an'Andriamanitra
fa tojo zavatra nirina, tojo felan-tsoa sy hanitra,*

Vavaka iny fa fantaro...

*Ilay ianao nisento anaty dia nandefa ny eritreritra
5-Am'Ilay Mpamonjy anao fa toa kivy, very hevitra,*

Vavaka iny ka fantaro...

*Ilay ianao tsy mahakimpy, lasana niteny irery
nanambara faniriana, nihanta mba homena hery,*

Vavaka iny ka fantaro...

*10-Ilay ianao mandeha ihany, mikenonkenona, miasa,
sy miresaka Aminy ihany, mitanisa izay kinasa,
Vavaka iny ka fantaro...*

*Vavaka iny ka fantaro, tena vavaka tokoa
Fitarihan'ny Fanahy ary vokatry ny fo...*

*IRAKO
Des 1995*

DIA HIFARANA NY TAONA

*1-Dia hifarana ny taona!
Ho somebiseby isika
fa tsy toy ny hoe hisaona
ny malala tsy ho hita!
5-Zava-maro izay niseho
no havalontsika ho any,
ka toa foana ho azy teo
saingy hoe “ fahiny izany”!*

*fa isika no hanadino
10-te hamafa izay natao;
nefa ahoana re no fino
fa tena foana izay nandao?*

*Ao anaty fonao ao,
mitambolona mazàna
15-ny fahatsiarovana, injao
O, tsy hitanao hialana!
mampitsikitsiky irery
eny an- dalana ombana,
na injay manaitra fery...
20-ranomaso no tsy tana!*

*Eny mantsy, ny fotoana
tsy hahavono na oviana
ny omaly izay mimaona
na dia satry hidifiana!
25-Rehefa tsy azonao ravana
ny Tahirin'ny Omaly,
ento kosa hosasana
izay maloto mampijaly.
Fa ‘ Lay Rà izay nalatsaka
30-afaka hanadio anao.
Dia hadio mangatsakatsaka
raha handia ny taona vao!*

Iraka tsara mpiantoka

(Tononkalo natolotra ny zandrinay , RATSIMANDRESY Andriamparany Joseph, natokana ho Mpitandrina tao Ankorondrano Miarinarivo ny 10 Aogositra 1997)

1-JESOA Tompo no nifidy ka nanokana anareo
mba hanefa izay adidy nanendreny rahateo.
Tsy asa mora velively kanefa tena asa tsara,
asa ngeza fa tsy kely ity voatolotra ho anjara !

5-JESOA Tompo no nibaiko dia nanaraka ianareo,
na lala-mafy hampidraiko, na ady inona hiseo.
Tao anaty fo mangina, nety ho nisy ny eritreritra,
nefa vita izao ny dina, tena tapaka ny hevitra.

Koa sikino ny valahana, matokia ilay nifidy,
10-n'ino-n'inona hibahana na ho mamy na mangidy
Tokana ny tokin'aina : ny Tompo momba sy mitahy.

Izy ihany no antenaina amin'ny herin'ny Fanahy .
FA REHEFA OMENY ANAO NY ASA SITRANY HEFAINA, TSY MAINTSY
OMENY TSOTRA IZAO IZAY REHETRA METY HILAINA.

IAA
9 . 8 . 97

“SONNET” HO AN’ NY MPANABE

Ity tononkalo ity dia nosoratana tany Ambatondrazaka ny Alakamisy 24 Jolay 1997 ary novakin’ny Zoky mpiara- miasa Atoa RALAMBO Andriamanjato mpampianatra teny Malagasy , teo anatrehan’ireo mpitandrina sy talen-tsekoly ary ny mpampianatra namonjy ny ZAIKABE VOALOHANY an’ny SEKOLY FJKM.

‘Ny “sonnet” dia karazan-tonokalo raiki-drafitra, tsy maintsy 14 ny andalana ao aminy ka voazara ao amina andininy 4 izany. Ny andininy 2 voalohany tsy maintsy misy andalana 4 avy; ny andininy 2 farany, misy andalana 3 avy. Ny andalana farany no mazana mifono hevi-dehibe (na ny lehibe indrindra). I Dox no azo lazaina ho mpanjakan’ny “sonnet”eo amin’ny tontolon’ny Haisoratra malagasy.

*1-Mpanabe ianao ,sakaiza, ka malina
Fa ny toetranao, na tiana ,na tsy tiana,
hiasa miafina hanamarika mangina
ireo mpianatrao, na tsy niniana...*

*5-Mpanabe ianao , sakaiza, ka mahaiza
Fa ny saina anananao no he mitaiza
Raha ianao no tsy mivelatra mankaiza
ny mpianatrao heverinao ho lasa hatraiza?*

*Mpanabe ianao ,sakaiza, mahereza!
10-Mafy ny asanao kanefa dia meteza
Ny vokatrao tsy maintsy vokatra mateza!*

*Mpanabe ianao ,sakaiza, ka minoa
Aza miasa irery ianao fa io i Jesoa,
Raiso ho Tompo sy mpamonjy anao tokoa!*

AMMI
sept. 1997

MAHEREZA IANAO

Tononkalo kambana indray teraka tao anaty fanaintainana lalina ireto
Nandraigiraingy toy ny avy novelezina kibay tao amin'ny hatoko aho , raha namihina
ny lohako tamin'ny tanako roa , niondrika teo ambony latabatra... nivavaka... Ela
ihany vao tsapako ny aingan'ny Fanahy nampakatra avy ao an-davaky ny alahelo,
fahatezerana , fahatrotrahana... ho eo an-tendro avon'ilay “ fiadanana” izay mihoatra
noho ny fahalalana rehetra”. Dia nisosa ny peniko...

*1- Atongilano amin'ny ritsoky ny Fanahy ny sofinao, indrindra ilay torovadrovany ny
adim- piainana iny , dia mitenena hoe...*

*Mahereza ianao , ry foko very hevitra,
na dia tsy takatrao ny zavatra mitranga.
5-Atsatokao ny angady ka loza fa mievotra
fa sendra andrin-tany ny angadinao no banga!?*

*Mahereza ianao, ry foko, fa aza kivy,
na dia maratra mafy, tratan' ny tsy ampoizina,
Ny endriko mikimpy nanjary marikivy,
10-Ezahiko hitsiky tsy handairan' ito poizina!*

*Mahereza ianao, ry foko, mivavaha!
Hihaino anao ny Lanitra k' aza dia manahy.
Androany ianao no voa; kanefa mbola hivaha*

*ny olana madonda mangeja mafy anao,
15- Matokia ianao f' ilay Mpamonjy ao
hitondra anao handresy: ny heriny andrandrao!*

DIA AMPAHEREZO NY HAFA

Ka ilazao hoe.....

*F' angaha tsy fantatrao fa ady ny eto an- tany
20-no mahataitra anao ny ankasosilany?
Atreho ny adinao, ny herinao angony,
dia andrandrao hambomba ny hery avy any Ambony!*

*Ny zava- manahirana? Misy hatrany foana!
Aza iambohoana, vandrino manoloana,
25-Ts' ilaina ny mandositra na 'zay hilavo lefona.
Atreho am- pahatoniana, fa aza miefonefona.*

*Ary mbola ho avy ny ady izay mateza,
tena lazon' ady mila hery ngeza
Lalan- davitra io ka fehezo ny entana:
30-MITSIKIA IANAO NY TENA FAHARETANA!*

*IRAKO
Nov 1997.
(12-10-97)*

MAHEREZA!¹⁵⁴

1-Ry fiangonana o, henoy ny antso mafin' ny hoavy
Ka ny tananao aingao, hahery tsy hiraviravy.
Fa miantso anao ny Tompo, dia 'Lay Tompon' ny Tantara,
Hamindra hiaraka aminy eto, mbola hijoro sy hanambara
5-Fa velona Izy, ka ianao' zay Fiangonany dia velona
Na inona ady mahangoly, ankasao mety hanelontselona.

Porofoy indray anio: ny finoana anatinao,
Mifahatra amin' Izy Tompo, Izy Tompo tsy mandao,
Tsy mamela anao ho irery na kamboty velively.
10-Ka nahoana no ho kivy ary ny herinao ho kely?
Ny hoavy izay kendreny hitondrana anao indray
Dia tsara noho ny omalinao, eo an- tanan' Izy Ray!

Andao àry hiray hina, mainka koa hifampirisika
Ka handresy ny hakiviana mitady lalana hisisika.
15-Aza avela hifaly akory izay maniry hahita anao
Toy ny resy, tsy mitaka, mitanondrika sy lao.
Asehoy fa hainao tsar any matrika ady mafy
Ao anatin' ny finoana, mijoro tsy mihafihafy!
Andao hitsangana hampijoro fiangonana mahery
20-Tena vonton' ny Fanahy higagan' izay mijery.

Jeso Tompo o, dera, laza, no he asandratrany ho Anao!
Fa tsara ianao, Mpanao ny tsara, am' zay rehetra atao.
Tsy takatrany hatrany akory izay avelanao hiseho
Nefa isaoranay Anao, asandratrany haneho
25- ' zato fitondranao Hendry, fantatrany fa mahasoa,
Itantananao anay amin' ny sandrinao tsitoha!

Andao àry , ry Fiangonana, misikina ka meteza
Hitafy herim- po vaovao! Mitsangana!Mahereza!
Ammi

¹⁵⁴ Nosoratana ho an'ny FJKM Ambohimalaza Firaisana

HO ANAO OLOM- BOATENDRY

1-Arahabaina ianao, sakaiza, fa nahazo fanendrena!
Ny Tompo anie hanafy hery sy hameno fahendrena!
Ny hasarotry ny asa, aza ataonao mampanahy.
Homeny homba anao hatrany sy hameno ny Fanahy.

5-Satria ny herinao irery, miharihary fa ho kely;
Hahavita iahany angamba, saingy tsy ampy velively!
Henoy ny feon'i Jesoa Tompo mibitsika eto: “ Mahereza!”
Ny asa ankininy aminao: asa masina sy ngeza!

Ammi

-17-

MIJOROA , RY MALAGASY

1-Feno herim- po ianao tsy manaiky fandemena
Ka nisikina hiady mba hahazo fandresena,
Na dia hovidiana lafo ao anaty fihafiana?
Mijoroa, ry Malagasy! Aza resin' hakiviana!

5-Efa voaporofonao ny fandalana Fahamarinana
Sy ny fifehezan- tena mba hitandro filaminana.
Miaiky izao tontolo izao: hafakely mihitsy ianao.
Mijoroa, ry Malagasy! Tonga ny maraina vao...

Ary ity firaisan-kina tena mampiaiky volana:
10-Vahoaka be an' alin- kisa miaraka mamaha ny olana
No mientana mirindra toy ny olona ankiray!

Ary mihoatra noho izany, he 'ty FIVAVAHANAO
Vonto fahasahiana masina amin' izay rehetra atao...
MIJOROA, RY MALAGASY! EFA NIHAINO ANAO NY RAY!

7 Martsa 2002
Ammi

MIRARY PASKA FENO FAMPAHEREZANA

1-Tena sarotra ny ady, tena mafy sy mangidy,
Fa ny lalana rehetra toa mikatona, mihidy.
Ilay hampiteny irery: ‘Mbola misy ihany ve
Ny antenaina hamaha ny olana hampilamina ny tany?...’

5-Saingy mahereza ihany!

Fa ny PASKA, indro, tamy hamelon- tsoratra aminao
Fa aorian’ ilay zoman’ ny hazofijalianao, injao,
Ilay marainakoan’ ny Paska hibaliaka ny Alahady
Ka hanolo- pandresena ireo vangoin’ ny lazon’ ady.

10-Fa VELONA TOKOA

I JESOA!

Birmingham 25 Martsa 2002

Ammi

-19-

MANIMANINA

1-Manimanina anareo dia manoratra ny fo.
Tsy mahita hotanisaina fa toa fanina ny loha...
Nefa ao antiko ao, misy embona tsy tana
Mihoalahoala tsy haiko ambara sy mafana dia mafana.

5-Mievinevina hafahafa fa tsy mangatsiaka akory.
Mivadibadika amin' ny alina fa tsy mety hahita tory.
Ao anaty fahatsiarovana, mifohafoha tsy hay tohaina
Ny tantara niombonana niarahana niaina...

Misento, dia miteny irery : ‘ tiako ise, tiako be!
10-Tiako ireto zanatsika, vetivety dia efa he!
Toa neniko ny fahazazany tsy niaraha- nilalao,

Noh' izao be asa, be asa lava izao...
Izao izy, lehibe, tsy azoko trotroina intsony...
Atsy ho atsy dia hahita ny malala tian' ny fony...’

Birmingham 6 Mey 2002

Ammi

DIA MAHERY IHANY ISIKA!

1-Na takon- drahona aza ny masoandro tsy hibaliaka,
Dia mahery ihany isika!

Na dia misy alim- pito tsisy kinta- manjopiaka,
Dia mahery ihany isika!

5-Na dia sendra fahavalo sendra zary romotra, masiaka,
Dia mahery ihany isika!

Na orohim- pahavalo mody havana sariaka,
Dia mahery ihany isika!

Na dia ngoly hatrany anaty fa mahery ihany ny hatsiaka,
10-Dia mahery ihany isika!

Na mangorohoro mafy fa mahita ra mandriaka,
Dia mahery ihany isika !

Fa raha mbola eo i JESOA, ny fombany tsy tomika,
Dia mahery hatrany isika!

Birmingham, 20 Mey 2002
Ammi

MAHEREZA FA AZA KIVY

1-Ady ny fiainana, ady tena ady fa tsy sarin' ady.
Ny olon- tsamihafa hisy hatrany foana ka aza mba mitady
Fiainan- tsisy ady, fa tsisy akory izany raha tany koa ny tany.
Koa mahereza ihany fa aza kivikivy, mahereza hatrany!

5-Ny feon' ny devoly misisika hanadala, handavo sy handrearaka,
Tsarovy fa mikendry hanimba lalandava, ho potika tanteraka.
Tohero fotsiny izy ka ilazao hoe: 'Miala ianao, satana,
Fa lany andro ianao raha toa mba izaho no ezhinao simbana.

Fa fantatro ato am- poko sy efa nofidiko ny Lalam- pamonjena;
10-Ka tsy ianao akory no hampiverina ahy handa izay nekena.
JESOA, no fidiko harahina, hotompoina, ka itokiako marina;

Na mety ho mafy aza ny lalana hambako, sy sarotra fantarina.
Dia ifikiro hatrany ny Tenin' Andriamanitra sy vavaka hatrizay,
Ka avelao i satana sy ny fahakiviany ho eo, hangaihay!

Birmingham, 13 Jona 2002
Ammi

FIKIRIZANA

1-Na misy sarotra aza satria tsy mahazatra ,
Ny fikirazanao no hery mahatratra
Ny atin'ny vilanin' ny zavatra tsy hay
Hanjary mahazatra sy tonga tsotra indray!

5-Ny mora kivy foana , hanenina tokoa;
Hitokona tsy handroso fa tsy mivaky loha,
Ny hafa anefa, lasa, eo ianao no voa!

(Nosoratana taorian' ny fikirizana hiaroka ny fomba handiniana ny asa vita
ho ao anaty diskety, ka hita soa aman- tsara nony farany).

12.12.04

Ammi

ARAHABA MARIAZY

1-Arababaina soa ‘nareo fa nahatana ilay voady
Nifanekena fahizay raha niroso vao hivady.
Arababaina fa nitozo, nahatratra ity Jobily,
Nahatana lala- marina ary tsy nivilivily!

5-Ny zava- mafy nanahirana , azo inoana , tena nisy.
Namolivoly tany anaty, nampiloatra ny “indrisy”:
Saingy mbola indreo nareo: naharesy, nahajoro!
Niady raha nalaim-panahy, sanatria ‘zay hoe hikoro!

Ny tsodranonay dia izao: “ Enga anie ka Andriamanitra
10-Izay nitahy hatramin’ izay no mbola homba hameno hanitra
Ny tokantrano soanareo hamerovero Ilay Fitia

Satria tamana monina ao hatrany anie i KRISTY!
‘nareo roa hihatanora, ireto ankizy hihalehibe,
Samy ho heniky ny soa sy fanambinana avy anie!”

Ammi
30.12.05

MBA MATOTRA!

1-Ny mariky ny fahamatorana
rehefa tena hoe fotorana?

- Tsy miandry baiko lava izao
fa mahalala izay hatao
5-Sanatria izay hifanjana,
na fetsifetsy be fialana;
fa manefa izay anjara
amin' ny fomba tena tsara!

- Mahay misaina ho an' ny tena
10-fa tsy minadry fanerena
rah' misy hita fa ilaina
dia irosoana sy efaina!

Ny olo- matotra d' izany
ka atombohy dieny androany

Ammi
29.09.08

FISAORANA¹⁵⁵

1-Eny ,isaorana ny Ray noho ny loza izay nanjo
'zay navelany hitranga sy hainy ampodiana ho soa
Izy irery ihany mantsy no hany tena mahalala
ny antonanton'izy ireny: ho famaizana ny adala,
5-na ho fizahan-toetra ; na ho inona, tsy hay...
fa isaorana Azy ireny , mankasitraka izahay,
nampandaloviny hopitaly ary dia nanaintaina;
nefa teo an-tanany ihany ka tsy nisy latsaka aina!

Fa isaorana ihany koa ianareo rehetrarehetra
10-Nikarakara, nisahirana, fa tsy vitan'ny nitsetra.
Foinareo avokoa: fotoana , vola aman-karena,
herim-po sy fanomezana nanana amby, sesehena
Ary indrindra indrindra moa ny vavaka nanaka-danitra
omban'ny teny mamy maro ary tenin'Andriamanitra
15-Ireny rehetrarehetra ireny, fanafody koa
nampiasain'ny Avo indrindra ho balsama tena soa!

Ny mpanompon'Andriamanitra : olombelona tokoa,
mety harary , hiharan-doza, eny tena mety ho voa;
saingy ,sambatra izahay fa ny aloky ny fahafatesana
20-tonga fiasana kanto azo tena nandrefesana
ny fitiavan'olo-maromano manodidina ny tena
sy ny halalin'ny finoana tato anaty tsy nivena.
Amin'ny ora toy ireny dia tena tsapanao miavaka
fa hafa tena hafa ihany izany velona amim-bavaka!

25-Koa fiderana sy hosana no miloatra avy ao am- po,
asandratra avo ho fofo- manitra anatrehan' i Jesoa,
Ilay Mpamonjy mahatoky, Andriamanitra Tsitoha,
Tompon 'aina tsy mirona n' ino- n' inona miko;
sy fisaorana anareo tsy ankanavaka ihany koa
30-Fa nanan- kavana izahay , tena nanana tokoa!
Eny, isaorana ny Ray noho ny loza izay nanjo
'zay navelany hitranga sy hainy ampodiana ho soa.

IRAKO
26.09.08

¹⁵⁵ Fisaorana novakina teo amin' ny fiangonana manontolo taorian' ny lozam- piarakodia saika nahafaty anay mivady tany Toamasina (Aog. 2008)

80 TAONA I DADA

1-Arababaina ianao, ry Dada, noho ny 80 taona,
Notahian' Ilay Nahary, ny fahasoavany tsy foana,
Ka nahazo andro lava niainana sy nanompoana
Araka ny fikasany sy ny asa izay niantsoana!

5-Tena manana izahay, manana anareo sy i Mama,
Mampahery sy manoro amin' ny lalana ombana,
Mitrotro am- bavaka isan' andro isan'andro sy miteny tsy misorona
Hahatananay hatrany ny maha taranakà mpisorona!

Ny firarianay dia izao: “Ry Jesoa Tompo, Ilay tsy miova
10-Omaly, anio, mandrakizay, mitsangàna, miarova!
Mbola hanafy hery indray, hijoroany ho saro- piaro

Amin' ny voninahitrao, hahataomana olo- maro!
Koa na antitra aza I Dada ka ny vatana toa osa;
Ny fanahy sy saina anaty, hihatanora hatrany kosa!”

Ammi
03.10.08

MATOKIA! MAHEREZA! MANKATOAVA!

1-Matokia fa Izy Tompo
Tsy hamela anao ho irery!
Ao anaty rotoroto,
Izy mbola hanafy hery!

5-Mahereza raha mandalo
Fizahan- toetra ianao
Asehoy fa tsy mimalo
Ny finoana anatinao

Ankatoavinao ny Teny,
10-Ny tari- dalana sy didiny,
Ho to ny toky izay nomeny:
IANAHO HORAISINY HO ADIDINY!

Ammi
06.10.08

MBOLA HISY LOHATAONA

1-ny kotro- baratra miriotra,
ny rano toa tsy mety ritra,
ny raho- mainty toa hisava,
ny tselatra manavatsava...
5-tsy haharitra mandavantaona;
fa mbola hisy lohataona

Ammi
06.10.08

FISAORANA

Noho ny Jobily Faha- 25 taonan'ny
mariazin' i Ammi sy Esther
(14 Jan 1984- 14 Jan 2009)

1-Ry Jesoa Fitiavana o, mipololotra avy ao am- po
Avy ao am- po ny fiderana isaoranay Anao tokoa,
isaoranay Anao tokoa noho ny fitantananao,
noho ny fitantananao hatram' zay k' hatram' zao!

5-F'hatram' zay k' hatram' izao, izahay dia heni- tsoa!
Heni- tsoa sy fitahiana , na dia nisy ny nanjo.
Eny, nisy ny nanjo sady marobe no mafy!
Marobe sy mafy ireny, tena loza be nifafy...

Tena loza be nifafy, nefa nofehezinao,
Nofehezinao tanteraka fa Ianao dia tsy nandao!
10-Tsy nandao tokoa Ianao, ary indreo koa, olo- maro,
olo- maro tia anay, manotrana eto, tafaharo,

tafaharon' ny fitiavana, tonga fitahiana anay,
fitahiana vao mafana ho amin' ny taona ho avy indray!
Ho avy indray ny fahasoavana hamonto izato trano bongo:
15-Trano bongo ateranao oroka sy tsongotsongo!

Ammi
Zoma 16 Jan 2009

REHEFA HOE MANOLO-TENA

**1-Rehefa hoe manolo-tena
dia mijoro tsy mivena
mba hitana izay nekena!**

**Rehefa hoe manolo-tena:
5-ny ady? – misy, tena ekena;
fa finoana no andresena!**

**Rehefa hoe manolo-tena:
tsy fo ihany no omena,
f'atolory koa ny harena!**

**10-Rehefa hoe manolo-tena:
ny fahasoavana omena:
ampiasaina tsy hihena!**

**Rehefa hoe manolo-tena:
mahazo soa sesehena
15-dia I JESOA IMANOELA!**

**Ammi
Antsahamanitra 21 Mey 2009
“Andiany Finoana”**

FIARAHABANA TSINGERIN-TAONA

*1-Arahabaina soa ianao
tratr' izao fotoana izao:
tsingerin-taona nahaterahana
mbola azontsika iarahana!*

*5-Isaorantsika ny Avo Indrindra
ny fitantanany nandrindra
ny lasanao tsy hay averina
sy ny taona mitsingerina.*

*Ary ny ho avy anie
10-ho feno soa be dia be
noho ny fitahian' ny Avo!*

*ka toy ny taona itomboana
no hitomboan' ny finoana
hazava fa tsy hanjavozavo!*

Ammi

MOMBA ANTSIKA HATRANY IZY

1-Lalana tsy takatsika
no itondran' Ilay Mpahery
sy Mpamonjy tia antsika.
Indraindray dia maharary
5-sy toy ny mahavalalanina,
ary toy ny lavareny,
Ka ny saina indray no fanina
tsy mahita intsony teny
hilazana izay mitranga...

10-Eny, nefa azo toky
fa tsy avelany hisy banga
ny fombàny mahatoky
tsy amelany antsika ho irery
na oviana na oviana;
15-fa eo Izy hanafy hery.

Ny Fanahiny no injao
miasa mora nefa marina
isan' andro manavao
ny finoana ho tafarina,
20-mbola hanantena ihany
ny fitiavany mijery
sy ny fambombàny hatrany
amin- tsandriny mahery!

I Jesoa tia dia eto foana
25-fa tsy lasana aiza akory
na aiza, n' inona fotoana
na faly isika izay, na ory!

Ary izay no herintsika
azo antoka tanteraka
30-na inona ali- mangatsiaka
na inona ady mahareraka !

HALELOIA !

Ammi

ARAHABAINA IANAO, RY NENY!

1-Arahabaina ianao, ry Neny,
fa loharanom- pitahiana
ho an' ny hafa hatrany ianao:
hatrany am- bohoka ny zaza
5-no efa mianoka tanteraka
amin' ny aina atolotrao
isan' andro, tsisy fetra,
sady feno fifaliana,
no voaaro lalandava,
10-no voafahana tsy miato!

Arahabaina ianao , ry Neny,
fa mahavita be ianao
na heverina ho malemy!
irariana indrindra ianao
15-hotahin' ny Avo Indrindra,
ho salama, tsy harofy,
hanana ny herin-tena,
herin-tsaina amam-panahy.

20-Dia ho feno fifaliana
amin' ny andronao rehetra,
na dia tena fantatra aza
fa ny zava- manahirana
tsy misaraka amin' ny fiainana!

25-Arahabaina ianao, ry Neny!
Hotahiana anie ianao!

IRAKO AMMI

ARAHABAINA IANAO, RY DADA!

1-Dada o, hoy ny antso,
badabadanay ankizy,
dada tena hafakely,
mafy be sy miasa mafy,
5-Dada azonay ihantana
amin'ny zavatra ilaina,
Dada afaka miaro
rehefa misy manjo,
Dada, indraindray masiaka,
10-sy mikapoka tokoa;
nefa dada be fitia
mikarakara anay hatrany!

Arahabaina ianao, ry dada,
fa maminay ny anatrao,
15-ny tsorakazo, tsy maninona,
fa hahasoa anay ankizy!

Ivavahanay , ry Dada,
ho feno hatrany ianao,
ho afaka mikarakara
20-an' I Neny sy ny ankizy
Dia hanjaka hatranihatrany
ato an- tokantranontsika
ny fifaliana, fiadanana,
hahafahanay ankizy
25-mianatra sy miala voly
sy mitombo hahasoa
ao anaty fahendrena!

IRAKO AMMI

SOAVA DIA MIARAKA AMIN'NY TOMPO¹⁵⁶

1-Arahabaina ianareo fa vita so any mariazy!
Tapitra eo elanelana sy ny samy maka ho azy,
Fa nakamban' Andriamanitra ho iray tokoa ' nareo
Ka izay mety ho ahiahy, hadinoy fa vita hatreo!

5-Lalan- davitra no haleha ka etsy hohafarana, rankizy:
Raiso tsara, tehirizo, fehezo ho vatsy izato izy:

Samy hafa ny olon-droa izay mikambana hivady
Ka tsy mahagaga akory raha miseho ny adiady;
Saingy, dia tsarovy hatrany ny teny iray nomena izay:
10-I KRISTY no fihavanana, I KRISTY no mampiray!

Indraindray, tsy adiady fa tena ady no miseho:
Manjary maha te handao ilay tokantrano tsara teo.
Inona no fanafody handresena disadisa?
-I KRISTY no iantoraho, himpody indray ' lay paradisa!

15-Mandehana, sombinaina, manàna tokantrano sambatra!
Tsy hisy haharava anie ny fonareo izay tafatambatra,
Fa I JESOA anie no hanjaka, hitahiry ilay fitiavana,
Ary ianareo hanaiky handray Azy hatrany ho Havana,
Tompon- trano miara- monina , handresena ny devoly,
20-Ka tsy hohadinoinareo ny famakiana ny Baiboly,
Fa hivelomana isan' andro, hanehoana fahavononana,
Ary ny fiaraha- mivavaka: ao an- trano sy am- piangonana.

Dia soava dia, rankizy, hotahin' ny Avo Indrindra:
Ho mpandresy lalandava, ho tokantrano soa indrindra!

*Sabotsy 1 Mey 2010
IAA*

¹⁵⁶ Tononkalo nagatahinà fianakaviana iray noho ny fahavitan' ny mariazin- janany.

1-Mamelovelo ato am-poko
Ny antsonao, ry Tompo soa
Ny fahavalo dia mioko
Handrodana azy mba hiko;
5-Saingy miala maina ireny,
Fa ny herinao Tsitoha
Manohana ahy ombieny ombieny
Handroso laina kokoa.
Koa na malemy sy voafetra,
10-Tsy matahotra aho satria,
AMPY IANAO, RY JESOA TIA!

Ammi

¹⁵⁷ Tononkalo natao tonon-kira fanevan'ny faha-25 taonan'ny naha Mpitandrina (1985-2010)

VAVAKA VAOVAO

1-Ataovinao izay mahaso

Araka 'zay tendrinao

Tompo ô, f'Anao tokoa

Ny ho ampitso vaovao

5-Ekeko fotsiny izay ao!

Izaho tsy te hiady varotra

Amin'izay halahatrao

Na ho mora na ho sarotra...

Ento fotsiny aho, d'izay,

10-Ho amin'izay kinendrinao

Fa anao ny familiana!

Dia hatolory hatrany indry

Ny hamitana izay hatao

fa hefaiko am-pifaliana!

Ammi

Ho fahatsiarovana ny faha 50 taona

Anarana : FANANTENANA

Fanampiny : Fanomezantsoa Tsirimalala

LOHATENIN'NY ASAM-PIKAROHANA : IRAKO AMMI SY NY
FANABEAZANA

Isan'ny takila : 185

Isan'ny fafana : 08

FAMINTINANA

Ny lohahevitra momba ny fanabeazana no novoizina tamin'ity fikarohana ity. Voalaza tamin'izany ny tantaram-piainan'ny mpanoratra, izay nanehoana an'i IRAKO AMMI amin'ny maha olon-tsotra azy sy amin'ny maha mpanoratra azy. Nokolokoloina sy nobeazina tamin'ny fomba tena kristiana izy. Namokatra karazana asa soratra maro izy, ka ny tononkalo no nahavitany betsaka.

Taorian'izany no namakafakana ny fanabeazana hita ao amin'ny tononkalony, amin'ny maha mpanabe azy: ny tsara ho fantatra manodidina ny atao hoe fanabeazana, ny fanabeazana momba ny fahaiza-miaina eo anivon'ny fiarahamonina, ary ny fanabeazana ny fanahy. Hita tamin'izany fa ny tanjona amin'ny fanabeazana dia ny haha olom-banona, mivelatra amin'ny lafim-piainana rehetra, saina, vatana, fanahy.

Ny fomba nanehoan'ny mpanoratra ny fanabeazana no namaranana ny asa. Navoitra tamin'izany ny filalaovany tamin'ny endrika ivelan'ny tononkalo. Hita tamin'izany koa ny filalaovany tamin'ny voambolana notovozina tamin'ny sehatra samihafa. Samy hita tao amin'ny tononkalon'i IRAKO AMMI ireo sokajin-tsarin-teny telo, dia ny tamberin-javatra, ny fanovan-javatra, ary ny sarin-teny hafa sisa.

Teny manan-danja : Literatiora, pôezia, fanabeazana, olom-banona, mpanoratra, mpamaky, aingam-panahy.

Adiresy : CUR Ambatamaro Bloc 205 D – Antananarivo 101.

Tél: 033.08.805.81

Anaran'ny mpitarika : Andriamatoa ANDRIAMANATSILAVO Seth
Maître de conférences